


NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • MEY 2017

# Liahona

## Lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana

**Tempoly vaovao dimy no nambara**

**Fiantsoana fitopololahy vaovao enina sy fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana vaovao**

# ILAY KRISTY VELONA

## Tenivavolombelon' ny Apôstôly

### Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy Ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany

Ho fankalazantsika ny fahatsiarovana ny nahaterahan' i Jesoa Kristy roa arivo taona lasa izay, dia manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin' ny fisian' ny fiainany tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran' ny sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nanana akony teo amin' ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany.

Izy ilay Jehovah lehibe ao amin' ny Testamenta Taloha, ilay Mesia ao amin' ny Testementa Vaovao. Izy no Mpamorona ny tany teo ambany fitarihan' ny Rainy, "Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza" (Jaona 1:3). Na dia tsy nanam-pahotana aza Izy dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. "Nandehandeha nanao soa" Izy (Asan' ny apôstôly 10:38) nefa dia natao tsinontsinona noho izany. Ny filazantsarany dia hafatra mitory fiadanana sy hatsaram-panahy. Niantso ny olon-drehetra Izy mba hanaraka ny ohatra nomeny. Nandeha tamin' ny lalamben' i Palestina Izy, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty. Nampianatra ny fahamarinan' ny mandrakizay Izy, ny fisian' ny fiainantsika talohan' izao fiainana izao, ny tanjon' ny fiainantsika eto an-tany, ary ny zavatra afaka tanterahinan' ireo zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra amin' ny fiainana ho avy.

Nanao ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo Izy ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe. Nosamborina Izy ary nohelohina tamin' ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambony hazo fijaliana tany Kalvary. Natolony ny ainy mba ho sorona noho ny fahotan' ny zanak' olombelona rehetra. Fanomezana lehibe no nataony ho an' izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany.

Mijoro ho vavolombelona amim-panajana izahay, fa ny fiainany, izay ivon' ny tantaran' ny olombelona rehetra, dia sady tsy nanomboka tao Betlehema no tsy nifarana tao Kalvary. Izy no Voalohan-teraky ny Ray, ilay Zanakalahy tokana tao amin' ny nofo, ilay Mpamonjy izao tontolo izao.

Nitsangana tamin' ny maty Izy mba "ho santatr' izay efa nodimandry" (1Korintianina 15:20). Amin' ny maha-Tompo efa nintsangana tamin' ny maty Azy, dia namangy ireo olon-tiany teo amin' ny fiainany Izy. Nanompo sy niasa tany amin' ireo "ondriny very" (Jaona 10:16) tany Amerika taloha koa Izy. Tao amin' izao tontolo iainantsika izao, dia niseho tamin' ilay zazalahy atao hoe Joseph Smith Izy sy ny Rainy, mba hampiditra amin' ilay "andro voatendry hanangonana ny zavatra rehetra" (Efesiana 1:10) efa nampanantenaina hatramin' ny ela.

Toy izao no nanoratan' ny mpaminany Joseph mikasika ilay Kristy Velona: "Ny masony tahaka ny lelafo, ny volon-dohany fotsy tahaka ny oram-panala, ny tarehiny mamirapiratra mihoatra noho ny famiratry ny masoandro; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be, dia ny feon' i Jehovah milaza hoe:

"Izaho no Voalohany sy Farany; Izaho no ilay velona, Izaho ilay novonoina; Izaho no solo vava anareo eo anatrehan' ny Ray" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:3-4).

Toy izao ihany koa no nambaran' ny mpaminany momba Azy: "Ary ankehitriny, ankoatr' ireo fijoroana ho vavolombelona marobe momba Azy, izay efa nomena, dia izao no fijoroana ho vavolombelona farany indrindra, momba Azy, izay atolotray: Fa velona Izy! "Satria hitanay teo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Izy; ary henonay ilay feo mijoro ho vavolombelona fa Izy ilay Zanakalahy tokan' ny Ray". "Ary amin' ny alalany sy avy Aminy ary ao Aminy no nahariana izao tontolo izao, ary ny mponina ao dia zanaka lahy sy vavin' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24).

Ambaranay amim-panajana fa ny Fisoronany sy ny Fiangonany dia naorina indray eto ambonin' ny tany– "natsangana teo amin' ny fanorenan' ny apôstôly sy ny mpaminany, Jesoa Kristy no fehizoro indrindra" (Efesianina 2:20).

Mijoro ho vavolombelona izahay fa mbola hiverina eto an-tany Izy indray andro any. "Dia hiseho ny voninahitr' i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany" (Isaia 40:5). Hanapaka amin' ny maha-Mpanjakan' ny mpanjaka sy hanjaka amin' ny maha-Tompon' ny tompo Azy Izy, ary handohalika ny lohalika rehetra ary ny lela rehetra hidera Azy. Isika tsirairay dia mbola hijoro hotsaraina eo anatrehany araka ny asa sy ny fanirian' ny fontsika.

Mijoro ho vavolombelona izahay, amin' ny maha-apôstôly voatedriny anay–Fa Jesoa no ilay Kristy Velona, ilay Zanakalahin' Andriamanitra tsy mety maty intsony. Izy ilay Mpanjaka lehibe Emanoela izay mijoro eo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Rainy ankehitriny, Izy no fahazavana, fiainana ary fanantenan' izao tontolo izao. Ny fampianarany no lalana mitondra mankany amin' ny fiadanana eo amin' izao fiainana izao sy mankany amin' ny fiainana mandrakizay amin' ny fiainana ho avy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy manam-paharoa ny Zanany.

NY FIADIDINA VOALOHANY

Gordon B. Hinckley
Thomas S. Monson
James E. Faust

NY KÔLEJIN' NY ROAMBINIFOLOLAHY

Boyd K. Packer
L. Tom Perry
David B. Haight
Neal A. Maxwell
Russell M. Nelson
Dallin H. Oaks
M. Russell Ballard
Joseph B. Wirthlin
Richard G. Scott
Robert D. Hales
Jeffrey R. Holland
Henry B. Eyring

1 Janoary 2000

# Votoatiny Mey 2017

Boky 17 • Laharana 2


## Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany

6 **Matokia an'i Jehovah fa aza miankina amin-javatra hafa**
*Bonnie H. Cordon*

9 **Ny hatsaran'ny fahamasinana**
*Carol F. McConkie*

12 **Vehivavy "matoky tena"**
*Linda K. Burton*

15 **"Ny fiadanako no avelako ho anareo"**
*Filoha Henry B. Eyring*

## Fivoriana sabotsy maraina

19 **Manangona ny fianakavian' Andriamanitra**
*Filoha Henry B. Eyring*

23 **Ilay tanany mitarika isan'andro**
*M. Joseph Brough*

26 **Ny drafitra be voninahitry ny Raintsika**
*Loholona Weatherford T. Clayton*

29 **Ilay Mpiandry Tsarantsika**
*Loholona Dale G. Renlund*

33 **Itokio tsy amim-pisalasalana Andriamanitra**
*Loholona Ulisses Soares*

36 **Mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro**
*Loholona Mark A. Bragg*

39 **Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika**
*Loholona Russell M. Nelson*

## Fivoriana sabotsy tolakandro

43 **Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

45 **Tatitra avy amin'ny Departementa misahana ny fanamarinana ny fampiasam-bolan' ny Fiangonana, 2016**
*Kevin R. Jergensen*

45 **Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2016**
*Brook P. Hales*

46 **Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika**
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*

49 **Ireo hira hay hiraina sy hira tsy vita ny mihira azy**
*Loholona Jeffrey R. Holland*

52 **Mijoroa ao anaty ary aoka ho ao tanteraka**
*Loholona Gary B. Sabin*

55 **Ny fitenin'ny filazantsara**
*Loholona Valeri V. Cordón*

58 **Maharesy izao tontolo izao**
*Loholona Neil L. Andersen*

62 **Miverina sy mandray**
*Loholona M. Russell Ballard*

## Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany

66 **Hatsaram-panahy sy fiantrana ary fitiavana**
*Filoha Thomas S. Monson*

67 **Voantso amin'ny asa**
*Loholona David A. Bednar*

75 **Omano ny lalana**
*Eveka Gérald Caussé*

78 **Izay lehibe aminareo**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

82 **"Miaraha mandeha amiko"**
*Filoha Henry B. Eyring*

## Fivoriana alahady maraina

86 **Ny herin' ny Bokin'i Môrmôna**
*Filoha Thomas S. Monson*

87 **Taranaka mahatohitra fahotana**
*Joy D. Jones*

90 **Aza mijery ny manodidina anao, fa miandrandrà!**
*Loholona Yoon Hwan Choi*

93 **Avelao hitarika anao ny Fanahy Masina**
*Loholona Ronald A. Rasband*

97 **Ataovy izay asainy ataonareo**
*Loholona L. Whitney Clayton*

100 **Ny Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjena**
*Loholona Dallin H. Oaks*

104 **Ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

## Fivoriana alahady tolakandro

108 **Ny feo fampitandremana**
*Loholona D. Todd Christofferson*

112 **Ho an'ireo naman'ny Fiangonana**
*Loholona Joaquin E. Costa*

114 **Ary Jesoa nijery azy tsara dia tia azy**
*Loholona S. Mark Palmer*

117 **Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?**
*Loholona Gary E. Stevenson*

121 **Ary izao no fiainana mandrakizay**
*Loholona C. Scott Grow*

124 **Mba hahatonga ny fahazavantsika ho faneva ho an'ireo firenena**
*Loholona Benjamín De Hoyos*

127 **Ireo fototra iorenan'ny finoana**
*Loholona Quentin L. Cook*

72 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

132 **Niteny tamintsika izy ireo: manome anjara toerana ny fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika**

134 **Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe**

135 **Vaovaom-piangonana**




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-187

**Sabotsy hariva, 25 martsa 2017, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpitarika: Bonnie L. Oscarson. Vavaka fanombohana: Robin Bonham. Vavaka famaranana: Elisabeth Rose. Ny hira dia nataon'ny fitambarana amboaram-peon'ny Fikambanana Ifanampiana avy ao amin'ny Brigham Young University; Jean Applonie, mpitarika; Linda Margetss, mpitendry ôrga: "O viens, toi, Roi Des rois," *Cantiques,* lah. 29, narindran'i Zabriskie, navoakan'ny Holy Sheet Music; "Je ressens son amour," *Chants pour les enfants,* 42, narindran'i Murphy; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques,* lah. 39; "Mon Père Céléste m'aime," *Chants pour les enfants,* 16, narindran'i Staheli.

**Sabotsy maraina, 01 aprily 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka fanombohana: Loholona Kim B. Clark. Vavaka famaranana: Loholona Jorge F. Zeballos. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Muriphy, mpitarika; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques,* lah. 1; "Let Zion in Her Beauty Rise," *Fihirana amin'ny teny anglisy,* lah. 41, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Manaovana ny marina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 68; "Gloire au Dieu tout-puissant!" *Cantiques,* lah. 29; "Toroy handeha amin'ny mazava aho," *Fihirana sy hiran'ny ankizy ,* 129, narindran'i Wilberg; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques,* lah. 34, narindran'i Murphy

**Sabotsy tolakandro, 01 Aprily 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka fanombohana: Loholona Von G. Keetch. Vavaka famaranana: Loholona Hugo Montoya. Hira nataon'ny amboaram-peo ahitana fianakaviana avy ao amin'ny tsatòka maromaro ao Tremonton, Garland, ary Fielding, Utah; Jessica Lee Gilbert, mpitarika; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Notre foyer ici-bas," *Cantiques* lah. 188, narindran'i Bastian; hira natambatra: "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy hiran'ny Ankizy,* lah. 113, ary ny "How Will They Know?" *Children's Songbook,* 182–85, narindran'i Gilbert sy Mohlman; "Allons avec foi," *Cantiques,* lah. 173; "La prière d'un enfant," *Chants pour les enfants* 6, narindran'i Perry, navoakan'i Jackman.

**Asabotsy hariva, 01 Aprily 2017, Fivoriamben'ny fisoronana**
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka fanombohana: Loholona Vern P. Stanfill. Vavaka famaranana: Loholona Carlos A. Godoy. Hira nataon'ny amboarampeo ahitana tanora tokan-tena ao amin'ireo tsatòka any Holladay sy Murray, Utah; Brett Taylor, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Rise Up, O Men of God" (amboaram-peon-dehilahy), *Hymns,* lah. 324, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman; "Jésus, né bien humblement," *Cantiques,* lah. 96, narindran' i Ripplinger, navoakan'i Jackman; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 9; "Ô vaillants guerriers d'Israël" *Cantiques,* lah. 169, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman.

**Fivoriana alahady maraina, 02 aprily 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka fanombohana: Neill F. Marriott. Vavaka famaranana: Loholona Richard J. Maynes. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny hira; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Saints, en avant! Armés de foi en Christ!" *Cantiques,* lah. 40; "Mifalia," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 64 narindran'i Wilberg; "Ces mots d'amour," *Chants pour les enfants,* 102, narindran'i Cardon; "Ndao, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy hiran' ny ankizy,* lah. 7; "Chers enfants, sur vous Dieu veille," *Cantiques,* lah. 190, narindran'i Wilberg; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy* lah. 59.

**Alahady tolakandro, 02 Aprily 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka fanombohana: Loholona Eduardo Gavarret. Vavaka famaranana: Loholona Marcos A. Aidukaitis. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôga: "Come, Rejoice," *Hymns,* lah. 9, narindran'i Murphy; "Ah, donne moi, Père," *Cantiques,* lah. 70, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman; "The Iron Rod," *Hymns,* lah. 274; "Pour trouver la paix," *Cantiques,* lah. 194; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy ,* lah. 12, narindran'i Wilberg.

**Fomba ahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita ao amin'ny application Bibliothèque de l' Évangile ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita ao amin'ireo foibe fanapariahana ireo rakitsary sy rakipeo amin'ny teny Anglisy. Ireo zavatra mombamomba ny fihaonambe maneran-tany amin'ny endrika azo ampiasain'ireo mpikambana manana fahasembanana dia hita ao amin'ny disability.lds.org.

**Hafatra ho an'ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano**
Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangianao.

**Eo amin'ny fonony**
Eo anoloana: Sary nalain'i Mason Coberly.
Ao ambadika: Sary nalain'i Christina Smith.

**Sary nandritra ny fihaonambe**
Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, i Janae Bingham, i Mason Coberly, i Randy Collier, i Weston Colton, i Ashlee Larsen, i Leslie Nilsson, ary i Christina Smith.



**MEY 2017 BOKY. 17 LAH. 2**
**LIAHONA 14445 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** Randall K. Bennett, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Jean B. Bingham, LeGrand R. Curtis Jr., Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke, Larry R. Lawrence, Carole M. Stephens

**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Cremilda Amaral
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Bethany Bartholomew, Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Glen Adair, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Derek Richardson
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy K. Vellinga

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2017 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
May 2017 Vol. 17 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2).
NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Andersen, Neil L., 58
Ballard, M. Russell, 62
Bednar, David A., 67
Bragg, Mark A., 36
Brough, M. Joseph, 23
Burton, Linda K., 12
Caussé, Gérald, 75
Choi, Yoon Hwan, 90
Christofferson, D. Todd, 108
Clayton, L. Whitney, 97
Clayton, Weatherford T., 26
Cook, Quentin L., 127
Cordon, Bonnie H., 6
Cordon, Valeri V., 55
Costa, Joaquin E., 112
De Hoyos, Benjamín, 124
Eyring, Henry B., 15, 19, 82
Grow, C. Scott, 121
Hales, Brook P., 45
Hales, Robert D., 46
Holland, Jeffrey R., 49
Jergensen, Kevin R., 45
Jones, Joy D., 87
McConkie, Carol F., 9
Monson, Thomas S., 66, 86
Nelson, Russell M., 39
Oaks, Dallin H., 100
Palmer, S. Mark, 114
Rasband, Ronald A., 93
Renlund, Dale G., 29
Sabin, Gary B., 52
Soares, Ulisses, 33
Stevenson, Gary E., 117
Uchtdorf, Dieter F., 43, 78, 104

## Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra

Andriamanitra Ray, 6, 62, 93, 100, 104, 121
Antso ao amin'ny Fiangonana, 78
Asa atao any amin'ny tempoly, 19, 36, 90, 124
Asa fampahavitrihana, 15
Asa fanompoana, 6, 15, 75, 78, 82
Asa fitoriana, 67, 90, 114
Bitsika, 93, 117
Bokin'i Môrmôna, 86, 112
Drafitry ny famonjena, 19, 26, 52, 62, 100, 104
Fahafahana misafidy, 26
Fahafatesana, 26
Fahafoizan-tena, 12, 23
Fahamendrehana, 67, 93, 117, 121
Fahariana, 26, 100
Fahatokiana, 6, 33, 97
Fahazavan'i Kristy, 19, 36
Fahazotoana ao amin'ny Fiangonana, 36
Fahoriana, 29, 33, 39, 46, 49, 52, 90, 97, 104, 127
Famelan-keloka, 29
Fampianarana, 87, 124
Fanahy Masina, 9, 15, 19, 36, 39, 87, 93, 100, 117, 127
Fanantenana, 104
Fanasan'ny Tompo, 9, 15, 75, 124
Fanasitranana, 29
Fandalinana ny soratra masina, 6, 23, 39, 55, 86, 121
Fanekempihavanana, 9, 12, 39, 52, 58, 62, 87
Fanetrentena, 15, 78
Fangorahana, 29
Fankatoavana, 46, 97, 114, 121
Fanolorantena, 52
Fenitra, 108
Fiadanana, 58
Fianakaviana, 19, 36, 55, 62, 87
Fiantrana, 15, 46, 66
Fibebahana, 29, 52, 87, 112, 121
Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, 124
Fijoroana ho vavolombelona, 86
Finoana, 33, 39, 46, 49, 90, 97, 127
Fiomanana, 67, 75
Fiovam-po, 90, 112
Firaisan-kina, 15, 49, 75
Fisiana talohan'ny nahaterahana, 6, 26, 100
Fisoronana, 67, 75, 82
Fitarihana, 78
Fitiavana, 29, 36, 46, 49, 66, 104, 108, 114
Fivoriana fanasan'ny Tompo, 127
Fomban-drazana, 55
Hatsaram-panahy, 29, 66
Hira, 49
Ho an'ny ankizy, 87, 117
Ireo Didy, 23, 26
Jesoa Kristy, 6, 9, 12, 19, 23, 26, 29, 33, 36, 39, 46, 49, 58, 62, 66, 82, 90, 93, 97, 100, 104, 108, 114, 121, 124, 127
Joseph Smith, 127
Maha-tompon'andraikitra, 108
Mpaminany, 108
Mpitarika ao amin'ny Fiangonana, 23, 78
Ny Andriamanitra, 93, 100, 117
Ny fiainan'izao tontolo izao, 58
Ny maha-mpianatra, 12, 39, 46, 49, 52, 58, 78, 87
Ny maha-ray aman-dreny, 23, 55, 87, 108
Ohatra, 55, 121
Pôrnôgrafia, 55
Sabata, 55, 58, 124
Sorompanavotana, 6, 9, 19, 26, 29, 39, 62
Tahotra, 104
Tanjona, 62
Tantaram-pianakaviana, 19, 90, 124
Toetra araka an' Andriamanitra, 9, 87
Vavaka, 6, 121
Vehivavy, 12
Zatovo, 19, 23, 75



# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-187

Mivory isaky ny enim-bolana isika mba handre ny tenin' Andriamanitra ambarany amin'ny alalan'ireo mpaminany velona sy ireo mpitarika entanim-panahy ao aminn'ny Fiangonana. Aman'etsiny ireo olona maneran-tany no mivory ao an-trano na any amin'ireo trano fivoriam-piangonana, amin'ny ora sy amin'ny fiteny samihafa ary mampiasa efijery amin'ny refiny samihafa isan-karazany.

Saingy ny fihaonambe maneran-tany dia mihoatra noho ny trangan-javatra iray. Traikefa iray izay afaka ny hitoetra arakaraka ny itiavantsika azy izany. Ny fihaonambe dia zavatra izay halalinintsika, hisintonantsika lesona, ary iainantsika.

Mba hanampiana anao hanana traikefa tsara momba ny fihaonambe dia miezaka izahay ny hitondra ny fanahin'izany fotoana izany ao anatin'ity gazetiboky ity isaky ny enim-bolana. Na mandalina ny fihaonambe amin'ny alalan'ny lahatsoratra vita printy ianao, na amin'ny alalan'ny internet, na amin'ny finday na tablette dia manantena izahay fa ho loharano hitodihanao matetika anie izany.

### Misaotra Anao noho ny Mpaminany

**Pejy 86:** Mba hanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona anananantsika momba ny Mpamonjy sy ny filazantsarany, dia niangavy antsika ny Filoha Thomas S. Monson mba "handalina ombam-bavaka sy hisaintsaina ao am-pontsika isan'andro ny Bokin'i Mormona."

**Pejy 66:** Manao antso avo an'ireo lehilaly ihany koa izy handinika ny fiainan'izy ireo sy "hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ka ho tsara fanahy, sy hitia, ary hiantra."

### Tempoly vaovao nambara

**Pejy 86:** Nanambaran'ny Filoha Monson ireo tempoly dimy vaovao izay haorina any Brasília, Brésil; ao Grand Manilles, Nosy Filipina; any Nairobi, Kenya; any Pocatello, Idaho, Etazonia; ary ao Saratoga Springs, Utah, Etazonia. (Jereo ao amin'ny pejy 141 raha mila fampahalalana fanampiny.)

### Mpitarika vaovao notohanana


**Pejy 43:** Nambaran'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny sabotsy 1 aprily ny fisaorana ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fiakambanana Ifanampiana maneran-tany: Linda K. Burton, Carol M. Stephens, ary Linda S. Reeves.

**Pejy 135:** Fantaro bebe kokoa ny fiantosoana ireo mpitarika ny Fiangonana maneran-tany vaovao miisa 10, anisan'izany ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany vaovao.

### Ireo fanambarana naverina nodinihana

**Ireo zavatra hita ao anatin'ny fonon'ny gazetiboky:** Maro tamin'ireo mpandaha-teny no nampiasa ny "Ilay Kristy Velona" sy "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (jereo ny pejy 26, 36, 39, 62, ary 100). Azonao jerena ao anatin'ny fonon'ity gazetiboky ity ireo lahatsoratra manan-danja ireo. ■


Dunlop





**Nataon'i Bonnie H. Cordon**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany

# Matokia an'i Jehovah fa aza miankina amin-javatra hafa

*Afaka mampifantoka ny fiainantsika amin'ny Mpamonjy isika amin'ny alalan'ny famantarana Azy, dia handamina ny lalantsika Izy.*

Nisy rahavavy malala iray nanatona ahy nandritra ny dia nataoko tany Azia. Namihina ahy izy dia nanontany hoe: "Tena mino ve ianao fa marina io filazantsara io?" Fantatro fa marina izany ry rahavavy malala. Matoky ny Tompo aho.

Hitantsika ao amin'ny Ohabolana 3:5–6 ity torohevitra ity:

"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao.

"Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao."

Ity soratra masina ity dia ahitana fananarana roa, fampitandremana iray, ary fampanantenana feno voninahitra iray. Ireo fananarana roa dia hoe "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra" ary "maneke Azy amin'ny alehanao rehetra." Ilay fampitandremana dia hoe: "Aza miankina amin'ny fahalalanao." Ary ilay fampanantenana feno voninahitra kosa dia hoe: "Izy handamina ny làlanao."

Andeha aloha horesahantsika ilay fampitandremana. Mahatonga antsika hisaintsaina lalina ny fahitantsika izany ao an-tsaina. Ilay fampitandremana dia hita amin'ny fampitahana ny fitsipika momba ny "fianteherana"amin'ny zavatra iray amin'ny fiankinana ara-bakiteny amin'ny zavatra iray mba hanohana ny tena. Ny dikanteny amin'ny teny anglisy dia mampiasa ny teny hoe *lean* izay mifono hevitra hoe mitongilana na mikisaka any amin'ny ankavia na ankavanana. Rehefa miankina *ara-batana* any amin'ny havia na havanana na amin'ny toerana hafa isika dia miala eo afovoany, tsy tafajoro mahitsy tsara intsony, ary mitanila isika. Rehefa miankina *ara-panahy* amin'ny fahalalantsika isika dia mitanila miala ny Mpamonjintsika. Raha miankina isika dia tsy eo afovoany. Tsy mijoro tsara intsony isika. Tsy mifantoka amin'i Kristy isika.

Ry rahavavy, tsarovy, tany amin'ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana dia nanohana ny Mpamonjy isika. Natoky Azy isika. Naneho ny fanohanantsika sy ny fientanentanantsika ary ny hafaliantsika noho ny drafitry ny fahasambarana napetraky ny Raintsika any An-danitra isika. Tsy nitongilana isika. Niady tamin'ny alalan'ny fampiasana ny fijoroana ho vavolombelona nananantsika isika ary "niaraka tamin'ireo tafik' Andriamanitra, ary ireo tafika ireo dia nandresy."[1] Nifindra eto an-tany io ady eo amin'ny tsara sy ny ratsy io. Mbola manana ny andraikitra masina indray isika ny hijoro ho vavolombelona sy hametraka ny fitokiantsika amin'ny Tompo.

Tokony hanontany isika tsirairay avy hoe: Ahoana no hijanonako eo afovoany fa *tsy hiankina* amin'ny fahalalako? Ahoana no ahafantarako sy anarahako



ny fitarihan'ny Mpamonjy rehefa mandresy lahatra tokoa ny fitarihan'izao tontolo izao? Ahoana no anorenako fahatokiana ny Mpamonjy ato anatiko?

Mamelà ahy hanolotra fomba telo hampitomboana ny fahalalantsika sy ny fahatokiantsika ny Mpamonjy. Ho hitanareo eo fa tsy vaovao ireo fitsipika ireo, kanefa manana anjara asa fototra izy ireo. Hiraina ao amin'ny hiran'ny Kilonga rehetra izy ireo, resahina ao amin'ny leson'ny Zatovovavy, ary mamaly fanontaniana maro izay ananan'ny Fikambanana Ifanampiana. Fitsipika mampijoro tsara, fa tsy mampitongilana izy ireo.

Voalohany dia afaka mahafantatra ny Tompo sy mahatoky Azy isika rehefa "[mivoky] amin' ny tenin'i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy."[2]

Volana maro lasa izay dia nanao fandalinan'ny mpianakavy soratra masina izahay. Nipetraka teo ampofoako ny zafikelilahiko roa taona teo am-pamakianay soratra masina. Tena nankafy ny maha-renibe ahy aho, ary nankafy tokoa ny fitsidihan'ny fianakavian'ny zanako lahy.

Rehefa vita ny fandalinanay soratra masina dia nakomboko ny bokiko. Fantatry ny zafikeliko fa afaka fotoana fohy dia hatory amin'izay. Niandrandra nijery tamin'ireo masony manga nitory hafanam-po izy dia nilaza fahamarinana mandrakizay iray hoe: "Andao isika mbola hamaky soratra masina ry Bebe a!"

Ny zanako lahy izay ray tsara sady tsy miovaova dia nampitandrina ahy hoe: "Neny a! aza mety adalainy amin'izany. Miezaka mitady fomba tsy hatoriana fotsiny izy."

Kanefa rehefa mangataka ny hamakina soratra masina bebe kokoa ny zafikeliko dia mamaky soratra masina bebe kokoa izahay! Ny famakina soratra masina bebe kokoa dia manazava ny saintsika, mikolokolo ny fanahintsika, mamaly ny fanontaniantsika, mampitombo ny fahatokiantsika ny Tompo ary manampy antsika hampifantoka ny fiainantsika eo Aminy. "[Tsarovy] ny hanadihady azy ireny amim-pahazotoana tokoa, fa mety hahazo tombontsoa amin' izany ianareo."[3]



Faharoa dia afaka mahafantatra ny Tompo sy matoky Azy amin'ny alalan'ny vavaka isika. Fitahiana lehibe tokoa ny fahafahana mivavaka amin'ny Andriamanitsika! "Mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo."[4]

Manana fahatsiarovana mamy momba ny vavaka iray tena sarobidy tamiko aho. Nanaiky hanao asa iray tany Texas aho tamin'ny iray tamin'ireo fialantsasatra tamin'ny fotoam-pahavaratra tao amin'ny oniversite. Tsy maintsy namily ilay fiarako efa antitra an-jato kilaometatra maro avy any Idaho nankany Texas aho. Izany fiara izany dia nomeko anarana tamim-pitiavana hoe Vern. Feno entana hatrany amin'ny tafony i Vern, ary izaho dia vonona ny handeha hizaha zava-baovao.

Rehefa iny handeha hivoaka ny varavarana iny aho dia nofihiniko ny reny malalako, dia hoy izy hoe: "Andao isika hivavaka alohan'ny handehananao."

Nandohalika izahay dia nanomboka nivavaka ny reniko. Nitalaho tamin'ny Ray any An-danitra izy mba tsy ho azon-doza aho. Nivavaka ho an'ilay fiarako izay tsy nisy fitaovana mpanatsara rivotra izy, ary nangataka mba handeha araka izay ilaiko ilay fiara. Nangataka ny mba hiarahan'ny anjely amiko mandritra ilay fotoam-pahavaratra izy. Nivavaka izy dia nivavaka dia nivavaka.

Ny fiadanana tonga avy tamin'izany vavaka izany dia nanome ahy ny herim-po hatoky ny Tompo ka tsy hiankina tamin'ny fahalalako. Nitarika ny lalako tamin'ireo fanapahan-kevitra maro noraisiko tamin'izay fotoam-pahavaratra izay ny Tompo.

Raha ataontsika fahazarana ny fanatonana ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny vavaka dia hahafantatra ny Mpamonjy isika. Ho lasa mahatoky Azy isika. Ho tonga bebe kokoa tahaka ny Azy ny faniriantsika. Isika dia ho afaka ny hahazo fitahiana, izay efa tian' Andriamanitra omena, ho antsika sy ho an'ny hafa raha toa isika ka mangataka amim-pinoana.[5]

Fahatelo dia afaka mahafantatra ny Tompo sy matoky Azy isika rehefa manompo ny hafa. Ity tantara manaraka ity dia zaraiko rehefa avy nahazoako lalana avy amin'i Amy Wright, izay lasa nahatakatra ny fitsipiky ny asa fanompoana na dia teo anivon'ny aretina mampatahotra sy maningotra aina aza. Toy izao no nosoratan'i Amy:

"Tamin'ny 29 ôktôbra 2015 no nahafantarako fa voan'ny homamiadana aho. 17 isan-jato ny tahapahavelomana nananako noho io homamiadana nahazo ahy io. Tsy tsara ny tahan'ny fahafahako ho sitrana. Fantatro fa tsy maintsy hanao ezaka mafy ny handresy ny fitsapana mafy indrindra eo amin'ny fiainako aho. Tapakevitra aho ny hanome izay rehetra ananako hanaovana izany ady izany, tsy ho ahy fotsiny ihany, fa ny



tena zava-dehibe dia ho an'ny fianakaviako. Nanomboka nanao chimio aho ny volana desambra. Efa fantatro tsara ny maro amin'ireo voka-dratsy tsy nirina ateraky ny fanafody fiadiana amin'ny homamiadana, saingy tsy fantatro fa ny olona iray dia afaka ny ho mbola velona ihany na dia marary mafy aza.

"Nisy fotoana nilazako fa ny chimiothérapie dia fanitsakitsahana ny zon'olombelona. Nilaza tamin'ny vadiko aho fa tsy mahavita izany intsony. Hijanona aho! Tsy hiverina any amin'ny hôpitaly intsony aho. Noho ny fahendrena nananany dia nihaino tamimpaharetana ny malalako ary avy eo dia namaly hoe: -Dia mila mitady olona hotompoina izany isika.-"

Ahoana tsara? Tsy teo angaha izy ka tsy nahafantatra fa voan'ny homamiadana ny vadiny ka tsy mahavita miaritra fahatsapana ho maloiloy intsony na dia kely aza, na fotoana iray hahatsapana fanaintainana tsy hay zakaina?

Nanohy nanazava i Amy hoe: "Ny fambaran'aretiko dia niharatsy tsikelikely ka niafara tamin'ny hoe tsy nanana afa-tsy iray na roa andro -azo nihoriranana- isam-bolana aho tamin'ny ankapobeny [izay] nahafahako niaina tahaka ny olombelona manan'aina. Tamin'ireny andro ireny no nitadiavan'ny fianakavianay fomba hanompoana ny hafa."

Tamin'ny iray tamin'ireo andro ireo ny fianakavian'i Amy dia nizara amboaram-pitaovana fanaovana chimio tamin'ireo marary hafa, amboarampitaovana nofenoina zavatra mba hampaherezana olona sy hanamaivanana ireo fambaran'aretina. Rehefa tsy nahita tory i Amy dia nieritreritra fomba hanatsarana ny andron'ny olona hafa. Nitaky asa betsaka ny fomba sasany, fa ny maro tamin'izany dia soratanana kely na hafatra an-tsoratra maneho fampaherezana sy fitiavana. Rehefa mafy tokoa ny fanaintainany ka tsy nahitany tory tamin'ireo alina ireo dia nidaboka teo am-pandriany niaraka tamin'ny tablette izy ka nitady ireo ôrdônansy nilaina novitaina ho an'ireo razambeny efa nodimandry. Nahagaga fa nisinda ho azy ny fanaintainana tamin'izany ary afaka niaritra izany izy.

Nijoro ho vavolombelona i Amy hoe: "nanavotra ny aiko ny asa fanompoana. Ny hafaliana nanjary tsapako tamin'ny fiezahana hanamaivana ny fijalian'ireo olona manodidina ahy no nahazoako ny hery handrosoana hatrany taty aoriana. Niandry fatratra tamim-pifaliana lehibe sy fanantenana ireo fandaharan'asa hanaovana asa fanompoana nomaninay aho. Mandrak'androany dia toy ny fifanoherana hafahafa izany. Mety hieritreritra ianareo hoe ny olona iray izay sola, voapoizina, ary miady mafy ho an'ny ainy dia manana ny rariny raha mieritreritra hoe: "ny tenako ihany aloha hatreto no tokony hanahirantsaina ahy." Kanefa rehefa nieritreritra ny tenako sy ny toe-javatra niainako ary ny fijaliako sy ny fanaintainako aho dia lasa maizin-kitroka sy nampikorontan-tsaina ny tontolo. Rehefa nifantoka tamin'ny hafa aho dia nisy hazavana, fanantenana, tanjaka, herim-po, ary fifaliana. Fantatro fa afaka ny hisy izany noho ny hery manohana sy manasitrana ary mampivoatra ananan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."

Lasa natoky ny Tompo i Amy rehefa lasa nahafantatra Azy. Raha niankina tamin'ny fahalalany izy na dia kely fotsiny aza dia mety ho nolaviny ilay hevitra mba hanompoany. Ny asa fanompoana dia nanome fahafahana azy hizaka ny fanaintainany sy ny fahoriany ka hiaina ity soratra masina ity: "Rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."[6]

Nandresy izao tontolo izao i Jesoa Kristy. Ary noho Izy, noho ny

Sorompanavotany tsy misy fetra, dia manana antony lehibe itokisana isika rehetra satria fantatsika fa ho tsara ny zavatra rehetra amin'ny farany.

Ry rahavavy, afaka matoky ny Tompo ny tsirairay amintsika fa *tsy* hiankina amin-javatra hafa. Afaka mampifantoka ny fiainantsika amin'ny Mpamonjy isika amin'ny alalan'ny famantarana Azy, dia handamina ny lalantsika Izy.

Eto an-tany isika mba haneho ilay fahatokiana *Azy* izay namela antsika hanohana an'i Jesoa Kristy rehefa nanambara Izy hoe: "Inty Aho, iraho Aho."[7]

Ry rahavavy malalako, nijoro ho vavolombelona ny Filoha Thomas S. Monson fa "tsy hay refesina ny fitahiana nampanantenaina antsika. Na dia manangon-drahona toy ny inona aza ny oram-baratra ary na hirotsaka toy ny inona aza ny orana, ny fahalalantsika ny filazantsara sy ny fitiavantsika ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy antsika dia hankahery sy hanohana antsika . . . rehefa mandeha amin'ny fahitsiana isika. . . . Tsy hisy zavatra izay afaka handresy antsika eto amin'izao tontolo izao."[8]

Hamafisiko amin'ny fijoroako ho vavolombelona ny tenin'ny mpaminany malalantsika. Raha mahatoky ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjintsika isika ka tsy miankina amin'ny fahalalantsika dia handamina ny lalantsika Izy ireo ary haninjitra ny sandrin'ny famindram-po amintsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Fanamarihana: Tamin'ny 1 Aprily 2017, dia nisaorana tamin'ny nahampanolotsaina faharoa azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany ny Rahavavy Cordon ary nantsoina ho mpanolotsaina voalohany.*


**FANAMARIHANA**
1. Gordon B. Hinckley, "The Dawning of a Brighter Day," *Liahona,* mey 2004, 81.
2. 2 Nefia 32:3.
3. Môsià 1:7.
4. Môrônia 7:48.
5. Jereo ny Torolalana ho an'ny soratra masina, "vavaka," scriptures.lds.org.
6. Môsià 2:17.
7. Abrahama 3:27.
8. Thomas S. Monson, "Matokia," *Liahona,* mey 2009, 92.





**Nataon'i Carol F. McConkie**
Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany


# Ny hatsaran'ny fahamasinana

*Nomen'ny Ray any An-danitra antsika izay rehetra takina mba hahafahantsika ho lasa masina tahaka Azy izay masina.*

Rehefa niomana ho amin'ity fivoriana ity aho dia nitodika tany amin'ireo rahavavy mahatoky maro izay nihaona tamiko ny foko, na aiza na aiza misy azy ireo. Amiko dia manoritsoritra azy ireo amin'ny fomba tsara indrindra ny teny ao amin'ny salamo fisaorana iray nataon'i Davida hoe: "Manomeza an'i Jehovah ny voninahitry ny anarany; Mitondrà fanatitra, ka mankanesa eo anatrehany; Miankohofa eo anatrehan'i Jehovah amin'ny fihaingoana masina."[1]

Ny hatsaran'ny fahamasinana dia hitako ao amin'ireo rahavavy izay manana fo mifantoka amin'izay tsara rehetra, izay maniry ny ho tonga tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa. Manolotra ny fanahiny, ny fony, ny heriny, ny sainy, ary ny tanjany manontolo ho an'ny Tompo amin'ny fomba fiainany isan'andro izy ireo.[2] Ny fahamasinana dia azo avy amin' ny ezaka sy ny ady atao mba hitandremana ireo didy sy hanajana ireo fanekempihavanana nataontsika tamin' Andriamanitra. Ny fahamasinana dia ny fanaovana ireo safidy izay hihazona ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana antsika.[3] Ny fahamasinana dia ny manaisotra ireo fironantsika amin'ny maha-olombelona antsika ary tonga "olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo."[4] "Ny fotoana rehetra eo amin'ny [fiainantsika] dia tokony ho fahamasinana ho an'ny Tompo."[5]

Nandidy ny zanak'i Isiraely ny Andriamanitry ny lanitra hoe: "Fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, dia manamasina ny tenanareo, ka dia ho masina hianareo, satria masina Aho; ary aza mandoto ny tenanareo."[6]

Nampianatra ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Ny Raintsika any An-danitra dia Andriamanitra iray miandrandra zavatra lehibe. . . . Nilaza Izy fa hanao izay hahamasina antsika mba hahafahantsika -handray ny voninahitra selestialy- (F&F 88:22) ary -hiverina honina eo anatrehany- (Mosesy 6:57)."[7] *Ny Lectures on Faith* dia manazava hoe: "Tsy misy olona afaka mahazo ny voninahiny raha tsy manana ny fahatanterahany sy ny fahamasinany."[8] Mahafantatra antsika ny Raintsika any An-danitra. Tia antsika Izy ary efa nomeny antsika izay rehetra takina mba hahafahantsika ho lasa masina tahaka Azy izay masina.

Zanakavavin'ny Ray any An-danitra isika ary manana lova masin'ny fahamasinana ny tsirairay amintsika. Nanambara ny Raintsika any An-danitra hoe: "Indro, Izaho no Andriamanitra; Lehilahin'ny Fahamasinana no anarako."[9] Tia ny Raintsika sy nitsaoka Azy isika tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Naniry ny ho lasa tahaka Azy isika. Noho ny fitiavana lavorary ananany amin'ny maha-Ray Azy dia nanome an'i Jesoa Kristy Zanany Malalany Izy mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Izy no Zanakalahin'ny Lehilahin'ny Fahamasinana.[10] "Masina no anara[ny],"[11] "ny Iray Masin'ny Isiraely."[12]

Ny fanantenantsika hanana fahamasinana dia mifototra amin'i Kristy, ao amin'ny famindram-pony sy ny fahasoavany. Afaka ny ho lasa madio tsy misy pentina amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany isika rehefa lavintsika amin'ny tenantsika ny toetra tsy araka an' Andriamanitra[13] ary mibebaka marina isika. Atao batisa amin'ny rano isika ho famelana ny fahotana. Hamasinina ny fanahintsika rehefa mandray ny Fanahy Masina amin'ny fo manontolo isika. Isan-kerinandro dia mandray ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isika. Manao fanekena ao anatin'ny toepanahy vonona ny hibebaka omban'ny faniriana amin-kitsim-po hanao ny marina isika fa vonona ny hitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy, ny hahatsiaro Azy, ary ny hitandrina ny didiny mba hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Rehefa mandeha ny fotoana, rehefa miezaka ny ho lasa iray miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina isika dia lasa manana ny toetra araka an' Andriamanitra tahaka ny Azy Ireo.[14]

### Fahamasinana ny fitandremana ny fanekempihavanantsika

Fantatsika ireo fizahan-toetra sy fakam-panahy ary fahoriana maro mety manaisotra antsika amin'izay zavatra rehetra madio sy mendri-piderana eo anatrehan' Andriamanitra. Kanefa ny zavatra iainantsika eto an-tany dia manolotra fahafahana ho antsika mba hifidy ny fahamasinana. Raha ny matetika indrindra dia ny fahafoizan-tena ataontsika mba hitandrina ny fanekempihavanantsika no manamasina antsika ka mahatonga antsika ho masina.

Nahita fahamasinana teo amin' ny endrik'i Evangeline izay zazavavy 13 taona tany Ghana aho. Anisan'ny fomba hitandremany ny fanekempihavanany ny filofosany amin'ny antsony izay filohan'ny kilasin'ny Toho-tantely. Nohazavainy tamim-panetrentena fa mankany amin'ny tranon'ireo namany izy, dia ireo zatovovavy malaindaina izany, mba hangataka amin'ny ray aman-drenin'izy ireo mba hamela azy ireo handeha hivavaka. Milaza aminy ireo ray aman-dreny fa sarotra izany satria tsy maintsy manao ireo raharaha ao an-trano ny zanany rehefa alahady. Noho izany dia mandeha manampy amin'ny fanaovan-draharaha i Evangeline, ary noho ny ezaka ataony dia matetika ireo namany no avela mankany am-piangonana.

Raha tandremantsika ny fanekempihavanana miaraka amin'ny ôrdônansin'ny fisoronana masina dia hanova antsika sy hanamasina antsika ary hanomana antsika hiditra eo anatrehan'ny Tompo izany.[15] Koa mifampitondra ny enta-mavesatsika isika. Mifampahery isika. Mihazona ny famelana ny fahotantsika isika rehefa mitondra fanampiana ara-panahy sy ara-batana ho an'ny mahantra, ny noana, ny mitanjaka, ary ny marary.[16] Miaro ny tenantsika tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao isika rehefa manaja ny andro Sabata sy mandray amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo amin'ny andro masin'ny Tompo.[17]

Mitahy ny fianakaviantsika isika ary manao ny tokantranontsika ho toerana masina. Mifehy ny filantsika isika mba hahatonga antsika ho feno fitiavana madio sy maharitra.[18] Manolo-tanana ny hafa amin-katsaram-panahy sy amim-pangorahana isika ary mijoro ho vavolombelon' Andriamanitra. Lasa vahoakan'i Ziona isika, izay iray fo sy iray saina, vahoaka madio miara-miaina ao anatin'ny firaisankina sy ny fahamarinana.[19] "Fa tsy maintsy mitombo ao amin'ny hatsarana sy ao amin'ny fahamasinana i Ziona."[20]

Ry rahavavy isany tongava ao amin'ny tempoly. Raha te ho lasa vahoaka masina vonona ny handray ny Mpamonjy amin'ny fiaviany isika dia tsy maintsy mitsangana ary manao ny fitafiantsika tena tsara.[21] Mandà aminkery sy amim-boninahitra ny fanaon' izao tontolo izao isika ary mitandrina ny fanekempihavanantsika mba "[hanafiana antsika amin'ny] fahadiovana . . . , eny, dia ny lamban'ny fahamarinana izany."[22]

### Fahamasinana ny fandraisana ny Fanahy Masina ho mpitarika antsika

Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ny fahamasinana. Manaiky io fanomezam-pahasoavana io isika rehefa misafidy ny hanao ireo zavatra izay mampitombo ny hery manamasin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika.

Rehefa nandray an'i Jesoa Kristy ho ao an-tranony i Marta dia nahatsapa faniriana lehibe tokoa ny hanompo ny Tompo araka izay tsara indrindra azony natao izy. I Maria rahavaviny dia nisafidy ny hipetraka "teo anilan'ny tongotr' [i Jesoa]" sy hihaino ny teniny. Rehefa nahatsapa ho sahirana mafy noho ny fanompoana be i Marta kanefa tsy nisy nanampy dia nitaraina hoe: "Tompoko, moa tsy mampaninona Anao va ny hamelan'ny rahavaviko ahy hanompo irery?"

Tiako ireo teny ao anatin'ny fibedesana malefaka indrindra izay azoko eritreretina. Hoy ny Mpamonjy raha nananatra tamin'ny fitiavana lavorary sy fangorahana tsy manam-petra hoe:

"Marta, Marta, maro ahiana sy maro herehina hianao;

"Nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy."[23]

Ry rahavavy, mba hahatonga antsika ho masina dia tsy maintsy mianatra mipetraka eo anilan'ny tongotry ny Iray Masin'ny Isiraely isika ary manome fotoana ho an'ny fahamasinana. Moa ve isika mamela ny finday sy ny lisitra lava be ahitana ireo zavatra mila atao ary ny fieritreretana ireo zavatr'izao tontolo izao? Ny vavaka,

ny fandalinana ary ny fanarahana ny tenin'Andriamantira dia manasa ilay fitiavany manadio sy manasitrana ho ao amin'ny fanahintsika. 'Ndeha isika haka fotoana mba ho masina mba hahatonga antsika ho heniky ny Fanahiny masina sy manamasina. Rehefa manana ny Fanahy Masina ho mpitarika antsika isika dia ho vonona ny handray ny Mpamonjy ao amin'ny hatsaran'ny fahamasinana.[24]



#### Fahamasinana ny fahatongavana ho olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

Araka ny teny azo avy amin'ny fanentanam-panahy nolazain'ny Mpanjaka Benjamina dia ireo izay mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, ary feno fitiavana, tahaka ny Mpamonjy, no ireo izay lasa olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.[25] Naminany izy fa i Jesoa Kristy, "ny Tompo Tsitoha izay manjaka, izay nisy ary misy hatrizay ka ho mandrakizay, dia hidina amin-kery avy any an-danitra ho eo anivon'ny zanak'olombelona sy honina ao amin'ny tabernakely tanimanga." Tonga Izy mba hitahy ny marary, ny mandringa, ny marenina, ny jamba ary hanangana ny maty ho amin'ny fiainana. Na izany aza anefa dia mbola nijaly "mihoatra noho izay azon'ny olona zakaina [Izy] . . . kanefa tsy hatramin'ny fahafatesana."[26] Ary na dia avy Aminy irery ihany aza no ahatongavan'ny famonjena dia norabiana sy nokapohina ary nohomboina Izy. Kanefa nitsangana avy tao am-pasana ny Zanak' Andriamanitra mba hahafahantsika rehetra mandresy ny fahafatesana. Izy ilay olona iray izay hijoro mba hitsara izao tontolo izao amim-pahamarinana. Izy ilay olona iray izay hanavotra antsika rehetra. Izy no ilay Iray Masin'ny Isiraely. I Jesoa Kristy no hatsaran'ny fahamasinana.



*Mba hahatonga antsika ho masina dia tsy maintsy mianatra mipetraka eo anilan'ny tongotry ny Iray Masin'ny Isiraely isika, tahaka an'i Maria, ary manome fotoana ho an'ny fahamasinana.*

NANDRE NY TENINY I MARIA, NATAON'I WALTER RANE.

Rehefa nandre ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina ireo vahoakany dia nianjera tamin'ny tany izy ireo. Lehibe tokoa ny fanetrentena sy ny fanajana nananan'izy ireo ho an'ny fahasoavana sy ny voninahitry ny Andriamanitsika. Nahafantatra ny maha-olona araka ny nofo azy izy ireo. Moa ve isika mahita ny fianteherantsika tanteraka amin'ny fahasoavana sy ny famindram-pon'i Kristy Tompontsika? Moa ve isika mahafantatra fa ny fanomezana tsara rehetra, na ara-nofo izany na ara-panahy, dia azontsika amin'ny alalan'i Kristy? Moa ve tadidintsika fa araka ny drafitra mandrakizain'ny Ray dia tsy afaka mahazo ny fiadanana eto amin'ity izao tontolo izao ity sy ny voninahitry ny fiainana mandrakizay isika raha tsy ao Aminy sy amin'ny alalan'ny Zanany masina ihany?

Enga anie isika ka hiombom-peo amin'ireo vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina rehefa nihiaka mafy tamin'ny feo tokana izy ireo hoe: "Ô, mamindrà fo, ary ampiharo ny ran'ny sorompanavotan'i Kristy hahazoanay mandray ny famelana ny fahotanay sy hahazoana manadio ny fonay; fa izahay dia mino an'i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, izay nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra."[27]

Mijoro ho vavolombelona aho fa raha manatona ny Iray Masin'ny

Isiraely isika dia hidina eo amintsika ny Fanahiny mba hahatonga antsika ho feno fifaliana sy handray ny famelana ny fahotantsika ary hahazo fiadanan-tsaina.

Nanome fahafahana ho antsika tsirairay mba ho tonga masina ny Ray any An-danitra. Enga anie isika mba hanao izay vitantsika mba hitandremana ny fanekempihavanantsika sy handraisana ny Fanahy Masina ho mpitarika antsika. Miaraka amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy dia lasa olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotany isika, mba hahafahantsika mahazo ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ary manome an' Andriamanitra Raintsika ny voninahitry ny anarany. Enga anie ny fiainantsika ho fanatitra masina mandrakariva mba hahafahantsika mijoro eo anatrehan'ny Tompo ao anatin'ny hatsaran'ny fahamasinana. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 1 Tantara 16:29.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:31–34.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57.
4. Môsià 3:19.
5. Brigham Young, "Remarks," *Deseret News*, 2 apr. 1862, 313; jereo koa ny James E. Faust, "Standing in Holy Places," *Liahona*, mey 2005, 62.
6. Levitikosy 11:44.
7. D. Todd Christofferson, "Izay rehetra tiako no anariko sy faiziko," *Liahona*, mey 2011, 97.
8. *Lectures on Faith* (1985), 1, 77.
9. Mosesy 7:35.
10. Jereo ny Mosesy 6:57.
11. Isaia 57:15.
12. Jereo ny 1 Nefia 22:21, 24, 26, 28.
13. Jereo ny Môrônia 10:32–33.
14. Jereo ny 2 Petera 1:4.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
16. Jereo ny Môsià 4:26.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9.
18. Jereo ny Almà 38:12.
19. Jereo ny Mosesy 7:18–19.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:14.
21. Jereo ny 2 Nefia 8:24.
22. 2 Nefia 9:14.
23. Jereo ny Lioka 10:38–42.
24. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57–59.
25. Jereo ny Môsià 3:19.
26. Môsià 3:5, 7.
27. Môsià 4:2.



**Nataon'i Linda K. Burton**
Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

# Vehivavy "matoky tena"

*Ireo vehivavy matoky tena ireo dia mpianatra mifototra amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy ary manana fanantenana amin'ny alalan'ny fampanantenan'ny sorompanavotany.*

Ry rahavaviko malala isany, tena tianay ianareo ary misaotra anareo tamin'ny fanaovana zavatra feno hatsaram-panahy sy fientanentanana teo anatrehan'ny fanasana nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny ezaka #IWasAStranger. Tohizo ny vavaka sy ny fihainoana ireo bitsiky ny Fanahy ary ny fanaovana asa araka ireo fitaomana raisinareo.

Na mandehandeha eto an-toerana na manerana izao tontolo izao aho dia efa mahazatra ny anontanian'ny olona iray hoe: "Tadidinao ve aho?" Noho izaho tena tsy tonga lafatra dia ekeko fa matetika aho no tsy mahatadidy anarana. Tadidiko kosa anefa ilay tena fitiavana marina navelan'ny Ray any An-danitra ho tsapako rehefa mihaona amin'ireo zanakavaviny sy zanakalahiny sarobidy aho.

Vao haingana aho no nanana fahafahana nitsidika vehivavy malala izay any am-ponja. Rehefa nifanao veloma tamin-kafanam-po izahay dia niangavy ny vehivavy malala iray hoe: "Rahavavy Burton, aza manadino anay e!" Antenaiko fa izy sy ireo hafa izay te ho tsaroana dia hahatsapa izany eto am-pizarako eritreritra vitsivitsy aminareo.

**Vehivavy matoky tena tamin'ny andron'ny Mpamonjy: Mifototra amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy**

Ireo rahavavintsika tao anatin'ny taona maro nifandimby dia naneho ohatra feno fahatokiana amin'ny mahampianatra, izay ezahantsika haseho koa. "Ny Testament Vaovao dia ahitana ny tantaran'ireo vehivavy [matoky tena], voalaza anarana sy tsy voalaza anarana, izay nampihatra finoana an'i Jesoa Kristy [sy ny Sorompanavotany], nianatra sy niaina ireo fampianarany, ary nijoro ho vavolombelona momba ny asa fanompoany sy ireo fahagagana nataony ary ny voninahiny. Ireo vehivavy ireo dia nanjary mpianatra fakantahaka sy vavolombelona manan-danja teo amin'ny asa famonjena."[1]

Saintsaino ireto tantara ao amin'ny bokin'i Lioka ireto. Voalohany, nandritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy:

"Ary taoriana kelin'izany . . . dia lasa [Jesoa] nitety ny tanàna sy ny vohitra, nitory ny filazantsaran'ny fanjakan' Andriamanitra; ary ny roa ambin'ny folo lahy nanaraka Azy,

"mbamin'ny vehivavy *[matoky tena],* . . . dia Maria atao hoe Magdalena, . . . sy Johana . . . , ary Sosana, mbamin'ny maro hafa, izay nanompo azy."[2]

Manaraka, taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty:

"Nefa kosa ny vehivavy *[matoky tena]* izay . . . tany amin'ny fasana maraina koa;

". . . [Raha] tsy nahita ny faty izy, dia tonga ka nilaza fa efa . . . nahita anjely niseho kosa izay nilaza fa velona Izy."[3]

Efa namaky sy niverina namaky im-betsaka ilay andian-teny toa tsy manaitra hoe: "vehivavy matoky tena" aho, saingy vao haingana vao tsikaritro ireo teny ireo rehefa nandalina tamim-pitandremana kokoa aho. Saintsaino ireto teny mitovy amin'ny dikan'ny andian-teny hoe *matoky tena* ireto raha ampifandraisina amin'ireo *vehivavy matoky tena:* "resy lahatra," "mijery ny lafin-tsaran-javatra," "tsy misalasala," "mafy orina," "tsy mihambahamba," "sahy," ary "azo ianteherana."[4]

Rehefa nandalina ireo mpamaritra mafonja ireo aho dia nahatsiaro ny anankiroa tamin'ireo *vehivavy matoky tena* ireo izay nizara fijoroana ho vavolombelona tsara, tsy misy fisalasalana, mafy orina ary tsy mihambahamba momba ny Mpamonjy tao amin'ny Testamenta Vaovao. Na dia vehivavy tsy tonga lafatra mitovy amintsika ihany aza izy ireo dia manentana ny fanahy ny fijoroana ho vavolombelona nananany.

Tadidinareo ve ilay vehivavy tsy voalaza anarana teo amin'ny fantsakana izay nanasa ny hafa hanatona sy hijery ny zavatra nianarany tamin'ny Mpamonjy? Nozarainy tamin'ny endrika fanontaniana iray ny fijoroana ho vavolombelona mifono *fahatokian-tena* nananany: "Izao angaha no Kristy?"[5] Ny fijoroana ho vavolombelona nananany sy ny fanasana nataony dia tena nahery vaika tokoa ka "maro . . . no nino Azy."[6]

Taorian'ny fahafatesan'i Lazarosy anadahiny, i Marta, ilay mpianatra malala sy naman'ny Tompo dia nanambara tamim-pihetseham-po lehibe hoe: "Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko." Saintsaino ny fahatokian-tenany raha nanohy izy hoe: "*Nefa fantatro* fa na dia ankehitriny izao aza na inona na inona no hangatahinao amin' Andriamanitra dia homen' Andriamanitra Anao." Nijoro ho vavolombelona koa izy taty aoriana hoe: "Mino aho fa Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra, Ilay ho tonga amin'izao tontolo izao."[7]

Ianarantsika avy amin'ireo rahavavy ireo fa ny *vehivavy matoky tena* dia mpianatra mifototra amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy ary manana fanantenana amin'ny alalan'ny fampanantenan'ny sorompanavotany.

### Vehivavy matoky tena mitandrina fanekempihavanana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny: Vonona ny hahafoy tena

Nahafoy tena ireo *vehivavy matoky tena* fahiny rehefa nijoro ho vavolombelona sy niaina ireo fampianaran'i Jesoa izy ireo. Nanao izany koa ireo *vehivavy matoky tena* tany amin'ny fiandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny. Anisan'ireo izay nijaly nandritra ny fanenjehana ireo Olomasina tao Clay County Missouri i Drusilla Hendricks sy ny fianakaviany, izay mpikambana vaovao. Nalemy tanteraka ny vadiny nandritra ny ady tao amin'ny Renirano Crooked. Nikarakara irery azy izy ankoatra ny famelomana koa ny fianakaviany.


"Tamin'ny fotoana iray tena nampahory tokoa, rehefa tsy nanan-kohanina ny fianakaviana, dia tsaroany fa nisy feo iray nilaza taminy hoe: 'Mahandrasa kely fa hanome ny Tompo."

Rehefa nilaina mba hirotsaka an-tsitrapo ho ao anatin'ny Andiamiaramila Môrmôna ny zanany lahy dia nanohitra i Drusilla sy nitolona tamimbavaka tamin'ny Tompo tamin'ny voalohany mandra-pisy "tahaka ny feo iray izay niteny taminy hoe: Tsy te hahazo ny voninahitra ambony indrindra ve ianao? Mazava ho azy fa novaliany hoe eny izany ary notohizan'ilay feo hoe: Ahoana no hieritreretanao hahazoana izany raha tsy amin'ny alalan'ny fanaovana fahafoizan-tena lehibe?"[8]

Ianarantsika avy amin'ity *vehivavy matoky tena* ity fa ny fitandremana fanekempihavanana dia mitaky ny fahavononantsika hahafoy tena.

### Vehivavy matoky tena ankehitriny: Mahatsiaro sy miomana hankalaza ny fiverenany

Nanonona ireo *vehivavy matoky tena* tamin'ny andron'ny Mpamonjy sy tamin'ny fotoana niandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara aho, fa ahoana kosa ny amin'ireo ohatra amin'ny maha-mpianatra sy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ireo *vehivavy matoky tena* amin'izao androntsika izao?



Nandritra ny asa nanirahana ahy vao haingana tany Azia dia nanentana ny fanahiko indray ireo *vehivavy matoky tena* nifanena tamiko. Talanjona manokana tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana voalohany tany Inde sy Malaisie ary Indonésie aho, izay miezaka ny miaina ny kolontsain'ny filazantsara ao an-tokantranon'izy ireo, ary indraindray ao anatin'ny fahafoizan-tena lehibe satria matetika ny fiainana ny filazantsara dia mifanohitra amin'ny kolontsain'ny fianakaviana sy ny firenena. Ireo *vehivavy matoky tena* avy amin'ny taranaka maro nifandimby any Hong Kong sy Taiwan dia manohy mitahy ny fiainan'ny fianakavian'izy ireo, sy ireo mpikamban'ny Fiangonana ary ireo fiarahamonina amin'ny alalan'ny fijanonana ho mifototra amin'ny Mpamonjy sy ny fahavononana hahafoy tena hitandrina ireo fanekempihavanana. Misy *vehivavy matoky tena* mitovy amin'izy ireo hita manerana ny Fiangonana.

Ny *vehivavy matoky tena* iray izay nitondra fitahiana teo amin'ny fiainako nandritra ny taona maro dia niady tamin'ny aretina mikiky sy mafy ary mihombo antsoina hoe myosite à inclusions tato anatin'ny 15 taona lasa. Na dia tsy afa-miala eo amin'ny seza misy kodiarana aza izy dia niezaka ny

ho feno fankasitrahana sy mameno tsy tapaka ny "Lisitry ny zavatra azo atao," lisitr'ireo zavatra izay *azo*ny atao, toy ny hoe afaka miaina aho, afaka mitelina aho, afaka mivavaka aho, afaka mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy aho. Saika ho isan'andro izy no mizara amin'ny fianakaviana sy ny namana ny fijoroana ho vavolombelona mifono *fahatokian-tena* ananany izay mifototra amin'i Kristy.

Vao haingana aho no naheno ny tantaran'i Jenny. Misiônera nahavita asa fitoriana izy ary nisaraka ny ray aman-dreniny tao anatin'ny fotoana nanaovany asa fitoriana. Nilaza izy fa "natahotra mafy" raha vao nieritreritra ny fodiany any an-trano. Kanefa tany amin'ny fiafaran'ny asa fitoriana nataony tany Italie, rehefa nijanona tao amin'ny tranon'ny filohan'ny misiôna izy raha an-dalana ho aty Etazonia dia nisy *vehivavy matoky tena* iray, dia ny vadin'ny filohan'ny misiôna izany, izay nanompo azy tamim-pitiavana tamin'ny alalan'ny fibangoana tsotra fotsiny ny volony.

Taona maro taty aoriana dia nisy *vehivavy matoky tena* iray hafa, dia i Terry izany, izay filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny tsatòka sady mpianatr'i Jesoa Kristy, nitondra fitahiana teo amin'ny fiainan'i Jenny rehefa nantsoina ho filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny paroasy i Jenny. Tamin'izany fotoana izany dia teo am-pamitana ny fanoratana ny asa fikarohany i Jenny mba hahazoany ny mari-pahaizana doctorat. Tsy vitan'ny hoe mpanorohevitra an'i Jenny fotsiny tamin'ny naha-mpitarika azy i Terry, fa niara-nipetraka taminy nandritra ny adiny 10 tao amin'ny hopitaly izy rehefa voarain'i Jenny ny valim-pitiliana nampatahotra fa voan'ny homamiadan'ny rà izy. Nitsidika tany amin'ny hopitaly i Terry ary nitondra an'i Jenny tany amin'ireo fotoana amin'ny mpitsabo. Nilaza i Jenny hoe: "Mety imbetsaka aho raha ny eritreritro no nandoa tao anatin'ny fiarany."

Na dia teo aza ny aretiny dia nanohy nanompo tamin-kerimpo i Jenny tamin'ny naha-filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny paroasy azy. Na tao anatin'ny fotoan-tsarotra indrindra niainany aza dia niantso an-tariby sy nandefa hafatra ary nandefa emails avy teo am-pandriany izy, ary nanasa ireo rahavavy mba ho tonga hijery azy. Nandefa karatra sy teny kely ho an'ny olona izy, nitia ireo rahavaviny avy lavitra. Rehefa nangataka ny sarin'ny fiadidiana nisy azy ny paroasiny mba ho an'ny tantaran'ny paroasy dia ity no azon'izy ireo. Satria i Jenny dia *vehivavy matoky tena* tokoa, dia nanasa ny rehetra izy mba hifampizara ny entamavesatry ny hafa, anisan'izany ny azy.

Amin'ny maha-*vehivavy matoky tena* an'i Jenny dia nijoro ho vavolombelona izy hoe: "Tsy vitan'ny hoe eto isika mba hamonjy ny hafa fa mba hamonjy ny tenantsika koa. Ary izany famonjena izany dia tonga avy amin'ny fiarahana miasa amin'i Jesoa Kristy, avy amin'ny fahatakarana ny fahasoavany sy ny Sorompanavotany ary ny fahatsapany fitiavana ho an'ireo vehivavin'ny Fiangonana. Mitranga izany amin'ny alalan'ny zavatra tsotra tahaka ny fibangoana ny volon'ny olona iray; fandefasana teny kely miaraka amin'ny hafatra feno fanantenana sy fahasoavana tena tsara sy mazava ary mitondra fanambarana; na amin'ny famelana ny vehivavy hanompo antsika."[9]


I Jenny (eo afovoany), filohan'ny Fikambanana Ifanampiana ao amin'ny paroasiny na dia nararin'ny leucémie aza, miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny fiadidiany.

Ry rahavavy, rehefa lasa variana, na misalasala, na kivy, na feno fahotana, na malahelo isika na mavesatra ny fanahintsika dia enga anie isika hanaiky ny fanasan'ny Tompo mba hisotro amin'ny rano velony, toy ny nataon'ilay vehivavy *matoky tena* teo amin'ny fantsakana, ka manasa ny hafa mba hanao toy izany rehefa zaraintsika koa ny fijoroana ho vavolombelona mifono *fahatokian-tena* ananantsika hoe: "Izao angaha no Kristy?"

Rehefa toa tsy rariny ny fiainana, toy izay mety ho fisehony tamin'i Marta tamin'ny fahafatesan'ny anadahiny: rehefa miaina alahelo avy amin'ny fanirery, na tsy fiterahana, na fahalasan'ny olon-tiana, na fahaverezan'ny fahafahana manambady sy manana fianakaviana, na faharavan'ny tokantrano, na harerahan-tsaina amampanahy mikiky, na aretin'ny vatana na ny saina, na rarin-tsaina mitambesatra, na fitebitebena, na fiankinan-doha, na olana ara-bola, na karazana zavatra maro mety hitranga, dia enga anie isika hahatsiaro an'i Marta sy hanambara ny fijoroana ho vavolombelona mifono *fahatokian-tena* ananantsika mitovy amin'izany hoe: "*Kanefa fantatro . . . [ary] mino aho* fa Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra."

Enga anie isika hahatsiaro ireo *vehivavy matoky tena* marobe izay nanda tsy hanary ny Mpamonjy sarobidintsika nandritra ny zavatra mafy dia mafy niainany teo ambony hazo fijaliana ary ora maro taty aoriana dia nanana tombontsoa ho vavolombelona *matoky tena* voalohany ny amin' ny Fitsanganany tamin'ny maty feno voninahitra. Enga anie isika ho hita mijanona eo akaikiny amin'ny vavaka


sy fandalinana ny soratra masina. Ndeha isika hanatona Azy amin'ny alalan'ny fiomanana sy fandraisana ireo tandindona masin' ny sorompanavotany isan-kerinandro mandritra ny ôrdônansin'ny fanasan' ny Tompo Tompo sy amin'ny fitandremantsika ireo fanekempihavanana amin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa amin'ny fotoam-pahasahiranan'izy ireo. Amin'izay angamba isika dia mety ho anisan'ireo *vehivavy matoky tena,* mpianatr'i Jesoa Kristy, izay hankalaza ny fiverenany amimboninahitra rehefa ho avy indray Izy.

Ry rahavavy, mijoro ho vavolombelona aho momba ny Ray amandReny be fitiavana any An-danitra; ny amin'i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika; ary ny amin'ny Sorompanavotany tsy misy fetra ho antsika. Fantatro fa ny Mpaminany Joseph Smith dia voatendry mialoha ho mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary nadika tamin'ny alalan'ny herin' Andriamanitra izany. Manana mpaminany velona isika amin'izao androntsika izao, dia ny Filoha Thomas S. Monson. Raha ny amin'ireo fahamarinana ireo dia *matoky tena* aho! Amin' ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Fanamarihana: Tamin'ny 1 aprily 2017 dia nisaorana tamin'ny naha-Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana azy Rahavavy Burton.*

**FANAMARIHANA**

1. *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 3.
2. Lioka 8:1–3; nampiana fanamafisana.
3. Lioka 24:22–23; nampiana fanamafisana.
4. Amin'ny teny Anglisy, ny teny hoe *certain* dia manana heviny faharoa hoe "karazana." Saingy ny heviny amin'ny hoe fahazoana antoka, fatokian-tena, ary fahatokiana no tena tiako hoantitranterina anio.
5. Jaona 4:29.
6. Jaona 4:39.
7. Jaona 11:21–22, 27; nampiana fanamafisana.
8. Jereo ny edisiôna Jennifer Reeder sy Kate Holbrook, *At the Pulpit: 185 Years of Discourses by Latter-day Saint Women* (2017), 51–52.
9. Nampiasaina rehefa nahazoana lalana avy tamin'ny mpanoratra, Jennifer Reeder, manam-pahaizana momba ny tantaran'ireo vehivavin'ny taon-jato faha-19 ao amin'ny Departemantan'ny tantaran'ny Fiangonana.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# "Ny fiadanako no avelako ho anareo"

*Ny Tompo dia nampanantena fiadanana ho an'ireo mpianany mialoha ny nandaozany azy ireo. Nanome izany fampanantenana izany ho antsika Izy.*

Ry anabavy malala, notahian'ny Fanahin' Andriamanitra isika androany hariva. Nanamafy orina ny finoantsika sy nampitombo ny faniriantsika hitandrina ireo fanekempihavanana masina izay nataontsika tamin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana ny hafatra nentanim-panahy avy amin'ireo anabavy mpitarika feno hery sy avy amin'ireo hira. Nahatsapa fitomboana isika eo amin'ny fitiavantsika an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny fankasitrahantsika ny Sorompanavotany, izay fanomezana mahavariana

Ny hafatro anio hariva dia tsotra. Nahatsapa fiadanana avokoa isika androany hariva. Isika rehetra dia samy te hahatsapa fiadanana toy izany matetika ao anatintsika, ao amin'ny fianakaviantsika, ary miaraka amin'ireo olona manodidina antsika. Ny Tompo dia nampanantena fiadanana ho an'ireo mpianany mialoha ny nandaozany azy ireo. Nanome izany fampanantenana izany ho antsika Izy. Saingy nilaza Izy anefa fa hanome izany fiadanana izany araka ny fombany fa tsy araka ny fomban'izao tontolo izao. Namariparitra ny fomba fanomezany fiadanana toy izao Izy:

"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo.

"Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy





tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo" (Jaona 14:26–27).

Nila izany fanomezana fiadanana izany ireo zanakalahin'i Môsià rehefa nandeha nanao asa fitoriana tany amin'ny Lamanita. Rehefa niahiahy izy ireo noho ny fahatsapany ny halehiben'ny asa nampanaovina azy ireo, dia nivavaka izy ireo mba hahazo fankaherezana. Ary "namangy azy ireo niaraka tamin'ny Fanahiny ny Tompo ary nanao taminy hoe: Mahereza. Ary nahazo hery izy ireo" (Almà 17:10; Jereo koa ny Almà 26:27).

Misy fotoana ianareo mety hitady fiadanana rehefa hiatrika fotoantsarotra iray sy ny zavatra iray izay toa ho olana mananontanona. Nianatra ilay lesona izay nampianarin'ny Tompo an'i Môrônia ny zanakalahin'i Môsià. Izany dia torolalana ho antsika rehetra: "Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. Omeko ho an'ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; ary ampy ho an' [ny rehetra] ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin'izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy" (Etera 12:27).

Nilaza i Môrônia fa "rehefa nandre ireo teny ireo," izy dia "nionona" (Etera 12:29). Afaka ny ho fampiononana ho antsika rehetra izany. Ireo izay tsy mahita ny fahalemeny dia tsy mba mivoatra. Fitahiana ny fahafantaranao ny fahalemenao satria manampy anao hietry sy mihazona anao mba hitodika any amin'ny Mpamonjy izany. Ny Fanahy dia tsy mampionona anao fotsiny ihany fa fitaovana hahafahan'ny Sorompanavotana mitondra fiovana eo aminao ihany koa Izy. Dia tonga matanjaka ny zavatra malemy avy eo.

Hisy fotoana izay hitsapan'i Satana ny finoanareo; mitranga amin'ireo mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra izany. Ny fiarovana ho anareo amin'izany fanafihana izany dia ny fitazonana ny Fanahy Masina ho namanareo foana. Hanambara fiadanana amin'ny fanahinareo ny Fanahy. Hamporisika anareo handroso amim-pinoana Izy. Ary hampahatsiahy anareo indray ireo fotoana ireo Izy, izay nahatsapanareo ny hazavana sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy.

Ny mahatsiaro no mety anisan'ireo fanomezana sarobidy indrindra azon'ny Fanahy omena anareo. "Hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay [nolazain'ny Tompo] taminareo" Izy. (Jaona 14:26). Izany dia mety ho vavaka voavaly, na ôrdônansin'ny fisoronana noraisina, na fanamafisana ny fijoroanareo ho vavolombelona, na fotoana iray izay nahitanareo ny tanan' Andriamanitra nitarika anareo teo amin'ny fiainanareo. Angamba any aoriana any rehefa mila hery ianareo dia mety hampahatsiahivin'ny Fanahy anareo ny fotoana iray izay nahitanareo ny tanan' Andriamanitra teo amin'ny fiainanareo. Mivavaka aho ny mba hisian'izany.

Zavatra iray izay matetika ampahatsiahivin'ny Fanahy ahy ny fivoriana Fanasan'ny Tompo tamin'ny takariva iray izay natao tao anatina tranokely vy tany Innsbruck, Autriche taona maro lasa izay. Tao ambanina lalamby no nisy ilay tranokely vy. Olona am-polony teo no nanatrika, nipetraka tamina seza hazo. Vehivavy ny ankamaroany, ny sasany tanora ny sasany efa zokinjokiny. Nahita ranomasompankasitrahana aho rehefa nozaraina tamin'ilay mpiangona vitsy ny Fanasan'ny Tompo. Nahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy ho an'ireto Olomasina ireto aho, ary izy ireo koa nahatsapa izany. Saingy ny fahagagana tsaroako tsara indrindra dia ilay fahazavana izay toa nandrakotra ilay tranokely vy ary ny nitondran'izany fahatsapana fiadanana. Alina ny andro tamin'izay ary tsy nisy



varavarankely tao, nefa dia nazava toy ireny hazavain'ny masoandro amin'ny mitataovovonana ireny ilay efitrano.

Ny fahazavan'ny Fanahy Masina tamin'izay takariva izay dia sady namirapiratra no nazava be. Ary ny varavarankely izay nampiditra ny fahazavana tao dia ny fo feno fanetrentenan'ireo Olomasina ireo, izay tonga teo anatrehan'ny Tompo mba hikatsaka famelana noho ny fahotan'izy ireo sy hanolo-tena ny hahatsiaro Azy mandrakariva. Tsy sarotra ny nahatsiaro Azy tamin'izay, ary ny fahatsiarovako izany traikefa masina izany dia nanamora ny fahatsiarovako Azy sy ny Sorompanavotany nandritra ireo taona taorian'izay. Tamin'io andro io ilay fampanantenana ao anatin'ilay vavaky ny fanasan'ny Tompo fa hiaraka amintsika ny Fanahy dia tanteraka ary dia nitondra fahatsapana fiadanana sy fahazavana.

Tahaka anareo, izaho dia efa feno fankasitrahana noho ireo fomba maro izay namangian'ny Tompo ahy tamin'ilay Mpampionona rehefa nila fiadanana. Saingy tsy ny fampiononana antsika ihany no mampiahiahy ny Raintsika any An-danitra fa miahiahy bebe kokoa ny amin'ny fandrosoantsika mihitsy Izy. Ny "mpampionona" dia iray fotsiny amin'ireo fomba fanoritsoritan'ny soratra masina ny Fanahy Masina. Inty misy iray hafa: "Ary ankehitriny, lazaiko aminao marina dia marina tokoa, apetraho amin'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokianao" (F&F 11:12). Matetika tokoa dia tafiditra amin'izany tsara hitarihany anareo mba hatao izany ny fanampiana olon-kafa handray ny fampiononana avy amin' Andriamanitra.

Amin'ny fahendreny ny Tompo dia nampiray anareo ao anatina vondrona sy kilasy ao amin'ny Fiangonany. Nataony izany mba hampitomboana ny herinareo hanao ny tsara. Ao anatin'izany vondrona izany dia manana andraikitra manokana ianareo mba hanompo ny hafa ho Azy. Ohatra, raha toa ka zatovovavy ianao dia mety hangatahin'ny evekanao ianao na ny mpitarika anao ao amin'ny Zatovovavy mba hamangy Ravintsara iray izay lasa araka ny fiantsoatsika azy matetika hoe "malaindaina." Mety ianao no mahafantra azy bebe kokoa toy izay ilay eveka na ilay mpitarika ny Zatovovavy. Mety fantatrao fa mikorotan-tsaina izy any an-trano na any an-tsekoly na angamba izy roa. Mety tsy fantatr'ireo mpitarika anao hoe nahoana izy ireo no nanana fahatsapana hangataka anao hamangy azy, saingy ny Tompo dia mahafantatra, ary mitarika ity asa ity amin'ny alalan' ny fitaoman'ny Fanahiny.

Ny fahombiazana eo amin'ny ezaka ataonao dia mila fiovana mahagaga ao amin'ny fonao sy ao amin'ny an'ilay zatovovavy izay nasaina navotanao, ary izany dia mitaky ny fananana ny Fanahy Masina ho namana. Afaka manome anao fahafahana hijery ilay Ravintsara amin'ny fomba fijerin'ny Tompo azy ny Fanahy. Fantatry ny Tompo ny ao am-pon'ilay zatovovavy sy ny ao amponao, ary fantany ny fahafahan'ny fo hiova. Afaka mamangy anareo roa miaraka amin'ny Fanahiny Izy mba hitaona anareo amin'ny fanetrentena sy famelana ary fitiavana.

Afaka mibitsika ireo teny sy asa ary faharetana ilainao izany Fanahy izany mba hanasa ondry iray hiverina hiaraka amin'ny andian'ondry. Ary afaka mikasika ny fon'ireo ao amin'ilay andian'ondry ao anatin'ilay kilasy Ravintsara Izy mba hitia sy handray ilay ondry very, amin'izay rehefa miverina izy dia hahatsapa fa tafaverina ao an-trano.

Ny herinareo hanao ny tsara amin' ny maha-andiana zanakavavin' Andriamanitra anareo dia hiankina be dia be amin'ny firaisan-kina sy ny fitiavana misy eo aminareo. Izany dia fanomezana fiadanana iray azo avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Nahatakatra izany i Almà. Izany no nahatonga azy niangavy tamin'ny vahoakany "ny tsy hisian'ny fifandirana eo amin'izy samy izy fa ny hibanjinany kosa ny ho avy amin'ny maso tokana, manana finoana iray sy batisa iray ary manana ny fony mifamihina ao amin' ny firaisan-kina sy ny fifankatiavan'izy samy izy" (Môsià 18:21).

Ilaina ny firaisan-kina mba hahafahantsika manana ny Fanahy ao amin'ny kilasintsika sy ao amin'ny



fianakaviantsika. Saingy fantatro sy fantatrareo avy amin'ny traikefa fa izany firaisan-kina feno fitiavana izany dia sarotra hazonina. Mitaky ny fananana ny Fanahy Masina ho namana ny manokatra ny masontsika sy ny mifehy ireo fihetseham-pontsika.

Tadidiko fa indray andro ny zanakay lahy fito na valo taona dia nitsambikina mafy teo ambony fandriany ka nieritreritra aho fa mety nahasimba izany. Nahatsapa fahasorenana nikoriana tao amiko aho ary nihetsika haingana mba handamina ny ao an-tranoko. Nosamboriko tamin'ny sorony kely ilay zanako ary nampiakariko ambony hampifanatrika ny masonay.

Nilaza zavatra tao an-tsaiko ny Fanahy. Toa feo nalefaka ilay izy, kanefa nanindrona ny foko: "Olona tsara io samborinao io." Naveriko moramora teo ambonin'ilay fandriana izy dia niala tsiny aho.

Izao izy dia lasa ilay lehilahy tsara nasehoan'ny Fanahy Masina ahy 40 taona lasa izay. Feno fankasitrahana mandrakizay aho fa nanavotra ahy tsy hanana fahatsapana ratsy ny Tompo tamin'ny alalan'ny fandefasana ny Fanahy Masina mba hamela ahy hijery ny zanak' Andriamanitra tahaka ny fijeriny azy.

Ilay firaisan-kina katsahintsika ao amin'ny fianakaviantsika sy ao amin'ny Fiangonana dia tonga rehefa mamela ny Fanahy Masina hampisy fiantraikany eo amin'ny zavatra hitantsika rehefa mifampijery isika, ary na dia rehefa mifampieritreritra mihitsy aza. Mahita amin'ny fitiavana madion'i Kristy ny Fanahy. Henoy ny teny nampiasain'i Môrmôna hanoritsoritana ny fiantrana. Eritrereto ireo fotoana nahatsapanareo izany:

"Ny fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy mialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina, tsy mihevitra ratsy, tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana fa mifaly kosa amin'ny fahamarinana, mizaka ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, miaritra ny zavatra rehetra.

"Noho izany ry rahalahiko malala [ary ampiako hoe ry ranabaviko malala], raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsinontsinona, fa ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. Koa, mifikira amin'ny fiantrana izay ny lehibe indrindra amin'ny zavatra rehetra, fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho levona;

"Fa ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion'i Kristy ary maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin'ny andro farany, dia soa ho azy izany.


"Noho izany ry rahalahiko [sy ranabaviko] malala dia mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio" (Môrônia 7:45–48).

Izany no tanjona ananan'ny Rainareo any An-danitra ho anareo zanany vavy sarobidy. Mety ho hitanareo ho tanjona lavitra izany, fa raha amin'ny fomba fijeriny, dia tsy lavitra akory ianareo. Koa mamangy anareo miaraka amin'ny Fanahiny Izy mba hampionona anareo, hankahery anareo, ary hitaona ny fanahinareo handroso hatrany.

Avelako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona azo antoka fa mahafantatra anareo ny Ray, mahafantatra ny zavatra ilainareo sy ny anaranareo Izy, tia anareo Izy, ary mihaino ny vavaka ataonareo. Manasa anareo mba hanatona Azy ny Zanany Malala. Ary Izy Ireo dia nandefa ny Fanahy Masina mba hiaraka aminareo mandritra ny ezaka ataonareo mba hanompoana ny hafa ho Azy Ireo.

Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia hanadio sy hanamasina ny fanahinareo ny fiarahana mandrakariva amin'ny Fanahy Masina. Hahatsapa ilay fiadanana nampanantenan'ny Mpamonjy fa havelany ho an'ny mpianany ianareo amin'izany. Hiaraka amin'izany fiadanana izany ny fanantenana mamirapiratra sy ny fahatsapana fahazavana sy fitiavana avy amin'ny Ray sy ny Zanany malala, izay mitarika ny fanjakany eto an-tany amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny mpaminaniny velona. Izany no hijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■





Fivoriana Sabotsy Maraina | 1 Aprily 2017

**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Manangona ny fianakavian' Andriamanitra

*Tian' Andriamanitra hody indray ny zanany, ao anatin'ny fianakaviana ary feno voninahitra.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, faly aho noho ny fananana fahafahana miaraka aminareo amin'ny fiantombohan'ity fivoriana iray ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity. Miarahaba anareo amim-pitiavana lehibe aho.

Ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia fotoana hiangonan' ny Olomasin'ny Andro Farany foana hatrizay. Efa ela isika no tsy afaka niara-niangona mivantana tao anatin' ny toerana iray noho ny hamaroantsika, saingy nanome fomba ny Tompo mba hahatongavan'ireo fitahian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany any aminareo na aiza na aiza misy anareo. Na dia mahavariana aza ny mahita ny Olomasina tafangona ato amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity, izahay izay mijoro ety amin'ny polipitra ety dia maka sary ao an-tsainay foana ireo olona an-tapitrisany izay tafangona miaraka aminay manerana an'izao tontolo izao mba hijery sy hihaino ny fihaonambe. Maro aminareo no



tafangona miaraka amin'ny fianakavianareo. Ny sasany mety tafangona miaraka amin'ny namana na amin'ireo mpiara-mivavaka.

Na aiza na aiza misy anareo ary na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana no ahenoanareo ny feoko, dia aoka ho fantatrareo fa na dia tsy miaraka aminay mivantana eto aza ianareo dia tsapanay fa miaraka aminay eto ny fanahinareo. Manantena izahay fa hahatsapa ho iray miaraka aminay ianareo, ka ho tsapanareo ny hery ara-panahy izay tonga isaky ny misy vondrona mpino izay tafangona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Nisy bitsika nanosika ahy hiresaka aminareo mikasika ny karazana fanangonana iray hafa androany. Io karazany iray io dia tsy hoe isaky ny enim-bolana ihany vao miseho toy ny ataon'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Fa nitohy foana kosa izany nanomboka tany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonana ary nihahaingana tao anatin'ny taona vitsivitsy lasa. Ny resahiko eto dia



ilay asa fanangonana ny fianakavian' Andriamanitra.

Mba hamaritana io fanangonana io dia mety tena tsara ny hanombohana izany tany amin'ny fotoana talohan'ny nahaterahantsika, talohan'ilay antsoin'i Baiboly hoe "tamin'ny voalohany" (Genesisy 1:1). Tamin'izany fotoana izany dia niara-nipetraka tamin'ny Ray any An-danitra isika, ary fanahy zanany isika. Marina izany ho an'ny olona rehetra izay efa niaina teto an-tany.

Hitanareo, ny anarana hoe "rahalahy" sy "anabavy" dia tsy hoe entina mba hifampiarahabana amim-pitiavana fotsiny na teny maneho fitiavana izay ifampiantsoantsika. Maneho fahamarinana mandrakizay izy ireo: Rain'ny olombelona rehetra ara-bakiteny Andriamanitra. Anisan'ny ao anatin'ilay fianakaviany mandrakizay isika tsirairay avy. Satria tia antsika amin'ilay fitiavana ananan'ny Ray tonga lafatra iray Izy, dia tiany hivoatra sy handroso ary ho tonga tahaka Azy isika. Nanorina drafitra iray Izy ka amin'ny alalan'izany dia ho tonga ety an-tany isika, ao anatina fianakaviana ary hiaina zavatra izay hanomana antsika hiverina any Aminy sy hiaina ny fomba fiainany.

Ny singa fototr'io drafitra io dia ilay fampanantenana fa hanolotra ny tenany ho sorona mihitsy i Jesoa Kristy mba hamonjena antsika amin'ny fahotana sy ny fahafatesana. Ny adidintsika ao amin'izany drafitra izany dia ny manaiky ny sorona nataon'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara. Nanaiky izany drafitra izany izaho sy ianao. Raha ny marina dia faly tamin'izany isika na dia nidika aza izany fa hiala tsy ho eo anatrehan'ny Raintsika isika ary hanadino izay zavatra niainantsika niaraka taminy.

Tsy nalefa tety tao anatin'ny haizina tanteraka anefa isika. Nomena ampahany amin'ny fahazavan' Andriamanitra isika tsirairay izay antsoina hoe "Fahazavan'i Kristy," mba hanampiana antsika hanavaka ny tsara sy ny ratsy. Izay no antony hoe, na dia ny olona miaina ao anatin'ny tsy fananana afa-tsy fahalalana kely momba ny drafitry ny Ray na ao anatin'ny tsy fananana izany mihitsy aza dia mbola afaka mahatsapa, ao am-pony, fa misy zavatra atao izay ara-drariny sy mendrika ary misy zavatra hafa izay mifanohitra amin'izany.

Rehefa mitaiza ny zanatsika isika no toa tena mahery vaika ny fahalalantsika ny tsara sy ny ratsy. Efa voajanahary ao amin'ny ankamaroan' ny ray aman-dreny ilay faniriana mba hampianatra ny zanany ireo soatoavina ara-pitondrantena. Anisan'ny fahagagana avy amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra izany. Tiany ho tonga ety an-tany ny zanany ka hanaraka ilay lamina mandrakizain'ny fianakaviana izay misy any an-danitra. Ny fianakaviana no vondrona fototra voalamina any an-danitra ary kasainy ho izy ireo koa no vondrona fototra eto an-tany. Na dia lavitry ny fahalavorariana aza ireo fianakaviana eto an-tany dia manome tombontsoa tena tsara ho an'ny zanak' Andriamanitra izy ireo mba hotsenaina eto amin'izao tontolo izao miaraka amin'ilay hany fitiavana eto an-tany izay manakaiky ilay tsapantsika tany an-danitra, dia ny fitiavan'ny ray aman-dreny izany. Amin'ny alalan'ny fianakaviana koa no fomba tena tsara hiarovana sy hampitana ireo soatoavina ara-pitondrantena ary ireo fitsipika marina izay tena hitondra antsika hiverina eo anatrehan' Andriamanitra.

Tena vitsy an'isa ireo zanak' Andriamanitra izay mahazo mandritra ity fiainana ny fahatakarana feno momba ny drafitr' Andriamanitra, sady manana fahafahana hampiasa ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy hanao fanekempihavanana mba hahatonga ny sorompanavotan'ny Mpamonjy hiasa tanteraka eo amin'ny fiainantsika. Mety miaina amim-pahatokiana araka ny fahazavana izay ananany ireo izay manana ray aman-dreny tena miavaka saingy tsy mbola nandre mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany na nasaina mba hatao batisa amin'ny anarany izy ireo. Marina izany ho an'ireo rahalahintsika sy anabavintsika maro tsy tambo isaina teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.

Mety mihevitra ny sasany fa tsy rariny izany. Mety ho raisin'izy ireo ho porofo mihitsy aza izany fa tsy misy drafitra na zavatra takina manokana mba hahazoana famonjena, ka mahatsapa izy ireo fa ilay Andriamanitra marina sy be fitiavana dia tsy hamorona drafitra iray izay natao ho an'ny ampahany kely amin'ny zanany toy izany. Ny sasany mety hino fa efa notapahan' Andriamanitra mialoha izay zanany hovonjeny ka nomeny fahafahana handray ny filazantsara izy ireo, ary ireo izay tsy nandre velively ny filazantsara dia tsy "voafidy" tsotra fotsiny.

Saingy izaho sy ianao dia mahafantatra fa noho ireo fahamarinana naverina tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, dia mifono fitiavana bebe kokoa ary mihoatra lavitra noho izany ny drafitr' Andriamanitra. Maniry ny hanangona sy hitahy ny olona rehetra ao anatin'ny fianakaviany ny Raintsika any An-danitra. Na dia fantany aza fa tsy izy rehetra akory no hisafidy ny hangonina, dia manome fahafahana ho an'ny zanany tsirairay ny drafiny mba hanaiky na handà ny fanasany. Ary ny fianakaviana no anisan'ny ivon'izany drafitra izany.

Taonjato maro lasa izay dia nilaza ny mpaminany Malakia fa ho avy ny andro izay hanirahan' Andriamanitra an'i Elia mba "hampody ny fon'ny ray ho

amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy" (Malakia 3:24).

Tena manan-danja io faminaniana io ka nolazain'ny Mpamonjy izany rehefa namangy an'i Amerika Izy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty (jereo ny 3 Nefia 25:5–6). Ary rehefa novangian'ny anjely Môrônia ny Mpaminany Joseph Smith, dia nolazainy koa ilay faminaniana mikasika an'i Elia sy ny fo, ary ny ray sy ny zanaka (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:36–39).

1 aprily androany. Afaka roa andro, ny 3 aprily, dia manamarika ny faha-181 taona nitsingeranan'ny andro izay nahatanterahan'ny faminanian'i Malakia. Tena tonga i Elia tamin'io andro io ary nanome an'i Joseph Smith ny herin'ny fisoronana hamehezana mandrakizay ny fianakaviana (jereo ny F&F 110:13–16).

Nanomboka tamin'io andro io ka hatramin'izao dia nitombo faran'izay haingana ny fahalianan'ny olona hikaroka ny tantaram-pianakaviany. Toa mihavoasarika haingana dia haingana foana amin'ny razambeny ny olona fa tsy entin'ny fahalianana tsotra fotsiny. Nipoitra manerana an'izao tontolo izao ireo toerana misahana ny tetiarana sy fikambanana ary teknôlôjia mba hanohanana izany fahalianana izany. Ny herin'ny internet eo amin'ny fampivelarana ny fifandraisana dia nanome fahafahana ny fianakaviana hiara-hiasa mba hanao fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana amin'ny hafainganam-pandeha sy fikalikaliana tsy ho tanteraka velively raha taloha.

Nahoana no mitranga daholo izany rehetra izany? Ny teny tsara kokoa azontsika iantsoana izany dia ny hoe ny "fanahin'i Elia." Azontsika antsoina koa hoe "fahatanterahan'ny faminaniana" izany. Mijoro ho vavolombelona aho fa tena tonga i Elia. Ny fon'ny zanaka, ny foko sy ny fonao, dia nipody tany amin'ny raintsika izay ireo razambentsika. Ny fahatsapanao fitiavana an'ireo razambenao dia anisan' ny fahatanterahan'ilay faminaniana. Mitoetra lalina ao anatin'ilay fahalalanao hoe iza ianao izany. Saingy mifono zavatra bebe kokoa noho ny fampahalalana momba ny haitaranaka izay nolovainao izany.

Ohatra, rehefa manaraka ny bitsika mba hianatra mikasika ny tantarampianakavianao ianao, dia mety hahita havana lavitra izay mitovy endrika aminao na tia boky toa anao na manana talenta eo amin'ny fihirana toa anao. Mety tena hahaliana sy hitondra zavabaovao mihitsy aza izany. Saingy rehefa mijanona hatreo ny asa ataonao dia ho tsapanao fa misy zavatra tsy ampy. Ny antony dia satria mitaky zavatra bebe kokoa noho ny fahatsapan-javatra tsara ny fanangonana sy ny fampiraisana ny fianakavian' Andriamanitra. Mitaky fanaovana fanekempihavanana masina izay mifandray amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana izany.

Maro amin'ireo razambenao no tsy nandray ireo ôrdônansy ireo. Saingy nanome fomba ahafahanao manatanteraka izany Andriamanitra. Ary fantatr' Andriamanitra fa hanana fahatsapana ho lasa manam-pitiavana an'ireo razambenao ianao ary hanana ny teknôlôjia ilaina mba hitadiavana azy ireo. Fantany koa fa ianao dia hiaina ao anatin'ny fotoana iray hampitombo bebe kokoa noho ny hatramin'izay teo amin'ny tantara, ny fahafahana mandeha any amin'ny tempoly, izay toerana ahafahana manatanteraka ôrdônansy. Ary fantany fa afaka matoky anao Izy amin'ny fanatanterahana ity asa ity ho an'ny razambenao.

Mazava ho azy fa isika rehetra dia manana andraikitra maika sy manandanja maro izay ilaina ifantohantsika sy mitaky ny fotoantsika. Isika rehetra dia mahita ny ampahan'ny zavatra izay andrasan'ny Tompo mba hataontsika ho mihoatra ny fahaiza-manaontsika. Soa ihany fa manome fomba ho antsika tsirairay ny Tompo mba hahazoana fahatokian-tena sy fahafaham-po ao anatin'ireo asa rehetra ataontsika, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanaovana asa momba ny tantaram-pianakaviana. Mahazo hery hanao izay angatahiny isika amin'ny alalan'ny finoantsika fa ny Mpamonjy dia tsy manome didy "raha tsy efa nanomana lalana ho [antsika] mba hahazoan[tsika] manatontosa ny zavatra izay andidiany [antsika]" (1 Nefia 3:7).



Fantatro fa marina izany tamin'ny alalan'ny zavatra niainako. Fony aho mpianatra tany amin'ny oniversite, taona maro lasa izay, dia nihaona tamin'ny lehilahy iray izay niasa tao amin'ny orinasa izay anisan'ny lehibe indrindra mpanamboatra solosaina. Tany am-piandohan'ny fikirakirana solosaina izany ary nifanojo tampoka tamin'ny fotoana nanirahan'ny orinasany azy hivarotra solosaina amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Raha ny fahitako azy dia tsy mpikambana any amina antokompivavahana io lehilahy mpivaromandeha io. Kanefa dia nilaza tamim-pahatalanjonana sy tamimpahagagana izy hoe: "Ao amin'io fiangonana io dia manao ilay antsoin'izy ireo hoe -tetiarana- izy ireo, ka mikaroka ny anaran'ireo olona izay maty sy miezaka mitady ny razambeny. Mihodinkodina mihazakazaka eny anelanelan'ny lalimoara vatasarihana izay fampirimana taratasy ny olona, indrindra fa ny vehivavy, ary mitady fampahalalana amin'ny alalan'ireo karatra kely." Raha tsaroako tsara dia nilaza izy fa nanao kiraro entina manao fanatanjahantena ireo vehivavy mba hahafahan'izy ireo mihazakazaka haingana kokoa. Hoy izy avy eo hoe: "Rehefa hitako ny halehiben'ny zavatra ezahin'izy ireo atao dia tsapako fa nahita ny antony nanamboarana ny solosaina aho."

Amin'ny ampahany dia marina ny azy. Ho ampahany manan-danja

amin'ny hoavin'ny asa momba ny tantaram-pianakaviana ny solosaina, fa tsy ireo solosaina izay namidiny anefa. Nisafidy ny tsy hividy ny solosainy ny mpitarika iray tao amin'ny Fiangonana izay nentanin'ny Fanahy. Tsy maintsy niandry teknôlôjia izay mbola tsy azo sary an-tsaina akory tamin'izany fotoana izany ny Fiangonana. Saingy nianatra aho nandritra ny taona maro nanomboka tamin'izay fa na dia ny teknôlôjia tsara indrindra aza dia tsy afaka manolo velively ny fanambarana avy an-danitra tahaka ny voarain'io mpitarika iray tao amin'ny Fiangonana io. Asa ara-panahy ity ary ny Tompo no mitantana izany amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina.

Nanao asa momba ny tantaram-pianakaviako aho vao herinandro vitsivitsy lasa izay, niaraka tamin'ny mpanorohevitra iray teo akaikiko ary olona mpanampy iray hafa miresaka amin'ny telefaonina. Nisy olana tsy haiko novahana teo amin'ny efijerin'ny solosaina teo anoloako. Nahita anaran'olona anankiroa mety miandry ôrdônansy any amin'ny tempoly aho izay nalefa tamiko tamin'ny alalan'ny zava-mahatalanjona vitan'ny teknôlôjia. Ny olana dia tsy nitovy ireo anarana saingy nisy antony iray ninoana fa mety ho olona iray ihany izy ireo. Ny hamantatra izay marina no andraikitro.

Nanontaniko ireo mpanoro-hevitra mba hilaza amiko izay marina. Nilaza izy ireo hoe: "Tsia, tsy maintsy misafidy ianao." Ary azon'izy ireo antoka tanteraka fa hahita ny marina aho. Navelan'ilay solosaina miaraka amin'ny heriny sy ny fampahalalana ao aminy ho ahy ny fitahiana mba handinika ireo anarana ireo teo amin'ny efijery, hanombantombanana ny fampahalalana nisy, hanao fikarohana hafa sy hivavaka mangina ary hitady izay marina. Rehefa nivavaka aho dia nahafantatra tamimpahatokian-tena ny zavatra tokony hatao, toy ny nataoko tao anatin'ireo toe-javatra hafa rehefa nila niantehitra tamin'ny fanampiana avy any andanitra mba hamahana olana iray.

Tsy fantatsika hoe hoentanin' Andriamanitra hamorona zava-mahatalanjona inona ny olona mba hitondrana fanampiana eo amin'ny asa fampivondronana ny fianakaviany. Kanefa na inona na inona harimpamoronana mahatalanjona mety ho avy dia hitaky ny Fanahy mba hiasa ao amin'ny olona tahaka ahy sy ianao izany. Tsy tokony hahataitra antsika izany. Raha ny marina dia zanakalahy sy zanakavavy malalan' Andriamanitra izy ireo. Handefa izay mety ho fanentanam-panahy ilaina mba hanomezana fahafahana azy ireo hiverina any Aminy Izy.

Tao anatin'ny taona vitsivitsy, dia nandray andraikitra tamin'ny fomba tena tsara teo anatrehan'ny fanahin'i Elia ny zatovon'ny Fiangonana. Maro amin'izao fotoana izao no mihazona ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly ampiasaina amin'ny fotoana voafetra ary mampiasa izany matetika. Miasa be kokoa noho ny hatramin'izay ireo toerana fanaovana batisa any amin'ny tempoly. Ny tempoly sasany aza tsy maintsy nanamboatra ny fandaharampotoany mba handraisana ireo zatovo mihamitombo isa izay mandeha any amin'ny tempoly.

Taloha dia mahalana saingy zavatra miavaka raisina an-tanan-droa ny fitondran'ny zatovo ny anaran'ireo razambeny any amin'ny tempoly. Amin'izao fotoana izao dia zavatra miseho mahazatra izany ary tena matetika ireo zatovo mihitsy no mahita ireo razambe ireo.

Ankoatra izany dia zatovo maro no nahita fa nahatonga ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny drafitry ny famonjena ho lasa lalim-paka ny fanoloran'izy ireo fotoana hanaovana fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana sy asa atao any amin'ny tempoly. Nampitombo ny fitarihan'ny Fanahy eo amin'ny fiainan'izy ireo izany ary nampihena ny fitarihan'ny fahavalo. Nanampy azy ireo hahatsapa ho akaiky kokoa ny fianakaviany sy ho akaiky kokoa ny Tompo Jesoa Kristy izany. Nianatra izy ireo fa ity asa ity dia tsy hoe manavotra fotsiny ny maty fa manavotra antsika rehetra (jereo ny F&F 128:18).

Nahatakatra an'ilay tanjona tamin' ny fomba mahavariana ny zatovo ary mila manao izany koa ny ray amandrenin'izy ireo ankehitriny. Maro ireo olona nanaiky ny batisa any amin' ny tontolon'ny fanahy noho ny asa nataon'ny zatovo, ary miandry ireo ôrdônansy hafa izy ireo izay ny olondehibe ihany no afaka manatanteraka azy any amin'ireo tempoly eto amin'ity izao tontolo izao ity. Ny asa fanangonana ny fianakavian'ny Ray any An-danitra dia tsy natao ho an'ny tanora fotsiny ary tsy natao ho an'ny raibe sy renibe fotsiny. Natao ho an'ny olona rehetra izany. Mpanangona daholo isika rehetra.

Asan'izao taranaka misy antsika izao izany izay nantsoin'ny Apôstôly Paoly hoe "fitantanana ny fotoampahafenoana," izay fotoana nolazainy fa "hanangonan' [Andriamanitra] ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy, na ny any an-danitra, na ny ety antany, dia ho ao aminy" (Efesiana 1:10). Tanteraka izany amin'ny alalan'ny asa mifono sorona nataon'ilay Zanaka Malalan' Andriamanitra, i Jesoa Kristy. Noho Izy, ireo olona ao anatin'ny fianakaviantsika, "izay lavitra fahiny dia efa [nampanakekezin'ny] ran'i Kristy. Fa Izy no fihavanantsika, Izay naha-iray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana" (Efesiana 2:13–14). Efa nahatsapa izany ianao toy ny nahatsapako izany rehefa niaina fitomboan'ny fitiavana tamin'ny fijerenao sarin'ny razambe iray. Nahatsapa izany ianao tany amin'ny tempoly rehefa toa mihoatra noho ny anarana fotsiny ilay anarana eo amin'ilay karatra ary tsy hainao ny tsy hahatsapa fa mahafantatra ny fisianao io olona io ary mahatsapa ny fitiavanao.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tian' Andriamanitra hody indray ny zanany, ao anatin'ny fianakaviana ary feno voninahitra. Velona ny Mpamonjy. Mitantana sy mitahy ity asa ity Izy ary miambina sy mitarika antsika. Misaotra anareo Izy noho ny asa feno fahatokiana ataonareo eo amin'ny fanangonana ny fianakavian'ny Rainy ary mampanantena anareo aho fa hahazo ilay fanampiana tena tsara izay katsahinareo sy ilainareo ianareo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i M. Joseph Brough**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny zatovolahy maneran-tany

# Ilay tanany mitarika isan'andro

*Ny Ray any An-danitra no mahafantatra tsara kokoa ny zavatra ilainao sy ilaiko noho ny olona hafa.*

Iray amin'ireo fitaovana tena tian'ny Ray any An-danitra amin'ny fitarihana ny zanany ny ray aman-drenibe marina. Vehivavy toy izany ny renin'ny raiko. Tamin'ny fotoana iray izay nitranga fony aho tena mbola kely tokoa dia nahitsin'ny raiko aho. Raha nahita io fanitsiana io ny renibeko dia hoy izy hoe: "Monte, toa henjana loatra ny fanitsianao azy izany."

Namaly ny raiko hoe: "Neny a, ahitsiko amin'izay itiavako anitsiana azy ny zanako."

Dia nilaza moramora ilay renibeko hendry hoe: "Dia izany koa izany no hataoko."

Tena azoko antoka fa henon'ny raiko ilay fitarihana feno fahendrena nasehon'ny reniny tamin'io andro io.

Rehefa mieritreritra fitarihana dia mety hieritreritra ilay hira fantatsika sy tiantsika rehetra isika hoe: "Zanaky ny Ray aho" Ao amin'ny fiverenana isika dia mahita ny teny hoe "Tariho, ampio, miaraha eo anilanay."[1]

Fitarihana avy any an-danitra ho an'ny ray aman-dreny foana hatrizay no nahazoako izany fiverenana izany, raha tsy vao haingana. Rehefa nisaintsaina ireo teny ireo aho dia nahatsikaritra fa na dia ahitana izany fitarihana izany aza izy ireo dia misy dikany lehibe lavitra. Isan'andro ny tsirairay amintsika dia mitalaho mba hampiana sy hotarihana ary harahin'ny Ray any An-danitra.

Nanazava ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "Ny Raintsika any Andanitra dia mahafantatra tsara kokoa ny zavatra ilain'ny zanany noho ny olona hafa. Asany sy voninahiny ny manampy antsika lalandava, ka omeny fitaovana ara-nofo sy ara-panahy isika mba hanampiana antsika eo amin'ny diantsika miverina mankany Aminy."[2]

Henoy ireto teny ireto: Ny Ray any An-danitra no mahafantatra tsara kokoa ny zavatra ilainao sy ilaiko noho ny olona hafa. Noho izany Izy dia efa namolavola vonjy aina natokana ho antsika tsirairay avy. Maro ny zavatra ao anatin'izany. Izany dia ahitana ny Zanany sy ny Sorompanavotana, ny Fanahy Masina, ireo didy, ny soratra masina, ny vavaka, ireo mpaminany, ireo apôstôly, ireo ray aman-dreny, ireo ray aman-drenibe, ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana, ary maro hafa: ireo rehetra ireo dia manampy antsika hiverina hiara-hiaina Aminy indray andro any.

Mamelà ahy ianareo hizara ny vitsivitsy amin'ireo zavatra ao anatin'ilay vonjy aina izay nahatonga ahy hiaiky fa misy Ray be fitiavana mitarika sy manampy ary miaraka eo anilako sy ny fianakaviako. Ny fanantenako dia ny mba hanekenareo amin'ireo zavatra izay iainanareo fa ny Ray any An-danitra dia mitarika sy manampy ary miaraka eo anilanareo. Rehefa manana izany fahalalana izany ianareo dia hanao zavatra amim-patokiantena, sady mahafantatra fa tsy ho irery na oviana na oviana ianareo raha ny marina.

Ireo didin' Andriamanitra no zavatra tena manan-danja ao anatin'ilay



vonjy aina. Toy izao no nanambara i Almà "Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana."[3] Ny fandeferana ny fitondrantena ratsy nefa tsy manao fanitsiana am-pitiavana dia tsy tena fangorahana ary manamafy ilay fiheverana mahazatra fa ny faharatsiana raha ny marina dia mety ho fahasambarana. Nodisoin'i Samoela ilay Lamanita mazava tsara io fiheverana io manao hoe: "Efa nikatsaka ny fahasambarana ianareo tamin'ny fanaovana heloka izay zavatra mifanohitra amin'ny toetran'ity fahamarinana ity izay ao amin' ny Filohantsika lehibe sy mandrakizay."[4]

Amin'ny alalan'ireo mpaminaniny ny Ray any An-danitra dia mampahatsiahy antsika tsy tapaka fa ny fahamarinana no fahasambarana. I Benjamîna Mpanjaka ohatra dia nampianatra fa ny Ray any An-danitra dia "[mitaky] ny hanaovanareo araka ny efa nandidiany anareo; fa raha manao araka izany ianareo, dia mitahy anareo avy hatrany Izy."[5] Misy fampahatsiahivana mitovy amin'izany ao anatina hira iray hafa:

*Tandremo ny didy; tandremo ny didy!*
*Ao no misy fiarovana; ao no misy*
*fiadanana.*
*Harotsany ny fitahiana.*[6]

Teo amin'ny tsingerenan'ny faha-14 taonako dia nianatra ny sasany tamin'ireo fitahiana ireo aho. Nahatsikaritra fihetsika hafa aho teo amin'ny ray aman-dreniko. Rehefa nieritreritra ilay zavatra hitako aho dia nanontany hoe: "Handeha hanao asa fitoriana angaha ianareo?" Ny fahatairana teny amin'ny endriky ny reniko no nanamafy ny zavatra neritreretiko. Taorian'izay, tao anatina filankevitry ny mpianakavy, izaho sy ireo mpiray tampo amiko no nahafantatra fa voantso ho filohana misiôna ny ray aman-dreniko.

Nipetra tao amina toeram-piompiana mahafinaritra iray tao Wyoming izahay. Raha ny fomba fijeriko dia nilamina tanteraka ny fiainana tamin'izany. Miverina avy any an-tsekoly aho, mamita ny raharahako dia mivoaka mandeha mihaza na manjono na mandehandeha miaraka amin'ny alikako.



Fotoana fohy taorian'ny nahafantarako ilay antso dia nahatsapa aho fa tsy maintsy havelako i Blue, ilay alikako. Niresaka tamin'ny raiko aho, nanontany azy ny tokony hataoko amin'i Blue. Te hanamafy taminy ny maha-tsy rariny ny zavatra nangatahin' Andriamanitra aho. Tsy hohadinoiko na oviana na oviana izao valinteny izao. Hoy izy: "Tsy dia haiko tsara. Mety tsy ho afaka miaraka amintsika izy, koa tsara raha manontany ny Ray any Andanitra ianao." Tsy izany no valinteny nandrasako.

Nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Nivavaka mafy aho mba hahafantatra raha toa ka tokony hanome ny alikako ho an'olon-kafa. Tsy tonga teo noho eo ny valiny fa nisy eritreritra manokana tsy nitsahatra niditra tao an-tsaiko: "Aoka ianao tsy ho entamavesatra ho an'ny ray aman-dreninao. Aoka tsy ho enta-mavesatra. Izaho no niantso ny ray aman-dreninao."

Nahafantatra ny zavatra takin'ny Ray any An-danitra aho. Tsy nampihena ny alaheloko noho ny fisarahana amin'ny alikako izany fahalalana izany. Na izany aza, tamin'ny alalan'izany fanolorantena izany dia nihanalefaka ny foko ary nahita fiadanana aho tamin'ny fikatsahana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra.

Nisaotra ny Ray any An-danitra aho noho ireo fitahiana sy ny fahasambarana hitako tamin'ny alalan'ny soratra masina, ny vavaka, ny Fanahy Masina, ary ny ray eto an-tany mendrika izay nanaiky ny andraikiny amin'ny mahampampianatra voalohany ny filazantsara ny zanany azy. Nitarika ahy sy nanampy ahy ary niaraka teo anilako mihitsy izy ireo mba hanampy ahy hahita ny lalana, indrindra fa rehefa nila nanao zavatra sarotra aho.

Ankoatra ny fananana ireo zavatra ao amin'ilay vonjy aina noresahiko ireo dia manana mpitarika ao amin'ny fisoronana avokoa isika tsirairay avy izay mitarika antsika sy manampy antsika.

Hoy ny Filoha Boyd K. Packer: "Ny eveka dia manana ny fitaomampanahy! Manana ny safidy hanaiky na handà ny torohevitra avy amin'ireo mpitarika antsika isika tsirairay avy, saingy aza atao ambanin-javatra mihitsy ny torohevitry ny evekanao, na izay omeny eny amin'ny lampihazo izany na aminao manokana."[7]

Miezaka ny misolo tena ny Tompo ireo lehilahy ireo. Na antitra isika na tanora, rehefa maniry ny heritreretantsika i Satana fa tsy misy intsony ny fanantenana, dia eo ny evekantsika hitarika antsika. Rehefa niresaka tamin'ireo eveka aho dia nahita lohahevitra

iraisana mikasika ireo fiaiken-keloka noho ny tsy fankatoavana na mikasika ny fijalian'ireo tsy manan-tsiny vokatry ny fahadisoana lehibe. Tonga dia te haneho ny fitiavan'ny Ray any An-danitra ny tsirairay sy ny faniriany hiaraka eo anilany ireo eveka rehefa mizotra amin'ny lalana miverina ilay olona.

Angamba ny zavatra lehibe indrindra ao amin'ilay vonjy aina avy amin' Andriamanitra dia voasoritsoritra ao amin'ireto teny ireto: "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana."[8]

Mba hampianarana antsika ny zavatra tokony hataontsika dia nitarika ny lalana i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny fanomezana ny ohatra tonga lafatra izay tokony hezahintsika arahina. Miangavy antsika Izy sady maninjitra ny tanany mba hankanesantsika sy hanarahantsika Azy.[9] Ary rehefa tsy mahomby isika dia mampahatsiahy antsika Izy hoe "Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka."[10]

Tena fanomezana mahavariana izany! Ny fibebahana dia tsy sazy, fa tombontsoa. Tombontsoa iray izay mitarika sy manampy antsika izany. Tsy mahagaga raha milaza ny soratra masina fa tsy tokony hampianatra na inona na inona afa-tsy ny fibebahana isika.[11]

Manana fitaovana maro ny Ray any An-danitra saingy matetika Izy dia mampiasa olona iray hafa mba hanampy Azy. Isan'andro Izy dia manome fahafahana antsika hitarika sy hanampy ary hiaraka eo anilan'ny olona mila fanampiana. Tsy maintsy manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika. Isika koa dia tokony hanao ny asan'ny Ray any An-danitra.

Amin'ny maha-fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany anay dia fantatray fa voatahy ireo tanora rehefa manana ray aman-dreny sy mpitarika izay miasa ho an'ny Ray any An-danitra mitarika sy manampy ary miaraka eo anilan'izy ireo. Ny fitsipika telo[12] izay hanampy antsika ho tafiditra ao anatin'ilay vonjy aina avy amin'ny Ray any An-danitra ho an'ny hafa dia:

Voalohany, miaraha amin'ireo tanora. Ny filoha Henry B. Eyring dia nanamafy izao hevitra izao: "Misy zavatra sasantsasany izay azontsika atao ka mety ho tena manan-danja. Mbola mahery vaika kokoa noho ny fampiasana teny ao anatin'ny fampianarantsika ny fotopampianarana ny ohatra asehontsika amin'ny fiainana ny fotopampianarana."[13] Ny fitarihana tanora dia mitaky fiarahana amin'izy ireo. Ny fahafoizana fotoana dia fanehoana fitiavana izay manome fahafahana antsika hampianatra amin'ny alalan'ny teny sy ny ohatra.

Faharoa, mba hitarihana marina ny tanora dia tsy maintsy mampifandray azy ireo amin' Andriamanitra isika. Tonga foana ny fotoana izay tsy maintsy haha-irery antsika. Tsy misy afa-tsy ny Ray any An-danitra ihany no ho eo mba hitarika antsika amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra. Tokony ho fantatr'ireo tanorantsika ny fomba fikatsahana ny fitarihan'ny Ray any An-danitra.

Fahatelo, tokony havelantsika hitarika ireo tanora. Tahaka ny ray na reny be fitiavana izay mitazona ny tanan'ny zaza mianatra mamindra iray dia tokony halefantsika ireo tanora mba hivoatra. Ny famelana ny tanora hitarika dia mitaky faharetana sy fitiavana. Sarotra kokoa ary mila fotoana betsaka kokoa mihoatra ny fanaovantsika azy izany. Mety ho solafaka izy ireo eo amin'ilay lalana saingy miaraka eo anilany isika.

Ry rahalahy sy ranabavy, hisy ny fotoana eo amin'ny fiainantsika izay toa hahalavitra na tsy hisian'ny fitahiana eo amin'ny fiainantsika. Ho an'ny fotoana mampahory toy izany dia nampanantena ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Aoka ny fanekempihavananareo ho zavatra manan-danja indrindra aminareo ary aoka ny fankatoavanareo ho marina. Dia afaka mangataka amin'ny finoana ianareo ka tsy hiahanahana, arakaraka izay ilainareo, fa hovalin' Andriamanitra. Hanohana anareo Izy rehefa miasa sy mitandrina ianareo Amin'ny fotoany sy araka ny sitrapony dia haninjitra ny tanany aminao Izy sady hiteny hoe, 'Inty Aho.'"[14]



Tamin'ny fotoana iray toy izany dia nikatsaka ny torohevitry ny Ray any An-danitra aho tamin'ny alalan'ny vavaka tsy tapaka sy avy amin'ny fo nandritra ny herintaona mahery mba hitady vahaolana amin'ny zavatra sarotra iray. Raha ny tokony ho izy dia fantatro fa mamaly ny vavaka amin-kitsim-po rehetra ny Ray any An-danitra. Kanefa dia tonga tamina fahakiviana toy izany aho indray andro ka nandeha tany amin'ny tempoly niaraka tamin'ny fanontaniana iray manao hoe: "Ray any An-danitra ô, tena miraharaha ve ianao?"

Akory ny fahagagako fa nipetraka teo aoriana tao amin'ny trano fiandrasana ao amin'ny Tempolin'i Logan Utah aho raha niditra tao amin'ilay efitrano tamin'izay andro izay ny filoha Vaughn J. Featherstone, filohan'ny tempoly, izay namana akaikin'ny fianakaviana. Nijoro teo anoloan'ny daholobe izy ary niarahaba anay rehetra. Rehefa tsikariny aho tao anatin'ireo olona tao amin'ny tempoly dia nijanona tsy niteny izy, nijery ahy

tamin'ny masoko ary niteny hoe: "Rahalahy Brough, mahafinaritra ny mahita anao ato amin'ny tempoly androany."

Tsy hadinoko na oviana na oviana ny fahatsapana tamin'izay fotoana tsotra izay. Toy ny hoe ny Ray any An-danitra no naninjitra ny tanany, tamin'izany fiarahabana izany, sady niteny hoe: "Inty Aho."

Tena miraharaha tokoa ny Ray any An-danitra ary mihaino sy mamaly ny vavaka ataon'ny zanaka rehetra.[15] Amin'ny maha iray amin'ireo zanany ahy dia fantatro hoe tonga amin'ny fotoan'ny Tompo ny valin'ny vavaka izay ataoko. Ary tamin'ny alalan'io zavatra niainako io no tena nahafantarako mihoatra noho ny nahafantarako azy hatrizay fa zanak' Andriamanitra isika ary nalefany tety isika mba hahafahantsika mahatsapa ny fiarahany amintsika ankehitriny sy miverina hiaina miaraka Aminy indray andro any.

Mijoro ho vavolombelona aho fa mitarika sy manampy antsika ary miaraka eo anilantsika Andriamanitra. Rehefa manaraka ny Zanany sy mihaino ireo apôstôly sy mpaminany mpanompony isika dia hahita ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**
1. "Zanaky ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran' ny Ankizy* pejy 113.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Ilay Raintsika, ilay Mpampianatra antsika," *Liahona,* jona 2016, 5.
3. Almà 41:10.
4. Helamàna 1:38.
5. Môsià 2:24.
6. "Keep the Commandments," *Hymns,* no. 303.
7. Boyd K. Packer, "The Bishop and His Counselors," *Liahona,* jolay 1999, 72.
8. Jaona 3:16.
9. Jereo ny Lioka 18:22.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
11. Jereo ny Môsià 18:20.
12. Jereo ny "Young Men Auxiliary Training," lds.org/callings/aaronic-priesthood/auxiliary-training.
13. Henry B. Eyring, "Ny fisoronana fiomanana," *Liahona,* nôv. 2014, 61.
14. D. Todd Christofferson, "The Power of Covenants," *Liahona,* mey 2009, 22.
15. Jereo ny "A Child's Prayer," *Children's Songbook,* 12–13.



**Nataon'ny Loholona Weatherford T. Clayton**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny drafitra be voninahitry ny Raintsika

*Noho ny drafitra masin' Andriamanitra dia fantatsika fa ny fahaterahana sy ny fahafatesana raha ny marina dia dingana lehibe fotsiny eo amin'ny diantsika mankany amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra.*

Tany am-piandohan'ny fiofanako ho mpitsabo dia nanana fahafahana hanampy reny tanora iray hiteraka ny zanany voalohany aho. Tony sy nifantoka ary faly izy. Rehefa teraka ilay zaza sarobidy dia natolotro ny reniny. Noraisiny teo an-tsandriny tamin'ny ranomasom-pifaliana nijoy teo amin'ny tarehiny ilay zaza vao teraka ary nodinihiny hatrany an-tampon-dohany ka hatrany am-paladiany. Nofihininy izy



ary notiaviny tamin'ny fomba izay ny reny ihany no mahavita azy. Voninahitra ho ahy ny tao anatin'izany efitrano izany niaraka taminy.

Toy izany no fiantombohan'ny fiainana ho antsika tsirairay. Nefa ny fahaterahantsika tokoa ve no fiantombohana? Izao tontolo izao dia mihevitra fa ny fahaterahana sy ny fahafatesana no fiantombohana sy fiafarana. Saingy noho ny drafitra masin' Andriamanitra dia fantatsika fa ny fahaterahana sy ny fahafatesana raha ny marina dia dingana lehibe fotsiny eo amin'ny diantsika mankany amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra.[1] Ampahany manan-danja amin'ny drafitry ny Raintsika izany, fotoana masina izay ihaonan'ny tany sy ny lanitra. Anio, rehefa nieritreritra ny zavatra nianarako avy tamin'ny fandinihana ny fahaterahana sy ny fahafatesana nandritra ireo taona nitsaboako sy nanompoako tato am-piangonana aho dia te hijoro ho vavolombelona momba ny drafitra be voninahitry ny Raintsika.

"Talohan'ny nahaterahantsika dia niara-niaina tamin' Andriamanitra,

ilay Rain'ny fanahintsika isika. Mpiray tampo ara-bakiteny ao amin'ny fianakaviany [isika rehetra] izay eto an-tany,[2] ary ny tsirairay amintsika dia sarobidy Aminy. Niara-niaina taminy efa ela be isika talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany; nianatra, nanao safidy ary niomana.

Satria tia antsika ny Ray any Andanitra, dia tiany hahazo ilay fanomezana lehibe indrindra azony omena antsika isika dia ilay fanomezana ny fiainana mandrakizay.[3] Tsy afaka ny hanome antsika tsotra izao io fanomezana io Izy fa tsy maintsy raisintsika amin'ny alalan'ny fisafidianana Azy sy ny lalany izany. Nitaky ny fialantsika teo anatrehany izany ary hanomboka lalam-pinoana sy fitomboana ary fiovana izay mahafinaritra sy feno fanamby. Ilay lalana nomanin'ny Raintsika ho antsika dia antsoina hoe ny drafitry ny famonjena na ny drafitry ny fahasambarana.[4]

Nambaran'ny Raintsika antsika io drafiny io tao amin'ny filankevitra lehibe iray tany amin'ny fiainana talohan' ny nahaterahana.[5] Rehefa nahatakatra izany isika dia faly izaitsizy ka nihoby tamim-pifaliana, ary "niara-nihira ireo kintan'ny maraina."[6]

Io drafitra io dia miorina eo ambonin'ny andry telo lehibe: ireo andrin'ny mandrakizay.[7]

Ny andry voalohany dia ny Fahariana ny tany, ilay toerana ho an'ny fiainantsika eto an-tany.[8]

Ny andry faharoa dia ny Fahalavoan'ireo ray aman-drenintsika voalohany teto an-tany, dia i Adama sy i Eva. Noho ny fahalavoana, dia nisy zavatra sasany mahatalanjona nomena antsika. Afaka ny ho teraka sy nahazo vatana isika.[9] Ho feno fankasitrahana mandrakizay ny reniko aho noho ny nitondrany ahy sy ireo rahalahiko teto an-tany sy ny nampianarany anay momba an' Andriamanitra.

Nanome antsika safidimpitondrantena ihany koa Andriamanitra, ilay fahafahana sy tombontsoa hisafidy sy hanao zavatra tsy an-tery.[10] Mba hanampiana antsika hanao safidy tsara dia nanome didy antsika Andriamanitra. Isan'andro, rehefa mitandrina



ny didiny isika dia mampiseho an' Andriamanitra fa tia Azy, ary Izy dia mitahy ny fiainantsika.[11]

Noho ny fahafantarany fa tsy hisafidy ny tsara foana isika, na raha lazaina amin'ny teny hafa dia hanota, dia nanome antsika ny andry fahatelo Andriamanitra, dia i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny Sorompanavotany. Nanefa ny saran'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahotana tamin'ny alalan'ny fijaliany i Kristy.[12] "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."[13]

Niaina fiainana tonga lafatra i Jesoa Kristy sady nitandrina foana ny didin' ny Rainy. Nandeha tamin'ny lalamben'i Palestina Izy, nampianatra ireo fahamarinan'ny mandrakizay, "nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty."[14] "Nandehandeha nanao soa" Izy[15] ary niantso ny olon-drehetra mba hanaraka ny ohatra nasehony."[16]

Tany amin'ny fiafaran'ny fiainany teto an-tany dia nandohalika Izy ary nivavaka nanao hoe:

"Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. . . .

"Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany."[17]

Nanampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny halehiben'ny fijaliany i Kristy rehefa nilaza tamin'ny Mpaminany Joseph Smith hoe:

"Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

"Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy;

"Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy."[18]

Tao amin'ny Sahan'i Getsemane no nanombohany nanefa ny saran' ny fahotantsika sy ny aretintsika, ny fanaintainantsika ary ny rofintsika.[19] Satria nijaly Izy dia tsy ho irery na oviana na oviana isika ao anatin'ireo rofy ireo raha misafidy ny hanaraka Azy. "Nosamborina Izy ary nohelohina tamin' ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambony hazo fijaliana tany Kalvary." Teo amin'ny hazo fijaliana no "nanolorany ny ainy ho sorona noho ny fahotan'ny zanak' olombelona rehetra mba ho fanomezana lehibe ho an'ireo rehetra izay hiaina eto ambonin'ny tany."[20]

Nanambara Izy hoe:

"Indro, Izaho no Jesoa Kristy izay nambaran'ny mpaminany fa ho avy eo amin' izao tontolo izao.



"Ary indro, Izaho no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao; ary nisotro tamin'ilay kapoaka mangidy izay efa nomen'ny Ray Ahy Aho ary efa nankalaza ny Ray tamin'ny nitondrako teo Amiko ny fahotan'izao tontolo izao"[21]

Avy eo, tamin'ny andro voalohany tamin'ny herinandro,[22] dia nitsangana avy tao am-pasana Izy niaraka tamin'ny vatana tonga lafatra, izay tsy ho faty intsony. Ary satria nitsangana tamin'ny maty Izy, dia hitsangana amin'ny maty koa isika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tena nitsangana avy tao am-pasana tokoa i Kristy. Saingy mba hitsanganana avy tao amin'izany fasana izany dia tsy maintsy maty aloha Izy. Dia tsy maintsy ho toy izany koa isika.

Ny fitahiana lehibe iray hafa teo amin'ny fiainako dia ny fahatsapako ho akaikin'ny lanitra nandritra ireo fotoana izay nipetrahako teo amin'ny sisim-pandrian'ny olona teo ampialan'izy ireo aina. Vao maraina be taona vitsivitsy lasa izay dia niditra tao amin'ny efitrano nisy mpitondratena iray Olomasin'ny andro farany izay tratran'ny homamiadana aho tao amin'ny hôpitaly. Nisy zanany vavy anankiroa nipetraka teo akaikiny. Rehefa nandeha teo amin'ny sisim-pandriany aho dia tsikaritro avy hatrany fa tsy nijaly intsony izy satria maty vao tsy ela.

Tamin'io fotoana nahafatesany io dia heniky ny fiadanana ilay efitrano. Nalahelo nefa sady nahatsapa fiononana ireo zanany vavy, saingy heniky ny finoana ny fon'izy ireo. Fantany fa tsy lasa akory ny renin'izy ireo fa niverina any an-tranony.[23] Na dia amin'ireo fotoana hahatsapantsika alahelo lalina indrindra aza, amin'ireo fotoana izay hahatsapana fa toa tsy ho afaka mihitsy izany alahelo izany ary toa tsy rariny mihitsy ny fiainana, dia afaka mahazo fiononana ao amin'ny Mpamonjy antsika isika satria nijaly ihany koa Izy.[24] Voninahitra ho ahy ny naha-tao anatin'izany efitrano izany ahy.

Rehefa maty isika, dia miala ao amin'ny vatantsika ny fanahintsika ary mandeha mankany amin'ilay dingana manaraka amin'ny diantsika isika, dia ny tontolon'ny fanahy. Toerana fianarana, fibebahana, famelana, ary hahatongavana amin'ny tanjona iray izany[25], izay hiandrasantsika ny Fitsanganana amin'ny maty.[26]

Amin'ny fotoan-dehibe iray izay ho avy dia hitsangana avy ao am-pasana avokoa ny olona rehetra izay nateraka. Hitambatra indray amin'ny endriny tomombana ny vatantsika sy ny fanahintsika. Hitsangana avokoa ny rehetra, "na antitra na tanora, . . . na lahy na vavy, na ny ratsy na ny marina;" ary "ny zavatra tsirairay . . . dia haverina amin' ny endriny tomombana."[27]

Aorian'ny Fitsanganana amin'ny maty dia hanana ilay fitahiana faratampony isika dia ny ho tsarain'ny Mpamonjy, izay nilaza hoe:

"Hosintoniko ny olon-drehetra hankatỳ Amiko mba ho azo tsaraina araka ny asany izy ireo.

"Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no mibebaka sy atao batisa amin'ny anarako dia ho henika; ary raha maharitra hatramin'ny farany izy, dia indro, izy no hotanako tsisy tsiny eo anoloan'ny Raiko amin'io andro io rehefa hitsangana Aho hitsara izao tontolo izao."[28]

Ary avy eo, amin'ny alalan'i Kristy sy ny Sorompanavotany, ireo rehetra izay mifidy ny hanaraka Azy amin'ny alalan'ny finoana, ny fibebahana, ny batisa, ny fandraisana ny Fanahy Masina, ary ny faharetana hatramin'ny farany[29] dia hahita fa "ny fiafaran'ny diany dia ny handray ny anjarany masina ho mpandova ny fiainana mandrakizay."[30] Hiverina eo anatrehan'ny Rainy izy ireo mba hiara-hiaina Aminy mandrakizay. Enga anie isika hanao safidy tsara.

Mbola ahitana zavatra maro be mihoatra noho izay mitranga eo anelanelan'ny fahaterahana sy ny fahafatesana ao anatin'ny fisiantsika. Manasa anareo aho mba hanatona sy hanaraka an'i Kristy.[31]

Manasa ny mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany rehetra aho mba "[hanatona] an' i Kristy, ary . . . hatao tanteraka ao Aminy, ary [handà] ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra, . . . [mba ho] noho ny fandatsahana ny ran' i Kristy, . . . [dia ho tonga] masina, tsy misy pentina."[32]


Manasa ireo izay tsy mbola mpikambana ato amin'ity Fiangonana ity aho mba ho avy sy hamaky ny Bokin' i Môrmôna ary hihaino ireo misiônera. Avia ary manàna finoana dia mibebaha amin'ny fahotanareo. Avia ary aoka hatao batisa sy handray ny Fanahy Masina. Avia hiaina fiainana feno hasambarana sy miorina amin'i Kristy. Rehefa manatona Azy sy mitandrina ny didiny ianareo dia mampanantena aho fa afaka mahita fiadanana sy tanjona eto amin'ity fiainana an-tany sarotra matetika ity ary "fiainana

mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy ianareo."[33]

Ho an'ireo izay efa niaina ireo fahamarinana ireo nefa noho ny antony tsy fantatra dia niala ny Fiangonana, dia manasa anareo aho mba hiverina. Miverena anio. Tia anareo ny Raintsika sy ny Mpamonjintsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa manana ny hery hamaliana ny fanontanianareo sy hanasitranana ny fanaintainanareo sy ny alahelonareo, ary hamelana ny fahotanareo i Kristy. Fantatro fa marina izany. Fantatro fa marina ireo zavatra rehetra ireo. Velona i Kristy! Fiangonany ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 2 Nefia 31:18.
2. "Plan of Salvation," Gospel Topics, topics.lds.org.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7; Mosesy 1:39.
4. Jereo ny Almà 42:8.
5. Jereo ny Abrahama 3:24–28.
6. Joba 38:7.
7. Jereo ny Russell M. Nelson, "Standards of the Lord's Standard-Bearers," *Ensign,* aôg. 1991, 5–6.
8. Jereo ny 3 Nefia 9:15.
9. Jereo ny 2 Nefia 2:22–25.
10. Jereo ny Thomas S. Monson, "Ireo safidy," *Liahona,* mey 2016, 86; "Agency," Gospel Topics, topics.lds.org.
11. Jereo ny Jaona 14:15, 23; jereo ihany koa ny Almà 38:1.
12. Jereo ny Almà 34:8–16.
13. Jaona 3:16; jereo ihany koa ny Jaona 3:17.
14. "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ireo Apôstôly," *Liahona,* apr. 2000, 2.
15. Asan'ny Apôstôly 10:38.
16. "Ilay Kristy Velona," 2.
17. Lioka 22:42, 44.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–18.
19. Jereo ny Isaia 53:4–6; Almà 7:11–13.
20. "Ilay Kristy Velona," 2.
21. 3 Nefia 11:10–11.
22. Jereo ny Jaona 20:1.
23. Jereo ny Almà 40:11.
24. Jereo ny 1 Petera 2:21–25.
25. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:57–59.
26. Jereo ny Almà 40:2–12.
27. Almà 11:44.
28. 3 Nefia 27:15–16.
29. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 1.
30. "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
31. Jereo ny 2 Nefia 9:50–51; 31:13.
32. Môrônia 10:32–33.
33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.



**Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ilay Mpiandry Tsarantsika

*I Jesoa Kristy, ilay Mpiandry Tsarantsika, dia mahita fifaliana amin'ny fahitana ny fivoaran'ireo ondriny marary mankany amin'ny fahasitranana.*

Mahatakatra ny toetran'ny Raintsika any An-danitra isika rehefa fantatsika ny fangorahana lehibe ananany ho an'ny mpanota ary ankasitrahantsika ny fanavahana ataony eo amin'ny ota sy ireo izay manota. Izany fahatakarana izany dia manampy antsika hanana "[fahatakarana] marina ny toetoetrany sy ny fahalavorariany ary ireo toetra tsara ananany"[1] sy fototry ny fampiasana ny finoana Azy sy i Jesoa Kristy Zanany. Ny fangorahan'ny Mpamonjy, na eo aza ireo tsy fahalavorariantsika, dia mitondra antsika hanakaiky Azy sy mandrisika antsika ao anatin'ireo fahasahiranantsika tsy tapaka mba hibebaka sy haka tahaka Azy. Rehefa tonga tahaka Azy bebe kokoa isika dia mianatra mandray ny hafa araka ny ataony, na inona na inona toetra na fihetsika hita ety ivelany.

Ny vokatry ny fanavahana ny toetran'ny olona iray ety ivelany sy ilay olona mihitsy no ivon'ilay tantara *Les Misérables,* nosoratan'ilay mpanoratra frantsay Victor Hugo.[2] Eo am-panombohan'ilay tantara dia nampahafantatra an'i Bienvenu Myriel,





izay evekan'i Digne ny mpanoratra, ary niresadresaka ny olana iray atrehan'ilay eveka. Tokony hitsidika lehilahy iray izay nilaza ho tsy mino an' Andriamanitra sy halan'ny fiarahamonina noho ny fihetsika nataony taloha tamin'ny Revôlisiona Frantsay ve izy?[3]

Nilaza ilay mpanoratra fa afaka nahatsapa ho azy fankahalana mafy an'ilay lehilahy ilay eveka. Dia nametraka fanontaniana tsotra ny mpanoratra avy eo hoe: "Moa ve ny lagalin'ny ondry tokony hahatonga ny mpiandry ondry hitakemotra?"[4] Raha namaly teo amin'ny toeran'ilay eveka ny mpanoratra dia nanolotra valinteny farany hoe "Tsia," dia nanampy fanamarihana mampihomehy avy eo hoe: "Fa ondry inona re ity e!"[5]

Eo amin'ity andalana ity, i Hugo dia mampitaha ny "fahotan' "ilay lehilahy amin'ny aretin-koditra eo amin'ny ondry sy mampitaha ilay eveka amin'ny mpiandry ondry izay tsy nitakemotra rehefa niatrika ondry narary. Nitsetra ilay eveka ary taty aoriana ao amin'ilay tantara dia naneho fangorahana nitovy tamin'izany tamin'ny lehilahy iray, ilay tena mpandray anjara fototra ao anatin'ilay tantara, olona voaheloka taloha izay nikororosy, dia i Jean Valjean. Ny indrafo sy fitseran'ilay eveka dia nandrisika an'i Jean Valjean hanova ny lalam-piainany.

Satria Andriamanitra dia mampiasa ny aretina toy ny sarin-teny ilazana ny ota manerana ny soratra masina dia azo atao ny manontany hoe: "Inona no fihetsik'i Jesoa Kristy rehefa miatrika ireo aretintsika, ireo fahotantsika?" Efa niteny koa mantsy ny Mpamonjy fa Izy dia "tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra";[6] koa amin'ny fomba ahoana no ahafahany mijery antsika, izay tsy lavorary tokoa, ka tsy hitakemotra ao anatin'ny horohoro sy rikoriko?

Tsotra sy mazava ny valiny. Amin'ny maha-Mpiandry Tsara azy,[7] i Jesoa Kristy dia mijery ny aretina eo amin'ireo ondriny ho toy ny toe-javatra izay mila fanasitranana sy fikarakarana ary fangorahana. Io mpiandry ondry io, ilay Mpiandry Tsarantsika, dia mahita fifaliana amin'ny fahitana ny fivoaran'ireo ondriny marary mankany amin'ny fahasitranana.

Nilaza mialoha ny Mpamonjy fa Izy dia "hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry,"[8] "[hitady] ny very, . . . [hampody] ny voaroaka, . . . [hamarana izay] folaka, ary . . . [hampatanjaka] ny malemy."[9] Na dia voafaripаritra ho voadotra tamin'ny "ratra sy dian-kapoka ary fery vao"[10] noho ny fahotana aza Isiraely janga dia nankahery sy nandrisika ary nampanantena fahasitranana[11] ny Mpamonjy.

Mamaripаritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tokoa ny fitiavana sy ny fangorahana ary ny fitserana. Tsy nandeha nianjonanjona teo amin'ireo lalana mamovok'i Galilia sy i Jodia i Jesoa ka nitakemotra rehefa nahita ireo mpanota. Tsy nisintaka tamin'izy ireo tamin'ny rikoriko be Izy. Tsia, niara-nisakafo tamin'izy ireo Izy.[12] Nanampy sy nitsodrano Izy, nampitraka sy nankahery, ary nosoloiny fanantenana sy fifaliana ny tahotra sy ny famoizam-po. Amin'ny maha-tena mpiandry tsara Azy dia mitady antsika sy mahita antsika Izy mba hanolotra fanampiana sy fanantenana.[13] Ny fahatakarana ny fangorahany sy ny fitiavany dia manampy antsika hampihatra finoana Azy: hibebaka sy ho sitrana.

Ny Filazantsaran'i Jaona dia nirakitra ny vokatry ny fitseran'ny Mpamonjy tamin'ny mpanota iray. Nitondra vehivavy iray izay tratra ambodiomby teo am-pijangajangana nankeo amin'ny Mpamonjy ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Nihevitra ireo mpiampanga fa tokony hotoraham-bato izy, araka ny lalàn'i Mosesy. Ho valin'ny fanontaniana tsy tapaka dia hoy Jesoa tamin'izy ireo nony farany: "Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany."

Lasa ireo mpiampanga, "ary Jesoa irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo.

"Ary rehefa nitraka Jesoa dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va?

"Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesoa: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony."[14]

Azo antoka fa tsy namela ilay fijangajangana ny Mpamonjy. Kanefa tsy nanameloka ilay vehivavy koa Izy. Namporisika azy hanova ny fiainany Izy. Vonona ny hiova izy noho ny fangorahany sy ny famindram-pony. Ny Baiboly Dikantenin'i Joseph Smith dia manamarina ny maha-mpianatra azy taorian'izay: "Ary nanomboka tamin'izay ora izay dia nanome voninahitra an' Andriamanitra ilay vehivavy, sady nino ny anarany."[15]

Raha toa ka mitsetra Andriamanitra dia tsy tokony hino am-pahadisoana isika fa manaiky ny fahotana sy malalatsaina amin'izany Izy. Tsy manao izany Izy. Tonga teto an-tany mba hamonjy antsika *amin'ny* fahotantsika ny Mpamonjy, ary manan-danja indrindra, dia tsy hamonjy antsika *ao anatin'ny* fahotantsika Izy.[16] Indray mandeha nisy mpametra-panontaniana matihanina iray antsoina hoe Zezrôma, niezaka namandrika an'i Amioleka rehefa nanontany hoe: "Hamonjy ny olona ao anatin'ny fahotany va [ilay Mesia izay ho avy]? Ary namaly i Amioleka sady nanao taminy hoe: Lazaiko aminao fa tsy hanao izany Izy, satria tsy azony atao ny mandà ny teniny. . . . Tsy afaka mamonjy azy ao amin'ny fahotany Izy."[17] Nilaza fahamarinana manandanja iray i Amioleka fa mba hamonjena antsika amin'ny fahotantsika dia

tsy maintsy manaiky “ny fepetran’ny fibebahana,” izay mitondra mankamin’ ny herin’ny Mpanavotra ho famonjena ny fanahintsika isika.[18]

Misintona antsika ho any Aminy ny fangorahana sy ny fitiavana ary ny famindram-pon’ny Mpamonjy.[19] Tsy te hitoetra ao amin’ny toetry ny fahotana intsony isika noho ny Sorompanavotany.[20] Mazava ny hevitr’Andriamanitra ny amin’izay marina sy azony ekena sy ny amin’izay diso sy ny fahotana. Izany dia tsy hoe satria iriany ny hanana mpanara-dia tsy mieritreritra sy mpankatò. Tsia, irian’ny Raintsika any An-danitra ny hisafidianan’ny zanany amim-pahafantarana sy antsitrapo ny ho tonga tahaka Azy[21] sy ho mendrika ilay karazana fiainana izay ananany.[22] Manatanteraka ny tanjona masin’izy ireo ireo zanany ka tonga mpandova ny zavatra rehetra izay ananany amin’ny fanaovanao izany.[23] Noho izany antony izany no tsy ahafahan’ireo mpitarika ny Fiangonana manova ireo didin’ Andriamanitra na fotopampianarana hifanohitra amin’ny sitrapony, mba ho eken’ny maro na halaza.

Eo amin’ny fikatsahantsika hanaraka an’i Jesoa Kristy mandritra ny androm-piainantsika anefa dia hita fa tena mampianatra ny ohatra nasehony teo amin’ny hatsaram-panahy tamin’ireo izay nanota. Isika, izay mpanota, dia tsy maintsy manampy ny hafa amin’ny fangorahana sy fitiavana, tahaka ny Mpamonjy. Anjara asantsika ihany koa ny manampy sy mitahy, mampitraka sy mankahery ny hafa ary manolo ny tahotra sy ny famoizam-po amin’ny fanantenana sy fifaliana.

Nobedesin’ny Mpamonjy ireo olona tsirairay izay nisintaka ny hafa izay noheverin’izy ireo ho maloto na nitsaratsara ny hafa ho mpanota kokoa noho ny tenan’izy ireo.[24] Izany no lesona misongadina nampianarin’ny Mpamonjy tamin’ny “sasany izay natoky tena ho marina ka namingavinga ny hafa.” Nanao ity fanoharana ity Izy:

“Nisy roa lahy niakatra teo ankianjan’ ny tempoly hivavaka, ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray mpamory hetra.




“Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka nitokana hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza.

“Mifady indroa isan-kerinandro aho; mandoa ny fahafolon-karena amin’ izay azoko rehetra aho.

“Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa nitehatratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota.”

Dia nofaranan’i Jesoa hoe: “Lazaiko aminareo: Izany lehilahy izany nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray; fa izay rehetra manandratena no haetry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra.”[25]

Mazava ny hafatra ho antsika: manakaiky kokoa an’ Andriamanitra ny mpanota iray izay mibebaka noho ny olona mihevi-tena ho marina iray izay manameloka izany mpanota izany.

Nisy tamin’ny andron’i Almà ihany koa ny fironan’ny zanak’olombelona hihevi-tena ho marina sy ho mpitsaratsara fahatany. Ary ny vahoaka “nanomboka nampiorina ny fiangonana ho amin’ny fahafenoany kokoa . . . dia nanomboka niavonavona ny vahoakan’ny fiangonana, . . . ny olon’ny fiangonana dia nanomboka nanandratena tao amin’ny avonavon’ny masony , . . . nanomboka nifanebaka izy samy izy sy nanomboka nanenjika ireo izay tsy nino araka ny sitrapony sy ny safidiny.”[26]

Voarara manokana izany fanenjehana izany: “Ankehitriny dia nisy lalàna henjana teo anivon’ny vahoakan’ny fiangonana mba tsy hisy olona iray isan’ny ny fiangonana hitsangana ary hanenjika ireo izay tsy isan’ny fiangonana ary mba tsy hisy fifanenjehana eo amin’izy samy izy.”[27] Mitovy amin’izany ny fitsipika arahina ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany. Tsy tokony ho meloka amin’ny fanenjehana an’iza na iza ao anaty sy ivelan’ny Fiangonana isika.

Fantatr’ireo izay nenjehina noho ny antony samihafa ny hoe ahoana izany tsy rariny sy fanavakavahana izany. Fony aho zatovo nipetraka tany Eorôpa tamin’ny 1960 dia tsapako fa nohanihaniana sy norabirabiana imbetsaka aho satria aho amerikana ary satria aho mpikamban’ny Fiangonana. Ny sasany tamin’ireo mpiara-mianatra tamiko dia nandray ahy ho tomponandraikitra mivantana tamin’ireo fehezan-dalàna amerikana tsy malaza any ivelany. Noraisina ho fihantsiana ireo firenena ihany koa ny fivavahako satria samy hafa tamin’ny fiangonana notohanan’ ny firenena izany. Taty aoriana, tany amin’ireo firenena maro manerana izao tontolo izao, dia nahazo an-tsaina



kely ny haratsin'ny fitsaratsarana sy ny fanavakavahana niainan'ireo izay niantefan'izany noho ny volon-koditra na ny fokom-piaviana aho.

Miseho amin'ny endriny maro ny fanenjehana: fanesoana, na sotasota, na fanilikilihana sy fanavakavahana na fanarabiana na fankahalana ny hafa. Tsy maintsy mitandrina amin'ny fankahalana izay manandratra fitondrantena ratsy amin'ireo izay mihazona hevitra tsy mitovy amin'ny antsika isika. Miseho ny fanavakavahana, amin'ny ampahany, amin'ny tsy fahavononana hanome fahafahana mitovy amin'ny fanehoan-kevitra.[28] Manana ny zo haneho ny heviny eo imasom-bahoaka ny olona rehetra, anisan'izany ireo olompivavahana. Kanefa tsy misy na iray aza manana fanomezan-dalana hankahala ny hafa rehefa aseho ny hevitr'izy ireo.

Manome porofo mazava ny tantaran'ny Fiangonana ny amin'ireo mpikambana ato amintsika izay nentina tamin'ny fankalahana sy fanavakavahana. Ho mampalahelo tokoa raha toa ka entintsika tahaka ny nitondrana antsika ny hafa. Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Kanefa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany."[29] Raha te hangataka fanajana isika dia tsy maintsy maneho fanajana. Ankoatra izany, ny tena fiovam-pontsika dia mitondra "fahalemem-panahy sy fietren'ny fo," izay manasa "ny Fanahy Masina [ary mameno antsika amin'ny] fitiavana tanteraka,"[30] izay "fitiavana maharitra"[31] ho an'ny hafa.

Tsy miova ilay Mpiandry Tsarantsika ary mbola mitovy ihany ankehitriny ny fahatsapany momba ny fahotana sy ny mpanota tahaka izay tsapany fony izy teto an-tany. Tsy nisintaka antsika Izy satria manota isika, eny na dia misy fotoana aza indraindray tsy maintsy hieritreretany hoe: "Fa ondry inona re ity e!" Tena tia antsika Izy ka nanome antsika ny fomba hibebahana sy hahatongavana ho madio mba hahafahantsika miverina any Aminy sy ny Raintsika any An-danitra.[32] Rehefa nanao izany i Jesoa Kristy dia nametraka ny ohatra harahintsika ihany koa, dia ny mba hampisehoana fanajana ho an'ny rehetra ary tsy fankahalana an' iza na iza.


Amin'ny maha-mpianany antsika dia handeha isika hampiseho ny fitiavany sy hifankatia malalaka sy feno tanteraka ka tsy hisy olona hahatsapa ho navela, na ho irery, na tsy misy fanantenana. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no ilay Mpiandry Tsarantsika, izay tia sy miraharaha ny amintsika. Fantany isika ary nanolotra ny ainy hamonjy ny ondriny Izy.[33] Miaina ho antsika koa Izy ary tiany isika hahafantatra Azy sy hampihatra finoana Aminy. Tiako sy ankamamiako Izy, ary tena feno fankasitrahana lalina noho ny Aminy aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Lectures on Faith* (1985), 38.
2. Ilay tantara *Les Misérables,* nosoratan'i Victor Hugo (1802–85), dia milaza ny tantaran'i Jean Valjean izay nanao heloka madinika tamin'ny fangalarana mofo iray hamelomana ny fianakavian'ny anabaviny. Voaheloka higadra 5 taona izy kanefa nandany 19 taona nanao asa mafy noho ny fiezahana handositra in-efatra, izay tsy nahitam-pahombiazana. Lehilahy be dohika sy masiaka izy no nivoaka ny fonja.

   Tsy afaka nahita asa sy sakafo ary trano itoerana i Valjean noho ny taratasy firaketana ny heloka vitany. Rehefa reraka sy rera-tsaina izy dia nomena trano itoerana ihany nony farany tao amin'ny evekan'i Digne, izay nampiseho hatsaran-toetra sy fangorahana tamin'i Valjean. Nitambesaran'ny fahatsapana famoizam-po i Valjean nandritra ny alina ary nangalatra ny fitaovam-pisakafoana volafotsin'ilay eveka ka nandositra.

   Voasambotra i Valjean ka naverina tao amin'ny eveka. Tsy hay hazavaina sy nifanohitra tamin'ny zavatra nandrasan'i Valjean fa nilaza tamin'ireo mpitandro filaminana ilay eveka fa nomena an'i Valjean ireo fitaovam-pisakafoana volafotsy ary nisisika ny hakan'i Valjean ireo fitoeran-jiro volafotsy roa koa izy. (Jereo ny Hugo, *Les Misérables* [1987], boky 2, toko 10–12.)
3. Jereo ny Hugo, *Les Misérables*, boky 1, toko 10.
4. Nanontany ilay mpanoratra hoe: *Toutefois, la gale de la brebis doit-elle faire reculer le pasteur?* (Hugo, *Les Misérables* [1985], boky 1, toko 10, pejy 67). Ny *lagaly,* eo amin'ny resaka fitsaboam-biby, dia ilazana karazan'aretin-koditra vokatry ny katsentsitra kongona ary miseho amin'ny alalan'ny fihitsanam-bolo sy tako-pery mibontsimbontsina ("mange" amin'ny teny anglisy). Nadika tamin'ny fomba maro tamin'ny teny anglisy io fehezan-teny io.
5. Ny lahatsoratra fanehoan-kevitra mampihomehy nataon'ilay mpanoratra momba ilay voaheloka dia hoe: *Mais quelle brebis!* Indraindray izy io no nadika hoe: "Fa dia ondry mainty inona re ity e!"
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31.
7. Jereo ny Jaona 10:11, 14; Almà 5:38; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:44.
8. Isaia 40:11.
9. Ezekiela 34:16.
10. Isaia 1:6.
11. Jereo ny Isaia 1:18.
12. Jereo ny Lioka 15:1–2.
13. Jereo ny Matio 18:11.
14. Jereo ny Jaona 8:3–11.
15. Dikantenin'i Joseph Smith, Jaona 8:11.
16. Jereo ny D. Todd Christofferson, "Hitoetra ao amin'ny fitiavako," *Liahona,* nôv. 2016, 48.
17. Almà 11:34, 37.
18. Jereo ny Helamàna 5:10–11.
19. Jereo ny 3 Nefia 27:14–15.
20. Tamin'ny fotoana maoderina ny Mpamonjy dia nanazava hoe: "Izay mandika lalàna sy tsy mandray ny lalàna fa mitady ny ho lalàna ho an'ny tenany ary te hitoetra ao amin'ny fahotana, ary mitoetra tanteraka ao amin'ny fahotana, dia tsy azo hamasinina amin'ny lalàna, na amin'ny famindram-po, na ny fitsarana. Koa tsy maintsy mbola mijanona ho maloto izy." (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:35).
21. Jereo ny 2 Nefia 2:26–27.
22. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7; 132:19–20, 24, 55.
23. Jereo ny Romana 8:16–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
24. Jereo ny Matio 23:13.
25. Lioka 18:9–14.
26. Almà 4:4, 6, 8.
27. Almà 1:21.
28. Jereo ny *Oxford English Dictionary,* "bigotry" sy "intolerance," oed.com
29. Matio 7:12.
30. Mrônia 8:26.
31. 1 Petera 1:22.
32. Jereo ny Fanekem-pinoana 1:3.
33. Jereo ny Jaona 10:11–15.



**Nataon'ny Loholona Ulisses Soares**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Itokio tsy amim-pisalasalana Andriamanitra

*Raha mafy orina isika ka tsy misalasala amin'ny finoantsika dia hampitombo ny fahafahantsika handresy ireo olan'ny fiainana ny Tompo.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, tiako ny hanomboka ny hafatro androany amin'ny fijoroana ho vavolombelona fa fantatro fa ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin' Andriamanitra amin'izao androntsika izao. Ireo mpanolotsaina azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ihany koa dia tena mpaminany sy mpahita ary mpanambara marina. Misolo tena an'i Jesoa Kristy Tompo izy ireo ary manana zo hanambara ny ao an-tsainy sy ny sitrapony araka izay hanambarana izany amin'izy ireo. Mijoro ho vavolombelona aho fa ahazoana fiarovana ny fanarahana ny torohevitr'izy ireo. Mitaona ny fanahin'izy ireo ny Tompo mba hanamafy ny fampatanjahana ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ary ny Sorompanavotany, mba tsy hahatonga antsika hisalasala rehefa miatrika ireo olana amin'izao androntsika izao isika.

Mamaky mikasika ny lehilahy iray antsoina hoe Amôna izay nirahina avy tany amin'ny tanin'i Zarahemlà ho any amin'ny tanin'ny Lehia-Nefia mba hanontany mikasika ireo rahalahiny isika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Hitany tany ny Mpanjaka Limia sy ny vahoakany, izay tao anatin'ny fanandevozan'ny Lamanita. Nahazo hery tamin'ny alalan'ny zavatra nolazain'i Amôna momba ny vahoakany tany Zarahemlà ny Mpanjaka Limia. Feno fanantenana sy fifaliana lehibe tokoa ny fony ka dia namory ny vahoakany ho any amin'ny tempoly izy dia nilaza hoe:

"Noho izany, dia atrakao ny lohanareo sy mifalia, ary apetraho amin' Andriamanitra ny fitokianareo. . . .

". . . Raha mitodika amin'ny Tompo amin'ny fo feno finiavana ianareo, . . . sy manompo Azy amin' ny fahavitrihan'ny saina rehetra, . . . dia Izy no hanafaka anareo amin'ny fanandevozana araka ny sitrapony sy ny safidiny."[1]

Nitondra fiantraikany lehibe teo amin'ny finoan'ny vahoakan'ny Mpanjaka Limia ny tenin'i Amôna ka nahatonga azy ireo hanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra mba hanompo Azy sy hitandrina ny didiny, na dia teo aza ny toe-javatra sarotra niainan'izy ireo. Noho ny finoan'izy ireo dia afaka namolavola drafitra hitsoahana ny Lamanita izy ireo.[2]

Rahalahy sy ranabavy, mangataka anareo aho mba hihevitra ny lanjan'ny fanasana nomen'ny Mpanjaka Limia ny vahoakany sy ny lanjan'izany amintsika. Hoy Izy: "Atrakao ny lohanareo sy mifalia, ary apetraho amin' Andriamanitra ny fitokianareo." Nanasa ny vahoakany tamin'ny alalan'ireo teny ireo i Limia mba handinika ny ho avy amin'ny alalan'ny mason'ny finoana. Mba hanolo ny tahotr'izy ireo amin'ny fanantenana zavatra tsara ateraky ny fananana finoana. Ka tsy hisalasala



amin'ny fametrahana ny fitokiany amin' Andriamanitra na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainany.

Ny fiainana an-tany dia vanim-potoana fizahan-toetra izay hisedrana antsika mba hahitana raha toa isika ka hanao ny zava-drehetra handidin' ny Tompo Andriamanitsika antsika.[3] Hitaky finoana tsy misy ahiahy an'i Kristy izany na dia amin'ny fotoana tena sarotra aza. Izany dia hitaky ny hibosesehantsika handroso miaraka amin'ny finoana mafy orina an'i Kristy, sady tarihin'ny Fanahy, sy ny fahatokiana fa hanome izay ilaintsika Andriamanitra.[4]

Rehefa nifarana ny asa fanompoany tety an-tany, fotoana fohy talohan'ny nanagadrana Azy, dia nampianatra ny mpianany ny Mpamonjy hoe: "Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."[5]

Andao hisaintsaina miaraka amiko vetivety, i Jesoa Kristy, ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray, dia niaina fiainana tsy nisy fahotana sy nandresy ny fakampanahy, ny fanaintainana, ny olana, ary ny fahoriana rehetra an'izao tontolo izao. Nitete tao Getsemane ny rany. Niaritra fanaintainana tsy hay lazaina Izy. Nentiny teo Aminy ny fanaintainana sy ny aretintsika rehetra. Vonona Izy ny hanampy, hanampy ny tsirairay avy amintsika, hitondra ny enta-mavesatra rehetra. Nesoriny tamin'ny alalan'ny fiainany, ny fijaliany, ny fahafatesany, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty ny sakantsakana rehetra mba hahazoantsika fifaliana sy hahitantsika fiadanana eto amin'ity tany ity. Ny tombontsoa avy amin'ny sorompanavotany dia atolotra an'ireo izay manaiky Azy ka mandà ny tenan'izy ireo, sy ho an'ireo izay mitondra ny hazofijaliany ka manaraka Azy toy ny mpianany marina.[6] Noho izany, rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany isika dia hohatanjahina. Hohamaivanina ny enta-mavesatsika ary handresy izao tontolo izao amin'ny alalany isika.



Ry rahalahy sy ranabavy, rehefa mandinika ny tanjaka sy ny fanantenana azontsika raisina avy amin'ny Mpamonjy isika dia manana antony hampitrakana ny lohantsika sy hifaliana, hametrahana ny fitokiantsika amin' Andriamanitra, ary hibosesehana mandroso amim-pinoana fa tsy amim-pisalasalana, "fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. . . . Olona miroa saina izy, miovaova amin'ny alehany."[7]

Namporisika toy izany koa ny Mpanjaka Limia hoe: "[Mitodiha] amin' ny Tompo amin'ny fo feno finiavana ianareo, . . . [tompoy Izy] amin'ny fahavitrihan'ny saina *rehetra,* raha manao izany ianareo, dia Izy no hanafaka anareo amin'ny fanandevozana araka ny sitrapony sy ny safidiny."[8]

Henoy ny tenin'ny Mpamonjy mivantana rehefa milaza amintsika Izy hoe:

"Aza malahelo ny fonareo; minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. . . .

"Raha tia ahy hianareo dia hitandrina ny didiko. . . .

"Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy."[9]

Mitahy antsika araka ny finoantsika Andriamanitra.[10] Ny finoana no loharanon'ny fiainana miaraka amin' ny fananana tanjona sy fomba fijery mandrakizay araka an' Andriamanitra. Fitsipika natao ampiharina izay miteraka fahazotoana ny finoana. Ny finoana dia hery tena ilaina sy velona izay miseho amin'ny alalan'ny fihetsika tsara sy ny faniriana hanao an-tsitrapo ny zavatra rehetra izay asain' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy ataontsika. Mahatonga antsika handohalika hivavaka izany mba hitalahoana fitarihana avy amin'ny Tompo sy mba hanomezany fitarihana sy hitsanganana ka hanaovana asa amim-pahatokiana mba hanatanterahana ireo zavatra mifanaraka amin'ny sitrapony.

Taona maro lasa izay, fony aho filohan'ny misiôna dia naharay antso avy amin'ny ray aman-drenin'ny iray tamin'ireo misiônera malalanay aho, izay nampandre ahy mikasika ny fahafatesan'ny anabavin'ilay misiônera. Tadidiko, tao anatin'izany fotoana manahirana izany, fa izaho sy ilay misiônera dia niresaka mikasika ny drafitry ny famonjena mahatalanjon' Andriamanitra ho an'ireo zanany sy ny fomba hampitonian'izany fahalalana izany azy.

Na dia tohina sy nalahelo noho izany fahoriana izany aza izy, io misiônera io, tao anatin'ny ranomasony sy ny finoany an' Andriamanitra, dia nifaly tamin'ny fiainan'ny anabaviny. Naneho fahatokiana tsy tamim-pisalasalana ny halehiben'ny famindram-pon'ny Tompo izy. Nilaza tamiko tamim-pahavononana izy fa hanohy hanao ny asa fitoriany amim-pinoana sy amin'ny zotom-po tanteraka mba ho mendrika ireo fampanantenana nataon' Andriamanitra taminy sy ny fianakaviany. Tamin'io fotoan-tsarotra io dia nampitodika ny fony tamin' Andriamanitra io misiônera mahatoky io, nametraka ny fitokiany rehetra taminy, ary nanavao ny fanolorantenany hanompo ny Tompo amim-pinoana sy amin'ny zotom-po tanteraka.

Ry rahalahy sy ranabavy raha tsy manana fitokisana mafy orina an' Andriamanitra sy tsy manana ny faniriana hanompo Azy isika dia afaka mitarika antsika hahatsapa ho toy ny hoe itambesaran'ny zioga mavesatra ireo zavatra iainantsika eto an-tany. Ary mety ho very ny hery mandrisika antsika hiaina feno ny filazantsara. Raha tsy manam-pinoana isika dia hanjary ho very ny fahafahantsika mankasitraka ireo fikasan' ny Andriamanitsika momba ireo zavatra izay ho avy any aoriana any eo amin'ny fiainantsika.[11]

Ao anatin'ireny fotoam-pitsapana ireny, ny fahavalo, izay mitily mandrakariva izay mety ho mora alaim-panahy, dia miezaka mampiasa ny rafi-pisainantsika sy ny fomba fisainantsika hanoherana antsika. Miezaka mandresy lahatra antsika izy fa tsy ilaina ny miaina ny fitsipiky ny filazantsara. Mba tsarovy fa ny rafi-pisainan'ny olona araka ny nofo "dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany."[12] Tsarovy fa i Satana "dia fahavalon' Andriamanitra [ary izy dia] miady Aminy lalandava, ary manainga sy mitaona [antsika] hanota, ary hanao izay ratsy lalandava."[13] Tsy tokony hamela azy hamitaka antsika isika, satria rehefa manao izany isika dia mihamalemy ny finoantsika ka very ny hery ananantsika mba hahazoana ny fitahiana avy amin' Andriamanitra.



Raha mafy orina isika ka tsy misalasala amin'ny finoantsika dia hampitombo ny fahafahantsika handresy ireo olan'ny fiainana ny Tompo. Homena fahafahana hifehy ireo eritreri-dratsy isika ary hampitombo ny hery hahafahantsika mandresy, na dia ireo izay hita ho toy ny sakana tsy hay resena aza. Izany no nanome fahafahana ny vahoakan'ny Mpanjaka Limia hitsoaka tamin'ny fomba mahatalanjona avy tamin'ny fanandevozan'ny Lamanita.

Ry rahalahy sy ranabavy manasa anareo aho hametraka ny fitokianareo rehetra amin' Andriamanitra sy amin'ny fampianaran'ireo mpaminaniny. Manasa anareo aho hanavao ny fanekempihavanana nataonareo tamin' Andriamanitra, ny hanompo Azy amin' ny fonareo rehetra, na dia eo aza ireo toe-javatra sarotra eo amin'ny fiainana. Mijoro ho vavolombelona aho fa ho lasa afaka amin'ny fanandevozan'ny fahotana, ny ahiahy, ny tsy finoana, ny fahoriana, ary ny fijaliana ianareo amin'ny alalan'ny herin'ny finoanareo tsy misy ahiahy an'i Kristy. Ary hahazo ireo fitahiana rehetra nampanantenaina avy amin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana ianareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa misy Andriamanitra. Velona Izy. Tia antsika Izy. Mihaino ny vavaka ataontsika Izy ao anatin'ny fotoana mahafaly antsika sy ao anatin'ny fotoana mampisalasala sy mampalahelo ary mahakivy antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao. Izy no Mpanavotra.

Ny tonon'ilay fihirana hoe "Not Now but in the Coming Years," (Tsy amin'izao fotoana izao fa amin'ny taona hoavy) izay hita ao amin'ny fihirana amin'ny fiteny Pôrtogey no hamaranako ny teniko androany:

*Raha manakona ny tara-masoandro*
*ny rahona ka manaloka ny fontsika,*
*Raha mampahory antsika ny fijaliana,*
*dia tsy mampaninona izany. Ho*
*fantatray tsy ho ela hoe iza Ianao.*
*Mitantana antsika i Jesoa, ary holazainy antsika ny antony.*
*Raha mihaino ny feony isika, dia holazainy antsika hatrany hatrany.*
*Itokio tsy amim-pisalasalana Andriamanitra, dia avelao Izy hanohana antsika.*
*Hirao tsy an-kiato ny voninahiny, fa*
*hohazavainy any aoriana any.*[14]

Izany dia lazaiko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Môsià 7:19, 33.
2. Jereo ny Môsià 21:32; 22:1–14.
3. Jereo ny Abrahama 3:25.
4. Jereo ny 1 Nefia 4:6–7; 2 Nefia 31:20.
5. Jaona 16:33.
6. Jereo ny Lioka 9:23.
7. Jakoba 1:6, 8.
8. Môsià 7:33; nampiana fanamafisana.
9. Jaona 14:1, 15, 21.
10. Jereo ny 2 Nefia 27:23; Almà 37:40; Etera 12:29.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:3.
12. 1 Korintiana 2:14.
13. Môrônia 7:12.
14. "Not Now but in the Coming Years," translated from "Agora Não, mas Logo Mais," *Fihirana* (Portogey), lah. 156.



**Nataon'ny Loholona Mark A. Bragg**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mihamamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan'ny andro

*Misy hazavana sy hatsarana foana manodidina antsika eny fa na dia ao anatin'ireo fotoana sarotra sy maizina indrindra aza.*

Nizara hafatra mahafinaritra iray momba ny fanantenana tamin'ireo Korintiana i Paoly:

"Voageja manodidina izahay, nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo;

"Enjehina, nefa tsy nafoy; potraka, nefa tsy maty."[1]

Avy aiza no nipoiran'ny fanantenan'i Paoly? Henoy ny fanazavany: "Fa Andriamanitra, Izay nandidy hoe: Aoka ny mazava hahazava ao amin'ny maizina, no nampahazava ny fonay ho amin'ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr' Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesoa Kristy."[2]

Misy hazavana sy hatsarana foana manodidina antsika eny fa na dia ao anatin'ireo fotoana sarotra sy maizina indrindra aza. Tamin'ny volana ôktôbra lasa teo ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia nampahatsiahy antsika hoe: "Hodidinin'ny fahazavana sy fahamarinana be dia be mampitolagaga tahaka izany . . . isika ka manontany tena aho raha toa ka tena manome lanja izay anantsika isika."[3]

Kanefa, dia aleon'ny fahavalo mahita antsika mifantoka amin'ny "zavon'ny haizina . . . izay manajamba ny maso, . . . manamafy ny fo . . . , ary mitarika . . . ho very."[4]

Kanefa, miaraka amin'ny fahatakarana feno ny olana amin'ny androntsika, ny Tompo dia mampanantena hoe: "Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana; ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan'ny andro."[5]

Zanak' Andriamanitra isika. Ny mandray hazavana sy ny mitoetra ao amin' Andriamanitra, ary ny mandray hazavana misimisy kokoa no antony namoronana antsika. Hatrany am-piandohana isika dia nanaraka ny hazavana; nanaraka ny Raintsika any An-danitra sy ny drafiny isika. Ny fikatsahana ny hazavana dia toetra voajanahary raikitra ao amin'ny fanahintsika.

Reko nampianarina tamin'ny fomba mahatalanjona tamina toerana iray tsy nampoizina ity fahamarinana mandrakizay ity. Fony aho niasa tao amin'ny banky lehibe iray dia nasaina hanatrika fandaharam-pianarana iray natao ho an'ny mpandraharaha ivelany tao amin'ny Oniversiten'i Michigan. Nandritra ilay fandaharam-pianarana ny Profesora Kim Cameron dia nampianatra ny hevitry ny hoe fitarihana mahomby sy ny hery mahatonga ny olona maniry hotarihina vokatr'izany. Hoy ny fanazavany: "Izany dia miresaka momba ilay fironana ananan'ny zava-manan'aina rehetra hankany amin'ny hery tsara [hazavana] ary hanalavirany hery ratsy [haizina]. Manomboka amin'ny zavamananaina tokan-tsela ka hatramin'ny rafitra saro-takarin'ny taovan'olombelona, ny zavamananaina rehetra dia manana fironana voajanahary hitia ny tsara ary hanalavitra ny ratsy."[6]

Noho ireo fianarana maro noratoviny, dia nifantoka tamin'ireo singa telo manan-danja izay mampahomby ny rafi-piarahamonina ao amin'ny toeram-piasana ihany koa izy dia: ny fangorahana, sy ny famelan-keloka, ary ny fankasitrahana.[7] Mazava ho azy fa rehefa mitodika mankany amin'ny tsara (hazavana) ny olona dia mipoitra ireo toetra nasehon'i Jesoa Kristy, ilay Fahazavan'izao Tontolo izao.

Ry rahalahy sy ranabavy isany, mahereza ianareo fa misy hazavana natao ho antsika. Te handroso sosokevitra telo aho ny amin'ny toerana



izay ahafahantsika mahita hazavana *mandrakariva*:

**1. Ny fahazavan'ny Fiangonana**

Ny Fiangonana dia fanilo manazava ny tontolo miharatsy. Fotoana tena tsara izao hidirana ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany! Matanjaka kokoa noho ny hatrizay ny Fiangonana[8] ary tena miha-matanjaka isan'andro noho ireo mpikambana vaovao izay miaraka amintsika, noho ireo vondron'olona vaovao izay miforona, sy ireo misiônera vaovao voantso, ary ireo toerana vaovao misokatra ho an'ny filazantsara. Hitantsika ireo mpikambana izay nisy fotoana nalalaindana miverina noho ny fahagagana mitranga isan'andro nentin'ilay asa fanavotana nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson.

Vao haingana aho no niresadresaka tamin'ireo tanora tany Paragoay, Orogoay, Sily, ary Argentine nandritra ireo fivoriamben'ny Ry Tanora Mahereza tany. Zatovolahy sy zatovovavy an'arivony maro no nanamafy ny fitiavan'izy ireo ny Mpamonjy nandritra ny herinandro ary avy eo dia niverina tany amin'ny fianakaviany sy ireo namany nanaparitaka ny hazavana sy ny fitiavan'i Kristy.

Hitanareo, hisy hitsikera foana ny Fiangonana. Efa tahaka izany hatrany am-piandohana ary mbola ho toy izany hatrany. Saingy tsy afaka hamela ireny tsikera ireny hanadonto ny fahafahantsika mandray hazavana izay omena antsika isika. Ny fahaizantsika mamantatra ny hazavana sy ny fikatsahana izany no hahafahantsika hahazo hazavana bebe kokoa.

Ao anatin'ny tontolo miha-ratsy ny *fahazavan'ny Fiangonana* dia hamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro.

**2. Ny fahazavan'ny filazantsara**

Ny fahazavan'ny filazantsara no lalana izay "mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro,"[9] ary ao amin'ny fianakaviantsika sy ao amin'ireo tempoly manerana izao tontolo izao izy no tena mamiratra indrindra.



Hoy ny voalaza ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako*: "Afaka mamaha ny tsy fifankahazoan-kevitra sy ny adiady ary ny fitsapana ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fahazavan'ny filazantsara. Ny fianakaviana izay misaratsaraka noho ny fifandirana dia mety ho sitrana amin'ny alalan'ny fibebahana, ny famelan-keloka sy ny finoana ny herin' ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."[10] Izao no fotoana tokony mety indrindra ho an'ny fianakaviantsika mba ho loharanom-pahazavana lehibe ho an'ny olona rehetra manodidina antsika. Mitombo hazavana ny fianakaviana rehefa mitombo fitiavana sy hatsarampanahy. Rehefa aorintsika eo ambonin' ny "finoana, . . . fibebahana, fifamelana, fanajana, fitiavana, [ary] fangorahana,"[11] ny fianakaviantsika dia hahatsapa fitomboana isika eo amin'ny fitiavantsika ny Mpamonjy sy eo amin'ny fifankatiavantsika. Hihamatanjaka kokoa ny fianakaviana, ary hihamamiratra kokoa ny hazavana ao anatintsika.

Ao amin'ny Bible Dictionary isika dia mamaky toy izao: "Ny tokantrano irery ihany no afaka mitaha amin'ny fahamasinan'ny tempoly."[12] Manana tempoly am-perinasa miisa 155 isika ankehitriny ary maro no mbola hitsangana tsy ho ela. Miha-maro hatrany hatrany ireo fianakaviana fehezina ho amin'izao fotoana izao sy ho amin'ny mandrakizay. Mpikambana maro no mandefa betsaka hatrany ny anaran'ireo razambeny any amin'ny tempoly mba hanatanterahana ireo ôrdônasin' ny famonjena azy ireny. Tena miaina ao anatin'ny hafaliana lehibe sy fankalazana amin'ny lafiny roa amin'ny voaly isika ankehitriny.

Ao anatin'ny tontolo miha-ratsy ny *fahazavan'ny filazantsara* dia hamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro.

**3. Ny Fahazavan'i Kristy**

Tsy afaka ny hiresaka momba ny fahazavana *eo* amin'izao tontolo izao isika raha tsy miresaka momba ilay Fahazavana *an'* izao tontolo izao, dia i Jesoa Kristy izany. Fanehoam-pitiavana avy amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana iray ny fahafahan'ny olona tsirairay izay teraka eto amin'ity fiainana ity mahazo ny Fahazavan'i Kristy mba hanampiana azy ireo hiverina eo

anatrehany. Ny filoha Boyd K Packer dia nampianatra hoe: "Ny Fanahin'i Kristy dia eo lalandava. . . . Ny Fahazavan'i Kristy dia manazava izao tontolo izao tahaka ny tara-masoandro mihitsy. Na aiza na aiza misy olombelona miaina dia eo ny Fanahin'i Kristy."[13] Ny Fahazavan'i Kristy dia "mitaona ny olona hanao ny tsara lalandava"[14] ary manomana ireo rehetra izay mikatsaka ny fahatsarana sy ny fahamarinana mba handray ny Fanahy Masina.

Mampianatra ny Mpamonjy fa Izy no fahazavana izay "manazava ny masonareo," sy "mampavitrika ny fahatakaranareo," ary "manome aina ny zava-drehetra."[15] Ny Fahazavan'i Kristy dia hanampy antsika hahita ny hafa amin'ny fomba fijerin'ny Mpamonjy. Ho lasa tia bebe kokoa ny hafa sy hahatakatra ireo fanamby atrehany isika. Hanampy antsika hanana faharetana bebe kokoa amin'ireo izay mety tsy mitovy finoana amintsika na ireo izay tsy manompo toa antsika izany. Izany dia hanampy antsika hahatakatra bebe kokoa ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana sy hahita ny fomba hahatafidirantsika rehetra ao amin'izany drafitra lehibe feno fitiavana izany. Manome aina, sy antony, ary tanjona ny zavatra rehetra ataontsika izany. Na dia eo aza ny hafaliana izay ho avy amintsika rehefa mahatakatra bebe kokoa ny Fahazavan'i Kristy isika dia tsy hitovy amin'ny hafaliana ho tsapantsika rehefa mahita ny Fahazavan'i Kristy miasa ao amin'ny hafa, toy ny fianakaviana, sy ny namana, eny fa na dia olona tsy fantatsika mihitsy aza izany.

Nahatsapa io hafaliana io aho rehefa nahare momba ny ezaka nataon'ny vondrona mpamono afo be risi-po iray mba hamonoana ny afo nandoro ny ivon-toeran'ny tsatòka iray tao Kalifôrnia Atsimo tamin'ny taona 2015. Rehefa nihombo ny fidedadedan'ny afo, dia niantso ilay namany izay Olomasin'ny Andro Farany ny mpibaiko ny mpamono afo iray mba hanontany azy ny toerana nisy ireo sary masina sy ireo kaopy fampiasa amin'ny fanasan'ny Tompo hamonjeny azy ireny. Nanome toky azy ilay namany fa tsy misy sary masina izany ao ary ireo kaopy fampiasa amin'ny fanasan'ny Tompo dia azo soloina soa aman-tsara. Saingy nahatsapa ilay mpibaiko fa tokony mbola hanao zavatra bebe kokoa, koa dia nandefa ireo mpamono afo niverina nankao amin'ilay trano nirehitra izy mba haka ireo sary hosodokon'i Kristy rehetra nipetaka tamin'ny rindrina mba tsy ho kila. Nasian'izy ireo olona iray mihitsy aza tao anatin'ny fiara mpamono afo mba hahafahana miambina ireo mpamono afo nalefa. Tena nanohina ahy mihitsy ny hatsaram-panahy sy ny fahatsarana ary ny fahafahana mandray Fahazavana nananan'ilay mpibaiko nandritra ny fotoana mampidi-doza sy sarotra iray.

Ao anatin'ny tontolo miha-ratsy ny *Fahazavan'i Kristy* dia hamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan'ny andro!

Averiko eto indray ilay teny nambaran'i Paoly manao hoe: "Aoka . . . hitafiantsika ny fiadian'ny mazava."[16] Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy aho. Izy no Fahazavan'izao tontolo izao. Enga anie isika ka hahazo hery avy amin'ny fahazavana izay omena antsika amin'ny alalan'ny fandraisantsika anjara mavitrika ato ampiangonana sy ny fampiharana bebe kokoa ireo fitsipiky ny filazantsara ao amin'ny fianakaviantsika. Enga anie hahita foana ny Fahazavan'i Kristy ao amin'ny hafa ka hanampy azy ireny hahita izany ao aminy. Rehefa mandray izany hazavana izany isika dia hahazo hazavana bebe kokoa mandrapitataovovonan'ny andro izay hahitantsika indray "ilay Rain'ny hazavana,"[17] dia ny Raintsika any An-danitra. Izany no ijoroako ho valombelona amin'ny anara-masin'ilay Fahazavan'izao tontolo izao, eny dia i Jesoa Kristy, amena. ■





*Mpamono afo iray nanavotra ny sary hosodokon'ny Mpamonjy tsy ho kila tao amin'ny foiben'ny tsatòka tao Californie, Etazonia.*

**FANAMARIHANA**

1. 2 Korintiana 4:8–9.
2. 2 Korintiana 4:6.
3. Dieter F. Uchtdorf, "Ô Endrey ny halehiben'ny drafitry ny Andriamanitsika!" *Liahona,* nôv. 2016, 20.
4. 1 Nefia 12:17.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
6. Kim Cameron, *Positive Leadership: Strategies for Extraordinary Performance,* 2nd ed. (2012), xii; jereo koa ny Kim S. Cameron, "Leading with Energy," Wheatley Institution Fellow Notes, Feb. 17, 2017, wheatley.byu.edu.
7. Jereo ny Kim Cameron, *Positive Leadership,* 33, 36, 39.
8. Jereo ny Quentin L. Cook, "Ny Tompo no fahazavako," *Liahona,* mey 2015, 65.
9. Ohabolana 4:18.
10. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana Ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 3.
11. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
12. Bible Dictionary (Rakibolana momba ny Baiboly, ao amin'ny baiboly teny anglisy, "Temple."
13. Boyd K. Packer, "The Light of Christ," na *Liahona,* apr. 2005, 13.
14. Môrônia 7:13.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:11, 13.
16. Romana 13:12.
17. Jakoba 1:17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:9.

*LOHAN'I KRISTY,* NATAON'I WARNER SALLMAN ©1941, 1968 NATAON'I WARNER PRESS, INC., ANDERSON, INDIANA. NAMPIASAINA REHEFA NAHAZOANA LALANA



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika

*Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia heniky ny heriny izay homena ireo zanakavavy na zanakalahin' Andriamanitra izay mikatsaka izany amin-kitsim-po.*

Ry rahalahy sy anabavy malala isany, miaina ao anatin'ny fotoampitantanana iray tena sarotra tokoa isika. Feno fahasahiranana sy fifandirana ary fahasarotan-javatra manodidina antsika. Efa hitan'ny Mpamonjy mialoha ireo fotoana misafotofoto ireo. Nampitandrina antsika Izy fa amin'ny androntsika ilay fahavalo dia hamoky ny fon'ny olona amin'ny hatezerana sy hampihahaka azy ireo.[1] Kanefa ny Raintsika any An-danitra dia tsy mba nihevitra velively ny hamela antsika hamaha irery ireo olana manokana mampikorontan-tsaina sy ireo olana misy eo amin'ny fiarahamonina.

Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra an'izao tontolo izao: nirahiny ny Zanany Lahitokana[2] mba hanampy antsika.[3] Ary ilay Zanany lahy, i Jesoa Kristy, dia nanome ny ainy ho antsika. Nataony izany rehetra izany mba hahafahantsika mahazo ny herin' Andriamanitra, hery ampy hizakana ireo enta-mavesatra sy sakantsakana ary fakam-panahy misy amin'izao androntsika izao.[4] Anio aho dia te hiresaka mikasika ny *fomba* ahafahantsika misintona ho eo amin'ny fiainantsika ny herin'i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpampianatra antsika.

Atombontsika amin'ny fianarana ny momba Azy izany.[5] "Tsy azo heverina ny hamonjena [antsika] ao amin'ny tsy fahalalana."[6] Arakaraka ny ahafantarantsika momba ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy sy ny iraka nampanaovina Azy[7], izany hoe arakaraka ny ahatakarantsika ny fotopampianarany[8] sy ny zavatra nataony ho antsika, no ahafantarantsika bebe kokoa fa Izy dia afaka manome ny hery izay ilaintsika ho an'ny fiainantsika.

Tamin'ny voalohandohan'ity taona ity aho dia nanasa ireo tanoran'ny Fiangonana mba hanokana ampahany amin'ny ny fotoan'izy ireo isan-kerinandro mba handalinana *ny zavatra drehetra* izay nolazain'i Jesoa sy nataony izay voarakitra ao amin'ireo soratra masina eken'ny Fiangonana.[9] Nanasa azy ireo aho mba hanao ireo andinin-tsoratra masina miresaka an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ho fandaharampianarana fototra manokan'izy ireo amin'ny fandalinana ny filazantsara.[10]

Nomeko azy ireo io fanasana io satria ny tenako dia efa nanaiky ny hanao izany. Novakiko sy notsipihiko *avokoa* ireo andinin-tsoratra masina voalaza ka miresaka momba an'i Jesoa Kristy, izay voatanisa ao amin'ny matoan-kevitra sy ao amin'ireo lohateny kely miisa 57 ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.[11] Rehefa vitako izany asa mampientanentana izany dia nanontanian'ny vadiko ahy ny fiantraikan'izany tamiko. Nolazaiko azy hoe: "Niova aho!"

Nahatsapa ho nanana fanolorantena vaovao ho Azy aho rehefa namerina namaky indray tao amin'ny Bokin'i Môrmôna ilay teny nambaran'ny Mpamonjy momba ny iraka nampanaovina Azy teto an-tany. Hoy Izy:

"Tonga teo amin'izao tontolo izao Aho mba hanao ny sitrapon'ny Raiko, satria ny Raiko no naniraka Ahy.

"Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin' ny hazofijaliana."[12]

Isika Olomasin'ny andro farany dia miantso izany iraka nampanaovina Azy izany hoe ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy, izay nahatonga ny fitsanganana amin'ny maty ho tena misy ho an'ny



rehetra ary nanome fahafahana an'ireo rehetra izay mibebaka amin'ny fahotany sy mandray ka mitandrina ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana lehibe mba hahazo ny fiainana mandrakizay.

Raha araka ny fotopampianarana dia tsy ampy ny miresaka ny sorompanavotana nataon'ny Tompo amin'ny fampiasana andian-teny fohy toy ny hoe "ny Sorompanavotana" na "ny hery manampy avy amin'ny Sorompanavotana" na "fampiharana ny Sorompanavotana" na "ankaherezin' ny Sorompanavotana." Ny loza mety haterak'ireo andian-teny ireo dia ny finoana izay mety hivoana ka handray ilay *tranga* ho toy ny hoe *tranga* miaina sy mahavita zavatra fa tsy miankina amin'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany.

Ao anatin'ilay drafitra lehibe sy mandrakizain'ny Ray dia ny Mpamonjy no nijaly. Ny Mpamonjy no namaha ny famatoran'ny ny fahafatesana. Ny Mpamonjy no nanefa ny onitra ho an'ny fahotantsika sy ny fandikan-dalantsika ary mamafa ireny raha toa ka mibebaka isika. Ny Mpamonjy no manafaka antsika amin'ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy.

Tsy misy izany olona tsy fantatra endrika antsoina hoe "ny Sorompanavotana" izany izay azontsika antsoina mba hanavotra na hanasitrana na hamela na hanome hery. I Jesoa Kristy no ilay loharanon'izany. Ny teny masina toy ny hoe *Sorompanavotana* sy ny *Fitsanganana amin'ny maty* dia entina hamaritana ny zavatra nataon'ny Mpamonjy, araka ny drafitry ny Ray mba hahafahantsika manana fanantenana eto amin'ity fiainana ity ary hahazo fiainana mandrakizay amin'ny fiainan-ko avy. Ny sorompanavotan'ny Mpamonjy, izay asa lehibe indrindra teo amin'ny tantaran'ny olombelona rehetra, dia takatra sy ankasitrahana tokoa rehefa ampifandraisintsika mivantana sy mazava tsara Aminy.

Nohamafisin'ny Mpaminany Joseph Smith ny lanjan'ny iraka nampanaovina ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ny fanambarany mihezinezina fa "ny fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny Apôstôly sy ny Mpaminany mikasika an'i Jesoa Kristy, izay milaza fa maty sy nalevina Izy ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo ary niakatra any an-danitra. Ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia fanampin'izany fotsiny ihany."[13]



Io tenin'ny Mpaminany io mihitsy no nanome risi-po ireo mpaminany, sy mpahita, ary mpanambara miisa 15 hamoaka sy hanao sonia ny teny vavolombelon'izy ireo ho fankalazana ny faha-2.000 taonan'ny nahaterahan' ny Tompo. Izany teny vavolombelona manan-danja izany dia mitondra ny lohateny hoe "Ilay Kristy Velona."[14] Maro ireo mpikambana no efa nanao tsianjery ny fahamarinana raketin'izany. Ny sasany kosa dia zara raha mahafantatra ny fisiany. Eo am-pikatsahanareo ny hahafantatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy dia mamporisika anareo aho handalina ny "Ilay Kristy Velona."

Rehefa manokana fotoana hianarana ny momba ny Mpamonjy sy ny sorompanavotany isika dia manjary voasarika hanao zavatra iray hafa izay ilaina mba hahafahana mahazo ny heriny: misafidy ny hanam-pinoana Azy sy hanaraka Azy isika.

Ny mpianatra marin'i Jesoa Kristy dia manam-piniavana ny hijoro sy hanambara amim-pahasahiana ny filazantsara, ary hiavaka amin'ny olon'izao tontolo izao. Izy ireo dia tsy hay tohaina sy be fanolorantena ary be herim-po. Nahare tantara momba ny mpanaradia tahaka izany aho nandritra ny iraka notanterahiko vao tsy ela tany Meksika ka nihaonako tamin'ireo manam-pahefana ara-panjakana sy ireo mpitarika avy amin'ny antokompivavahana hafa. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nisaotra ahy noho ny ezaka mahatalanjona sy mahomby nataon'ireo mpikambana mba hiarovana sy hitandrovana ny fanambadiana sy ny fianakaviana ho matanjaka ao amin'ny firenen'izy ireo.

Tsy misy zavatra mora na mandeha ho azy ny amin'ny fahatongavana ho mpianatra matanjaka toy izany. Tsy maintsy aorina mafy eo amin'ny

Mpamonjy sy ny filazantsarany ny fifantohantsika. Mitaky ezaka ara-tsaina be ny fiezahana mibanjina Azy amin' ny eritreritra *rehetra*.[15] Kanefa rehefa manao izany isika dia hisinda ireo tahotra sy ahiahy.[16]

Vao haingana aho no nahare momba ny zatovovavy ravintsara manampahasahiana iray. Nasaina izy handray anjara tamin'ny fifaninanana iray izay nitranga tamin'ny takariva iray izay efa nanolorany tena hanatrehana fivorian' ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòka. Rehefa tsikariny fa nifanontona ny fandaharam-potoany ka nanazava tamin'ireo mpikarakara ilay fifaninanana izy fa tsy maintsy mandao mialoha ilay fifaninanana mba hanatrehany fivoriana manan-danja iray dia nolazaina azy fa ho voaroaka tsy ho afaka mandray anjara raha manao izany.

Inona hoy ianareo no nataon'ilay zatovovavy ravintsara olomasin'ny andro farany? Notazoniny ny fanolorantena nataony mba handray anjara amin'ilay fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana. Araka ny nampanantenaina azy dia voaroaka tsy ho afaka mandray anjara tamin'ilay fifaninana izy. Rehefa nanontaniana momba ilay fanapahankeviny izy dia novaliny tsotra hoe: "Ny Fiangonana no manan-danja kokoa, sa tsy izany?"

Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia mitarika antsika hanao zavatra izay tsy ho vitantsika raha tsy misy izany. Finoana no mandrisika antsika hanao asa izay manampy antsika hahazo hery bebe kokoa avy Aminy.

Mampitombo ny herin'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika koa isika rehefa manao fanekempihavanana masina ka mitandrina tsara araka ny tokony ho izy ireo fanekempihavanana ireo. Ireo fanekempihavanana ataontsika dia mamatotra antsika Aminy ary manome antsika ny herin' Andriamanitra. Amin' ny maha-mpianatra mahatoky antsika dia mibebaka sy atao batisa tahaka Azy isika. Manao sy mitandrina karazana fanekempihavanana maro isika mba handrosoana mandritra ny diantsika.[17] Ary feno fankasitrahana isika fa noho ny drafitry ny Ray dia afaka ny hahazo ireo fitahiana ireo ihany koa ireo



razambentsika izay maty tsy nanana fahafahana ny handray ireny fony fahavelony.[18]

Ny lehilahy sy ny vehivavy mitandrina ny fanekempihavanana dia mitady fomba hihazonana ny tenan'izy ireo tsy ho voapentimpentin'izao tontolo izao mba tsy hisy na inona na inona hanakana ny fahafahan'izy ireo hahazo ny herin'ny Mpamonjy. Vao tsy ela izay dia nisy vady sady reny mahatoky iray nanoratra hoe: "Andro mahory sy mampidi-doza no iainantsika amin'izao. Tena voatahy tokoa isika manana fahalalana bebe kokoa ny amin'ny drafitry ny famonjena sy ny fitarihana nentanim-panahy avy amin'ireo mpaminany sy apôstôly, ary ireo mpitarika be fitiavana mba hanampy antsika hamakivaky ity ranomasina misamboaravoaran'ny fiainana ity. Natsahatray ny fahazaranay mandefa ny onjam-peo isa-maraina. Nosoloinay fihainoana lahateny iray avy amin'ny fihaonam-be amin'ny findainay izany ankehitriny ho fiomananay ho amin'ny ampitso."

Singa iray hafa amin'ny fisintonana ny herin'ny Mpamonjy ho eo amin'ny fiainantsika ny fangatahana amimpinoana fanampiana avy Aminy. Mitaky ezaka tsy mizarazara sy tsy tapaka izany.

Tadidinareo ve ilay tantara ao anatin'ny baiboly mikasika ilay vehivavy niaritra olana tena nandreraka nandritra ny 12 taona?[19] Nampihatra finoana lehibe ny Mpamonjy izy raha nitalaho hoe: "Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko, dia ho sitrana aho."[20]

Ity vehivavy mahatoky sy mifantoka ity dia nila nanao ny ezaka faran'izay tratrany mba hahazoany ny herin'ny Mpamonjy. Ny ezaka ara-batana nataony dia naneho ny ezaka ara-panahy nataony.

Maro amintsika no efa nitoloko tahaka an'ity vehivavy ity tamin'ny teny hafa hoe: "Raha mba ampy mantsy ny ezaka ataoko ara-panahy mba hisintonana ny herin'ny Mpamonjy ho eo amin'ny fiainako dia ho haiko ny hiatrika ireo toe-javatra mampahory. Ho fantatro ny tokony hataoko. Ary hanana ny hery hanaovana izany aho."

Rehefa miandrandra ny herin'ny Tompo eo amin'ny fiainanareo toy ireny olona mitady hilentika mitady vonjy sy mila rivotra ireny ianareo dia hahazo ny hery avy amin'i Jesoa Kristy. Rehefa mahafantatra ny Mpamonjy fa tena miandrandra Azy marina ianareo, rehefa tsapany fa ny fanirianareo lehibe indrindra dia ny hisintona ny heriny ho eo amin'ny fiainanareo, dia hotarihin'ny Fanahy Masina ianareo



hahafantatra mazava tsara ny zavatra tokony hataonareo.[21]

Rehefa manao ezaka ara-panahy mihoatra noho izay efa vitanareo teo aloha ianareo dia hikoriana ao aminareo ny heriny.[22] Dia ho takatrareo avy eo ny tena dikan'ireo teny hiraintsika ao amin'ilay fihirana mitondra ny lohateny hoe "Fanahin'ny Ray" manao hoe:


*[Mampitombo ny fahatakaran'ny*
*Olomasina ny Tompo.] . . .*
*Mitombo ny fahalalana ny heriny,*
*Misinda ny voaly nanarona teo.*[23]

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia heniky ny heriny izay homena ireo zanakavavy na zanakalahin' Andriamanitra izay mikatsaka izany amin-kitsim-po. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa misintona ny heriny ho eo amin'ny fiainantsika isika dia hiara-paly Izy sy isika.[24]

Amin'ny maha-iray amin'ireo vavolombelony manokana ahy dia manambara aho fa velona Andriamanitra! Jesoa no Kristy! Naverina tamin'ny laoniny teto an-tany ny Fiangonany! Ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin' Andriamanitra eto an-tany amin'izao fotoana izao ary manohana azy amin'ny foko manontolo aho. Izany no ijoroako ho vavolombelona omban'ny fitiavana sy tsodrano ho an'ny tsirairay avy aminareo, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 2 Nefia 28:19–30.
2. Jereo ny Jaona 3:16.
3. I Jesoa Kristy no Ilay Voahosotra, voahosotry ny Ray any An-danitra mba ho solontenany manokana amin'izay zavatra rehetra mahakasika ny famonjena ny zanak'olombelona. I Jesoa dia voahosotra mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra anstika. Talohan'ny nanorenana izao tontolo izao, i Jesoa Kristy dia voahosotra mba hanome antoka fa handray ny tsy fahafahatesana ho eo aminy avokoa ny zanak' Andriamanitra rehetra ary ho afaka ny hahazo ny fiainana mandrakizay izy ireo (jereo ny Jaona 17:24; 1 Petera 1:20). Noho izany dia mitondra anarana roa miavaka i Jesoa: *ilay Mesia* (Hebreo) ary *ilay Kristy* (Grika)—izay samy midika hoe "voahosotra." (Jereo ny Bible Dictionary, "Anointed One.")
4. Afaka miaro ny tenantsika amin'ny alalan' ny fahafantarana sy ny fiainana ny tenin' Andriamanitra isika (jereo ny Efesiana 6:17–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:18).
5. Teo ambanin'ny fitarihan'ny Rainy no namoronan'i Jesoa Kristy ny tany (jereo ny Jaona 1:2–3) sy ireo tontolo hafa tsy hita isa (jereo ny Mosesy 1:33). Ela be talohan'ny naterahany teto an-tany dia i Jesoa Kristy no ilay Jehovah lehibe, Andriamanitry ny Testamenta Taloha. I Jehovah no ilay niresaka tamin'i Mosesy teo an-tendrombohitr'i Sinay. I Jehovah no nanao fanekempihavanana tamin'i Abrahama fa ny firenena rehetra dia hotahiana amin'ny alalan'ny fitohizany taranak'i Abrahama. Ary i Jehovah no nanao fanekempihavanana tamin'ny fianakavian'ny mpianakavin'Israely. I Jesoa no ilay Imanoela nampanantenaina araka ny naminanian'Isaia (jereo ny Isaia 7:14).
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:6.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:40–41.
8. Jereo ny 2 Nefia 31:2–21.
9. Baiboly masina, Bokin'ny Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy.
10. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Jesoa Kristy." Ankoatra ireo lahatsoratra eo ambanin'io teny fanolorana lehibe io dia misy lohateny kely hafa miisa 57 miresaka momba Azy. Ho an'ireo soratra masina tsy natonta tamin'ny teny anglisy dia ampiasao ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.
11. Mihoatra ny 2.200 ny isan'ireo andinintsoratra masina voatanisa ao amin'ireo pejy miisa 18 an'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ireo.
12. 3 Nefia 27:13–14.
13. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 49.
14. Jereo ny "Ilay Kristy Velona: Ny tenivavolombelon'ireo Apôstôly," *Liahona,* apr. 2000, 2–3.
15. Jereo ny Helamàna 8:15.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
17. I Jesoa Kristy dia nampiantra antsika ny maha-zava-dehibe ireo ôrdônansy masina toy ny batisa (jereo ny Jaona 3:5), ny fanasan'ny Tompo (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9), ary ireo ôrdônansin'ny fanafiana masina sy ny famehezana ny fianakaviana any amin'ny tempoly (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:39–42).
18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:29–32.
19. Jereo ny Lioka 8:43–44.
20. Marka 5:28.
21. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.
22. Rehefa nikasika ny lamban'i Jesoa Kristy ilay vehivavy mahatoky dia novaliany avy hatrany hoe: "Nisy olona nanendry Ahy: fa fantatro fa nisy *hery* [avy amin'ny teny Grika hoe *dunamis,* izay midika hoe "hery"] nivoaka avy amiko" (Lioka 8:46; nampiana fanamafisana).
23. "Fanahin'ny Ray," *Fihirana,* faha-56.
24. Jereo ny 3 Nefia 17:20.



Fivoriana Sabotsy Tolakandro | 1 Aprily 2017

**Natolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, nangataka ahy ny Filoha Monson mba hanolotra anareo izao ireo Manampahefana Ambony sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Fiadidian'ny Vondrona Mpanampy maneran-tany an'ny Fiangonana mba hotohanana.

Asaina isika hanohana an'i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy, ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; i Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary i Dieter Friedrich Uchtdorf amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.



Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Asaina isika hanohana an'i Russell M. Nelson ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ireto manaraka ireto ho mpikambana ao anatin'izay Kôlejy izany: I Russell M. Nelson, i Dallin H. Oaks, i M. Russell Ballard, i Robert D. Hales, i Jeffrey R. Holland, i David A. Bednar, i Quentin L. Cook, i D. Todd Christofferson, i Neil L. Andersen, i Ronald A. Rasband, i Gary E. Stevenson, ary i Dale G. Renlund.

Ireo izay manohana, dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra, dia afaka maneho izany.

Asaina isika hanohana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ankasitrahanay feno ny fanompoana nataon'ny Loholona Bruce D. Porter, namana sy mpiara-manompo, izay nodimandry tamin'ny 28 desambra 2016. Maneho ny fitiavanay sy ny fampiononana avy amin'ny fonay ho an'i Susan Porter sy ireo zanany ary zafikeliny izahay. Feno fankasitrahana isika fa niara-nanompo tamin'io lehilahy tsara io.

Aroso amintsika ny hisaorana an'i Taylor G. Godoy sy i John C. Pingree Jr. tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo. Ireo izay te haneho ny fankasitrahany an'ireo rahalahy ireo noho ny fanompoana izay nataony dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana amin'ny fo feno fankasitrahana an-dRanabavy Linda K. Burton sy i Carole M. Stephens ary i Linda S. Reeves tamin'ny naha-Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany azy ireo. Ataonay torak'izany koa ny fisaorana ireo mpikambana rehetra ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.

Ireo rehetra izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana an'ireo



ranabavy ireo noho ny asa fanompoana sy fanolorantena niavaka nataon'izy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ny Rahavavy Jean B. Bingham tamin'ny naha-mpanolotsaina voalohany azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany azy sy ny Rahavavy Bonnie H. Cordon tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany azy.

Ireo izay te haneho fankasitrahana an'ireo ranabavy ireo dia afaka manao izany amin'ny alalan'ny fananganana ny tanana.

Atolotra antsika mba hotohanana ireto manaraka ireto ho Fitopololahy Manampahefana Ambony vaovao: iTaylor G. Godoy, Joni L. Koch, Adilson de Paula Parrella, John C. Pingree Jr., Brian K. Taylor, ary Taniela B. Wakolo.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, aoka haneho torak'izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Jean B. Bingham ho Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany miaraka amin'i Sharon L. Eubank ho mpanolotsaina voalohany ary i Reyna I. Aburto ho mpanolotsaina faharoa.

Aroso amintsika koa ny hanohanantsika an'i Bonnie H. Cordon ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany ankehitriny ary i Cristina B. Franco mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra, dia afaka maneho izany.

Atolotra antsika mba hotohanana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra: I Luis R. Arbizú, i David A. Benalcázar, i Berne S. Broadbent, i David L. Buckner, i L. Todd Budge, i Luciano Cascardi, i Ting Tsung Chang, i Pablo H. Chavez, i Raymond A. Cutler, i Fernando P. Del Carpio, i José Luiz Del Guerso, i Aleksandr A. Drachyov, i I. Raymond Egbo, i Carlos R. Fusco Jr., i Jorge A. García, i Gary F. Gessel, i Guillermo I. Guardia, i Marcel Guei, i José Hernández, i Karl D. Hirst, i Ren S. Johnson, i Jay B. Jones, i Anthony M. Kaku, i Paul N. Lekias, i John A. McCune, i Tomas S. Merdegia, i Artur J. Miranda, i Elie K. Monga, i Juan C. Pozo, i Anthony Quaisie, i James R. Rasband, i Carlos G. Revillo Jr., i Martin C. Rios, i Johnny F. Ruiz, i K. Roy Tunnicliffe, ary i Moisés Villanueva.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany koa.

Asaina isika hanohana ireo Manampahefana Ambony hafa rehetra, sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian'ny Vondrona Mpanampy izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy.

Voaray ny hevitrareo. Ireo izay mety nanohitra ny iray tamin'ireo olona natolotra dia tokony hihaona amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, misaotra anareo noho ny finoana maharitra sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho an'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana.

Asaintsika izao ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony sy ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany vaovao mba handray ny sezany ety amin'ny polipitra. Milaza foana ny Filoha Monson hoe: "Dia an-tongotra lavitra ity." Misaotra anareo, ranabavy isany. Misaotra anareo, rahalahy isany. Ho fampahafantarana dia mbola manao asa fitoriana any Argentine miaraka amin'ny vadiny ny Rahavavy Franco amin'izao fotoana izao. Vao notohanana izy, araka ny fantatrareo, ary hanomboka ny asa fanompoany amin'ny fomba ôfisialy rehefa miverina amin'ny volana jolay izy ireo. ■

# Tatitra avy amin'ny Departemanta misahana ny fanamarinana ny fampiasam-bolan'ny Fiangonana, 2016

**Atolotr'i Kevin R. Jergensen**
Tale Mpitantana, Departemanta misahana ny fanamarinana ny fampiasam-bolan'ny Fiangonana

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

Ry Rahalahy malala isany: Araka ny voalazan'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha 120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia ny Filankevitry ny fitantanana ny fahafolonkarena, izay ahitana ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Episkôpà Mpiahy, no manome lalana ny hampiasana ny volan'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana no mitsinjara ny vola araka ny teti-bola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa izay nolaniana.

Ny Departemantan'ny fanamarinana ny fampiasam-bolan'ny Fiangonana, izay ahitana matihanina manana mari-pahaizana ary tsy miankina amin'ireo departemanta hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana, dia manana andraikitra ny hanao ireo fanamarinana ny fampiasam-bola mba hahazoana antoka tsara ny amin'ireo anjara biriky voaray sy ny vola mivoaka ary ny fiarovana ny fananan'ny Fiangonana.



Araka ireo fanamarinana ny fampiasam-bola natao, dia maneho ny heviny ny Departemantan'ny fanamarinana ny fampiasam-bolan'ny Fiangonana fa ny anjara biriky voaray sy ny fandaniana natao ary ny fananan'ny Fiangonana amin'ny antsipiriany rehetra ho an'ny taona 2016 dia noraketina sy notantanana araka ny teti-bola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa ara-dalàna amin'ny fampiasam-bola izay nolanian'ny Fiangonana. Ny Fiangonana dia manaraka ireo fomba amam-panao ampianarina ny mpikambana ao aminy dia ny mba hanao teti-bola hivelomana sy hisoroka ny trosa ary hanangom-bola hiatrehana ny tsy fisiana.

Natolotra tamim-panajana,

Departemanta misahana ny fanamarinana ny fampiasam-bolan'ny Fiangonana

Kevin R. Jergensen

Tale Mpitantana ■

# Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2016

**Atolotr'i Brook P. Hales**
Mpitantsoratra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Namoaka izao antontan'isa manaraka izao ny Fiadidiana Voalohany, izay mahakasika ny toe-java-misy ao amin'ny Fiangonana hatramin'ny 31 desambra 2016.

**Vondrona ao amin'ny Fiangonana**

| | |
|---|---|
| Tsatòka | 3.266 |
| Misiôna | 421 |
| Distrika | 556 |
| Paroasy sy sampana | 30.304 |

**Ny isan'ireo mpikamban'ny Fiangonana**


| | |
|---|---|
| Isan'ireo mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany | 15.882.417 |
| Ireo zaza izay nampidirina tao amin'ny firaketana | 109.246 |
| Ireo niova fo vita batisa | 240.131 |

**Misiônera**

| | |
|---|---|
| Misiônera manompo amin'ny fotoana feno | 70.946 |
| Misiônera mpanao asa fanompoana ao amin'ny Fiangonana | 33.695 |

**Tempoly**

| | |
|---|---|
| Ireo tempoly notokanana tamin'ny 2016 (Provo City Center, i Sapporo Japana, i Philadelphie Pennsylvanie, i Fort Collins Colorado, i Star Valley Wyoming, ary i Hatfort Connecticut) | 6 |
| Tempoly naverina notokanana (Suva Fiji sy i Fribourg Alemana) | 2 |
| Tempoly amperin'asa tamin'ny fiafaran'ny taona | 155 |



**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika

*Ireo toetra isan-karazany izay vokatry ny finoana an'i Kristy dia ilaina avokoa mba hijoroana ho mafy orina amin'izao andro farany izao.*

Inona no dikan'ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy? Ny atao hoe mpianatra dia olona vita batisa sy vonona ny hitondra eo aminy ny anaran'ny Mpamonjy ary manaraka Azy. Ny mpianatra dia miezaka ny hitovy Aminy amin' ny alalan'ny fitandremana ny didiny mandritra ny fiainana an-tany, tahaka ireny mpianatra manao izay hitovizany amin'ny tompony ireny.

Betsaka ny olona raha mandre ny teny hoe *mpianatra* no mihevitra fa midika hoe "mpanaradia" izany. Fa ny



tena hoe mpianatra dia toetra. Midika izany fa mila manao mihoatra ny fandalinana sy fampiharana lisitry ny toetran'ny tena manokana. Ny mpianatra dia manao izay hahatonga ny toetoetran'i Kristy ho tafiditra ao anatin'ny toetrany, tahaka ny temitra ara-panahy.

Henoy ny fanasan'ny Apôstôly Petera mba ho lasa mpianatry ny Mpamonjy:

"Manaova izay zotom-po rehetra . . . hianareo, ka amin'ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin'ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana,

"Ary amin'ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin'ny fahononam-ponareo dia faharetana, ary amin'ny faharetanareo dia toe-panahy araka an' Andriamanitra;

"Ary amin'ny toe-panahinareo araka an' Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin'ny fitiavanareo ny rahalahy dia fitiavana ny olona rehetra."[1]

Araka ny hitanareo dia mitaky mihoatra ny kofehy iray ny fanenomana ny temitra ara-panahy. Tamin'ny andron'ny Mpamonjy dia maro ireo izay nilaza ho marina tamin'ny lafiny iray na hafa teo amin'ny fiainany

Nanao ilay nantsoiko hoe fankatoavana amin'ny ampahany izy ireo. Ohatra, nitandrina ilay didy hitsahatra amin' ny asa rehefa amin'ny Sabata izy ireo kanefa nitsikera ny Mpamonjy noho ny fanasitranany tamin'izany andro masina izany.[2] Nanome ny mahantra izy ireo saingy tsy nanolotra afa-tsy izay nihoatra tany aminy, izay zavatra tsy nilain'izy ireo.[3] Nifady hanina izy ireo nefa tamin'ny endrika malahelo fotsiny ihany.[4] Nivavaka izy ireo saingy nivavaka mba ho hitan'ny olona.[5] Hoy i Jesoa hoe: "Manatona Ahy amin' ny molony izy ireo nefa lavitra Ahy ny fony."[6] Mety hifantoka amin'ny fifehezana toetra iray na asa iray manokana ny olona toy ireny saingy tsy voatery ho tonga tahaka Azy ao am-pony.

Hoy ny nambaran'i Jesoa momba ireny:

"Maro no hanao amiko amin' izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin' ny anaranao va izahay? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin' ny anaranao va izahay?

"Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka."[7]

Ny toetran'ny Mpamonjy, araka ny hitantsika, dia tsy lahatsoratra izay tokony harahina na lisitra mitanisa zavatra tokony hatao. Toetra mifamatotra izany, mifameno, izay mitombo ao anatintsika amin'ny fomba mifandray. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsy afaka mahazo toetran'i Kristy iray isika ka tsy hahazo sy haneho toetrany hafa koa. Rehefa mihamafy ny toetra iray, dia ho toy izany koa ny maro hafa.

Ao amin'ny 2 Petera sy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 4 isika dia mianatra fa ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo no fototra. Ny finoantsika dia refesintsika amin'izay zavatra itarihany antsika mba hataontsika, dia ny fankatoavantsika. "Raha manam-pinoana Ahy ianareo," hoy ny nampanantenain'ny Tompo, "dia hanana ny fahefana hanao na inona na inona zavatra mahasoa ao Amiko."[8] Ny finoana no mahatonga

antsika hanao zavatra. Raha tsy misy ny asa, raha tsy misy ny fiainana feno hatsaran-toetra, dia tsy manana hery hampihetsika ny toetra maha-mpianatra ny finoantsika. Eny tokoa, maty ny finoana.[9]

Koa nanazava i Petera hoe: "amin'ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina." Izany fahatanjahan-tsaina izany dia mihoatra noho ny fahadiovam-pitondrantena. Fahadiovana sy fahamasinan'ny saina sy ny vatana izany. Ny fahatanjahan-tsaina dia hery ihany koa. Rehefa miaina amim-pahatokiana ny filazantsara isika dia hanana hery ho madio amin'ny eritreritra sy ny fihetseham-po ary ny asa rehetra. Lasa mora mahare ny bitsiky ny Fanahy Masina sy ny Fahazavan'i Kristy ny saintsika.[10] Maneho an'i Kristy isika, tsy amin'izay lazaintsika sy ataontsika ihany, fa ao anatin'ny maha-izy azy antsika ihany koa.

Dia notohizan'i Petera hoe: "Amin'ny fahatanjahan-tsainareo dia [manehoa] fahalalana." Rehefa miaina fiainana feno hatsaran-toetra isika, dia lasa mahafantatra ny Raintsika any Andanitra sy ny Zanany amin'ny fomba miavaka. "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapon'[ny Ray], dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy."[11] Izany fahalalana izany dia ny fijoroana ho vavolombelon'ny tena manokana, izay avy amin'ny zavatra niainana manokana. Izany dia fahalalana manova antsika, ka mahatonga ny "fahazava[ntsika] miraikitra amin'ny fahazava[ny]" ary ny "ny hatsaran-toetra[ntsika] tia ny hatsaran-toetra[ny]."[12] Rehefa miaina fiainana feno hatsaran-toetra isika dia mivoatra ka ilay hoe "mino aho" dia ho lasa hoe "fantatro."

Mamporisika antsika i Petera mba haneho fahononam-po amin'ny fahalalana, ary faharetana amin'ny fahononam-po. Amin'ny maha-mpianatra mahonom-po antsika dia miaina ny Filazantsara amin'ny fomba voalanjalanja sy tsy miova isika. Tsy "[mihazakazaha] haingana kokoa noho izay tratry ny heri[ntsika]" isika.[13] Isan'andro isan'andro dia mandroso hatrany isika, tsy kivy amin'ireo fanambin'ny fiainana an-tany izay manatsara antsika.

Rehefa mahonom-po amin'izany fomba izany isika dia mampitombo faharetana sy fatokiana ny Tompo. Afaka miantehitra amin'ny famolavolany ny fiainantsika isika, na dia tsy hitan'ny masontsika voajanahary aza izany.[14] Noho izany dia afaka ny ho tony isika ary hahafantatra fa Izy no Andriamanitra.[15] Rehefa miatrika ireo tafio-drivotry ny fahoriana isika dia manontany hoe: "Inona no tianao hianarako avy amin'ity zavatra iainako ity?" Rehefa ao am-pontsika ny drafiny sy ny tanjony dia mandroso isika, tsy mankany amin'ny faharetana ny zavadrehetra fotsiny fa amin'ny fahazakana izany amim-paharetana sy tsara ihany koa.[16]

Io faharetana io hoy ny nampianarin'i Petera dia mitarika antsika hanana toe-panahy araka an' Andriamanitra. Tahaka ny Ray izay manana faharetana amintsika zanany dia ho lasa manana faharetana amintsika samy isika sy amin'ny tenantsika isika. Miravoravo amin'ny fahafahan'ny hafa misafidy sy ny tombontsoa entin'izany ho azy ireo mba hitombo "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra"[17] sy "mihamamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan' ny andro"[18] isika.





Miova avy amin'ny fahononam-po mankany amin'ny faharetana ary avy amin'ny faharetana mankany amin'ny toe-panahy araka an' Andriamanitra ny toetrantsika. Manana fitiavana ny rahalahy isika, izay toetra mampiavaka ananan'ny tena mpianatra rehetra. Tahaka ilay Samaritana tsara fanahy, dia miampita lalana isika mba hanompo ireo izay mila fanampiana, na dia tsy anisan'ny namantsika aza izy ireo.[19] Mitahy ireo izay manozona antsika isika. Manao soa ireo izay manenjika antsika isika.[20] Misy toetra ve araka an' Andriamanitra na tahaka ny an'i Kristy kokoa?

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny ezaka ataontsika mba ho tonga mpianatry ny Mpamonjy dia tena miampy tokoa mandrapahatonga antsika "manana" ny fitiavany.[21] Izany fitiavana izany no toetra mampiavaka ny mpianatr'i Kristy.

"Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho.

"Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra, sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana dia tsinontsinona aho."[22]

Ny finoana, fanantenana ary fitiavana no mahatonga antsika ho mendrika hanao ny asan' Andriamanitra.[23] "Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra . . . fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo."[24]

Rahalahy sy ranabavy, ankehitriny isika dia tsy afaka ny ho "mpianatra amin'ny ampahany" intsony! Tsy afaka ny ho mpianatra amin'ny lafiny iray na hafa amin'ny fotopampianarana fotsiny isika. Ireo toetra isan-karazany avy amin'ny finoana an'i Kristy, anisan'izany ireo izay noresahintsika androany, dia ilaina avokoa mba hijoroana ho mafy orina amin'izao andro farany izao.

Rehefa miezaka mafy ny ho mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy isika dia hifamatotra sy hitombo ary hifandray ka ho mafy ao anatintsika ireo toetra ireo. Tsy hisy maha-samy hafa azy ny hatsaram-panahy asehontsika amin'ireo fahavalontsika sy ny hatsaram-panahy atolotsika ny namantsika. Marin-toetra foana isika na tsy misy mahita na misy mijery. Ho be fanolorantena foana isika na eny imasom-bahoaka na any amin'ny toerana miafina misy antsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa afaka ny ho mpianatry ny Mpamonjy ny olona rehetra. Tsy voafetran'ny taona na ny maha-vavy, na ny maha-lahy, na ny firazanana, na ny antso ny toetra maha-mpianatra. Amin'ny alalan'ny toetra manokana maha-mpianatra antsika isika, amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia manangona hery iombonana mba hanampiana ireo rahalahintsika sy anabavintsika manerana izao tontolo izao. Izao no fotoana hanolorantsika tena indray mba ho mpianany feno zotom-po.

Rahalahy sy ranabavy, nantsoina ho mpianatry ny Mpamonjy antsika avokoa isika rehetra. Aoka ity fihaonambe ity ho fahafahana ho anareo "[hanomboka] toy ny tamin' ny fotoana fehizay, ary [hanatona Azy] amin' ny [fo] manontolo."[25] Ity no Fiangonany. Mizara ny fijoroako ho vavolombelona manokana aho fa velona Izy. Izy anie hitahy antsika amin'ny fikatsahantsika mandrakizay ny ho lasa mpianatra feno fanolorantena sy fahavitrihana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 2 Petera 1:5–7.
2. Jereo ny Lioka 1:14.
3. Jereo ny Lioka 21:4.
4. Jereo ny Matio 6:16.
5. Jereo ny Matio 6:5; jereo ihany koa ny Almà 38:13.
6. Joseph Smith—Tantara 1:19; jereo ihany koa ny Isaia 29:13; Lioka 6:46.
7. Matio 7:22–23.
8. Môrônia 7:33.
9. Jereo ny Jakoba 2:20.
10. Jereo ny 1 Korintiana 2:16.
11. Jaona 7:17.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40.
13. Môsià 4:27
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:3.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:16.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:8.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:12.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
19. Jereo ny Lioka 10:33.
20. Jereo ny Matio 5:44.
21. Môrônia 7:47.
22. 1 Korintiana 13:1–2.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:5.
24. 1 Korintiana 13:13.
25. Môrmôna 9:27.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ireo hira hay hiraina sy hira tsy vita ny mihira azy

*Miangavy ny tsirairay amintsika aho mba hijanona mandrakariva sy amim-pahatokiana ao anatin'ilay amboarampeo.*

"Misy tara-pifaliana ao anatiko androany," izay no nosoratan'i Eliza Hewitt, "izay lehibe sy mamiratra kokoa noho ireo hazavana eny amin'ny lanitra satria i Jesoa no fahazavako."[1] Miaraka amin'ilay fifaliana hita isaky ny naoty, dia tsy ho vita velively ny hihira ity hira Kristianina efa tranainy ity ka tsy hitsikitsiky. Kanefa anio dia iriko ny hiresadresaka ny azo handikana ny andalana iray fotsiny ao amin'izany, izay mety hanampy amin'ireo andro izay sarotra amintsika ny hihira *na* hitsiky ary ireo "fotoan-tsambatra tony" dia toa *tsy* "tonga." Raha toa ka misy fotoana, tsy afaka hiara-hihira ireo feon-kira falifaly henonareo avy amin'ny hafa ianareo dia angatahiko ianareo hihazona mafy ilay andalana ao amin'io hira io izay manome toky hoe: "I Jesoa dia afaka mihaino ireo hira tsy vita [nareo] ny mihira azy."[2]

Anisan'ireo zava-misy atrehantsika amin'ny maha-zanak' Andriamanitra miaina ao anatin'ny tontolo feno haratsiana antsika ny hoe sarotra ny andro sasany, ireo andro izay hisedrana ny finoantsika sy ny herim-pontsika. Ireo olana ireo dia mety ho tonga noho ny zavatra tsy ampy ao amintsika, na tsy ampy eo amin'ny hafa, na tsy ampy eo amin'ny fiainana fotsiny, saingy na inona na inona antony dia hitantsika ho manakana antsika tsy haneho ny hafaliantsika sy ny fankasitrahantsika izy ireny, ary manamaizina ilay fampanantenana "lohataona ao amin'[ny] fanahy"[3] izay nolazalazain'i Eliza Hewitt ao amin'ny iray amin'ireo andininy.

Koa inona no ataontsika amin'ny fotoana toy izany? Voalohany aloha dia ekentsika amim-pientanentanana ny torohevitr'i Paoly ka "manantena izay tsy mbola hitantsika, [ary] miandry amin'ny faharetana."[4] Amin'ireny fotoana ireny, rehefa tsy vitantsika intsony ny manao ilay feon-kirampifaliana dia mila mijoro mangina vetivety isika ka mihaino fotsiny ny hafa, mandray tanjaka avy amin' ny hatsaran'ny mozika manodidina antsika. Maro amintsika izay "manana olana eo amin'ny sehatry ny mozika" no lasa mitombo fahatokian-tena ary mivoatra eo amin'ny fihirana amin'ny alalan'ny fipetrahantsika eo akaikin'ny olona iray manana feo matanjaka sy feno fahatokian-tena. Mitovy amin'izany koa ny fiatrehana ireo zavatra ara-panahy. Isika dia tokony hijoro faran'izay akaiky indrindra ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, izay manana finoana lavorary tanteraka. Dia misintona herim-po avy amin'ny fahafahany mahatakatra ny zavatra tsy haintsika lazaina isika ary manantena ny fanalalanana mirindran'ny Mesia ho antsika. "Rehefa akaiky [tokoa] ny Tompo" dia "mahatsapa fiadanana ato am-poko aho [ary] miseho ireo vokatsoan'ny fahasoavana."[5]

Amin'ireny andro izay hahatsapantsika hoe mamalan-kira kely ireny isika, latsaka kely amin'ny zavatra heverintsika fa hitantsika na rentsika amin'ny hafa, dia mangataka antsika aho, indrindra ny tanoran'ny Fiangonana, mba hahatsiaro fa efa rafitra masina ny fisian'ny tsy fitovian'ireo feo rehetra ao amin'ny amboarampeon' Andriamanitra. Mila karazana feno: feo voalohany, feo faharoa, feo fahatelo ary beso, mba hahazoana mozika tena kanto. Hindrana andalana iray tao amin'ny taratasim-panohanana nifanaovan'ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany roa aho izay manao hoe: "Ny olon' Andriamanitra rehetra, na samy hafa toy ny ahoana aza, dia manana ny toerany ao amin'ny amboarampeo."[6] Rehefa tsinontsinoavintsika ny mahamiavaka antsika, na ezahintsika ny hanaraka ireo foto-kevitra ny amin'izay heverina ho lafatra, foto-kevitra entanin'ny mpanimba kolontsaina tsy mety afa-po sy hindrahindrain'ny tambazotra ifaneraserana mihoatra ny zavatra azo takarina, dia very ny harenan'ny fahasamihafana izay namboarin' Andriamanitra rehefa namorona tontolo ahitana zavatra maro samihafa Izy.

Izany akory tsy milaza fa ny olona rehetra ao amin'ilay amboarampeo masina dia afaka manomboka tsotra izao mihira mafy ny antsam-piderany manokana! Ny fahasamihafana dia tsy midika hoe korontana, ary mitaky fitsipika mifehy ny amboarampeo, koa

mamelà ahy ry Loholona Hales hilaza hoe ny maha-mpianatra ho amin'ny tanjontsika anio, kanefa raha vantany vao manaiky ny tononkira nambaran' Andriamanitra isika sy ny rindrankira noforonina talohan'ny nisian'izao tontolo izao dia mahafaly ny Raintsika any An-danitra ny fihirantsika amin' ny alalan'ny feontsika manokana, fa tsy amin'ny alalan'ny an'ny olonkafa. Minoa ny tenanareo, ary minoa Azy. Aza manambany ny maha-izy azy anareo na manamaivan-danja ny anjara birikinareo. Indrindra indrindra, aza miala amin'ny anjara asanareo ao amin'ny amboarampeo. Nahoana? Satria ianareo dia miavaka. Tsy azo soloina ianareo. Ny fialan'ny feo na dia iray fotsiny aza dia mamparefo ny mpihira hafa rehetra ato anatin'ity amboarampeontsika lehibe eto an-tany ity, ao anatin'izany ny fialan'ireo izay mahatsapa ho toy ny ataon'ny fiarahamonina na ny Fiangonana ankilabao.

Kanefa na dia mankahery *anareo* rehetra aza aho mba hanana finoana mikasika ireo hira izay mety sarotra hiraina dia miaiky avy hatrany aho fa noho ny antony samihafa dia sahirana amin'ny karazan-kira hafa *aho* izay tokony hiraina, kanefa tsy mbola tontosako.

Rehefa mahita ny tsy fitoviana aratoekarena izay mampiaiky volana eto amin'izao tontolo izao aho dia mahatsapa tena ho meloka miara-mihira amin-dRamatoa Hewitt momba ireo "fitahiana izay omen' [Andriamanitra] ahy ankehitriny, sy ireo fifaliana -voatahiry- any ambony."[7] Tsy azo hiraina feno sy amim-pahatokiana izany fiverenan-kira izany raha tsy efa nikarakara tsara ireo mahantra isika. Ny tsy fananana ny ampy dia ozona izay mitohy hatrany, isan-taona sy isaky ny taranaka. Manimba ny vatana izany, mandratra ny fanahy, mampijaly ny fianakaviana, ary manimba ireo nofinofy. Raha toa ka afaka manao zavatra bebe kokoa isika mba hanamaivanana ny fahantrana, araka ny handidian'i Jesoa antsika hatrany, dia angamba ny sasany amin'ireo izay sahirana eto amin'izao tontolo izao mba ho afaka ny hikalokalo naoty vitsivitsy amin'ilay hoe: "Misy tara-pifaliana ao anatiko androany," mety voalohany eo amin'ny fiainan'izy ireo izany.

Hitako ihany koa fa sarotra ny mihira tonon-kira mifono fifaliana sy fientanentanana rehefa maro amin'ireo manodidina antsika no ianjadian'ny aretina ara-tsaina sy ara-pihetsehampo na tsy fahafahana manao zavatra noho ny aretina izay mampihena ny hery tokoa. Indrisy anefa fa indraindray ireo enta-mavesatra ireo dia mijanona eo ihany na dia eo aza ireo ezaka mafy ataon'ireo karazana mpikarakara maro, anisan'izany ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviana. Mivavaka aho mba tsy havelantsika hijaly mangina ireny zanak' Andriamanitra ireny ary hotafiana ny fahafahany mahavita zavatra isika mba handre ireo hira izay tsy vitan'izy ireo ny mihira azy ankehitriny.

Ary antenaiko fa indray andro ny amboarampeo mitambatra lehibe dia hiara-hihira, na inona volon-koditra na inona firazanana, ka hanambara fa *tsy* fomba hamahana ny disadisan'olombelona ny basy sy ny teny mandratra ary ny teny feno fahatezerana. Miteny amintsika ireo fanambaran'ny lanitra fa ny hany fomba ahafahana mamaha ireo olana sarotra eo amin'ny fiarahamonina dia amin'ny alalan'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitandremana ireo didiny, izay manokatra ny varavarana mitondra any amin'ilay fomba maharitra sy mitondra fanavotana iray mba hifankatiavana toy ny mpinamana. Nampianatra ny mpaminany Etera fa isika dia tokony "hanantena tontolo iray tsara kokoa." Eo am-pandinihina izany eritreritra izany arivo taona aty aoriana, i Môrônia izay reraky ny ady sy ny herisetra dia nanambara fa ny "lalana tena tsara indrindra" ho an'izany tontolo izany dia ho ny filazantsaran'i Jesoa Kristy hatrany.[8]

Feno fankasitrahana tokoa isika fa tonga, tsindraindray, eo anivon'ireo karazana olana ireo ny karazan-kira hafa mihitsy izay toa tsy vitantsika ny mihira izany noho ny antony iray hafa. Miseho izany rehefa tena lalina sy an'ny tena manokana ireo fahatsapana ireo, tena masina mihitsy aza ka tsy azo ambara na tsy tokony hambara izy ireny, tahaka ny fitiavan'i Cordelia ny rainy ka nilazany hoe: "Ny fitiavako dia . . . betsaka kokoa noho ny zavatra ambarako. . . . Tsy afaka hanosika ny foko hiakatra ao am-bavako aho."[9]



Tonga amintsika toy ny zavatra masina ireo fahatsapana ireo izay tsy hay ambara tsotra fotsiny, tsy hay faritana ara-panahy, tahaka ilay vavaka natolotr'i Jesoa ho an'ireo zanaka Nefita. Ireo izay vavolombelon'izany zavanitranga izany dia nirakitra hoe:

"Ny maso dia tsy mbola nahita na oviana na oviana ny sofina tsy mbola nandre zavatra lehibe sy mahatalanjona loatra toy izay hitanay sy renay notenenin'i Jesoa tamin'ny Ray;

". . . *Tsy misy lela afaka miteny, tsy misy olona koa afaka manoratra, tsy hain'ny fon'ny olona koa ny misaintsaina ny zavatra lehibe sy mahatalanjona tokoa toy ny nahitanay sy ny nandrenesanay an' i Jesoa niteny.*"[10]

Mijanona ho tsy hay tantaraina ireo karazana fotoana masina ireo satria ny fitantarana, na dia azo atao aza izany, dia mety ho toy ny fanimbazimbana.

Ry rahalahy sy ranabavy isany, miaina ao anatin'ny tontolo eto an-tany isika miaraka amin'ny hira marobe izay tsy vitantsika ny mihira azy na tsy mbola hiraintsika. Kanefa miangavy ny tsirairay amintsika aho mba hijanona foana sy amim-pahatokiana ao anatin'ilay amboarampeo, izay toerana hahafahantsika hankamamy mandrakizay ilay hira faran'izay sarobidy indrindra dia "ny hiran' ny fitiavana manavotra."[11] Soa ihany fa tsy misy fetra ny isan'ny seza natokana ho an'izany antsan-kira izany. Misy toerana ho an'ireo izay miteny fiteny maro samihafa, mankamamy kolontsaina maro isan-karazany, ary miaina any amin'ny karazan-toerana maro dia maro ao. Misy toerana ho an'ny tokan-tena, ho an'ny manambady, ho an'ny fianakaviana misy zanaka maro sy ireo izay tsy niteraka ao. Misy toerana ho an'ireo izay nanana fanontaniana mikasika ny finoan'izy ireo taloha sy ireo izay mbola manam-panontaniana momba izany ao. Misy toerana ao ho an'ireo olona izay miaina zavatra hafa mifanohitra amin'ny fifanintonan'ny lehilahy sy ny vehivavy. Raha fintinina dia misy toerana ho an'ny olona rehetra izay tia an' Andriamanitra sy manaja ireo didiny ao izay anja-by fandrefesana tsy azo tsinontsinoavina ho an'ny fitondrantena



manokana, satria raha ny fitiavan' Andriamanitra no feon-kiran'ilay hira hitambarantsika dia azo antoka fa ny fikasana iraisantsika mba hankatò Azy no firindram-peo tena ilaina ao anatin'izany. Miaraka amin'ny didy avy amin' Andriamanitra momba ny fitiavana sy ny finoana, ny fibebahana sy ny famindram-po, ny fahamarinan-toetra sy ny famelan-keloka, dia misy toerana ato anatin'ity amboarampeo ity ho an'ireo rehetra izay maniry ny ho ao.[12] "Tongava amin'ny maha-ianareo anareo," hoy ny Ray be fitiavana amintsika tsirairay, kanefa nampiany hoe: "Fa aza manao drafitra ny hijanona amin'ny maha-ianareo anareo fotsiny." Mitsiky isika sady mahatsiaro fa Andriamanitra dia vonona hanao izay hahatonga antsika ho mihoatra izay noeritreretintsika fa mety hahatongavantsika.

Ato anatin'ity antsam-piderana lehibe ity izay ilay drafiny ho an'ny fisandratantsika dia enga anie isika hanaraka amim-panetrentena ny fitarihany ary hanohy hanao ezaka amin'ireo hira izay mbola tsy vitantsika ny mihira azy mandra-pahafahantsika manolotra ireo "antsa [ireo] ho an'ny Mpanjaka[ntsika]."[13] Dia indray andro any, ho toy ny lazain'ity hira mamintsika ity izany:

*Andao hihira, hidera, hihoby,*
*Hosana, hosana ho an'ilay Ray! . . .*
*. . . Raha ho avy ny Tompo, Jesoa Kristy!*[14]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ho avy izany ora izany, fa Andriamanitra, ilay Raintsika Mandrakizay dia handefa indray eto ambonin'ny tany ilay Zanany Lahitokana, amin'izay fotoana izay mba hanapaka sy hanjaka mandrakizay amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka Azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonany naverina tamin'ny laoniny ary izany no fiara hitondrana ireo fampianarana sy ireo ôrdônansin'ny famonjena ao amin'ny filazantsarany ho an'ny olombelona rehetra. Rehefa "niditra ny kaontinanta rehetra [sy] nitsidika ny firenena rehetra" ny hafany[15] dia [hasehon'i Jesoa tokoa] ny endriny mitsiky."[16] Hisy taramasoandro mandrakizay betsaka ho an'ny fanahintsika amin'io andro io. Mivavaka amim-piandrandrana izany ora nampanantenaina fa ho tonga izany aho , amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Ce jour, au coeur j'ai du soleil," *Cantiques,* lah. 144.
2. *Cantiques,* lah. 144.
3. *Cantiques,* lah. 144.
4. Romana 8:25.
5. *Cantiques,* lah. 144.
6. Bill Staines, "All God's Critters Got a Place in the Choir," tao amin'ny Laurel Thatcher Ulrich and Emma Lou Thayne, *All God's Critters Got a Place in the Choir* (1995), 4.
7. *Cantiques,* lah. 144.
8. Jereo ny Etera 12:4, 11.
9. William Shakespeare, *King Lear,* fizarana 1, fisehoana 1, andalana 79–80, 93–94.
10. 3 Nefia 17:16–17; nampiana fanamafisana.
11. Almà 5:26; jereo ihany koa ny Almà 26:13.
12. Jereo ny 2 Nefia 26:33.
13. *Cantiques,* lah. 144.
14. "Fanahin'ny Ray," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 56.
15. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 142.
16. *Cantiques,* lah. 144.



**Nataon'ny Loholona Gary B. Sabin**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mijoroa ao anaty ary aoka ho ao tanteraka

*Enga anie isika handinika indray ny lalantsika raha ilaina ka hibanjina ny hoavy amin'ny fanantenana sy finoana lehibe. Enga anie isika mba "hijoro ao anaty" amin'ny alalan'ny fahavitrihana ary ho "ao tanteraka."*

Taona maro lasa izay dia nihazakazaka nanatona ahy ny zafikelinay sady nilaza hoe: "Dadabe, dadabe! Matiko daholo ireo baolina telo tamin'ny lalao baolina nataonay androany!"

Novaliako tamim-pahavitrihana hoe: "Tsara be izany ry Sarah!"

Dia nijery ahy ny reniny avy eo sady nipi-paso no nilaza hoe: "Roa sy iray ny lalao tao."

Tsy sahy nanontany aho hoe iza no nandresy!

Ny fihaonambe dia fotoana iray fandinihana, handraisana fanambarana ary indraindray *fanitsiana ny lalan-kaleha*.

Misy orinasa mpampanofa fiara iray izay antsoina hoe NeverLost (tsy very mihitsy) mampiasa GPS. Raha mivily amin'ny lalan-diso ianao aorian'ny fampidirana ny toerana tokony halehanao, dia tsy miteny ilay feo mpanoro lalana hoe "Adala ianao!" Fa amin'ny feo mahafinaritra kosa izy no milaza hoe: "Eo am-pandinihana indray ny lalana, raha azo atao dia mandraisa lalana miverina."

Ao amin'ny Ezekiela isika dia mamaky izao fampanantena mahafinaritra izao:

"Fa raha ny ratsy fanahy miala amin'ny fahotana rehetra izay nataony ka mitandrina ny didiko rehetra ary manao izay marina sy mahitsy, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty.

"Ny fahadisoany rehetra izay nataony tsy hotsarovana aminy intsony."[1]

Tena fampanantenana mahafinaritra izany, saingy mitaky *rehetra* indroa izany vao mahazo ilay rehetra fahatelo. Miala amin'ny rehetra; mitandrina ny rehetra; izay vao voavela ny rehetra. Mitaky antsika ho "ao tanteraka" izany.

Isika dia tsy tokony ho tahaka ilay lehilay, nivoaka tamin'ny gazety *Wall Street Journal,* izay nandefa valopy feno vola niaraka tamin'ny taratasy tsisy anarana tany amin'ny ivon-ketra nilaza hoe: "Tompoko, Nampiarahiko etoana azafady ny vola izay anananareo ahy noho ny hetrako taloha. Fanamarihana: Raha mbola manenjika ahy ny eritreritro aorian'izao dia halefako aminareo ny ambiny."[2]

Tsy izany no fomba tokony hiainantsika! Tsy manao zavatra amin'ny ampahany isika mba hijerena izay kely indrindra azontsika atao mba tsy hitsaran'ny olona antsika. Ny Tompo dia mitaky fo sy saina marisika.[3] Ny fanolorantsika tena tanteraka! Rehefa atao batisa isika dia asitrika tanteraka ao anaty rano ho tandindon'ilay fampanantenantsika hanaraka tanteraka ny Mpanavotra, fa tsy hoe amin'ny ampahany fotsiny. Rehefa manolo-tena sy "ao tanteraka" isika, dia maneho ny heriny mba ho soa ho antsika ny lanitra.[4] Rehefa malaindaina isika na tsy tena manolo-tena tsara, dia tsy hahazo ireo fitahiana sasany tsara indrindra avy any an-danitra.[5]

Taona maro lasa izay dia nitondra ny Skoto nandeha nilasy tany an-tany foana aho. Natory teo akaikina afo lehibe iray izay nampirehetin'izy ireo ireo ankizilahy, ary tahaka ny mpitarika Skoto tsara rehetra dia natory tao aorian'ny fiarako aho. Rehefa nifoha aho ny maraina ka nijery ilay tobimpilasiana dia nahita Skoto iray, izay hantsoiko hoe Paul, izay toa reraka be. Nanontaniako izy raha toa ka natory tsara, dia namaly izy hoe: "Tsy dia tsara."

Rehefa nanontany aho hoe nahoana, dia hoy izy hoe: "Nangatsiaka aho. Maty ilay afo."

Novaliako hoe: "Fomban'ny afo izany. Angaha tsy nafana tsara ny kitapo lamba fatorianao?"

Tsy namaly izy.

Dia nanazava mafy ny iray tamin'ireo Skoto hafa hoe: "Tsy nampiasa kitapo lamba fatoriana izy."

Sady gaga aho no nanontany hoe: "Fa nahoana ry Paul?"

Tsy niteny izy. Nony farany dia niahotrahotra izy namaly hoe: "Nihevitra aho hoe raha tsy avoakako ny kitapo lamba fatoriako dia tsy ho voatery hamalona izany indray aho."

Ny tena marina: niaritra hatsiaka nandritra ny ora maro izy satria nanao izay tsy hanaovany asa dimy minitra. Mety hieritreritra isika hoe "Hadalana re izany e! Iza no hanao izany?" Manao izany foana amin'ny fomba mampididoza kokoa aza isika. Eny tokoa, mandà ny hamoaka ny kitapo lamba fatoriantsika ara-panahy isika rehefa tsy maka fotoana hivavahana amin-kitsim-po, handalinana ary hiainana amin-kitsim-po isan'andro ny

filazantsara. Tsy hoe ho faty fotsiny ny afo, fa tsy ho voaro isika ary hihamangatsiaka ara-panahy.

Rehefa afa-po amin'ny fanekempihavanantsika isika ka tsy mahalala ny loza ho avy dia tompon'andraikitra amin'ny vokany. Nanoro hevitra antsika ny Tompo ny "mba hitandremanareo ny momba ny tenanareo, mba hitandremanareo fatratra ny tenin' ny fiainana mandrakizay."[6] Ary mbola nanambara izy avy eo hoe: "Tsy hodiovin' ny rako izy raha tsy mihaino Ahy."[7]

Raha ny marina dia mora lavitra kokoa ny "ao tanteraka" toy izay aoao fotsiny. Rehefa aoao fotsiny isika na tsy ao mihitsy, dia misy "zavatra tsy milamina" ao, araka ilay fomba fiteny ao amin'ny *La guerre des étoiles*. Tsy mifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra isika ary noho izany dia tsy mifanaraka amin'ny toetry ny fahasambarana.[8] Hoy i Isaia hoe:

"Fa ny ratsy fanahy dia tahaka ny ranomasina misamboaravoara, eny, tsy mety tafatoetra izy, ka ny ranony dia mamoaka loto sy fotaka.

"Tsy misy fiadanana ho an'ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitro."[9]

Soa ihany fa na aiza na aiza no misy antsika na taiza no nisy antsika dia tsy lavitra ny Mpamonjy isika, izay nilaza hoe: "Koa na zovy na zovy no mibebaka sy mankatỳ Amiko toy ny ankizy madinika, dia izy no horaisiko, fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. Indro, an' ny toa azy no efa nanolorako ny Aiko sy efa nakako izany indray."[10]

Rehefa mibebaka sy miantehitra amin'ny Tompo tsy tapaka isika, dia mahazo hery raha toa ka miverina manana ny fanetrentena sy ny finoana ananan'ny zaza madinika,[11] manankarena ny fahendrena avy amin'ny fiainana feno traikefa. Nanambara i Joba hoe: "Ny marina mifikitra tsara amin'ny halehany, Ary izay madio tànana no hitombo hery."[12] I Tennyson no nanoratra hoe: "Toy ny tanjaky ny olona folo ny tanjako, satria madio am-po aho."[13] Nanoro hevitra antsika ny Tompo hoe: "Mitsangàna eo amin' ny toerana masina ianareo ary aoka tsy hoesorina."[14]

Nodimandry tamin'ny faha-19 taonany ny zanakay lahy rehefa avy niady tamin'ny aretina nandritra ny fiainany. Tao anatin'ny lahateny iray nandritra ny fivoriana Fanasan'ny Tompo izay nataony fotoana fohy talohan'ny nandaozany anay dia nizara tantara iray izy izay mety tena nanan-danja taminy momba ny raim-pianakaviana iray sy ny zanany lahy izay niditra tao amina trano fivarotana kilalao iray nahitana kitapo fikotranana azo abontsika niendrika olona. Nomen'ilay zazalahy totohondry ilay sarin'olona azo abontsina izay nitongilana sy tonga dia nitsamboatra niverina isaky ny omena totohondry. Nanontanian'ilay raim-pianakaviana ilay zanany lahy hoe nahoana ilay olona no mitsamboatra miverina foana. Nieritreritra kely ilay zazalahy ary avy eo dia niteny hoe: "Tsy fantatro. Angamba satria mijoro izy ao anatiny ao." Mba ho "ao tanteraka," dia mila "mijoro ao anaty" isika, "na inona na inona hitranga."[15]

Mijoro ao anaty isika rehefa miandry amim-paharetana ny Tompo hanala na hanome hery antsika hiaretana ireo tsilo amin'ny nofontsika.[16] Izany tsilo izany dia mety ho aretina, kilema, aretin-tsaina, fahafatesan'olon-tiana, sy olana maro hafa.

Mijoro ao anaty isika rehefa mampiakatra ireo tanana miraviravy. Mijoro ao anaty isika rehefa miaro ny fahamarinana amin'ny tontolo ratsy fanahy sy tsy mivavaka izay mihalasa tsy tia hazavana hatrany, miantso ny ratsy ho tsara sy ny tsara ho ratsy[17] ary "[manameloka] ny marina noho ny fahamarinany."[18]

Na dia eo aza ireo zava-manahirana dia azo atao ny mijoro ao anaty satria manana eritreritra madio sy noho ny toky mankahery sy mampionona omen'ny Fanahy Masina ary ny fomba fijery mandrakizay izay mihoatra ny fahatakaran'olombelona.[19] Nihoby tamim-pifaliana isika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana noho ny fahafahana hiaina ny fiainana antany.[20] "Tao tanteraka" isika tamin'izany rehefa nanapa-kevitra ny ho mpiaro



ny drafitry ny Raintsika any An-danitra. Izao no fotoana hanapahan-kevitra ka hiaro indray ilay drafiny!

Vao tsy ela ny raiko izay 97 taona no nodimandry. Isaky ny misy manontany azy momba ny fahasalamany dia izao foana ny valinteny omeny: "Raha eo amin'ny mari-drefy anelanelan'ny 1 sy 10 dia eo ho eo amin'ny 25 eo aho!" Na dia efa tsy afaka nitsangana na nipetraka mihitsy intsony sy nanana fahasarotana be teo amin'ny firesahana aza izany lehilahy malala izany, dia mbola izany ihany ny valinteniny. Nijoro tao anaty foana izy.

Tamin'ny faha-90 taonan'ny dadako dia tao anatina seranam-piaramanidina iray izahay dia nanontaniako izy raha hakana seza misy kodiarana. Hoy izy hoe: "Tsia ry Gary a! rehefa antitra angamba aho." Dia nampiany hoe: "Sady rehefa reraka mandeha aho dia mbola afaka mihazakazaka foana." Rehefa tsy afaka ny ho "ao tanteraka" isika amin'ny fomba fandehanantsika dia mety mila mihazakazaka isika; mety mila mandinika indray ny lalantsika isika. Mety mila miverin-dalana mihitsy isika. Mety mila mandalina amin'ny fo kokoa isika na mivavaka mafimafy kokoa na tsy miraharaha fotsiny amin'izao ny zavatra vitsisitsy mba hahafahantsika mifikitra amin'ireo zavatra izay tena manan-danja. Mety mila tsy miraharaha ny zavatr'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika mifikitra amin'ny mandrakizay. Takatry ny raiko izany.

Rehefa tao amin'ny tafika andranomasina izy nandritra ny Ady lehibe faharoa dia nisy ireo izay tao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka[21] izay nihomehy ireo fitsipiny, saingy nisy roa tamin'ireo mpiray sambo taminy, i Dale Maddox sy i Don Davidson, nahatsikaritra izany sady tsy nihomehy. Nanontany izy ireo hoe: "Sabin a! fa maninona ianao no hafa be amin'ny olona rehetra? Manana fitondran-tena ambony sy tsy misotro na mifoka na miteny ratsy ianao nefa toa tony sy faly."

Tsy araka ny zavatra nianarany mikasika ny Môrmôna ny zavatra tsara tsapan'izy ireo momba ny raiko, ary afaka nampianatra sy nanao batisa ireo mpiray sambo roa ireo ny raiko. Tezitra mafy ny ray aman-drenin'i Dale ary nampitandrina azy fa raha lasa mpikamban'ny Fiangonana izy dia tsy ho azy intsony i Mary Olive malalan'ny fony, saingy nihaona tamin'ireo misiônera izy rehefa nangatahiny ary dia natao batisa ihany koa.

Rehefa akaiky ho tapitra ny ady dia niantso misiônera ny Filoha Heber J. Grant ka tafiditra tamin'izany ny lehilahy vitsivitsy izay efa nanambady. Tamin'ny 1946 dia nanapa-kevitra i Dale sy i Mary Olive vadiny fa tokony hanompo i Dale na dia niandry ny zanak'izy ireo voalohany aza izy ireo. Taty aoriana izy ireo dia nanana zanaka sivy, telo lahy sy enim-bavy. Samy nanao asa fitoriana avokoa izy sivy ireo, narahin'i Dale sy i Mary Olive izay nanompo misiôna telo. Am-polony ihany koa ireo zafikely izay nanompo. Mpikambana ao amin'ny Amboarampeon'ny Tabernakely ny roa amin'ireo zanany lahy, dia i John sy i Matthew Maddox, ary toy izany koa i Ryan, vinantolahin'i Matthew. Miisa 144 izao ny fianakavian'i Maddox ary ohatra tena mahafinaritra ny amin'ny hoe "ao tanteraka."

Rehefa nisavasava ireo taratasin'ny raiko izahay dia nahita taratasy iray avy tamin'i Jennifer Richards, iray tamin'ireo zanakavavy dimin'i Don Davidson, ilay mpiray sambo iray hafa. Nanoratra izy hoe: "Nanova ny fiainanay ny fahamarinanao. Sarotra ny manakatra hoe ho nanao ahoana ny fiainanay raha tsy nisy ny Fiangonana. Maty nitia ny filazantsara sy niezaka niaina izany hatramin'ny farany ny raiko."[22]

Sarotra ny mandrefy ny fiantraikany tsara mety entin'ny tsirairay rehefa mijoro ao anaty. Ny raiko sy ireo izay mpiray sambo taminy dia tsy nanaiky nihaino ireo izay tao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka izay nanondro tamin'ny ratsan-tanana mamingavinga.[23] Fantatr'izy ireo fa tsara lavitra kokoa ny manaraka ilay Mpahary toy izay manaraka ny fanaon'ny olona.

Mety nanoritsoritra ny androntsika i Paoly Apôstôly raha niteny tamin'i Timoty hoe "[ny sasany nivily], ka nania ho amin'ny taria foana izy."[24] Betsaka ny "taria foana" izay miseho eo amin'izao tontolo izao ankehitriny. Izany no resaka ifanaovan'ireo izay ao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka.[25] Matetika dia mitranga amin'ny endriky ny fanamarinan-tena mba hanamarinana ny faharatsiana izany na miseho ho azy rehefa miala haingana amin'ny filazantsara ny olona. Indraindray izany dia avy amin'ireo izay tsy nanao izay tokony ho nataony mba ho "ao tanteraka" ka naleony nanaraka ilay olona araka ny nofo izay manohitra ny mpaminany.

Soa ihany fa fantatsika ny fiafaran'ireo izay mahatoky. Rehefa "ao tanteraka" isika dia azontsika ilay toky ho an'ny rehetra fa "ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra."[26] Araka ny nolazain'ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: "Aza matahotra, manàna fiainana marina fotsiny."[27]

Ny rafozan-dahiko dia nampianatra tao BYU ary tiany ny baolina kitra amerikana tao BYU saingy tsy sahy nijery ny lalaon'izy ireo izy satria natahotra ny voka-dalao. Dia nisy zavatra nahafinaritra niseho, nohariana ny magnetoscope, izay nanome fahafahana azy hirakitra an-tsary ireo lalao. Raha toa ka nandresy i BYU dia jereny amim-patokiana tanteraka ilay rakitsary, izay efa azony antoka tanteraka ny ho fiafarany! Raha toa ka voasazy tsy aradrariny izy ireo, na naratra, na mila ho resy any akaikin'ny fiafaran'ny lalao dia tsy natahotra izy satria fantany fa handresy izy ireo! Mety hiteny ianareo hoe nanana "fanantenana mamirapiratra sy lavorary" izy![28]


Dia toy izany koa ny amintsika. Rehefa mahatoky isika dia afaka manana antoka mitovy amin'izany fa hilamina tsara ny zava-drehetra amin'ny farany. Azo antoka ny fampanantenan'ny Tompo. Tsy midika akory izany fa ho mora na tsy hisy ranomaso ity fiainana fianarana ity, fa araka ny nosoratan'i Paoly hoe: "Izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy."[29]

Ry rahalahy sy ranabavy, tsy misy olona nanota ho an'ny rahampitso

izany. Enga anie isika handinika indray ny lalantsika raha ilaina ka hibanjina ny hoavy amin'ny fanantenana sy finoana lehibe. Enga anie isika mba "hijoro ao anaty" amin' ny alalan'ny fahavitrihana ary ho "ao tanteraka." Enga anie isika ho madio sy ho feno herim-po amin'ny fiarovana ny drafitry ny Raintsika any An-danitra sy ny asa nanirahana ny Zanany, ilay Mpamonjy antsika. Zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona fa velona ny Raintsika, fa i Jesoa no Kristy, ary tena misy ny drafitra lehiben'ny fahasambarana. Mivavaka aho ny mba hirotsahan'ny fitahian'ny Tompo tsara indrindra eo aminareo ary izany no ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ezekiela 18:21–22.
2. Jereo ohatra ny Roy B. Zuck, boky natambatra, *The Speaker's Quote Book: Over 5,000 Illustrations and Quotations for All Occasions* (2009), 107–8.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:6.
5. Jereo ny Apokalypsy 3:15–16.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:17.
8. Jereo ny Almà 41:11.
9. Isaia 57:20–21.
10. 3 Nefia 9:22.
11. Jereo ny 3 Nefia 11:37–38.
12. Joba 17:9.
13. Alfred Tennyson, "Sir Galahad," ao amin'ny *Poems of the English Race*, nofantenin'i Raymond MacDonald Alden (1921), 296.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
15. Jereo ny Joseph B. Wirthlin, "Come What May, and Love It," *Liahona*, nôv. 2008, 26–28.
16. Jereo ny 2 Korintiana 12:7.
17. Jereo ny Isaia 5:20.
18. Helamàna 7:5.
19. Jereo ny Filipiana 4:7.
20. Jereo ny Joba 38:7.
21. Jereo ny 1 Nefia 8:26.
22. Taratasy nosoratan'i Jennifer Richards ho an'i Marvin Sabin, tamin'ny 5 jolay 2009.
23. Jereo ny 1 Nefia 8:27, 33.
24. 1 Timoty 1:6.
25. Jereo ny 1 Nefia 8:26–28.
26. Romana 8:28.
27. Jereo ny Bangambiki Habyarinmana, *Inspirational Quotes for All Occasions* (2013).
28. 2 Nefia 31:20.
29. 1 Korintiana 2:9.



**Nataon'ny Loholona Valeri V. Cordón**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Ny fitenin'ny filazantsara

*Ny fampianarana mandresy lahatra dia faran'izay manan-danja mba hitehirizana ny filazantsara ao amin'ny fianakaviantsika, ary mitaky zotom-po sy ezaka izany.*

Taorian'ny niantsoana ahy ho Manampahefana Ambony dia niala tao Costa Rica ka nifindra teto Salt Lake City niaraka tamin'ny fianakaviako aho mba hanatanteraka ny asa nampanaovina ahy voalohany. Nahazo fahasoavana aho teto Etazonia fa afaka namangy olona mahafinaritra izay manana tantara sy kolontsaina momba ny foko samihafa niaviany avy. Maro amin'izy ireo no tahaka ahy izay teraka tany amin'ireo firenena ao Amérique Latine.

Tsikaritro fa ny maro amin'ireo taranaka voalohany manana firazanana Espaniôla eto dia mampiasa ny teny Espaniôla ho fiteny fototra ary mampiasa ny teny Anglisy ilaina hahafahana mifanerasera amin'ny hafa. Ny taranaka faharoa, izay na teraka teto Etazonia na tonga teto tamin'ny fahazazany mba hianatra, dia miteny Anglisy tsara ary angamba miteny Espaniôla sadasada. Ary matetika rehefa tonga eo amin'ny taranaka fahatelo dia tsy ampiasain'izy ireo intsony ny teny Espaniôla, izay fitenin'ny razamben'izy ireo.[1]

Araka ny fomba fiteny amin'ny haitsikerafiteny dia antsoina amin' ny fomba tsotra hoe "fahaverezan'ny fiteny" izany. Ny fahaverezan'ny fiteny dia mety hitranga rehefa mifindra any amin'ny tany vahiny izay tsy ampiasan'ny besinimaro ny fitenin-drazan'izy ireo ireo fianakaviana. Tsy eo anivon'ireo olona manana firazanana Espaniôla ihany izany no mitranga, fa eo anivon'ireo mponina manerana izao tontolo izao ihany koa izay ahitana ny fanoloana ny tenin-dreny mba hanomezana vahana ny fiteny vaovao iray.[2] Na i Nefia aza, izay mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia nanahy ny amin'ny hahavery ny fitenin-drazany rehefa niomana ny hifindra tany amin' ny tany nampanantenaina izy. Nanoratra i Nefia hoe: "Ary indro, fahendren' Andriamanitra ny hahazoantsika ireo



rakitsoratra ireo mba *hahazoantsika mitahiry ny fitenin'ny razantsika ho an'ny zanatsika*."[3]

Fa i Nefia dia nanahy ihany koa ny amin'ny hahaverezan'ny karazampiteny iray hafa. Notohizany ao amin' ny andininy manaraka hoe: "Ary koa mba *hahazoantsika mitahiry ho azy ny teny naloaky ny vavan'ny mpaminany masina rehetra*, izay efa natolotra azy ireny tamin'ny alalan'ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra, hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao ka hatramin'izao fotoana ankehitriny izao."[4]

Tsikaritro fa misy zavatra itovizana ny fitehirizana ny tenin-dreny sy ny fitehirizana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainantsika.

Anio, ao anatin'ny fifanahafana ataoko, dia te hanamafy fiteny iray aho. Tsy fiteny iray manokana eto an-tany izany fa fiteny iray mandrakizay izay tsy maintsy tehirizina ao amin'ny fianakaviantsika ka tsy avela ho very mihitsy. Ny fitenin'ny[5] filazantsaran'i Jesoa Kristy no resahiko. Ny tiako holazaina amin'ny hoe "fitenin'ny filazantsara" dia ny fampianarana rehetra avy amin'ireo mpaminanintsika, ny fankatoavantsika ireo fampianarana ireo, ary ny fanarahantsika fomba amam-panao mendrika.

Hiresaka fomba telo azo hitehirizana io fiteny io aho.

#### Voalohany: Mazoto sy mikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny Tompo dia nanasa mpikambana maro nanana ny maha-izy azy tao amin'ny Fiangonana, ka anisan'izany i Newel K. Whitney, mba handamina ny tokantranony. Hoy ny Tompo hoe: "Newel K. Whitney mpanompoko . . . dia tokony hanarina sy handamina ny ankohonany koa ka hanao izay hahatonga *azy ireo hazoto sy hikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano* ary hivavaka mandrakariva fa raha tsy izany dia hoesorina hiala amin'ny toerany izy ireo."[6]

Antony iray mahatonga ny fahaverezan'ny fiteny ny tsy fanokanan'ny ray aman-dreny fotoana hampianarana an'ireo zanany ny fitenin-drazany. Tsy ampy ny *miteny* fotsiny an'ilay fiteny ao an-tokantrano. Raha maniry ny hitahiry ny fiteniny ireo ray aman-dreny dia tsy maintsy *ampianarina* izany. Ny fikarohana natao dia nahitana fa ireo ray aman-dreny manao ezaka an-tsitrapo mba hitahiry ny fitenin-drazany dia mizotra mankany amin'ny fahombiazana amin'ny fanaovana izany.[7] Koa inona ary ny ezaka an-tsitrapo azo atao hitehirizana ny fitenin'ny filazantsara?

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampitandrina fa "ny tsy fahampian'ny fampianarana ny filazantsara sy ny fanehoana ohatra ao an-trano" dia antony iray manana hery lehibe izay mety hampitsahatra ny fanohizan'ireo taranaka maro mifandimby ao amin'ny fianakaviana hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana.[8]

Noho izany dia azontsika fintinina avy amin'izany fa ny fampianarana mandresy lahatra dia faran'izay manandanja mba hitehirizana ny filazantsara ao amin'ny fianakaviantsika, ary mitaky zotom-po sy ezaka izany.

Efa nasaina imbetsaka isika mba hanorina fahazarana hanao fandalinana soratra masina isan'andro iarahana amin'ny fianakaviana sy ataon'ny tena manokana.[9] Maro ireo fianakaviana manao izany no manjary lasa miray hina bebe kokoa isan'andro sy lasa manana fifandraisana akaiky kokoa amin'ny Tompo.

Amin'ny fotoana manao ahoana no hitranga ny fandalinana soratra masina? Hitranga izany rehefa mandray andraikitra hanao fandalinana soratra masina ireo ray aman-dreny ary manasa amimpitiavana ny fianakaviana mba hiaraka hivory hanao fandalinana. Sarotra ny hieritreritra ny hitrangan'izany fandalinana izany amin'ny fomba hafa.

Ry ray aman-dreny, aza avela ho very fotsiny ny fahafahana hahazo ireo fitahiana lehibe ireo. Aza miandry hoe efa tsy misy azo atao intsony!

#### Faharoa: Ny fanehoana ohatra mafonja ao an-tokantrano

Ny manampahaizana iray amin'ny haitsikerafiteny dia nanoratra fa, mba hitehirizana ny fitenin-drazana iray dia "mila *manao izay hahatonga ilay fiteny ho mahaliana* ny zanakareo ianareo."[10] "Manao izay hahatonga ilay fiteny ho mahaliana" isika rehefa miara-miasa ny fampianarantsika sy ny fanehoantsika ohatra.

Fony aho mbola kely dia niasa tao amin'ny orinasan-draiko aho nandritra ny fialan-tsasatra. Ny fanontaniana voalohany napetraky ny raiko hatrany rehefa avy nandray ny karamako aho dia ny hoe: "Inona izao no hataonao amin'ny volanao?"

Fantatro ny valiny ka mamaly aho hoe: "Mandoa ny fahafolonkarenako sy manao tahiry hanaovako asa fitoriana."

Rehefa avy niara-niasa taminy nandritra ny valo taona teo aho, ary namaly tsy tapaka ilay fanontaniany dia nihevitra ny raiko fa nampianatra ahy mikasika ny fomba handoavako ny fahafolonkarenako izy. Ny zavatra tsy fantany dia hoe tao anatin'ny faran'ny herinandro iray monja no nianarako io fitsipika manan-danja io. Mamelà ahy hilaza aminareo ny fomba nianarako izany fitsipika izany.

Taorian'ny trangan-javatra vitsivitsy nifandray tamin'ny ady an-trano iray tao Amerika Afovoany dia bankirompitra ny orinasan'ny raiko. Niainga tamin'ny fananana mpiasa 200 niasa tamin'ny fotoana feno izy ary niafara tamin'ny mpanjaitra latsaky ny dimy izay niasa tao amin'ny efitra fiantsonan'ny fiara tao an-tranonay rehefa nilaina. Indray andro, tao anatin'izany fotoan-tsarotra izany, dia reko niresaka ireo ray aman-dreniko raha toa izy ireo ka tokony handoa fahafolonkarena na hividy sakafo ho an'ny zanany.

Ny alahady dia nanaraka ny raiko aho mba hijery izay hataony. Taorian'ny fotoam-pivavahana dia hitako izy naka valopy iray dia nametraka ny fahafolonkarenany tao anatin'izany. Ampahany tamin'ilay lesona fotsiny izay. Ny fanontaniana mbola nilako valiny dia ny hoe inona no hohaninay.

Ny alatsinainy vao maraina be dia nisy olona vitsivitsy nandondona ny varavaranay. Rehefa novohako ny varavarana dia nanontany izy ireo raha tao ny raiko. Niantso azy aho, ary rehefa tonga izy dia niresaka taminy momba ny fisian'ny zavatra zairina izay ilain'izy

ireo faran'izay haingana ireo mpitsidika. Nolazain'izy ireo azy fa tena ilaina maika ilay zavatra zairina ka handoa ny vidin'izany mialoha izy ireo. Tamin'izay andro izay aho dia nianatra ny fitsipika momba ny fandoavana fahafolonkarena sy ny fitahiana azo avy amin'izany.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao ny Tompo dia miresaka mikasika ny fanehoana ohatra. Hoy Izy hoe: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa ny ataon'ny Zanaka."[11]

Tsy ampy ny *miresaka* fotsiny amin' ny zanatsika momba ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana any amin'ny tempoly, ny fifadian-kanina, ary ny fitandremana ny andro Sabata ho masina. Tokony ho hitany isika mampiditra ao anatin'ny fandaharam-potoantsika ny fankanesana any amin'ny tempoly im-betsaka araka izay azontsika atao. Mila mahita ny fanolorantenantsika hifady hanina tsy tapaka[12] sy hihazona ny tontolo andron'ny Sabata ho masina izy ireo. Raha toa ireo zatovontsika ka tsy mahavita mifady hanina mandritra ny fotoam-pisakafoanana roa misesy, tsy mahavita mandalina tsy tapaka ny soratra masina, ary tsy mahavita mamono ny fahitalavitra mandritra ny lalao ara-panatanjahan-tena iray lehibe rehefa alahady, moa ve izy ireo hanana ny fitsipi-pifehezana ara-panahy an'ny



tena manokana mba hanoherana ny fakam-panahy mahery vaika eto amin'ity tontolo feno olona ankehitriny ity, ka anisan'izany ny fakam-panahin'ny pôrnôgrafia?

#### Fahatelo: Ny fomba amam-panao

Fomba iray mety hampiova na hahavery ny fiteny iray ny fampifangaroana ireo fiteny sy fomba amam-panao hafa amin'ny fitenin-drazana iray.[13]

Tao anatin'ireo taona voalohandohany taorian'ny nitsanganan'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny dia nanasa mpikambana maro nanana ny maha-izy azy tao amin'ny Fiangonana ny Tompo mba handamina ny tokantranon'izy ireo. Natombony tamin'ny firesahana fomba roa mety hamoizantsika ny fahazavana sy ny fahamarinana ao an-tokantranontsika ny fanasany: "Ary tonga ilay ratsy ka *manaisotra amin' ny zanak' olombelona ny fahazavana sy ny fahamarinana,* amin'ny alalan'ny *tsy fankatoavana,* sy *noho ny fomban-drazany.*"[14]

Amin'ny maha-fianakaviana antsika dia mila miala amin'izay mety ho fomban-drazana hanakana antsika amin'ny fitandremana ny andro sabata ho masina isika na amin'ny fanaovana fandalinana soratra masina sy vavaka ao an-tokantrano. Mila mandray fepetra isika mba tsy hidiran'ny pôrnôgrafia sy ny fitarihana ratsy hafa rehetra ao antranontsika amin'ny alalan'ny fitaovana elektrônika ampiasaintsika. Mba handresena ny fomba amam-panaon'izao tontolo izao ankehitriny dia mila mampiasa ny soratra masina sy ny feon'ireo mpaminany maoderina isika mba hampianarana an'ireo zanatsika mikasika ny maha-zanak'Andriamanitra azy ireo, ny tanjony eo amin'ny fiainana, ary ny asa masina nanirahana an'i Jesoa Kristy.

#### Famaranana

Mahita ohatra maro momba ny "fahaverezan'ny fiteny"[15] isika ao amin' ny soratra masina. Ohatra:

"Ankehitriny ny zava-nitranga dia nisy maro tamin'ny taranaka vao misondrotra, izay *tsy nety nahatakatra ny tenin'* i Benjamina mpanjaka noho izy mbola ankizy madinika tamin'ny fotoana nitenenany tamin'ny olony; ary tsy nino ny fomban-drazany izy. . . .

"Ary ankehitriny noho ny tsy finoany *dia tsy nety nahatakatra ny tenin'Andriamanitra izy;* ary nohamafisina ny fony."[16]

Lasa fiteny tsy hay ny filazantsara ho an'ny taranaka vao misondrotra. Ary raha toa ka hiadian-kevitra indraindray ny tombontsoa azo avy amin'ny fitazonana ny fitenin-drazana iray, dia *tsy misy adihevitra* ny amin'ny vokatra mandrakizay ateraky ny fahaverezan'ny fitenin'ny filazantsara ao antokantranontsika, raha ny sahan-kevitry ny drafitry ny famonjena no jerena.


Amin'ny maha-zanak' Andriamanitra antsika dia olona tsy lavorary miezaka mianatra fiteny lavorary isika.[17] Tahaka ny reny iray izay mangoraka ireo zanany mbola kely, ny Raintsika any An-danitra dia manana faharetana amin'ny tsy fahalavorariantsika sy ny fahadisoantsika. Sarobidy Aminy sy takany tsara ny tsy fahaizantsika miteny rehefa mivavaka, izay tononina amin-kitsim-po, ka toy ireny hoe tononkalo tena tsara ireny izany. Mahafaly Azy ny mandre ny tenin'ny filazantsara tononintsika voalohany. Mampianatra antsika amin'ny fitiavana tonga lafatra Izy.

Tsy misy fahatontosana eto amin'ity fiainana ity, na dia tena lehibe toy ny inona aza izany, izay hanan-danja raha tsy mahay ny fitenin'ny filazantsara ny fianakaviantsika.[18] Mijoro ho vavolombelona aho fa hitahy antsika amin'ny ezaka ataontsika ny Ray any An-danitra rehefa miezaka manaiky ny fiteniny isika, mandra-pahatonga antsika ho tena mahay tsara io fomba fifandraisana avo lenta io mihitsy aza, izay efa fitenindrazantsika hatrizay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Eo anivon'ireo manana firazanana Espaniôla, rehefa tonga eo amin'ny taranaka fahatelo, "Ny tahan'ny fampiasana ny teny Anglisy fotsiny ihany dia . . . 72 isan-jato" (Richard Alba, "Bilingualism Persists, but English Still Dominates," Migration Policy Institute, 1 feb. 2005, migrationpolicy.org/article/bilingualism-persists-english-still-dominates).
2. "Ny tsy fitenenana afa-tsy ny teny Anglisy no ohatra arahana izay mahazo vahana

indrindra eo amin'ny taranaka fahatelo" (Alba, "Bilingualism Persists, but English Still Dominates").
3. 1 Nefia 3:19; nampiana fanamafisana.
4. 1 Nefia 3:20; nampiana fanamafisana.
5. Ny fiteny iray dia azo faritana ho toy ny "rafitra hoentina mifanerasera ampiasain'ny firenena na fiarahamonina iray voafaritra tsara" (Oxford Living Dictionaries, "language," oxforddictionaries.com).
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:50; nampiana fanamafisana.
7. "Azo atao tsara [ny mitahiry ny fitenindrazana iray], saingy mila fanolorantena sy famolavolana drafitra izany" (Eowyn Crisfield, "Heritage Languages: Fighting a Losing Battle?" onraisingbilingualchildren.com/2013/03/25/heritage-languages-fighting-a-losing-battle). "Ohatra: ireo olona miteny Alemana any amin'ny Midwest dia nahomby tamin'ny fitazonana ny fitenin-drazany tao anatin'ireo taranaka maro nifandimby" (Alba, "Bilingualism Persists, but English Still Dominates").
8. David A. Bednar, "Taranaka maro mifandimby ao amin'ny fianakaviana," ao amin'ireo fivoriana ho an'ny mpitarika mandritra ny fihaonamben' ny Fiangonona maneran-tany, apr. 2015, broadcasts.lds.org.
9. Misy ohatra maoderina iray izay torolalana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Manoro hevitra ny ray aman-dreny sy ny zanaka izahay mba hanao ho laharampahamehana ny vavaky ny mpianakavy, ny takarivan'ny mpianakavy, ny fandalinana sy ny fampianarana ny filazantsara, ary ireo fiaraha-mientana mahasoa ataon'ny mpianakavy" (First Presidency letter, 11 feb. 1999).
10. "Mila *manao izay hahatonga ilay fiteny ho mahaliana* ny zanakareo ianareo mba hahafahan'izy ireo mahatakatra izany sy mifanerasera amin'ny hafa ary mahatsapa ho isan'ireo olona izay asehon'izany fiteny izany ny maha-izy azy "(Crisfield, "Heritage Languages: Fighting a Losing Battle?"; nampiana fanamafisana).
11. Jaona 5:19.
12. "Amin'ny ankapobeny, ny fanajana ny andro fifadian-kanina araka ny tokony ho izy dia ahitana ny tsy fihinanana sakafo sy fisotroana zava-pisotro mandritra ny fotoam-pisakafoanana roa misesy ao anatin'ny fe-potoana 24 ora, ny fanatrehana ny fivoriana fifadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona, ary ny fanomezana fanatitra amin'ny fifadian-kanina aminkalalahan-tanana mba hanampiana ireo sahirana" (*Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* [2010], 21.1.17).
13. Jereo ny Ômnia 1:17.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:39; nampiana fanamafisana.
15. Ao amin'ny sahan-kevitr'ity lahateny ity dia ny fomba mety hahavery ny filazantsara no tiana holazaina amin'ny hoe "fahaverezan'ny fiteny" (jereo ny Mpitsara 2:10; Ômnia 1:17; 3 Nefia 1:30).
16. Môsià 26:1, 3; nampiana fanamafisana.
17. Jereo ny Matio 5:48; 3 Nefia 12:48.
18. Jereo ny Matio 16:24–26.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mandresy izao tontolo izao

*Ny fandresena izao tontolo izao dia tsy atao ao anatin'ny fotoana iray manokana eo amin'ny fiainana, fa atao kosa mandritra ny fiainana iray manontolo ao anatin'ny fotoana maromaro izay mamaritra izay hiafarana mandrakizay.*

Taona maro lasa izay dia nitantara zavatra niainany kanto iray nandritra ny fandehanany sambo nankany Samoa ny Filoha David O. McKay. Rehefa resin-tory izy dia "nahita tamin'ny fahitana zavatra iray faran'izay masina. Avy lavitra," hoy izy "izaho dia nahita tanàna fotsy tsara tarehy. . . . Feno hazo misy voany tena matsiro . . . sy voninkazo mamelana tsara maniry eny rehetra eny. Nisy andian'olona tsy hita isa nanatona ilay tanàna. Nanao akanjo fotsy lava ny olona tsirairay avy. . . . Tampoka teo . . . dia nifantoka tamin'ny mpitarika azy ireo ny fijeriko, ary na dia ny endrikendriny fotsiny aza no hany hitako . . . , dia fantatro avy hatrany ho ny Mpamonjy ahy Izy! Ny . . . famirapiratan'ny tarehiny [dia] feno voninahitra. . . . [Ny] fiadanana nanodidina Azy . . . dia masina!"

Notohizan'ny Filoha McKay hoe: "Ilay tanàna . . . dia Azy . . . ilay Tanàna antsoina hoe Mandrakizay. Ary ireo olona nanaraka Azy dia natao honina ao amim-piadanana sy amimpahasambarana mandrakizay."

Nanontany tena ny Filoha McKay hoe: "Iza ary ireo? [Iza ireo olona ireo?]"

Nanazava ny zavatra nitranga manaraka izy:

"Toy ny hoe nahafantatra ny eritreritro ny Mpamonjy, dia namaly tamin'ny alalan'ny fanondroana [teny tao anatin'ny] antsasa-paribolana iray Izy izay . . . nipoitra teo amboni [n'ireo olona ireo] . . . izay nosoratana tamin'ny loko mivolom-bolamena manao hoe . . . :

*"'Ireo no ireo izay naharesy izao tontolo izao,*

*'Ireo izay tena nateraka indray!'"*[1]

Tsaroako nandritra ny taona maro ireo teny hoe: "Ireo no ireo izay naharesy izao tontolo izao."

Ny fitahiana nampanantenain'ny Tompo an'ireo izay maharesy izao tontolo izao dia mahatalanjona. "Hitafy lamba fotsy [izy ireo] . . . ary [hosoratana ao amin'ny] bokin'ny fiainana [ny anarany.]" Ny Tompo dia "hanaiky ny [anaran'izy ireo] eo anatrehan'ny Ray sy eo anatrehan'ny anjeliny."[2] Izy tsirairay avy dia "hanana anjara amin'ny fitsanganana voalohany amin'ny maty,"[3] hahazo ny fiainana mandrakizay,[4] "ary

tsy hiala . . . intsony"[5] eo anatrehan' Andriamanitra.

Azo atao ve ny mandresy an'izao tontolo izao sy mandray ireo fitahiana ireo? Eny, azo atao.

**Fitiavana ho an'ny Mpamonjy**

Ireo izay maharesy izao tontolo izao dia manjary manana fitiavana feno ho an'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjintsika.

Ny fahaterahany masina, ny fiainany tonga lafatra, ary ny Sorompanavotany tsisy fetra tao Getsemane sy Golgota dia manome antoka fa hitsangana amin'ny maty daholo ny tsirairay amintsika. Ary amin'ny alalan'ny fibebahantsika marina, dia Izy irery ihany no afaka manadio antsika amin'ny fahotantsika, izay mamela antsika hiverina ho eo anatrehan' Andriamanitra. "Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha."[6]

Hoy i Jesoa hoe: "Matokia, izaho efa naharesy izao tontolo izao."[7]

Taty aoriana dia nampiany hoe: "tiako ny handresenareo izao tontolo izao."[8]

Ny fandresena izao tontolo izao dia tsy atao ao anatin'ny fotoana iray manokana eo amin'ny fiainana, fa atao kosa mandritra ny fiainana iray manontolo ao anatin'ny fotoana maromaro izay mamaritra izay hiafarana mandrakizay.

Afaka miantomboka izany rehefa mianatra mivavaka ny ankizy iray sy mihira amim-panajana ny "Jesus Christ est mon modèle."[9] Mitohy izany rehefa mandalina ny fiainan'ny Mpamonjy ao amin'ny Testamenta Vaovao ny olona iray ary misaintsaina ny herin' ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Ny fivavahana, ny fibebahana, ny fanarahana ny Mpamonjy ary ny fandraisana ny fahasoavany dia mitarika antsika hahatakatra tsara kokoa ny antony hahatongavantsika ety sy izay tokony hahatongavantsika.

Nofaritan'i Almà toy izao izany: "Fiovana mahery vaika no [m]itranga koa [ao] am-pony, ary [m]anetry tena izy ireo ary [m]ametraka ny fitokiany [a]min' ilay Andriamanitra marina sady velona. . . . [mijanona ho m]ahatoky hatramin' ny farany izy ireo"[10]



Ireo mandresy izao tontolo izao dia mahafantatra fa ho tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Rainy any An-danitra izy ireo. Ny fiovana sy ny fibebahana marina amin'ny fahotana dia tsy mametra intsony fa manafaka, ary [ny fahotana] tahaka ny jaky . . . [dia ho lasa] fotsy tahaka ny orampanala."[11]

**Tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra**

Manahirana ny olon'izao tontolo izao ny maha-tompon'andraikitra azy eo anatrehan' Andriamanitra, tahaka ny zanaka iray izay manao fety ao an-tranon'ny ray aman-dreniny rehefa mivoaka ny tanan-dehibe izy ireo, mankafy ny tabataba be, ary tsy manaiky hieritreritra izay ho vokatr'izany rehefa miverina ireo ray aman-dreny afaka 24 ora aty aoriana.

Izao tontolo izao dia liana kokoa amin'ny fanomezana fahafaham-po ny maha-olona araka ny nofo toy izay ny handresy izany.

Ny fandresena izao tontolo izao dia tsy fanafihan'ny daholobe fa ady ataon'ny tena manokana, izay mitaky ny hanaovana ady hanoherana ny fakam-panahy sy ny fironana ao anatintsika.

Ny fandresena izao tontolo izao dia midika hoe mankamamy ilay didy lehibe indrindra hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra."[12]

Ilay mpanoratra Kristianina C. S. Lewis dia nanoritsoritra izany tahaka izao: "Hoy i Kristy hoe -Omeo ahy ny zavatra rehetra. Tsy mila ampahany amin'ny fotoanao sy ampahany amin' ny volanao ary ampahany amin'ny asanao aho: Ianao no ilaiko.-"[13]

Ny fandresena izao tontolo izao dia ahitana ny fitanana ny fampanantenana nataontsika tamin' Andriamanitra, ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa sy tany amin'ny tempoly, ary ny voady nataontsika mba hahatoky amin'ny vadintsika mandrakizay. Ny fandresena izao tontolo izao dia mitarika antsika amim-panetrentena ho eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro, mba hangataka famelan-keloka sy hanolo-tena ny "hahatsiaro Azy sy hitandrina ny didiny" "mba hanana [ntsika] mandrakariva ny Fanahiny miaraka amin [tsika]."[14]

Ny fitiavantsika ny Andro Sabata dia tsy mifarana rehefa mikatona ny varavaram-piangonana, fa izany kosa dia manokatra ny varavaran'ny andro tsara iray hitsaharana amin'ireo asa fanao andavan'andro, handalinana, hivavahana, ary hanampiana ny fianakaviana sy ny hafa izay mila ny



firaharahiantsika. Andeha hajanontsika eo amin'ny Mpamonjy sy amin'ny androny masina ny fifantohantsika rehefa vita ny fivoriam-piangonana fa tsy misento fahamaivanana sy mikoropaka mamonjy fahitalavitra haingana mialoha ny hiantombohan'ny lalao baolina kitra.

Izao tontolo izao dia atosiky ny fitaomana be dia be izay manintona sy maka fanahy tsy tapaka.[15]

Ny fandresena izao tontolo izao dia fatokiana ilay feo iray izay mampitandrina, mampahery, manazava, ary mitondra fiadanana "tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao."[16]

#### Tsy tia tena

Ny fandresena izao tontolo izao dia midika hoe mifantoka amin'ny hafa fa tsy amin'ny tenantsika ihany, sady mahatsiaro ilay didy faharoa[17] manao hoe: "Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo."[18] Ny fahasambaran'ny vadintsika dia manan-danja kokoa noho ny fahafinaretantsika manokana. Ny fanampiana ny zanatsika hitia an' Andriamanitra sy hitandrina ny didiny dia laharampahamehana tena manan-danja. Mizara an-tsitrapo ireo fitahiana ara-nofo azontsika amin' ny alalan'ny fahafolonkarena, sy ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina, ary ny fanomezana ho an'ny sahirana isika. Ary rehefa mifantoka lalandava amin'izay masina isika dia mitarika antsika ho any amin'ireo izay azontsika ampiana ny Tompo.

Ny olon'izao tontolo izao dia tsy mifantoka afa-tsy amin'izay ho an'ny tenany ihany, sady mirehareha manambara hoe: "Jereo anie aho raha ampitahaina amin'ny manodidina ahy e! Jereo ny fananako! Hitanareo fa tena manana ny maha-izaho ahy aho!"

Ny olon'izao tontolo izao dia mora tezitra, tsy miraharaha ny hafa, ary be fitakiana sy tia ny fihobian'ny olona, raha toa kosa ny fandresena izao tontolo izao ka mitondra fanetrentena, fahatsapana izay mahazo ny hafa, faharetana, ary fangorahana ho an'ireo olona tsy mitovy amin'ny tena.

#### Fiarovana amin'ny alalan'ireo mpaminany

Ny fandresena izao tontolo izao dia hidika mandrakariva fa isika dia hanana zavatra inoana izay horabirabian'izao tontolo izao. Hoy ny Mpamonjy hoe:

"Raha halan'izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo.

"Raha naman'izao tontolo izao hianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao."[19]

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny maraina hoe: "Ny mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy dia manampiniavana ny hijoro sy hanambara amimpahasahiana ny filazantsara, ary hiavaka amin'ny olon'izao tontolo izao."[20]

Ny mpianatr'i Jesoa Kristy dia tsy mikoropaka raha toa ka tsy mahazo j'aime 1.000 na émoticônes mitory fitiava-namana vitsivitsy ny zavatra nosoratany mikasika ny finoany.

Ny fandresena izao tontolo izao dia ny tsy firaharahiana be loatra ny fampiasantsika ny Internet fa miraharaha bebe kokoa kosa ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra.

Manome antsika fiarovana Andriamanitra rehefa mankatò ny fitarihana avy amin'ny mpaminany sy apôstôliny velona isika.

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Mety ho feno fanamby . . . izao tontolo izao. . . . [Rehefa mankany amin'ny tempoly isika], . . . dia ho afaka ny hahazaka ireo fitsapana ary handresy ny fakam-panahy tsirairay. . . . Hohavaozina sy hampaherezina isika."[21]

Ny olon'izao tontolo izao dia mikasa ny hamitaka ny olona mahatoky, amin'ny alalan'ny fakam-panahy sy ny zavatra mahasarika, ary ny fanaovana hosoka, mba handresena lahatra azy handà ny zavatra niainany ara-panahy tena feno hery teo aloha ka mamaritra izany indray ho toy ny fitaka feno hadalana.

Ny fandresena izao tontolo izao dia ny fahatsiarovana ireo fotoana nahatsapantsika ny fitiavana sy ny fahazavan'ny Mpamonjy, na dia amin'ny fotoana mahakivy antsika aza. Nanazava ny iray amin'ireny zavatra niainana ireny tahaka izao ny Loholona Neal A. Maxwell: "Efa notahian' Andriamanitra aho, ary fantatro fa Andriamanitra dia nahalala fa efa notahiana aho."[22] Na dia mety mahatsapa ho adinon' Andriamanitra vetivety aza isika dia tsy manadino Azy isika.

Ny fandresena izao tontolo izao dia tsy midika hoe miaina ao anatin'ny toerana mitokana be isika, ary voaro amin'ny tsy rariny sy ny fahasarotana eto amin'ny fiainana an-tany. Izany kosa dia manome antsika fahatakarana lehibe momba ny finoana, izay misintona antsika hanatona ny Mpamonjy sy an'ilay fampanantenany.

Na dia tsy feno eto an-tany aza ny fahatanterahana, ny fandresena izao tontolo izao dia mihazona ny

fanantenantsika ho velona hatrany fa indray andro any isika dia "[hijoro] eo anoloa[n'ny Mpanavotra antsika]; ary . . . ho finaritra hahita ny tavany,"[23] sy handre ny feony hoe: "Avia hianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo."[24]

**Ny ohatry ny Loholona Bruce D. Porter**

Ny 28 desambra tamin'iny taona lasa iny dia nahavita ny fiainany teto an-tany ny Loholona Bruce D. Porter, namana malalantsika sady Manampahefana Ambony malalantsika. 64 taona izy.

Fony izahay mpianatra tao amin' ny Oniversite an'i Brigham Young no nihaonako voalohany tamin'i Bruce. Anisan'ireo nahay indrindra izy. Taorian' ny nahazoany diplaoma doctorat avy ao amin'ny Oniversite an'i Harvard, izay nifantoka tamin'ny raharaha ara-pôlitika Rosiana, dia nahatonga azy ho fanta-daza ny faharanitan-tsainy sy ny asasorany ka mety ho nampivily lalana azy, saingy tsy nahavita nanimba velively ny fomba fijeriny ny harena sy ny laza.[25] Nahatoky tamin'i Jesoa Kristy Mpamonjy azy izy, sy tamin'i Susan izay vadiny mandrakizay ary tamin'ireo zanany sy zafikeliny.

Nisy tsy fahatomombanana hatramin'ny nahaterahany ny voan'i Bruce.



*Ny Loholona sy ny Rahavavy Porter miaraka amin'ny fianakaviana keliny.*



*Ry Porter mivady, fony izy ireo niara-nanompo tany Rosia.*

Nandalo fandidiana izy, saingy nihanarary hatrany ny voany rehefa nandeha ny fotoana.

Fotoana fohy taorian'ny niantsoana an'i Bruce ho Manampahefana Ambony tamin'ny 1995 dia niara-nanompo tany Francfort, Alemana izahay niaraka tamin'ny fianakavianay, ary ny asany dia nifantoka tamin'i Rosia sy Eorôpa Atsinanana.

Niova ho ratsy tokoa ny fiainana ho an'ny Loholona Porter tamin'ny 1997 rehefa nanomboka tsy nety ny fiasan' ny voany sy ny fahasalamany. Niverina tany Salt Lake City ny fianakavian-dry Porter.

Nandritra ny 22 taona nanompoany tao amin'ny Fitopololahy dia niditra hôpitaly im-betsaka i Bruce, anisan'izany ny fandidiana miisa 10. Efa in-droa ireo dokotera no niteny tamin'i Susan fa tsy ho velona mandra-maraina intsony i Bruce, saingy velona izy.

Nandritra ny 12 taona mahery tamin'ny naha-Manampahefana Ambony azy dia natao dialyse i Bruce mba hanadiovana ny rany. Ho an' ny ankamaroan'izany fotoana izany dia natao nandritra ny takariva dimy isan-kerinandro nandritra ny adiny efatra isaky ny mandeha ilay dialyse mba hahafahany manompo amin'ny antsony mandritra ny andro ary manatanteraka ny asa nampandraiketina azy hanatrika fihaonambe rehefa faran'ny herinandro. Rehefa tsy nety nihatsara ny fahasalamany taorian'ny tsodrano maro avy amin'ny fisoronana dia nikorontan-tsaina i Bruce, saingy fantany izay tokony hametrahany ny fitokiany.[26]

Tamin'ny 2010 dia namindrana voa avy tamin'i David zanany lahy i Bruce. Tamin'ity indray mitoraka ity dia nety tsara tamin'ny vatany ilay famindrana taova. Fahagagana izany, izay nitondra fahasalamana vaovao indray, ka namela azy sy i Susan niverina tany Rosia malalany izay nanompoany tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra.

Ny 26 desambra tamin'ny taon-dasa, rehefa avy niady tamin'ny fidiran'ny otrikaretina nitohitohy tao amin'ny hôpitaly iray tao Salt Lake City izy, dia nasainy nivoaka ny efitrano ireo



mpitsabo. Nilaza tamin'i Susan i Bruce "fa fantany avy amin'ny Fanahy fa tsy misy na inona na inona azon'ireo mpitsabo atao intsony ka mety hahavonjy ny ainy. Fantany . . . fa haka azy hody ny Ray any An-danitra. Heniky ny fiadanana izy."[27]

Tamin'ny 28 desambra dia niverina nody tany amin'ny fianakaviany i Bruce. Ora vitsy taorian'izay, rehefa nanodidina azy teo ny havan-tiany, dia niverina tamim-piadanana ho any amin'ny fonenany any an-danitra izy.

Taona maro lasa izay dia nanoratra ireto teny ireto ho an'ny zanany i Bruce:

"Ny fijoroana ho vavolombelona ananako mikasika ny fisian'i Jesoa Kristy sy ny fitiavany no fitarihana teo amin'ny fiainako. . . . Izany dia tenivavolombelona madio sy mahery vaika avy amin'ny Fanahy fa velona Izy, fa Izy no Mpanavotro sy Namako amin'ny fotoana rehetra manahirana ahy."[28]

"Ny fanambintsika . . . dia ny hahafantarantsika [ny Mpamonjy] . . . ary amin'ny alalan'ny finoana Azy, dia ny handresy ireo fitsapana sy fakampanahin'ity izao tontolo izao ity."[29]

"Tokony ho mahatoky sy marina isika, ary matoky Azy."[30]

Naharesy izao tontolo izao i Bruce Douglas Porter.

Enga anie isika ka hiezaka mafimafy kokoa amin'ny ezaka ataontsika handresy izao tontolo izao, tsy hanamarina ireo fahotana lehibe kanefa hanana faharetana amin'ireo fahadisoana madinidinika, ho maika ny handroso haingana ary hanampy ny

hafa amin-kalalahan-tanana. Rehefa matoky feno kokoa ny Mpamonjy ianareo dia mampanantena anareo aho fa hahazo fiadanana lehibe kokoa ianareo eto an-tany ary hahazo toky lehibe kokoa ny amin'izay hiafaranareo mandrakizay, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: David O. McKay* (2003), 1–2.
2. Apokalypsy 3:5.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:64.
4. Jereo ny Apokalypsy 2, sasin-tenin'ny toko.
5. Apokalypsy 3:12.
6. 1 Jaona 4:19.
7. Jaona 16:33.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:2.
9. "Jésus-Christ est mon modèle," *Chants pour les enfants,* 40.
10. Almà 5:13.
11. Isaia 1:18.
12. Marka 12:30.
13. C. S. Lewis, *Mere Christianity* (1960), 153.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
15. Jereo ny James E. Faust, "The Voice of the Spirit" (takariva amorom-patana an'ny Brigham Young University, 5 sept. 1993), speeches.byu.edu.
16. Jaona 14:27.
17. Jereo ny Marka 12:31.
18. Matio 23:11.
19. Jaona 15:18–19.
20. Russell M. Nelson, "Misintona ny herin' i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2017, 40.
21. Thomas S. Monson, "Ny tempoly masina, fanilo ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2011, 93.
22. Resaka nifanaovana manokana tamin'ny Loholona Neal A. Maxwell izay miresaka ny tantara iray izay nozarainy tao amin'ny lahateniny tamin'ny fihaonambe tamin'ny aprily 2004, "Remember How Merciful the Lord Hath Been" (jereo ny *Liahona*, mey 2004), 44–46.
23. Enôsa 1:27.
24. Matio 25:34.
25. Ohatra iray amin'ny fahazaina lehibe nananan'ny Loholona Porter ny bokiny 400 pejy mitondra ny lohateny hoe *War and the Rise of the State (Ady sy fiarenan'ny firenena),* izay nosoratana 23 taona lasa. Mbola misy izy io amin'izao fotoana izao ary mamaky matetika izany ireo olona mianatra momba ny pôlitika.
26. Taratasy avy amin'i Susan Porter, nosoratana tamin'ny 06 mar. 2017.
27. Taratasy avy amin'i Susan Porter, nosoratana tamin'ny 06 mar. 2017.
28. Bruce D. Porter, *King of Kings* (2000), 14, 15.
29. Bruce D. Porter, *The King of Kings,* 7.
30. Bruce D. Porter, *The King of Kings,* 18.





**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo


# Miverina sy mandray

*Ny miverina eo anatrehan' Andriamanitra sy ny mandray ireo fitahiana mandrakizay izay azo amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana no tanjona manan-danja indrindra azontsika apetraka.*

Ry rahalahy sy ranabavy, andraikitra nomena ahy izao ny miteny ary andraikitrareo ny mihaino. Ny tanjoko dia ny hahavitako izany andraikitro izany mialoha ny tsy hihainoanareo intsony. Hataoko izay tsara indrindra azoko atao.

Nandritra ny taona maro dia nahatsikaritra aho fa ireo izay nahavita be teto amin'ity izao tontolo izao ity dia ireo izay manana fijery lavitra momba ny fiainany, miaraka amin'ny tanjona mifantoka amin'izany fijeriny izany sy drafitra maty paika mikasika ny fomba hahatratrarana ireo tanjona ireo. Ny fahafantarana ny tanjona halehanao sy ny fomba eritreretinao hahatongavana amin'izany dia afaka mitondra lanja sy tanjona ary fahatanterahan-javatra eo amin'ny fiainana.

Misy ireo izay manana fahasarotana amin'ny fanavahana ny tanjona sy ny drafitra raha tsy efa mianatra fa ny tanjona dia zavatra hahatongavana na *fiafarana,* raha toa ka ny drafitra kosa dia fomba hahatongavana amin'izany. Ohatra, mety hanana tanjona ny hitondra fiara ho amin'ny toerana iray izay tsy mahazatra antsika isika, ary araka ny efa fantatry ny sasany aminareo ry ranabavy malala, dia matetika izahay lehilahy no mieritreritra fa hainay ny fomba hahatongavana any, matetika dia mahatonga anay hiteny hoe: "Fantatro fa efa ao ambadika kely ao izay." Mitsiky angamba ny vadiko amin'izao. Mazava ilay tanjona, saingy tsy nisy drafitra napetraka mba hahatongavana any amin'ilay toerana tokony haleha.

Ny hoe mametraka drafitra amin'ny ankapobeny dia manana ao an-tsaina dieny ety am-boalohany ilay fiafarana tiana hahatongavana. Ary ny fanaovana drafitra dia ny famolavolana fomba hahatongavana amin'izany fiafarana izany. Ny fanalahidy iray mankany amin'ny fahasambarana dia miankina amin'ny fahatakarana ny hoe inona ny tanjona tena manan-danja, ary avy eo dia mandany ny fotoanantsika sy ny ezaka avy amintsika ary ny fifantohantsika amin'ireo zavatra izay manome fomba iray azo antoka hahatongavana amin'izany.

Andriamanitra Raintsika any Andanitra dia nanome antsika ny ohatra tonga lafatra momba ny fametrahana tanjona sy ny fanaovana drafitra. Ny tanjony dia ny "hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona,"[1] ary ny fomba entiny

hahatratrarana izany dia ny drafitry ny famonjena.

Tafiditra ao amin'ny drafitry ny Ray malalantsika any An-danitra ny fanomezany antsika fiainana an-tany izay ahafahana mitombo, manao mihoatra izay vitantsika, mianatra ka hahatonga antsika ho tonga tahaka Azy bebe kokoa. Ny fametrahana ny fanahintsika tsy mety maty ao anaty vatana; ny fiainana araka ny fampianarana sy ny didin'ilay Zanany, i Jesoa Kristy Tompo; ary ny fanorenana fianakaviana mandrakizay dia manome fahafahana antsika, amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, hahatratra ilay tanjona tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay an' Andriamanitra ho an'ireo zanany miaraka Aminy ao amin'ny fanjakany selestialy.

Tafiditra ao amin'ny fametrahana tanjona amim-pahendrena ny fahatakarana fa ny tanjona akaiky dia tsy mahomby raha tsy mitarika amin'ny tanjona lavitra kokoa izay mazava tsara. Mino aho fa fanalahidy iray manan-danja mankany amin'ny fahasambarana ny fianarana manao ny tanjontsika manokana sy manorina ny drafitsika manokana mifanaraka amin'ny drafitra mandrakizain'ny Raintsika any An-danitra. Raha mifantoka amin'io lalana mandrakizay io isika dia tsy azo ihodivirana fa ho mendrika ny hiverina eo anatrehany.

Tsara ny manana tanjona sy drafitra ho an'ny asa aman-draharahantsika, ho an'ny fianarantsika, na dia hatramin'ny kilalao fanaontsika aza. Zava-dehibe ihany koa ny manana tanjona ho an'ny fanambadiantsika, ho an'ny fianakaviantsika, ary ho an'ireo filankevitra misy antsika na antso sahanintsika ato am-piangonana. Marina manokana izany ho an'ireo misiônera. Saingy ny tanjontsika lehibe sy ambony indrindra dia tokony hifanaraka amin'ny drafitra mandrakizain' ny Ray any An-danitra. Hoy i Jesoa: "Katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany."[2]

Milaza amintsika ireo matihanina amin'ny fametrahana tanjona fa arakaraka ny maha-tsotra sy mahitsy ny tanjona no hampatanjaka izany



bebe kokoa. Rehefa azontsika fintinina amina sary iray mazava tsara na teny fohy iray na roa mahery vaika sy maneho tandindona ny tanjona dia ho lasa miorim-paka ao anatintsika izany tanjona izany ary afaka mitarika ny zavatra rehetra eritreretintsika sy ataontsika. Mino aho fa misy teny roa ao amin'io sahan-kevitra io izay maneho ny tanjon' Andriamanitra ho antsika sy ny tanjona manan-danja indrindra ho antsika manokana. Izany teny izany dia hoe *miverina* sy *mandray.*

Ny *miverina* eo anatrehany sy ny *mandray* ireo fitahiana mandrakizay izay azo amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana no tanjona manan-danja indrindra azontsika apetraka.

*Miverina* sy *mandray* isika rehefa manana "[finoana] tsy voahozongozona [an'i Jesoa Kristy Tompo] ary [fianteherana] tanteraka amin'ny" fahamendrehany, "mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy . . . , amin' ny [fananana] fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. . . , mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany."[3]

I Losifera dia tsy nanaiky ny drafitry ny Raintsika izay nanome fahafahana antsika *hiverina* eo anatrehany sy *handray* ireo fitahiany. Eny tokoa, nikomy i Losifera ary niezaka nanova ny drafitry ny Raintsika sady naniry ny haka ho azy ny voninahitra sy ny haja ary ny herin' Andrimanitra. Vokatr'izay dia noroahina tsy ho eo anatrehan' Andriamanitra izy sy ireo mpanohana azy ary "tonga Satana izy, eny dia ny devoly, ny rain' ny lainga rehetra, mba hamitaka sy hanajamba ny olona, mba hitarika azy ho babo araka ny sitrapony, dia izay rehetra tsy te hihaino ny feon['ny Tompo]."[4]

Noho ireo safidy nataony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana dia sady tsy afaka *miverina* no tsy afaka *mandray* i Satana. Ny hany zavatra sisa azony atao dia ny manohitra ny drafitry ny Ray amin'ny alalan'ny fampiasana izay fitaomana sy fankampanahy rehetra misy mba hampihemotra antsika sy hahatonga antsika

ho ory tahaka azy.[5] Ny drafitr'i Satana hanatanteraka ilay tanjony ratsy dia mihatra amin'ny olona, ny taranaka, ny kolontsaina ary ny fiarahamonina rehetra. Mampiasa feo mafy i Satana: feo izay mitady handrakotra ilay feo tony sy malefaky ny Fanahy Masina izay afaka manoro antsika "ny zavatra rehetra" tokony hataontsika mba *hiverenana* sy *handraisana*.[6]

Izany feo izany dia an'ireo izay tsy miraharaha ny fahamarinan'ny filazantsara sy ireo izay mampiasa ny Internet, ny tambazotra ifaneraserana, ny haino aman-jery, ary ny horonantsary mba hanehoana amin'ny fomba manintona ny tsy fahadiovam-pitondrantena, ny herisetra, ny teny ratsy, ny fahalotoana, ary ny hadalana amin'ny fomba izay misarika antsika tsy hijery ireo tanjona sy drafitra ananantsika ho an'ny mandrakizay.

Izany feo izany dia mety hahitana ihany koa ireo olona tsara sitrapo izay jamban'ny filôzôfia lahikan'ny lehilahy sy vehivavy izay mikatsaka ny hanimba ny finoana sy hanova ny fifantohana mandrakizan'ireo izay miezaka ny *hiverina* eo anantrehan' Andriamanitra sy *handray* "izay rehetra ananan'ny [Raintsika]."[7]

Nianatra aho fa mba hifantohana amin'ny *fiverenana* sy ny *fandraisana* ireo fitahiana nampanantenaina, dia mila manontany tena matetika aho hoe: "Manao ahoana aho?"

Ohatra ny karazana manao dinidinika manokana sy mangina amin'ny tenanao izany. Ary raha toa ka hafahafa izany dia eritrereto izao: iza eto an-tany no mahafantatra anao bebe kokoa mihoatra ny fahafantaranao ny tenanao? Ianao no mahafantatra ny eritreritrao, ny asanao mangina, ny fanirianao sy ny nofinofinao, ny tanjonao sy drafitrao. Ary tsy misy afa-tsy ianao no mahafantatra bebe kokoa ny fandrosoanao eo amin'ilay lalana *hiverenana* sy *handraisana*.

Ho torolalana ho ahy mandritra io fijerena tena mangina sy manokana io dia tiako ny mamaky sy misaintsaina ireo teny mampandini-tena hita ao amin'ny Almà toko fahadimy, izay ahitana an'i Almà manontany hoe: "Efa naterak' Andriamanitra araka ny fanahy ve ianareo? Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin' ny tarehinareo? Efa nahatsapa izany fiovana mahery vaika izany tao am-ponareo va ianareo?"[8] Ny fanontanian'i Almà dia fampahatsiahivana ny zavatra tokony ho tafiditra ao anatin'ny tanjontsika sy drafitsika mba hahafahana *miverina* sy *mandray*.

Tsarovy ilay fanasana nataon'ny Tompo hoe "mankanesa atŷ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.

"Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho: dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo."[9]

Rehefa ampitomboantsika ny finoantsika ny herin'i Jesoa Kristy Tompo hanome fitsaharana ho an'ny fanahintsika amin'ny alalan'ny famelana ny fahotantsika, fanavotana ireo fifandraisana tsy tonga lafatra, fanasitranana ireo fery ara-panahy izay manakana ny fitomboana, ary fankaherezana sy fanomezana fahafahana antsika hikolokolo ireo toetra tahaka ny an'i Kristy, dia hankasitraka lalina kokoa ny halehiben'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo isika.[10]

Mandritra ireo herinandro manaraka dia mitadiava fotoana hijerena ireo tanjona amin'ny fiainanao sy ireo drafitrao ary alaivo antoka fa mifanaraka amin' ny drafitra lehiben'ny Raintsika any An-danitra ho an'ny fahasambarantsika izany. Raha mila mibebaka sy miova ianao dia eritrereto ny hanao izany dieny izao. Makà fotoana handinihana amim-bavaka ireo zavatra mila amboarina mba hanampy anao hihazona ny "maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra."[11]

Tokony ho tazonintsika ho ivon'ny tanjontsika sy ny drafitsika ny fotopampianarana sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Raha tsy misy Azy, dia tsy afaka ny ho misy ny tanjona mandrakizay, ary azo antoka fa tsy hahomby ny drafitsika hahatratrarana ny tanjontsika mandrakizay.

Ny zavatra iray hafa manampy dia ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ireo Apôstôly,"[12] izay naseho tamin' ny Fiangonana tamin'ny 1 janoary 2000. Mametraha tahadika iray amin'ny toerana izay ahafahanao mahita izany, ary makà fotoana hijerena ny filazana tsirairay hita ao amin'io tenivavolombelona nentanim-panahy momba an'i Kristy io izay nataon'ireo vavolombelony manokana izay nanao sonia izany.

Amporisihiko ianareo handalina izany miaraka amin' "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao." Matetika isika miresaka momba



ny fanambarana momba ny fianakaviana, saingy aza adinoina ny mamaky izany ao anatin'ny sahan-kevitry ny hery manavotr'ilay Kristy velona. Raha tsy misy ilay Kristy velona, dia tsy ho tanteraka ireo zavatra sarobidy indrindra andrandraintsika. Araka ny voalaza ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana hoe: "Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan' Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay."[13]

Afaka mitranga izany satria ilay Kristy velona no Mpamonjy sy Mpanavotra nanao sorona ho an'izao tontolo izao.

Mahakasika izany ihany dia azonao atao ihany koa ny mikaroka ireo soratra masina mba hanitarana ny fahatakaranao ireo fahamarinana manokana hita ao amin'ny "Ilay Kristy Velona."

Ny famakiana amim-bavaka ny "Ilay Kristy Velona" dia mitovy amin' ny famakiana ireo tenivavolombelon'i Matio, Marka, Lioka, Jaona ary ireo mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Hampitombo ny finoanao ny Mpamonjy sy hanampy anao hifantoka Aminy izany rehefa manaraka ny drafitrao mba hanatratrarana ireo tanjonao mandrakizay ianao.

Na dia eo aza ireo fahadisoantsika, ireo fahalementsika, ny fiviliviliana ataontsika, ary ireo fahotantsika, ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manome fahafahana antsika hibebaka, ho vonona ny *hiverina* sy *handray* ireo fitahiana tsy manan-tsahala nampanantenain' Andriamanitra, dia ny hiaina mandrakizay miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka ao amin'ny ambaratonga ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy.[14]

Ankehitriny ary, araka ny efa fantatrareo rehetra dia tsy misy olona afaka miala ny fahafatesana. Noho izany, ny tanjontsika sy ny drafitsika lavitra dia tokony hoe rehefa *miverina* eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra isika dia *handray* "izay rehetra" nomaniny ho an'ny tsirairay amintsika.[15]



Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy drafitra lehibe kokoa eto amin'ny fiainana an-tany mihoatra ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ireo Ray aman-dRenintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy malalantsika. Tsy *antsika* irery izany tanjona izany, fa tanjon' *Izy ireo* ihany koa izany. Manana fitiavana tonga lafatra ho antsika Izy ireo, mahery lavitra noho ny fahatakarantsika. Miaraka amintsika tanteraka sy feno ary mandrakizay Izy ireo. Isika no asany. Ny voninahitsika dia voninahitr'Izy ireo. Ambonin'ny zavatra hafa rehetra dia tian'Izy ireo ho tonga any an-trano isika, dia ny *miverina* sy *mandray* fahasambarana mandrakizay eo anatrehany.

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, afaka herinandro isika dia hankalaza ny alahadin'ny sampankazo, fahatsiarovana ny fidiran' i Kristy tao Jerosalema tamim-boninahitra. Afaka roa herinandro isika dia hankalaza ny alahadin'ny Paska, fahatsiarovana ny nandresen'ny Mpamonjy ny fahafatesana.

Rehefa mampifantoka ny eritreritsika amin'ny Mpamonjy isika mandritra ireo alahady roa miavaka ireo dia aoka isika hahatsiaro Azy sy hanavao ilay fanekempihavanantsika maharitra fa hitandrina ny didiny. Aoka isika handinika lalina ny fiainantsika ka hametraka ny tanjontsika sy hifantoka amin'ny drafintsika mba hifanaraka amin'ny an' Andriamanitra izay hitarika antsika mankany amin'ilay fahafahantsika sarobidy *miverina* sy *mandray*. Izany no vavaka ataoko amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Mosesy 1:39.
2. 3 Nefia 13:33.
3. 2 Nefia 31:19–20.
4. Mosesy 4:4.
5. Jereo ny 2 Nefia 2:18.
6. Jereo ny 2 Nefia 32:5.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
8. Almà 5:14.
9. Matio 11:28–29.
10. Jereo ny "Becoming Like God," Gospel Topics, topics.lds.org.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:5.
12. Jereo ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ireo Apôstôly," *Liahona,* apr. 2000, 2–3.
13. "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62; 70.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.





Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Hatsaram-panahy sy fiantrana ary fitiavana

*Aoka isika handinika ny fiainantsika sy hanapa-kevitra ny hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ka ho tsara fanahy sy hitia ary hiantra.*

Ry rahalahiko malala isany, henikaja aho noho ny tombontsoako hiresaka aminareo amin'izao fivoriana maneran-tany iombonan'ny mpihazona mahatoky ny fisoronan' Andriamanitra izao. Anio alina aho dia hiresaka momba ny lohahevitra iray izay efa noresahako taloha.

Nasongadin'ny mpaminany Môrmôna ny iray amin'ireo toetra tena manan-danja ananan'ny Mpamonjy izay tokony halain'ireo mpianany tahaka. Hoy Izy hoe:

"Ary raha malemy fanahy sy mietry am-po ny olona iray, ary miaiky amin' ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana; fa raha tsy manana fiantrana izy dia tsinontsinona; koa tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana.

"Ny fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy mialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina. . . .

"Noho izany ry rahalahiko malala, raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsinontsinona, fa ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. Koa, mifikira amin'ny fiantrana izay ny lehibe indrindra amin'ny zavatra rehetra, fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho levona—

"Fa ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion'i Kristy ary maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin'ny andro farany, dia soa ho azy izany."[1]

Ry rahalahy, tsy manaja ny fisoronan' Andriamanitra isika raha tsy tsara fanahy amin'ny hafa.

Ny Loholona Joseph B. Wirthlin, izay namako malala sady mpiaramanompo tamiko dia tena lehilahy tsara fanahy tokoa. Hoy Izy hoe:

"Fitsipika fototry ny fiainana selestialy ny hatsaram-panahy. Amin' ny hatsaram-panahy no tokony ho fandraisan'ny olona mpaka tahaka an'i Kristy ny hafa. Tokony ho vokatry ny hatsaram-panahy avokoa ny tenintsika sy ny zavatra ataontsika rehetra any amin'ny toeram-piasana misy antsika, any am-piangonana, ary indrindra indrindra ao amin'ny tokantrano misy antsika.

"I Jesoa, ilay Mpamonjy antsika no ohatra lehibe indrindran'ny hatsarampanahy sy ny fangorahana."[2]



Mampianatra antsika ny soratra masina fa ny fampiasana ny fisoronana amim-pahamarinana dia miankina amin'ny fiainantsika ireo fitsipiky ny hatsaram-panahy sy ny fiantrana ary ny fitiavana. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mamaky isika hoe:

"Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin'ny alalan'ny fisoronana raha tsy amin'ny fandresen-dahatra, . . . ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy;

"Amin'ny halemem-panahy sy ny fahalalana madio izay mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, tsy misy fihatsarambelatsihy sy tsy misy fitaka."[3]

Ry rahalahy, aoka isika handinika ny fiainantsika sy hanapa-kevitra ny hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ka ho tsara fanahy sy hitia ary hiantra. Ary rehefa manao izany isika dia hanana fahafahana kokoa hiantso ireo hery avy any an-danitra ho antsika, ho an'ny fianakaviantsika, ary ho an'ireo mpiara-dia amintsika mandritra ity dia hodiantsika any an-danitra, izay indraindray sarotra ity. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Môrônia 7:44–47.
2. Joseph B. Wirthlin, "The Virtue of Kindness," *Liahona,* Mey 2005, 26.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–42.





**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Voantso amin'ny asa

*Ny fanendrena hiasa amina toerana voafaritra iray dia tena ilaina sy manan-danja kanefa faharoa aorian'ny antso mba hitory.*

Filoha Monson, mampihetsi-po anay ny mandre ny feonao sy mandray ny fampianaranao. Tianay ianao, manohana anao izahay, ary mivavaka mandrakariva ho anao izahay.

Mivavaka aho ny mba hanampian' ny Fanahy Masina antsika eo ampandinihantsika miaraka ireo fitsipika mahakasika ny asa lehibe fitoriana ny filazantsara amin'ny firenena, foko, samy hafa fiteny, ary vahoaka rehetra.[1]

### Voantso hanompo sy voatendry hiasa

Isan-taona dia tanora zatovolahy sy zatovovavy an'arivony maro, ary mpivady zokiolona maro, no miandrandra erỳ ny fandraisana ilay taratasy manokana avy any Salt Lake City. Ny voalazan'ilay taratasy dia misy fiantraikany mandrakizay amin'ilay olona nandefasana azy, ary koa amin'ny fianakaviany sy amin'ny olona maro hafa. Rehefa tonga ilay valopy dia mety ho sokafana am-pilaminana tsara sy amimpaharetana ilay izy na tonga dia rovitina miaraka amin'ny fientanentanam-po sy haingana erỳ. Ny famakiana an'io taratasy manokana io dia traikefa tsy hay hadinoana.

Ilay taratasy dia nosoniavin'ny Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ary mivaky toy izao ny fehezan-teny roa voalohany ao amin'izany: "Ianao dia voantso hanompo ho misiôneran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Notendrena ianao hiasa ao amin'ny Misiônan'i ______."

Mariho azafady fa ilay fehezan-teny voalohany dia antso mba hanompo ho misiônera amin'ny fotoana feno ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny. Ilay fehezan-teny faharoa dia manambara fanendrena mba hiasa amina toerana sy misiôna voafaritra iray. Ny fahasamihafana lehibe misy eo amin'ireo fehezan-teny anankiroa ireo dia tena ilaintsika rehetra takarina.

Ao amin'ny kolontsain'ny Fiangonana dia miresaka matetika momba ny hoe voantso hanompo any amina firenena toy i Argentine, Pologne, Korea, na Etazonia isika. Ny misiônera anefa dia tsy voantso ho any amin'ny toerana iray; voantso hanompo kosa izy. Araka ny teny nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny taona 1829 hoe: "Raha manam-paniriana ny hanompo an' Andriamanitra ianareo dia antsoina ho amin'ny asa."[2]

Ny antso sy fanendrena mba hitory amin'ny fotoana feno, na ny

fanendrena vaovao any aoriana any dia vokatry ny fanambarana azo amin'ny alalan'ny mpanompon' Andriamanitra. Ny antso mba handray anjara amin'ny asa dia avy amin' Andriamanitra amin' ny alalan'ny Filohan'ny Fiangonana. Ny fanendrena mba hiasa ao amin'ny iray amin'ireo misiôna amperinasa maneran-tany miisa 400 ankehitriny dia avy amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpikambana iray ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, izay nahazo lalana avy amin'ny mpaminany velon'ny Tompo. Ny antso sy fanendrena mba hitory rehetra dia avy amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana sy ny fanambarana avy amin'ny Fanahy.

Ny Fizarana 80 an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia rakitsoratra ahitana ny antso mba hitory ho an'i Stephen Burnett, izay nampitain'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1832. Ny fandalinana ity antso ho an'ny Rahalahy Burnett ity dia afaka manampy antsika (1) hahatakatra mazava kokoa ny fahasamihafana eo amin'ny hoe "voantso amin'ny asa" ho misiônera sy "voantendry hiasa" amin'ny toerana voafaritra iray ary (2) hankasitraka misimisy kokoa ny andraikitra nomena antsika manokana sy avy amin' Andriamanitra mba hitory ny filazantsara.

Ny andininy 1 ao amin'io fizarana io dia antso mba hanompo: "Toy izao marina tokoa no lazain'ny Tompo aminao ry Stephen Burnett mpanompoko: Mandehana ianao, mandehana ianao mankany amin'izao tontolo izao ary mitoria ny filazantsara amin'ny olona rehetra izay manatona ka takatry ny feonao."[3]

Mahaliana tokoa fa ny andininy 2 dia mampahafantatra ny Rahalahy Burnett ny misiônera voatendry ho namany: "Ary satria mitady namana ianao, dia homeko anao i Eden Smith mpanompoko."[4]

Ny andininy 3 dia milaza hoe aiza ireto misiônera roa ireto no hiasa: "Koa mandehana ianareo ary mitoria ny filazantsarako, na any avaratra, na any atsimo, na any atsinanana, na any andrefana, tsy maninona izany fa tsy mety ho diso lalana ianareo."[5]

Tsy mino aho hoe ilay andian-teny manao hoe "tsy maninona izany" araka ny hampiasan'ny Tompo azy eto amin'ity soratra masina ity dia manambara fa tsy miraharaha ny toerana hiasan'ny mpanompony Izy. Raha ny marina dia tena miraharaha izany mihitsy Izy. Kanefa noho ny maha-asan'ny Tompo ny asa fitoriana ny filazantsara dia manentana ny fanahin'ny mpanompony nahazo lalana Izy, mitantana azy ireo, ary mitarika azy ireo. Rehefa miezaka ny ho mendrika hatrany sy ho fitaovana mahomby eo an-tanany ireo misiônera, ary manao izay tsara indrindra avy amin'izy ireo mba hanatanterahana ny andraikiny, miaraka amin'ny fanampiany dia "tsy mety ho diso lalana" izy ireo, n'aiza n'aiza hanompoany. Angamba ny lesona iray ampianarin'ny Mpamonjy antsika ao amin'io fanambarana io dia ny hoe ny fanendrena hiasa amina toerana voafaritra iray dia tena ilaina sy manan-danja kanefa faharoa aorian'ny antso mba hiasa.

Ny andininy manaraka dia mampisongadina ireo fepetra manan-danja takiana amin'ny misiônera rehetra: "Koa ambarao ny zavatra izay efa *renareo,* sy *inoanareo* marina tokoa ary *fantatrareo fa marina*."[6]

Ny andininy farany dia mampahatsiahy ny Rahalahy Burnett sy isika rehetra hoe iza marina no nanome ilay antso mba hanompo: "Indro izany no sitrapon' Ilay efa niantso anareo, ny Mpanavotra anareo, dia i Jesoa Kristy. Amena."[7]

#### Mandresy ny tsy fahatakarana

Ny sasany aminareo dia mety manontany tena hoe nahoana aho no nisafidy hiresadresaka momba izany fahasamihafana eo amin'ny hoe voantso amin'ny asa sy voatendry amin'ny asa toa miharihary izany mandritra ny fivoriamben'ny fisoronana ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny hamaliako izany fanontaniana izany dia tena mahitsy be: mahafantatra avy amin'ny traikefako aho fa tsy takatry ny mpikambana maro ao amin'ny Fiangonana tsara ireo fitsipika ireo.

Ny hany antony lehibe indrindra hiresahako mikasika izany lohahevitra izany dia ny zavatra hitako rehefa nandeha ny fotoana momba ny olana, ny ahiahy, eny fa hatramin'ny fahatsapana ho meloka mihitsy aza izay tsapan'ny misiônera maro izay nahazo fanendrena vaovao amina toerana hafa nandritra ny fotoam-panompoany, noho ny antony isan-karazany. Izany fanendrena vaovao izany indraindray dia ilaina noho ny trangan-javatra sy toe-javatra tahaka ny loza sy ny ratra, ny fahatarana sy olana amin'ny fahazoana fahazoan-dalana hiditra firenena iray, ny fitotonganan'ny ara-pôlitika, ny fananganana sy fametrahana mpiasa ao amina misiôna vaovao, na ny zavatra ilaina amin'ny asa fitoriana filazantsara maneran-tany izay miovaova sy mivoatra hatrany.[8]

Rehefa mahazo fanendrena vaovao ho ao amin'ny sahan'ny misiôna hafa ny misiônera anankiray dia mitovy tanteraka amin'ny fizotran'ilay fanendrena voalohany ny fizotran'izany. Mikatsaka fanentanam-panahy sy fitarihana ny mpikambana ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo rehefa manatanteraka ireo fanendrena vaovao rehetra.

Vao tsy ela aho no niresaka tamina lehilahy mahatoky iray izay nizara tamiko ny fahatsapana lalina indrindra tao am-pony. Nandritra ny fivoriana iray dia vao nahavita ny fanazavana momba ny fahasamihafana misy eo amin'ny hoe voantso hiasa sy voatendry hiasa aho tamin'izay. Nandray ny tanako io rahalahy mahatoky io ary nilaza tamiko, niaraka tamin'ny maso feno ranomaso hoe: "Ny zavatra izay nampianarinao ahy androany dia nanaisotra enta-mavesatra iray tamin'ny soroko, izay nozakaiko nandritra ny 30 taona mihoatra. Raha mbola misiônera tanora aho dia ny hiasa any Amerika Atsimo no nanendrena ahy voalohany. Saingy tsy afaka nahazo fahazoan-dalana hiditra ilay firenena aho, dia notendrena indray hiasa ao Etazonia. Nandritra izay taona rehetra izay dia nisaintsaina ny antony tsy nahafahako nanompo tany amin'ilay toerana izay niantsoana ahy aho. Ankehitriny aho dia mahafantatra fa nantsoina hiasa aho fa tsy ho amin' ny toerana iray. Tsy haiko ny hilaza

aminao hoe hatraiza izany fahatakarana izany no nanampy ahy."

Narary ny foko rehefa nahare ity lehilahy mahatoky ity. Rehefa nampianariko manerana izao tontolo izao izany fitsipika fototra izany dia olona tsy voatanisa maro no naneho tamiko manokana ny fahatsapana toy ny an'ilay lehilahy vao noresahako teo. Miresaka momba ity lohahevitra ity aho anio satria tsy tokony hisy na dia mpikamban'ny Fiangonana anankiray aza mizaka ny enta-mavesatry ny tsy fahatakarana, ny tsy fahazoana antoka, ny alahelo, na ny fahatsapana ho meloka momba ny fanendrena hiasa iray natao.

"Koa mandehana ianareo ary mitoria ny filazantsarako, na any avaratra, na any atsimo, na any atsinanana, na any andrefana, tsy maninona izany fa tsy mety ho diso lalana ianareo."[9] Rehefa misaintsaina ny teny ao amin'ity soratra masina ity sy manokatra ny fonareo ianareo dia manantena sy mivavaka aho fa hanasa ny Fanahy Masina ianareo mba hanome fahatakarana lalina, sy ny fanasitranana, ary ny fanarenana izay mety ilainareo.

Ny antony iray fanampiny nahatsapako ny tokony hiresahana momba ity lohahevitra ity dia ny traikefako manokana amin'ny fanendrena ireo misiônera nandritra ny taona maro. Ho an'ny Roambinifololahy dia tsy misy zavatra mahery vaika kokoa hafa manamafy ny fisian'ny fanambarana amin'ny andro farany noho ny fikatsahana ny sitrapon'ny Tompo rehefa manatanteraka ny andraikitra fanendrena misiônera amin'ny sahan'ny misiôna mitandrify azy ireo tsirairay avy izahay. Vavolombelona aho fa mahafantatra sy miraharaha ny tsirairay avy amintsika sy mahafantatra antsika amin'ny anarantsika ny Mpamonjy.

#### Miomana ho amin'ny antso mba hiasa

Izao aho dia te hiresaka fohifohy momba ny lafiny iray manan-danja nefa hadinodino matetika ao amin'ny fiomanana ho amin'ny antso mba hiasa.

Teny miisa telo mifampiankina no mamaritra ny dingana lalovana amin'ny fiomanana sy fivoaran'ny zanakalahin' Andriamanitra: *fisoronana, tempoly, misiôna*. Indraindray isika ray amandreny, namana, ary mpikamban'ny Fiangonana dia mifantoka be loatra amin'ny fiomanan'ny zatovolahy hitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno ka mety ho ataontsika ambanin-javatra ny dingana fototra hafa eo amin'ny lalan' ny fanekempihavanana izay tsy maintsy tanterahina mialoha ny fanombohana asa fitoriana amin'ny fotoana feno. Ny fiasana amin'ny maha-misionera anao dia tena anisan'izany tokoa kanefa tsy izany no hany singa manan-danja eo amin'ny dingan'ny fananganana fototra miorim-paka mba hananana fiainana hisian'ny fitomboana ara-panahy sy fanompoana. Ny fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly, izay samy mialoha ny fahatongavana ao amin'ny sahan'ny misiôna nanendrena dia ilaina ihany koa mba hampatanjahana sy hankaherezana antsika ara-panahy mandritra ny fiainantsika manontolo.

Ry zatovolahy isany, rehefa manatanteraka ny andraikitrareo ao amin'ny Fisoronana Aharôna na Fisoronana ambany sy rehefa manaja izany ianareo dia miomana handray sy hilofo amin'ny fianianana sy fanekempihavanan'ny Fisoronana Melkizedeka na Fisoronana ambony.[10] Ny fahamendrehan'ny tena manokana no ilay fepetra manan-danja indrindra takiana amin'ny fandraisana ny fisoronana ambony. Fiainana feno fanompoana sy fahafoizan-tena ao amin'ny fisoronana no miandry anareo. Miomàna dieny izao amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana mahasoa. Mba ianaro azafady ny mitia ny hoe mendrika sy ny mitia ny hoe mijanona ho mendrika. Mba mendrika. Mijanòna ho mendrika.

Rehefa nandray ny Fisoronana Melkizedeka sy ny antso mba hanompo ny zatovolahy iray dia afaka tafiana hery[11] amin'ny alalan'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny tempoly





masina izy. Ny fankanesanareo any amin'ny tempoly sy ny fikasihan'ny fanahin'ny tempoly anareo dia mialoha hatrany ny fanompoana mahomby amin'ny maha-misiônera amin'ny fotoana feno. Ny fahamendrehan'ny tena manokana no ilay fepetra manan-danja indrindra takiana mba hahazoanareo zatovolahy sy ireo mpikamban'ny Fiangonana rehetra ny fitahian'ny tempoly. Rehefa miaina araka ireo fenitry ny filazantsara ianareo dia afaka miditra ao amin'ny tranon'ny Tompo ary mandray anjara amin'ireo ôrdônansy masina mandritra ireo taona maha-zatovo anareo. Ny fitiavanareo sy ny fahatakaranareo ny ôrdônansin'ny tempoly dia hankahery sy hitahy anareo mandritra ny fiainanareo manontolo. Mba ianaro azafady ny mitia ny hoe mendrika sy ny mitia ny hoe mijanona ho mendrika. Mba mendrika. Mijanòna ho mendrika.

Efa maro ireo zatovolahy sy zatovovavy no mihazona fahazoan-dalana manan-kery voafetra hankany amin'ny tempoly. Amin'ny maha-mpihazona ny Fisoronana Aharôna anareo dia mikaroka ny anaran'ny fianakavianareo ianareo ary manatanteraka batisa sy fandraisana ho mpikambana ho an'ny fianakavianareo any amin'ny tempoly. Ny fihazonanareo ny fahazoandalanareo hankany amin'ny tempoly dia maneho ny fahamendrehanareo, ary ny fanompoana ny hafa any amin' ny tempoly dia ampahany iray manandanja amin'ny fiomanana handray ny Fisoronana Melkizedeka.

Ry zatovolahy isany, ianareo tsirairay avy dia misiônera ankehitriny. Manodidina anareo isan'andro dia misy namana sy mpifanolobodirindrina izay "ny hany manakana azy ireo tsy hahita ny fahamarinana dia noho ny tsy fahafantarany izay ahitana izany fotsiny."[12] Rehefa tarihin'ny Fanahy ianareo dia afaka mizara eritreritra iray, fanasana iray, hafatra amin'ny alalan'ny finday iray na tweet iray izay hampahafantatra an'ireo namanareo ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Tsy voatery miandry ary tsy tokony hiandry ny antsonareo ôfisialy ianareo vao afaka ny hirotsaka tsara amin'ny asa fitoriana.

Rehefa tafaraka "ho iray . . . ao amin'i Kristy"[13] ny fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly ary ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno ary rehefa mifandray ao am-po sy ao an-tsaina ary ao amin'ny fanahin'ny misiônera tanora iray izany rehetra izany ka misy fiantraikany tsara maro, dia lany ho amin'ny asa izy.[14] Ny fahaizany dia hampitomboana mba hanatanterahany ilay andraikitra ho solontena nahazo lalana an'ny Tompo Jesoa Kristy. Ny hery ara-panahy mahery vaika avy amin'ny fampifanarahana ny fanajana ny fisoronana sy ny fanekempihavanan'ny tempoly, ny fandraisana "ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra"[15] amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana,[16] ny fanompoana tsy amim-pitiavan-tena, ary ny fitoriana ny filazantsara amin'ireo zanak' Andriamanitra dia manome fahafahana ny zatovolahy iray ho lasa "miorina sy mifototra ao amin'ny finoana"[17] ary "mamaka tsara sy miorina mafy ao amin['i Kristy]."[18]

Ao an-tokantranontsika sy any ampiangonana dia tokony hampifandanjantsika ny fifantohana amin'ireo singa anakintelo ao amin'ny lamin'ny Tompo ho fanomanana sy fampivoarana ireo zanakalahin' Andriamanitra mahatoky: *fisoronana, tempoly, misiôna*. Mitaky antsika mba hitia ny hoe mendrika sy hitia ny fijanonana ho mendrika ireo zavatra telo ireo. Mba mendrika. Mijanòna ho mendrika.

### Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

Ry rahalahy malalako isany, mampanantena anareo aho fa ilay fanomezam-pahasoavan'ny fanambarana dia hiaraka amin'ny antso omena anareo mba hitory ny filazantsara sy ny fanendrena anareo mba hiasa amina toerana voafaritra iray na maromaro. Rehefa miomana amim-pahazotoana ianareo ankehitriny amin'ny alalan'ny fanompoana amim-pahafoizan-tena ao amin'ny fisoronana sy any amin'ny tempoly, dia hampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona ananareo momba ny hoe velona ny Tompo. Hameno ny fonareo ny fitiavana Azy sy ny fitiavana ny asany. Rehefa mianatra mitia ny hoe mendrika ianareo dia ho lasa fitaovana mahery vaika eo an-tanan'ny Tompo mba hitahiana sy hanompoana olona maro.

Amim-pifaliana aho no mijoro ho vavolombelona fa velona ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany. Ny mirotsaka ao amin'ny fanompoana Azy Ireo no anisan'ny fitahiana lehibe indrindra azontsika raisina. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■


#### FANAMARIHANA


1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:37.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:3.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:1.
4 Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:2.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:3.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:4; nampiana fanamafisana.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:5.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:49.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 80:3.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–44.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:12.
13. Efesiana 1:10.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:5.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21.
17. Helamàna 15:8.
18. Kolosiana 2:7.



# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany


## NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany


Thomas S. Monson
Filoha


Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Russell M. Nelson


Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard


Robert D. Hales


Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen



Ronald A. Rasband


Gary E. Stevenson


Dale G. Renlund


## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY


L. Whitney Clayton


Donald L. Hallstrom


Richard J. Maynes


Craig C. Christensen


Ulisses Soares


Lynn G. Robbins


Gerrit W. Gong

## FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)




Marcos A. Aidukaitis, Jose L. Alonso, Wilford W. Andersen, Ian S. Ardern, Mervyn B. Arnold, W. Mark Bassett, David S. Baxter, Randall K. Bennett, Shayne M. Bowen, Mark A. Bragg, Craig A. Cardon, Yoon Hwan Choi, Kim B. Clark, Weatherford T. Clayton, Carl B. Cook, Lawrence E. Corbridge

Valeri V. Cordon, J. Devn Cornish, Claudio R. M. Costa, Joaquin E. Costa, LeGrand R. Curtis Jr., Massimo De Feo, Benjamín De Hoyos, Edward Dube, Kevin R. Duncan, Timothy J. Dyches, Larry J. Echo Hawk, Stanley G. Ellis, David F. Evans, Enrique R. Falabella, Bradley D. Foster, Randy D. Funk

Eduardo Gavarret, Robert C. Gay, Carlos A. Godoy, Taylor G. Godoy, Christoffel Golden, Walter F. González, C. Scott Grow, O. Vincent Haleck, Kevin S. Hamilton, James J. Hamula, Allen D. Haynie, Paul V. Johnson, Larry S. Kacher, Patrick Kearon, Von G. Keetch, Jörg Klebingat


Joni L. Koch, Erich W. Kopischke, Larry R. Lawrence, Hugo E. Martinez, James B. Martino, Peter F. Meurs, Hugo Montoya, Marcus B. Nash, K. Brett Nattress, S. Gifford Nielsen, Brent H. Nielson, Adrián Ochoa, Allan F. Packer, S. Mark Palmer, Adilson de Paula Parrella, Kevin W. Pearson

Anthony D. Perkins, Paul B. Pieper, John C. Pingree Jr., Rafael E. Pino, Michael T. Ringwood, Gary B. Sabin, Evan A. Schmutz, Gregory A. Schwitzer, Joseph W. Sitati, Steven E. Snow, Vern P. Stanfill, Brian K. Taylor, Michael John U. Teh, José A. Teixeira, Juan A. Uceda, Arnulfo Valenzuela



Terence M. Vinson, Taniela B. Wakolo, Scott D. Whiting, Larry Y. Wilson, Chi Hong (Sam) Wong, Kazuhiko Yamashita, Jorge F. Zeballos, Claudio D. Zivic, W. Craig Zwick

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany; Gérald Caussé, Eveka Miahy; W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa

## MPIANDRAIKITRA AMBONY



### SEKOLY ALAHADY

Devin G. Durrant, Mpanolotsaina Voalohany; Tad R. Callister, Filoha; Brian K. Ashton, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY

Carol F. McConkie, Mpanolotsaina Voalohany; Bonnie L. Oscarson, Filoha; Neill F. Marriott, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA

Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany; Jean B. Bingham, Filoha; Reyna I. Aburto, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA

Bonnie H. Cordon, Mpanolotsaina Voalohany; Joy D. Jones, Filoha; Cristina B. Franco, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY

Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany; Stephen W. Owen, Filoha; M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa





**Nataon'ny Eveka Gérald Caussé**
Eveka Mpiahy

# Omano ny lalana

*Na dia samihafa aza ny andraikitra sy ny fahefana nomena azy ireo, ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka dia miara-miasa ary tsy afa-misaraka ao amin'ny asa famonjena.*

Nanomboka niasa tamina vondrona orinasa mpaninjara iray tany Frantsa aho tamin'ny faha-30 taonako. Indray andro dia niantso ahy hankao amin'ny biraony ny lehiben'ilay orinasa, izay olona tsara avy amina finoana hafa. Nanaitra ahy ny fanontaniany: "Reko hoe mpisorona ao amin' ny fiangonana misy anao hono ianao. Marina ve izany?"

Novaliako hoe: "Eny, marina izany. Mihazona ny fisoronana aho."

Hitako hoe nahaliana azy ilay valinteniko ka nanontany izy avy eo hoe: "Fa nandia seminera fianarana momba ny teôlôjia ve ianao?"

"Mazava ho azy," hoy aho, "teo anelanalelan'ny faha-14 ka hatramin'ny faha-18 taonako ary saika ho isan'andro aho no nianatra ireo lesona tao amin'ny seminera!" Saika nianjera avy teo amin'ny sezany mihitsy izy.

Tena gaga be aho rehefa nampanantsoiny tao amin'ny biraony indray, afaka herinandro maromaro hotendreny mba ho lasa tale mpitantana ao amin'ny iray amin'ireo orinasa iray vondrona amin'ilay toeram-piasako. Talanjona aho ary nolazaiko ny ahiahiko fa tanora loatra aho ary tsy ampy traikefa amin'ny fihazonana andraikitra lehibe toy izany. Tamin'ny tsiky feno hatsaram-panahy no nilazany hoe: "Mety ho marina izany kanefa, tsy mampaninona. Fantatro ireo fitsipipiainanao, ary fantatro ny zavatra nianaranao tao amin'ny fiangonana misy anao. Mila anao aho."

Marina ny eritreriny momba ny zavatra nianarako tato am-piangonana. Nananosarotra ireo taona nifanesy ka tsy haiko raha toa aho ho nahomby raha tsy teo ny traikefa azoko avy tamin'ny fanompoako tao amin'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny naha-zatovolahy ahy.

Fitahiana ho ahy ny nahalehibe ahy tao amin'ny sampana kely iray. Koa satria vitsy an'isa izahay dia voantso ireo tanora mba handray anjara mavitrika amin'ny lafiny rehetra ao amin'ilay sampana. Nanana andraikitra maro aho ary tiako ny fahatsapana fa nilaina aho. Isaky ny Alahady aho dia nikarakara sy nanamasina ny fanasan'ny Tompo, nanompo tao amin'ny kôlejin'ny fisoronana nisy ahy, ary nanatanteraka antso maro samihafa. Nandritra ny herinandro aho dia niaraka tamin'ny raiko sy ireo olon-dehibe mpihazona ny fisoronana hafa rehefa nampianatra mpikambana, sy nampionona ireo marary sy ory, ary nanampy ireo sahirana izahay. Toa tsy nisy olona nieritreritra fa tanora loatra aho raha hanompo na raha hitarika mihitsy aza. Amiko dia toa nandeha tsara sy araka ny tokony ho izy avokoa ny zava-drehetra.

Nanampy ahy hanorina ny fijoroako ho vavolombelona sy nampiorim-paka ny fiainako teo amin'ny filazantsara ny fanompoana nataoko nandritra ireo taona naha-zatovo ahy. Lehilahy tsara sy feno hatsaram-panahy izay nanana fanoloran-tena tamin'ny fampiasana ny fisoronan'izy ireo mba hitahiana ny fiainan'ny hafa no nanodidina ahy. Naniry






ny ho tahaka azy ireo aho. Noho ny fanompoako niaraka tamin'izy ireo dia nianatra aho, mihoatra lavitra noho ny nieritreretako azy tamin'izany fotoana izany, ny mba ho mpitarika ato amin'ny Fiangonana ary koa eo amin'izao tontolo izao.

Anio alina isika dia manana zatovolahy maro mihazona ny Fisoronana Aharôna izay manatrika na manaraka ity fivoriana ity. Rehefa mandinika ny mpanatrika eto aho dia mahita ny ankamaroanareo mipetraka eo akaikin'ny lehilahy matotra, mety ho ny rainareo, na ny raibenareo, na ny zokilahinareo, na ny mpitarika anareo ao amin'ny fisoronana, izay mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka avokoa. Tia anareo izy ireo ary amin'ny ankapobeny dia ny hiaraka aminareo no nahatongavany eto androany alina.

Ity fivorian'ny mpihazona fisoronana avy amin'ny sokajin-taona samihafa ity dia manome fahatakarana mahatalanjona ny firaisan-kina sy ny firahalahiana misy eo amin'ireo fisoronan' Andriamanitra anankiroa. Na dia samihafa aza ny andraikitra sy ny fahefana nomena azy ireo, ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka dia miara-miasa ary tsy afa-misaraka ao amin'ny asa famonjena. Miara-miasa izy ireo ary tena mifampila tokoa.

Ny ohatra tsara indrindra maneho ny fifandraisana akaiky misy eo amin'ireo fisoronana roa ireo dia hita eo amin'ny fifandraisan'i Jesoa Kristy sy i Jaona Mpanao Batisa. Afaka ny hieritreritra an'i Jaona Mpanao Batisa ve ny olona iray nefa tsy hieritreritra momba an'i Jesoa? Mety ho nanao ahoana ny asa nanirahana ny Mpamonjy raha tsy nisy ny asa fanomanana nataon'i Jaona?

Nomena an'i Jaona Mpanao Batisa ny iray tamin'ireo andraikitra be voninahitra indrindra izay mety hisy: "mba hamboatra ny lalan'ny Tompo,"[1] hanao batisa Azy amin'ny rano ary hampivonona ny olona mba handray Azy. Io "[lehilahy] marina . . . sy . . . masina io,"[2] izay notendrena tao amin'ny fisoronana ambany, dia nahafantatra tsara ny halehibe sy ny fetran'ny iraka nampanaovina azy ary ny fahefana nananany.

Vory lanona teo amin'i Jaona ny olona mba handre azy sy mba hataony batisa. Nohajain' ny olona izy tamin'ny naha-olon' Andriamanitra azy. Kanefa rehefa niseho i Jesoa dia niaiky tamimpanentrentena ny amin'ny Anankiray izay lehibe kokoa noho izy i Jaona ka nanambara hoe: "Izaho manao batisa anareo amin'ny rano; fa eto aminareo misy Anankiray Izay tsy fantatrareo, Ilay avy aoriako, ary tsy miendrika ny hamaha ny fehin-kapany aza aho."[3]

Etsy an-kilan'izay kosa, i Jesoa Kristy, Ilay Lahitokana avy tamin'ny Ray, izay nihazona ny fisoronana ambony, dia nanaiky tamim-panetrentena ny fahefan'i Jaona. Nilaza toa izao momba azy ny Mpamonjy hoe: "Amin'ireo izay nateraky ny vehivavy tsy mbola nisy nitsangana izay lehibe noho Jaona Mpanao-batisa."[4]

Eritrereto kely ny zavatra mety hiseho ao amin'ireo kôlejin'ny fisoronana misy antsika raha toa ka miorina eo ambonin'ny lamina napetrak'i Jesoa sy i Jaona Mpanao Batisa ny fifandraisana misy eo amin'ny mpihazona ireo fisoronana roa ireo. Ry rahalahy zandriko isany ao amin'ny Fisoronana Aharôna, tahaka ny an'i Jaona, ny andraikitrareo dia ny mba "hamboatra ny lalana"[5] ho an'ny asa lehiben'ny Fisoronana Melkizedeka. Manao izany amin'ny fomba maro samihafa ianareo. Manatanteraka ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fanasan' ny Tompo ianareo. Manampy amin'ny fanomanana olona ho an'ny Tompo ianareo amin'ny alalan'ny fitorianareo ny filazantsara, amin'ny alalan'ny "[famangianareo] ny tranon'ny mpikambana tsirairay,"[6] ary amin'ny alalan'ny "[fitandremanareo] ny mpikamban'ny fiangonana."[7] Manome fanampiana ho an'ireo mahantra sy sahirana ianareo amin'ny alalan'ny fanangonanareo ireo valopin'ny fanatitra amin'ny fifadiankanina. Mandray anjara amin'ny fikarakarana ireo trano fivorian'ny Fiangonana sy ireo fananam-piangonana hafa ianareo. Ny andraikitrareo dia manan-danja, tena ilaina, ary masina.

Ry rahalahy olon-dehibe isany, na ray ianareo, na eveka ianareo, na mpanolotsaina ao amin'ny Zatovolahy ianareo, na mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka fotsiny ianareo dia afaka manaraka ny ohatry ny Mpamonjy amin'ny fitodihana amin'ireo rahalahinareo izay mihazona ny fisoronana ambany sy manasa azy ireo mba hiarahisalahy aminareo. Raha ny marina, ity fanasana ity dia avy amin'ny Tompo mihitsy. Hoy izy hoe: "Noho izany alao

hiaraka aminareo ireo izay voatokana ho amin'ny fisoronana ambany, ary iraho eo alohanareo ireo hamotoana sy hanomana ny lalana ary hanatontosa ny raharaha izay tsy arakareo."[8]

Rehefa manasa ny zandrinareo lahy "hanomana ny lalana," ianareo dia manampy azy ireo hahafantatra sy hanaja ny fahefana masina hazonin'izy ireo. Rehefa manao izany ianareo dia manampy azy ireo hanomana ny lalan'izy ireo manokana eo ampiomanan'izy ireo amin'ilay andro handraisan'izy ireo sy hampiasan'izy ireo ny fisoronana ambony.

Mamelà ahy ianareo hizara tantara marina iray momba an'i Alex, mpisorona tanora iray izay tsy be teny loatra, mpandinika, ary maranitsaina. Indray Alahady ny evekan'i Alex dia nahita azy irery tanatin'ny hakiviana lehibe tao amin'ny efitrano fianarana iray. Nohazavain'ity tovolahy ity tamin'ny alahelo lehibe ny maha-sarotra ny fankanesany any am-piangonana tsy miaraka amin' ny rainy, izay tsy mpikambana. Avy eo dia nolazainy tamin-dranomaso fa mety ho tsaratsara kokoa ho azy ny mandao ny Fiangonana.

Tamin'ny fiahiahiana marina momba ity tovolahy ity no nanentanan'ilay eveka avy hatrany ny filankevitry ny paroasy mba hanampy an'i Alex. Tsotra ny drafiny: mba hihazonana an'i Alex ho mavitrika sy hanampiana azy hikolokolo fijoroana ho vavolombelona lalina momba ny filazantsara dia nilain'izy ireo ny "hifaneraseran'i [Alex] amina olona tsara sy ny hanaovany zavatra manan-danja."

Ireo rahalahy tao amin'ny fisoronana sy ireo mpikamban'ny paroasy manontolo dia niara-nisalahy haingana mba hanampiana an'i Alex ary naneho ny fitiavana sy ny fanohanan'izy ireo. Ny mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo, izay lehilahy votom-pinoana sy feno fitiavana no voafidy ho namany amin'ny fanaovana fampianarana isan-tokantrano. Ireo mpikambana tao amin'ny episkôpa dia niahy azy ary nandray azy ho mpiara-miasa akaiky.

Hoy ilay eveka: "Nomenay andraikitra maro i Alex. Mpandray olona izy nandritra ireo lanonam-panambadiana



sy nandritra ireo fotoam-pivavahana fanaovam-beloma farany ny maty, nanampy ahy tamin'ny fanokanana fasana izy, nanao batsia mpikambana vaovao maromaro izy, nanokana zatovolahy ho amin'ny anjara fanompoana ao amin'ny Fisoronana Aharôna izy, nampianatra lesona ho an'ny tanora izy, nampianatra niaraka tamin'ny misiônera izy, nanokatra ny trano fiangonana nandritra ireo fihaonambe izy, ary niandraikitra ny fanidiana ny trano fiangonana amin'ny alina aorian'ny fihaonambe izy. Nandray anjara tamin' ny hetsika fanompoana izy, niaraka tamiko rehefa namangy ireo mpikambana zokiolona tany amin'ny toerana fikarakarana beantitra izy, nanao lahateny nandritra ny fanasan'ny Tompo izy, nikarakara ny fanasan'ny Tompo ho an'ireo marary any amin'ny hôpitaly na any an-trano izy, ary lasa anisan'ireo olona vitsy izay afaka nianteherako tanteraka amin'ny maha-eveka ahy izy."

Niova tsikelikely i Alex. Nitombo ny finoany ny Tompo. Nitombo ny fahatokiany ny tenany sy ny herin'ny fisoronana izay nohazoniny. Toy izao no namaranan'ilay eveka azy: "Anisan'ireo fitahiana lehibe indrindra tamiko i Alex tamin'ny fotoana naha-eveka ahy ary ho fitahiana ho ahy foana izy. Tena tombotsoa ho ahy ny niarahako niasa taminy. Tena mino aho fa tsy mbola nisy zatovolahy nandeha tany amin'ny sahan'ny fitoriana filazantsara ka vonona vokatry ny nanompoany tao amin'ny fisoronana noho izy."[9]

Ry eveka malalako isany, ianareo dia manana, tafiditra ao anatin'ny fanendrena sy ny fanokanana anareo ho evekan'ny paroasinareo, ny antso masina mba ho filohan'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny kôlejin'ny mpisorona. Fantatro ny enta-mavesatra zakainareo, kanefa tokony hataonareo ho anisan' ny laharam-pahamehanareo ambony indrindra ny fanefanareo ny adidinareo amin'ireo zatovolahy ireo. Tsy azonareo atao ambanin-javatra na omenareo olon-kafa izany anjara asanareo amin'io andraikitra io izany.

Manasa anareo aho hieritreritra momba ny tsirairay amin'ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna tanora ao amin'ny paroasinareo. Tsy tokony hisy na dia iray amin'izy ireo aza hahatsiaro tena ho adino na tsy ilaina. Misy zatovolahy iray azonareo sy azon'ireo rahalahy mpihazona ny fisoronana hafa ampiana ve? Asao izy hiara-hanompo aminareo. Matetika loatra isika no miezaka mamalifaly ireo zatovolahintsika sy mandray azy ireo ho mpanatrika fotsiny kanefa ny finoan'izy ireo sy ny fitiavan'izy ireo ny filazantsara dia azo kolokoloina indrindra amin'ny alalan'ny filofosan'izy ireo amin'ny fisoronany. Amin'ny alalan'ny


fandraisan'izy ireo anjara mavitrika amin'ity asa famonjena ity dia hifandray amin'ny lanitra izy ireo ary hahazo fahalalana ny amin'ny fahafahan'izy ireo ho tonga tahaka an' Andriamanitra.

Ny Fisoronana Aharôna dia tsy vondrona misy sokajin-taona fotsiny ihany, tsy lamina hisian'ny fampianarana sy hanaovana fiaraha-mientana fotsiny ihany na koa teny iray hoentina ilazana ireo zatovolahin'ny Fiangonana fotsiny ihany. Hery sy fahefana handraisana anjara amin'ny asa lehiben'ny famonjena fanahy izy io, dia ny fanahin'ireo zavotolahy izay mihazona azy sy ny fanahin'ireo olona tompoiny. Ndeha hapetratsika eo amin'ny toerana tokony hisy azy ny Fisoronana Aharôna, toerana tena tsara izany: toerana fanompoana, fiomanana, ary fahombiazana ho an'ny zatovolahy rehetran'ny Fiangonana.

Ry rahalahy malalako isany ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka, manasa anareo aho hanamafy ny rohy manan-danja izay mampiray ireo fisoronan' Andriamanitra anankiroa. Omeo fahafahana ireo tanora mpihazona ny Fisoronana Aharôna hanomana ny lalana eo anoloanareo. Lazao azy ireo amim-pahasahiana hoe: "Mila anao aho." Ho anareo tanora mpihazona ny Fisoronana Aharôna isany, mivavaka aho ny mba hahafahanareo mahare, rehefa miara-manompo amin'ny rahalahy zokinareo ianareo, ny feon'ny Tompo milaza aminareo hoe: "Hotahiana ianao fa hanao asa lehibe. Indro, efa nalefa hialoha lalana tahaka an'i Jaona ianao, mba hanamboatra ny lalana eo anoloako."[10] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 1 Nefia 10:7.
2. Marka 6:20.
3. Jaona 1:26–27.
4. Matio 11:11.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:4.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:51.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:53.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:107.
9. Fifandraisana manokana.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:4.




**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Izay lehibe aminareo

*Ny valisoa lehibe indrindra dia mankany amin'ireo izay manompo tsy manantena valisoa.*

Ry rahalahy malala isany, ry namana malala isany, tena feno fankasitrahana aho tafaraka aminareo mandritra ity fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany izay manentana ny fanahy ity. Ry Filoha Monson! Misaotra tamin'ny hafatrao sy ny tsodranonao. Horaisinay lalandava amim-pahamatorana foana ny teny mifono fitarihana sy torohevitra ary fahendrena avy aminao. Tianay sy tohananay ianao ary mivavaka ho anao foana izahay. Tena mpaminanin'ny Tompo tokoa ianao. Ianao no Filohanay. Manohana anao sy tia anao izahay.

Efa ho roapolo taona lasa izay no nanokanana ny Tempolin'i Madrid



Espagne sy niasany ho toy ny trano masin'ny Tompo. Tsaroanay sy i Harriet tsara izany satria nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritr'i Eorôpa aho tamin'izany fotoana izany. Nandany ora maro dia maro niaraka tamin'olon-kafa maro izahay nikarakara ny antsipirian'ny drafitra sy ny rindrandamin'ireo zavatra hiseho izay hitondra any amin'ilay fanokanana.

Rehefa nanakaiky ny datin'ny fanokanana dia nahatsikaritra aho fa mbola tsy nahazo fanasana hanatrika izany. Tsy dia nampoiziko loatra izany. Raha ny marina ao anatin'ny andraikitro amin'ny maha-Filohan'ny Vondrom-paritra ahy dia tena nandray anjara betsaka tamin'io tetikasa fanorenana tempoly io aho ary nahatsapa ho tompon'andraikitra kely tamin'izany ihany.

Nanontany an'i Harriet aho raha toa ka nahita fanasana izy. Tsy nahita izy.

Nandeha teny ny andro ary nitombo ny ahiahiko. Nanontany tena aho sao very ny fanasana ho anay? Mety nilentika tany anelanelan'ireo ondan' ny kanapenay angamba izany. Mety nifangaro niaraka tamin'ireo taratasy tsy nilaina izany dia nariana. Nanana saka tia mikarokaroka izay ny mpifanolobodirindrina taminay ka nanomboka nampiahiahy ahy mihitsy izy io.

Farany dia voatery nanaiky aho hoe: Tsy nasaina aho.

Saingy ahoana no nahatonga izany? Nanao zavatra nanafintohina ve aho? Sao dia nisy olona nieritreritra fotsiny fa lavitra loatra ho anay ny mankany? Hadino ve aho?

Farany dia tsapako fa nitondra ahy tany amin'ny tsy tiako hahatongavana izany eritreritra nitandahatra izany.

Nampahatsiahy ny tenanay izaho sy i Harriet fa tsy *izahay* akory no iza eo amin'ny fanokanana ilay tempoly. Tsy ny hoe iza no mendrika ny ho asaina na tsia no zava-dehibe. Tsy ny fahatsapanay na ny fiheverenay fa tokony hasaina izahay no zava-dehibe.

Ny fanokanana ilay trano masina izay tempolin'ilay Andriamanitra Avo Indrindra no zava-dehibe. Andro feno fifaliana ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany Espagne izany.

Raha toa ka nasaina mba hanatrika izany aho dia ho nanatrika izany tamim-pifaliana tokoa. Raha toa ka tsy nasaina aho, dia tsy ho nihena akory ny halalin'ny hafaliako. Hiara-paly avy lavitra amin'ireo namanay izahay, izay rahalahy sy rahavavy malalanay. Hidera an' Andriamanitra izahay noho izany fitahiana lehibe izany ka hitovy ny fientanentananay na any an-tranonay any Francfort izahay na any Madrid.

#### Zana-baratra

Nisy mpirahalahy nantsoina hoe Jakoba sy Jaona teo anivon'ny Roambinifololahy izay nantsoin'i Jesoa. Tadidinareo ve ny anaram-bosotra nomeny azy ireo?

Zana-baratra (Boanerjesy).[1]

Tsy mahazo anaram-bosotra toy izany ianao raha tsy hoe mifono tantara ao ambadik'izany. Indrisy anefa fa tsy manome fanazavana bebe kokoa mikasika ny nipoiran'izany anaram-bosotra izany ny soratra masina. Na izany aza dia misy zavatra kely fantatsika ihany mikasika ny toetran'i Jakoba sy i Jaona. Izy ireo ihany ilay mpirahalahy nandroso hevitra mba handatsahana afo avy any an-danitra teo amin'ny tanàna iray tany Samaria satria tsy nandray azy ireo ny olona tao an-tanàna.[2]

Mpanarato i Jakoba sy i Jaona, mety tso-piaina ihany izy ireo, saingy mihevitra aho fa nahafantatra be dia be mikasika ireo singa mandrafitra ny natiora izy ireo. Azo antoka fa olona nahay nandray andraikitra izy ireo.

Indray mandeha, rehefa niomana ny hanao ny diany farany ho any Jerosalema ny Mpamonjy dia nanatona Azy mba hanao fangatahana manokana i Jakoba sy i Jaona, izay angamba mendrika ny hanomezana azy ireo an'ilay anaram-bosotra.

"Tianay mba hataonao aminay izay angatahinay aminao," hoy izy ireo.

Azoko sary an-tsaina i Jesoa nitsiky tamin'izy ireo rehefa namaly hoe: "Inona moa no tianareo hataoko aminareo?"

"Mba ekeo ny hipetrahanay, ny anankiray ho eo amin'ny an-kavananao ary ny anankiray ho eo amin'ny ankavianao, any amin'ny voninahitrao."

Tamin'izay fotoana izay dia nasain' ny Mpamonjy nieritreritra lalina kely kokoa izy ireo mikasika ny zavatra nangatahiny ary nilaza Izy hoe: "Fa ny hipetraka eo an-tànako an-kavanana na eo an-tanako an-kavia kosa, dia tsy Ahy ny hanome izany, fa izay nanamboarana izany no homena."[3]

Amin'ny teny hafa dia tsy afaka mahazo voninahitra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra ianao amin'ny alalan'ny fampiasana tetikady mba hahazoana izany. Ary tsy afaka "mifampiraharaha amin'ny hafa" ianao mba hahazoanao an'ilay voninahitra mandrakizay.

Tsy faly mihitsy ireo Apôstôly folo hafa rehefa naheno izany fangatahana nataon'ireo Zana-baratra izany. Fantatr'i Jesoa fa efa kely sisa ny fotoana nananany ary nampikorontan-tsaina Azy ny nahita fifandirana teo anivon'ireo izay hanohy ny asany.

Niresaka tamin'ny Roambinifololahy mikasika ny herin'ny natiora sy ny fiantraikan'izany eo amin'ireo izay mikatsaka izany sy mihazona izany Izy. "Ny olona izay mpanapaka eto amin'izao tontolo izao," hoy Izy, "dia mampiasa ny fananany fahefana mba hampiasana hery eo amin'ny hafa."

Toy ny hitako izany ny Mpamonjy, mijery amin'ny fitiavana tsy manam-petra ny endrik'ireo mpianatra



mahatoky sy mino ireo. Toy ny henoko izany ilay feony mitalaho hoe: "Tsy izany no ho fomba fisehony eo aminareo. Fa izay lehibe eo aminareo no hanompo anareo: Ary na iza na iza no te ho ambony eo aminareo, dia ho mpanompon'izy rehetra."[4]

Ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra, ny dikan'ny hoe manana ny maha-izy azy sy ny hoe mitarika, dia ny fahitana marina ny olona hafa araka ny tena maha-izy azy, toy ny ahitan' Andriamanitra azy ireo, dia avy eo manolotanana sy manompo azy ireo. Izany dia midika hoe miara-mifaly amin'ireo izay faly, miara-mitomany amin'izay mitomany, mampitraka an'ireo izay trapahoriana, ary mitia ny namantsika toy ny itiavan'i Kristy antsika. Tia ny zanak' Andriamanitra rehetra ny Mpamonjy na inona na inona toe-javatra arapiarahamonina sy ara-piharian-karena iainany, na ny firazanany, na ny fivavahany, na ny fiteniny, na ny firehany ara-pôlitika, na ny firenena niaviany, na izay mety ho vondrona hafa misy azy. Ary tokony ho toy izany koa isika!

Ny valisoa lehibe indrindra dia mankany amin'ireo izay manompo tsy manantena valisoa. Mankany amin'ireo izay manompo tsy mila dokadoka izany sy any amin'ireo izay mitady amim-pahanginana fomba hanampiana ny hafa ary any amin'ireo izay manompo ny hafa fotsiny satria tia an'



Andriamanitra sy ireo zanak' Andriamanitra izy ireo.[5]

#### Aza ankafizina loatra

Fotoana fohy taorian'ny niantsoana ahy ho Manampahefana Ambony, dia nanana fahafahana hiaraka tamin'ny Filoha James E. Faust aho mba hanatanteraka fanavaozana tsatòka iray. Raha teny am-pamiliana ilay fiara nankany amin'ilay toerana nisy ny asa nampiandraiketina anay tany amin'ny faritra kanton'i Utah Atsimo aho dia nanana hatsaram-panahy mba hampiasa izany fotoana izany hampianarana ahy ny Filoha Faust. Lesona iray izay tsy hohadinoiko velively. Hoy izy hoe: "Feno fitiavana an'ireo Manampahefana Ambony ny mpikamban'ny Fiangonana. Handray anao amin-katsarampanahy izy ireo ary hilaza zavatra tsara momba anao." Dia nijanona kely izy ary niteny hoe: "Ry Dieter! aoka ianao ho feno fankasitrahana *lalandava* an'izany, kanefa aza ankafizina loatra velively izany."

Io lesona manan-danja mikasika ny asa fanompoana ao amin'ny Fiangonana io dia miantefa amin'ireo mpihazona fisoronana rehetra any amin'ny kôlejin'ny Fiangonana rehetra. Miantefa amintsika rehetra ato amin'ity Fiangonana ity izany.

Rehefa nanoro hevitra an'ireo olona voantso hihazona toerana ananana fahefana ao amin'ny Fiangonana ny Filoha J. Reuben Clark Zanany dia noteneniny izy ireo mba tsy hanadino ny fitsipika fahenina.

Tsy azo ialana fa hanontany ny olona hoe: "Inona ilay fitsipika fahenina?"

"Aza dia miasa saina be loatra mikasika izay fieritreretan'ny hafa anao," hoy izy.

Mazava ho azy fa hisy fanontaniana iray hafa aorian'izany: "Inona avy ireo fitsipika dimy hafa?"

Tamin'ny endrika falifaly no nilazan'ny Filoha Clark hoe: "Tsy misy an'izany ka!"[6]

Mba hahatongavana ho mpitarika mahomby ao amin'ny Fiangonana dia tsy maintsy mianatra ity lesona tena manan-danja ity isika: ny fitarihana ao amin'ny Fiangonana dia miompana amin'ny fahavononantsika mba hotarihin' Andriamanitra fa tsy miompana be loatra amin'ny fitarihana ny hafa.

#### Fomba ahafahana manao asa fanompoana ny fananana antso

Amin'ny maha-Olomasin' Andriamanitra Avo Indrindra antsika dia mila "mahatsiaro amin'ny zavatra rehetra ny mahantra sy ny sahirana [isika], ny marary sy ny ory, fa izay tsy manao ireo zavatra ireo dia tsy mpianatro."[7] Tsy manam-petra ireo fomba ahafahana mandehandeha manao soa sy manompo ny hafa. Afaka mahita azy ireo any amin'ny fiarahamonina misy antsika isika sy any amin'ny paroasy sy sampana misy antsika ary indrindra any an-tokantranontsika.

Ankoatra izany dia omena fahafahana manokana mazava mba hanompo ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana. Antsointsika hoe "antso" izany fahafahana izany, izay teny tokony hampahatsiahy antsika hoe iza no miantso antsika mba hanompo. Raha toa ka raisintsika ho fahafahana manompo an' Andriamanitra sy manompo ny hafa amim-pinoana sy amim-panetrentena ny antsontsika dia ho dingana iray atao eo amin'ny lalan' ny maha-mpianatra ny asa fanompoana rehetra. Tsy hoe manamafy orina fotsiny ny Fiangonany Andriamanitra amin'izany fomba izany fa manamafy orina ny mpanompony koa. Ny Fiangonana dia natao hanampy antsika mba ho lasa mpianatr'i Kristy marina sy mahatoky, zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra izay tsara sy mendrika. Tsy hoe rehefa mandeha manatrika fivoriana sy mihaino lahateny fotsiny akory isika no miseho ho izany fa rehefa mieritreritra ny hafa sy manompo azy ireo ihany koa. Izany no fomba ahafahantsika ho lasa "lehibe" ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

Manaiky antso amim-panajana sy amin-panetrentena ary amimpankasitrahana isika. Rehefa isaorana amin'ireny antso ireny isika dia manaiky ilay fanovana amim-panajana sy amim-panetrentena ary amimpankasitrahana toy ilay teo ihany.

Tsy misy antso ao amin'ny fanjakana izay manan-danja bebe kokoa noho ny anankiray hafa eo imason' Andriamanitra. Ny asa fanompoana ataontsika, na lehibe izany na kely, dia manadio antsika sy manokatra ny varavaran'ny lanitra ary mandrotsaka ireo fitahian' Andriamanitra tsy eo amin'ireo izay tompointsika fotsiny fa eo amintsika ihany koa. Rehefa manolo-tanana ny hafa isika dia afaka mahafantatra amim-pahatokian-tena lalina fa manaiky amim-pankasitrahana ny asa fanompoana ataontsika Andriamanitra. Mitsiky amintsika Izy rehefa manolotra ireo asa fangorahana avy amin'ny fo ireo isika, indrindra ireo asa tsy hita maso sy tsy tsikaritry ny hafa.[8]

Isaky ny manao zavatra ho an'ny hafa isika, dia manao dingana iray manakaiky kokoa ny fahatongavana ho mpianatra tsara sy marin'ilay Iray izay nanome izay nananany rehetra ho antsika, dia ny Mpamonjy antsika izany.

#### Nanomboka tany amin'ny fiahiana nankany amin'ny fanaovana asa tany amin'ny fampisehoana an-dalambe

Nandritra ny faha-150 nitsingerenan'ny fahatongavan'ireo mpisava lalana tany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake, dia filohan'ny tsatòka tao Henefer, Utah Rahalahy Myron Richins. Nahitana ny filalaovana an-tsehatra ny fandalovan'ireo mpisava lalana tao amin'io tanàna io ilay fankalazana.

Tena nandray anjara mavitrika tamin'ny drafitr'ilay fankalazana ny Filoha Richins, ary nanatrika fivoriana maro niaraka tamin'ireo

Manampahefana Ambony sy ireo olona hafa izy mba hiresahana ireo hetsika hatao. Tena nilofo tanteraka izy.

Talohan'ny kelin'io fankalazana io dia nohavaozina ny tsatòkan'ny Filoha Richins ary nisaorana tamin'ny nahafiloha azy izy. Indray alahady taorian'izay raha nanatrika ny fivorian'ny fisoronana teo anivon'ny paroasiny izy dia nangataka olona hilatsaka an-tsitrapo mba hanampy amin'ilay fankalazana ireo mpitarika. Nanangana ny tanany niaraka tamin'ireo olona hafa ny Filoha Richins ary nomena toromarika izy mba hanao akanjo fitondra manao asa ary hitondra ny kamiaony ary angady.

Farany dia tonga ny maraina hanaovana ilay asa ary nandeha nanatanteraka an-tsitrapo ny adidiny ny Filoha Richins.

Herinandro vitsivitsy monja talohan'izay dia nitondra anjara biriky nahery vaika teo amin'ny fandrafetana sy fanaraha-mason'io hetsika lehibe io izy. Tamin'izay andro izay anefa dia ny nanaraka ireo soavaly tao anatin'ilay fampisehoana an-dalambe no asany ary nanadio izay maloto nataon'izy ireo.

Nataon'ny Filoha Richins tamimpifaliana sy tamim-pitsikiana izany.

Takany fa tsy misy karazana asa fanompoana iray izay ambony noho ny anankiray hafa.

Fantany sy nampihariny ilay tenin'ny Mpamonjy hoe: "Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo."[9]

#### Manao asa amin'ny maha-mpianatra araka ny tokony ho izy

Indraindray isika maniry hahazo toerana ambony tahaka ireo Zanabaratra. Mikatsaka ny hahazo sitraka isika. Mikatsaka ny hitarika sy hitondra anjara biriky isika mba hotsaroan'ny olona foana ny nataontsika.

Tsy misy maharatsy ny manompo ny Tompo fa rehefa mikatsaka ny hanana fahafahana mitarika ao amin'ny Fiangonana mba ho tombontsoantsika isika, mba hahazoana dokadoka sy sitraka avy amin'ny olona, dia azontsika tokoa izany valisoantsika izany. Rehefa "ankafizintsika" ny dokadokan' ny hafa dia izany dokadoka izany no ho valisoantsika.



Inona no antso tena manan-danja indrindra ao amin'ny Fiangonana? Ilay antsonao amin'izao fotoana izao izany. Na tsy manan-danja na ambony toy ny inona izany dia ilay antsonao amin'izao fotoana izao no ilay iray izay hanome fahafahana anao tsy hoe hanohana ny hafa fotsiny fa hahatonga anao ho lasa ilay olon' Andriamanitra araka ny tena nahariana anao.

Ry namana malalako sy rahalahy ao amin'ny fisoronana, ampiroboroboy ny antsonareo!

Nampianatra ny Filipiana i Paoly hoe: "Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana, fa amin'ny [fanentrentena] dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany."[10]

#### Manompo amim-panajana

Ny fikatsahana haja amanboninahitra ato amin'ny Fiangonana ho solon'ny fanompoana tena izy sy amim-panentrentena atao amin'ny hafa dia toy ilay takalo nataon'i Esao.[11] Mety hahazo valisoa ara-nofo isika saingy ho very zavatra tena sarobidy be mihitsy, dia ny fankasitrahan' Andriamanitra izany.


Ndeha isika hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy, izay malemy fanahy sady tsy miavona am-po, izay tsy nikatsaka ny voninahitra avy amin' ny olona fa ny hanao ny sitrapon'ny Rainy.[12]

Ndeha isika hanompo ny hafa amin-kery sy amim-pankasitrahana ary amim-panajana. Na dia tsotra na tsy manan-danja aza ny asa fanompoana ataontsika, ireo izay manolo-tanana ny hafa amin-katsaram-panahy sy amim-pangorahana dia hahafantatra ny lanjan'ny asa fanompoana nataony amin'ny alalan'ilay fahasoavana mandrakizay sy miavaka avy amin' Andriamanitra Tsitoha.[13]

Ry rahalahy malala, ry namana malala, enga anie isika hisaintsaina sy hanakatra ary hiaina ity lesona manan-danja mikasika ny fitarihana ato amin'ny Fiangonana sy ny fomba fitantanan'ny fisoronana ity: "Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo." Izany no vavaka sy tsodrano ataoko amin'ny anarana masin'ilay Tompo sy Mpanavotra antsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Marka 3:17.
2. Jereo ny Lioka 9:54.
3. Jereo ny Marka 10:35–40, Dikanteny vaovao maneran-tany (2011) ary dikanteny tamin'ny vanim-potoan'ny Mpanjaka James.
4. Jereo ny Marka 10:42–44.
5. Jereo ny Matio 6:4.
6. Jereo ny John E. Lewis, "The Gospel and a Sense of Humor, Too," *Ensign,* jona 1974, 24.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:40.
8. Jereo ny Matio 6:1–2.
9. Matio 23:11.
10. Filipiana 2:3, Dikanteny vaovao amin'ny teny anglisy (2005).
11. Jereo ny Genesisy 25:33.
12. Jereo ny Jaona 5:41; 6:38.
13. Jereo ny Matio 25:31–46.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# "Miaraha mandeha Amiko"

*Ny fanendrena antsika ho amin'ny fisoronana dia fanasana avy amin'ny Tompo mba hiaraka handeha Aminy, hanao izay ataony, ary hanompo araka ny fomba nanompoany.*

Ry rahalahiko malala ao amin'ny fisoronana, ny tanjoko anio dia ny sady hanome toky anareo no hampavitribitrika anareo amin'ny fanompoanareo ao amin'ny fisoronana. Amin'ny lafiny sasany dia mitovy amin'ny tanjona izay heveriko fa nananan'ny Mpamonjy rehefa nihaona tamin'ilay lehilahy tanora manan-karena iray izany, izay nanontany hoe: "Inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay?" (Matio 19:16). Mety tonga ato amin'izao fihaonambe izao angamba ianao, tahaka ny nanatonan'ilay lehilahy tanora ny Mpamonjy, ka manontany tena raha toa ankasitrahana ny fanompoana ataonao. Dia mety hahatsapa ihany koa ianao miaraka amin'izany fa mbola betsaka no azo atao, mbola betsaka mihitsy angamba! Mivavaka aho ny mba hahafahako mampita ny fankasitrahan'ny Tompo feno fitiavana anao noho ny zavatra efa vitanao, ary koa fanolorana sombina famporisihana ny amin'izay mety mbola azonao atao miaraka amin'ny fanampiany, amin'ny maha-mpihazona ny fisoronany masina anao.

Nangatahana ilay lehilahy tanora mpanan-karena hivarotra ny zavatra rehetra nananany sy hanome ho an'ny mahantra ary hanaraka ny Mpamonjy. Mety tsy hitaky izany ny fivoaranao amin'ny hoavy, saingy tena mety hitaky fahafoizantena avy aminao tokoa izany. Na izany na tsia dia manantena aho fa ny hafatro dia tsy hahatonga anao "[hiala] amin'ny alahelo" tahaka ilay lehilahy tanora. (Jereo ny Matio 7:20–22.) Matoky kosa aho fa "[hanohy] amimpifaliana ny dianao" (F&F 84:105) ianao satria te hivoatra ary heverinao fa afaka mivoatra ianao.

Na dia izany aza dia tsy mahagaga ny hahatsapana ho tsy dia mahay rehefa dinihana ny zavatra asain'ny Tompo ataontsika. Raha ny marina, raha milaza amiko ianao fa mahatsapa ho tena afaka manatanteraka amin'ny fomba tena lafatra ny andraikitrao ao amin'ny fisoronana, dia mety ahiako hoe tsy mahatakatra izany ianao. Etsy ankilany kosa, raha milaza amiko ianao fa mahatsapa ho te hilavo lefona satria mihoatra lavitra noho ny fahaizanao ny asa, dia maniry ny hanampy anao hahatakatra ny fomba fampivoaran'ny Tompo sy fankaherezany ireo mpihazona ny fisoronany mba hahavita ireo zavatra izay tsy ho vitan'izy ireo irery mihitsy aho.

Marina izany raha ny mahakasika ny antsoko ary marina ihany koa raha ny mahakasika ny antsonao. Tsy misy amintsika afaka manao ny asan'ny fisoronana, ary manao izany tsara ka niantehitra fotsiny tamin'ny fahendreny sy ny talentany. Izany no izy satria tsy asantsika ity, asan'ny Tompo ity. Koa ny hany fomba hahombiazana dia ny miantehitra Aminy, na diakona vao nantsoina hitondra ampahana hery ara-panahy ho an'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ianao; na mpampianatra isan-tokantrano tanora notendren'ny Tompo hitia sy hanompo fianakaviana tsy fantatrao ary toa tsy maniry ny fitiavanao sy ny fanompoanao; na raim-pianakaviana mahafantatra fa tokony hiahy ny tokantranony amim-pahamarinana, nefa mety tsy dia mahazo antoka loatra ny amin'ny fomba tokony hanaovana izany, satria ireo ankizy dia mitombo haingana ary izao tontolo izao dia toa feno fankahalana sy fahasarotana.

Koa raha mahatsapa ho sahirankirana ianao dia raiso ho famantarana tsara izany. Manambara izany fa afaka mahatsapa ny halehiben'ny toky napetrak' Andriamanitra aminao ianao. Midika izany fa efa manana fahatakarana momba ny tena dikan'ny fisoronana ianao.

Vitsy tokoa ny olona eto amin'izao tontolo izao no manana izany fahatakarana izany. Na dia ireo izay afaka milaza famaritana azo ekena aza dia



mety tsy mahatakatra izany tsara. Misy ireo soratra masina sasany izay afaka mahatonga antsika ho talanjona kokoa amin'ny fisoronana masina, noho ny herin'ny Fanahy izay hoentiny. Ireto misy vitsivitsy amin'ireo soratra masina ireo:

"Ny hery sy ny fahefan'ny fisoronana ambonimbony kokoa na ny Fisoronana Melkizedeka dia ny mihazona ny fanalahidin'ny fitahiana ara-panahy rehetra ao amin'ny fiangonana—

"Ny manana ny tombontsoa handray ny misterin'ny fanjakan'ny lanitra, ny hanana ny lanitra misokatra eo anoloany, ny miombona amin' ny fivoriana faobe sy ny fiangonan'ny Lahimatoa ary ny manana anjara amin'ny fiombonana sy ny fanatrehan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa, ilay mpanalalan'ny fanekempihavanana vaovao.

"Ny hery sy ny fahefan' . . . ny Fisoronana Aharôna, dia ny mihazona ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely" (F&F 107:18–20).

"Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansin'[ny fisoronana] ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra. . . .

"Fa raha tsy misy izany, dia tsy misy olona afaka mahita ny tavan' Andriamanitra, dia ny Ray, ary ho velona" (F&F 84:20, 22).

"Ity fisoronana avo [ity dia] araka ny lamin'ny Zana[k' Andriamanitra, izay lamina nisy hatry ny fanorenana izao tontolo izao; na amin'ny teny hafa, tsy nisy fiandohan'andro na fiafaran-taona, efa voaomana hatrizay hatrizay ary ho mandrakizay, araka ny fahalalany mialoha ny zava-drehetra" (Almà 13:7).

"Fa ny olona rehetra izay atokana araka ity lamina sy antso ity dia hanana fahefana, amin'ny alalan'ny finoana hamaky tendrombohitra, hampisaraka ranomasina, handritra rano, hampivily izany hiala amin'ny lalany;

"Hihantsy ireo miaramilan'ny firenena, hizara ny tany, hanapatapaka ny fatorana rehetra, hijoro eo anatrehan' Andriamanitra; hanao ny zava-drehetra araka ny sitrapony, araka ny didiny, hampanoa ireo fanapahana sy fahefana; ary izany dia amin'ny alalan'ny sitrapon'ny Zanak' Andriamanitra izay nisy hatry ny talohan'ny fanorenana



izao tontolo izao" (Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:30–31 [ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina]).

Ny fomba iray hasetrintsika izany famariparitana mampitolagaga ny herin'ny fisoronana izany dia ny fiheverana fa tsy mihatra amintsika izany. Ny fomba iray hafa hasetrintsika izany dia amin'ny alalan'ny fandinihantena lalina, ny fametrahana fanontaniana ao am-pontsika toy hy hoe: Efa nahatsapa ny nisokafan'ny lanitra tamiko ve aho? Mety hisy hampiasa ilay andian-teny hoe "fanompoan'ny anjely" ve hoentina hanoritsoritana ny fanompoako ao amin'ny fisoronana? Mitondra ny "herin'ny toetra araka an' Andriamanitra" eo amin'ny fiainan'ireo izay tompoiko ve aho? Efa namaky tendrombohitra, nihantsy miaramila, nanapatapaka ny fatoran'ny olona iray, na nampanoa ny fanapahan'izao tontolo izao ve aho, na dia ara-tsarinteny fotsiny aza, mba hanatanterahana ny sitrapon' Andriamanitra?

Izany karazana fandinihan-tena izany dia mitondra fahatsapana hatrany fa afaka manao misimisy kokoa ao amin'ny fanompoana ny Tompo isika. Manantena aho fa manome anareo fahatsapana mba *haniry* ny hahavita misimisy kokoa ihany koa izany, dia fanantenana mba handray anjara fenofeno kokoa amin'ny asan'ny Tompo mahagaga. Izany karazana fahatsapana izany no dingana voalohany mankany amin'ny hoe lasa ilay karazana lehilahy tokony voavolavolan'ny fanompoana ao amin'ny fisoronana.

Ny dingana manaraka dia fariparitana ao amin'ny fifandraisana nisy teo amin'i Jehovah sy Enoka. Fantatsika fa mpaminany nahery iray izay nanorina an'i Ziona teo anivon'ny faharatsiana lehibe i Enoka. Kanefa talohan'ny naha-mpaminany lehibe azy dia nandray ny tenany ho "mbola zatovolahy, . . . miadam-piteny," sy nankahalan'ny vahoaka manontolo i Enoka (Mosesy 6:31). Henoy ireo tenin'ny Tompo nentiny nankaherezana an'i Enoka. Teny miantefa ho anao izay nantsoina hanompo ny hafa amin'ny mahampihazona ny fisoronana anao ihany koa izy ireo:

"Ary hoy ny Tompo tamin'i Enoka: Mandehana ary ataovy izay efa nandidiako anao ary tsy misy olona hanagorobaka anao. Sokafy ny vavanao dia hofenoina izany ary homeko izay holazainao, fa eo an-tanako ny nofo rehetra, ary Izaho dia manao izay heveriko fa tsara. . . .

"Indro mby eo aminao ny Fanahiko, koa ny teninao rehetra dia hohamarininiko; ary ny tendrombohitra dia handositra eo anoloanao, ary ny renirano dia hivily amin'ny lalany; ary hitoetra ato Amiko ianao ary Izaho ao aminao; koa miaraha-mandeha Amiko" (Mosesy 6:32, 34).

Ry rahalahy isany, ny fanendrena antsika ho amin'ny fisoronana dia fanasana avy amin'ny Tompo mba hiaraka



handeha Aminy. Inona ny dikan'ny hoe miara-mandeha amin'ny Tompo? Izany dia midika hoe manao izay ataony, manompo amin'ny fomba hanompoany. Nahafoy ny tombotsoany Izy mba hitahiana ireo sahirana, koa izany koa no ezahantsika hatao. Toa nahatsikaritra manokana ireo olona izay tsy dia niraharahaina firy Izy ary ireo narian'ny fiaraha-monina mihitsy aza, koa tokony hiezaka hanao izany ihany koa isika. Nijoro ho vavolombelona tamim-pahasahiana nefa tamim-pitiavana momba ny fotopampianarana marina noraisiny avy tamin'ny Rainy Izy, na dia tsy nalaza aza izany, ary isika koa dia tsy maintsy manao izany. Hoy Izy tamin'ny rehetra hoe, "Mankanesa atỳ amiko" (Matio 11:28), ary isika dia miteny amin'ny rehetra hoe, "Mankanesa any Aminy." Isika no solontenany amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika. Tsy manao zavatra ho an'ny tenantsika isika fa ho Azy. Tsy miteny ny tenintsika isika fa ny Azy. Ireo olona izay tompointsika dia mahafantatra Azy tsaratsara kokoa vokatry ny fanompoantsika.

Raha vantany vao manaiky ilay fanasana nomen'ny Tompo hoe "Miaraha-mandeha Amiko" isika dia miova ny toetran'ny fanompoantsika ao amin'ny fisoronana. Lasa avoavo kokoa sy mendri-kaja kokoa izany, nefa koa azo vitaina kokoa satria mahafantatra isika fa tsy irery. Nahatsapa izany tamin-kery indrindra aho rehefa nametraka ny tanany teo amin'ny lohako ny Filoha Thomas S. Monson sivy taona lasa izay, izay nitsodrano ahy teo am-panombohako ny fanompoana ao amin'ny antsoko amin'izao fotoana. Tao amin'ilay tsodrano dia niteny izao teny nolazain'ny Mpamonjy izao izy: "Ary na zovy na zovy no mandray [anao], dia ho eo koa Aho, fa Izaho handeha eo [alohanao]. Ho eo [ankavananao] sy eo [ankavianao] Aho, ary ho ao [am-ponao] ny Fanahiko, ary hanodidina [anao] ny anjeliko mba hanohana [anao]" (F&F 84:88).

Niantehitra tamin'io fampanantenana io im-betsaka aho, ary nahita ny nahatanterahan'izany tamin'ny fomba maro aho nandritra ireo 72 taona nanompoako tao amin'ny fisoronana. Nitranga izany fony aho mpihazona ny Fisoronana Aharôna vaovao notendrena hizara ny fanasan'ny Tompo. Koa satria natahotra ny hanao fahadisoana aho dia nivoaka tany ivelan'ny trano fiangonana mialoha ny fiatombohan'ny fivoriana ary nivavaka mafy tamim-pahakiviana mba hahazo fanampiana avy amin' Andriamanitra. Nahazo valim-bavaka aho. Nahatsapa aho fa niaraka tamiko ny Tompo. Tsapako ny fahatokisany ahy, ary tsapako koa ny fahatokisan-tenako tao anatin'ny asany.

Nitranga indray izany tamin'ny fotoana naha-eveka ahy. Nandray antso an-tariby avy tamin'ny vehivavy iray izay nanao fahadisoana goavana aho ary voatery nandray fanapahankevitra sarotra izay hitondra fiovana eo amin'ny fiainany. Rehefa namangy azy aho dia nahatsapa fa nahafantatra ny vahaolana amin'ny olany, saingy nahatsapa mafy ihany koa *aho* fa tsy tokony hanome azy izany vahaolana izany; mila izy mihitsy no nitady izany. Ny teny nolazaiko taminy dia nanao hoe "Mino aho fa hilaza aminao izay tokony hatao Andriamanitra raha toa manontany Azy ianao." Taty aoriana izy dia nilaza tamiko fa nanontany an' Andriamanitra dia nolazainy taminy ilay izy.

Tamin'ny fotoana iray hafa dia nahazo antso an-tariby aho fony aho eveka, ary avy tamin'ny mpitandro filaminana izany tamin'io indray mitoraka io. Nolazaina tamiko fa nandona ny fitaratry ny banky iray tamin'ny fiarakodiany ny mpamily mamo iray ka tafiditra tao anatin'ilay banky. Rehefa nahita ny mpiambina ny banky nanambana ny basiny taminy ilay mpamily mamo dia nitomany izy sady nilaza hoe: "Aza mitifitra! Môrmôna Aho!"

Fantatra avy teo fa mpikambana tao amin'ny paroasiko ilay mpamily mamo, vita batisa vao tsy ela. Raha niandry ny hiresaka taminy tao amin'ny biraon'ny eveka aho dia nanomana izay zavatra hoteneniko mba hahatsapany nenina noho ny tsy nitandremany ny fanekempihavanany sy ny nanalany baraka ny Fiangonana. Saingy rehefa nipetraka sy nijery azy aho dia nahare feo tao an-tsaiko nilaza, mazava tsara tahaka ny hoe misy olona iray miresaka amiko, hoe: "Avelako mahita azy araka ny fahitako azy ianao." Dia hitako niova nandritra ny fotoana fohy ny endriny manontolo. Tsy lehilahy tanora mamomamo no hitako fa zanakalahin' Andriamanitra, mamirapiratra, ary henikaja kosa. Nahatsapa tampoka ny fitiavan'ny Tompo azy aho. Izany fomba fijery izany dia nanova ny resadresaka nataonay. Nanova ahy ihany koa izany.

Nianatra lesona manan-danja avy amin'izany traikefa amin'ny fiarahana mandeha amin'ny Tompo rehefa manao ny asany izany aho. Tiako ny hizara aminareo ny telo amin'izany. Ny voalohany dia ny hoe mahafantatra sy manohana na dia ny diakona vaovao sy tanora indrindra Andriamanitra. Tsy tokony hahatsapa mihitsy ianao hoe kely loatra na tsy manan-danja loatra ho Azy ka tsy fantany ianao sy ny fanompoana izay ataonao amin'ny anarany.

Ny lesona faharoa dia ny hoe tsy fitadiavana vahaolana fotsiny ihany ny asan'ny Tompo; fanorenana ny olona mba hiorim-paka izany. Noho izany, rehefa mandeha miaraka Aminy manompo ao amin'ny fisoronana ianao dia mety hahita indraindray fa ilay toa vahaolana mahomby indrindra dia tsy ny vahaolana tian'ny Tompo indrindra satria tsy mamela ny olona hitombo izany. Raha mihaino ianao dia hampianatra anao ny fombany Izy. Tsarovy fa ny asa sy ny voninahitr'

Andriamanitra dia tsy ny hitantana fikambanana mahomby fotsiny. "Ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" izany (Mosesy 1:39). Raha ny marina dia izany ny antony nanomezany ny fahefam-pisoronany ho an'ny olona misy fahalemena tahaka ahy sy ianao ary hanasany antsika mba handray anjara amin'ny asany. Ny fivoarantsika *dia* ny asany!

Izao ilay lesona fahatelo: Ny fiarahana mandeha amin'ny Mpamonjy rehefa manompo ao amin'ny fisoronana dia hanova ny fomba fijerintsika ny hafa. Hampianatra anao hijery amin'ny alalan'ny masony Izy, izay midika hoe mijery mihoatra ny endrika ivelany sy mijery ao am-po (jereo ny 1 Samoela 16:7). Izany no fomba nahafahan'ny Mpamonjy nahita an'i Simona ho tsy ilay mpanjono natahotahotra fa ilay Petera, mpitarika matanjaka ao amin'ny Fiangonana amin'ny hoavy (jereo ny Lioka 5:1–11). Izany no nahafahany nahita an'i Zakaiosy ho tsy ilay mpamory hetra feno kolikoly hitan'ny hafa fa ilay zanakalahin' Abrahama marintoetra sy tsara kosa (jereo ny Lioka 19:1–9). Raha elaela kokoa no hiarahanao mandeha amin'ny Mpamonjy dia hianatra ianao ny hijery ny olona tsirairay avy amin'ny maha-zanak' Andriamanitra azy izay mety ho lasa lavitra, na nanao ahoana na nanao ahoana ny fiainany lasa. Ary raha mbola manohy mandeha miaraka amin'ny Mpamonjy ianao dia hikolokolo fanomezampahasoavana hafa, dia ny fahaizana manampy ny olona hahafantatra fa mety ho lasa lavitra izy ka hibebaka.

Ry rahalahiko malala ao amin'ny fisoronana, amin'ny lafiny maro dia tahaka ireo mpianatra anankiroa izay nandeha teo amin'ny lalana nankany Emaosy tamin'ilay alahady voalohan'ny Paska isika. Marainan'ny Fitsanganana tamin'ny maty tamin'izay, saingy tsy mbola nahazo antoka izy ireo fa misy ny fitsanganana amin'ny maty na ny dikan'ny hoe fitsanganana amin'ny maty mihitsy aza. "[Nantenain'] izy ireo fa i [Jesoa avy any Nazareta] no Ilay efa hanavotra ny Isiraely," saingy "votsa saina ka tsy mino" ny zava-drehetra izay



nampianarin'ny soratra masina momba ny fitsanganana amin'ny maty izy ireo. Raha nandeha sy niezaka nahatakatra izany miaraka izy ireo dia "nanatona Jesoa ka niaraka tamin['izy ireo]. Nefa ny mason'ireo nohazonina mba tsy hahafantarany Azy." (Jereo ny Lioka 24:13–32.)

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mandeha eo amin'ny lalan'ny fanompoana ao amin'ny fisoronana isika dia mandeha miaraka amintsika i Jesoa Kristy Mpamonjy, satria lalany izany. Hialoha-lalana antsika ny fahazavany, ary hanodidina antsika ireo anjeliny. Mety tsy hanana fahatakarana feno ny amin'ny hoe inona ny fisoronana isika na ny fomba fampiasana izany tahaka Azy. Saingy raha malina tsara isika mandritra ireo fotoana izay "[mampangorakoraka] ny fontsika" (Lioka 24:32), dia afaka hosokafana ny masontsika ary hahita ny tanany eo amin'ny fiainantsika sy ao amin' ny fanompoantsika isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa mahafantatra Azy indrindra isika rehefa miara-miasa Aminy ary manompo Azy ao amin'ny asa lehibe fitondrana famonjena ho an'ny zanak' Andriamanitra. "Fa ahoana moa no ahalalan'ny olona iray ny tompo izay tsy notompoiny sy izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan'ny fony?" (Môsià 5:13). I Jesoa Kristy no Tompontsika. Fiangonany ity. Fisoronany no hazonintsika. Enga anie isika rehetra hisafidy ny hiara-handeha Aminy ary hahafantatra fa miaramandeha amintsika Izy.

Omeko anareo ny tenivavolombeloko fa i Jesoa no ilay Kristy, Tompontsika tafatsangana amin'ny maty. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny fisoronana izay nampandraiketina antsika no hery hahafahana miteny sy miasa amin'ny anarany. Isika dia zanaky ny Ray any An-danitra be fitiavana izay mamaly ny vavaka ataontsika sy mandefa ny Fanahy Masina mba hankahery antsika amin'ny andraikitra ao amin'ny fisoronana izay hitahiana antsika. Nahita ny Ray sy ny Zanaka i Joseph Smith. Izy dia nandray ireo fanalahidin'ny fisoronana izay niampita any amin'ny Filoha Thomas S. Monson, izay mampiasa izany ankehitriny. Izany no hijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Fivoriana Alahady Maraina | 2 April 2017

Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna


*Miangavy ny tsirairay avy amintsika aho mba handalina sy hisaintsaina amim-bavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, miarahaba anareo amin-kafanampo lehibe aho noho izao fihaonantsika indray amin'ny fihaonambe maneran-tany mahafinaritra an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany izao. Alohan'ny hanombohako ny hafatro anio dia te hanambara tempoly vaovao miisa dimy aho izay haorina any amin'ireto toerana manaraka ireto: Brasília, Brésil; faritra Grand Manille, Nosy Filipina; Nairobi, Kenya; Pocatello, Idaho, Etazonia; ary Saratoga Springs, Utah, Etazonia.

Amin'ity maraina ity aho dia hiresaka momba ny herin'ny Bokin' i Môrmôna sy ny tena ilantsika tokoa amin'ny maha-mpikamban'ity Fiangonana ity antsika ny fandalinana sy ny fisaintsainana ary ny fampiharana ny fampianarana ao anatin'izany eo amin'ny fiainantsika. Tsy fe lazaina ombieny ombieny fotsiny ny maha-zava-dehibe ny fananana fijoroana ho vavolombelona mafy orina sy azo antoka momba ny Bokin'i Môrmôna.

Miaina ao anatin'ny fotoana tena sarotra sy feno haratsiana lehibe isika. Inona no hiaro antsika amin'ny fahotana sy ny faharatsiana izay tena miparitaka eto an-tany ankehitriny? Manambara aho fa ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika sy ny Filazantsarany dia hitarika antsika amin'ny toerana azo antoka. Raha tsy mamaky isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ianao, dia ataovy izany. Raha mamaky izany amim-bavaka ianao miaraka amin'ny faniriana marina hahafantatra ny fahamarinana, dia haneho ny fahamarinan'izany aminao ny Fanahy Masina. Raha marina izany, ary ijoroako ho vavolombelona amin'ny fomba manetriketrika fa *izany tokoa*, dia mpaminany izay nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany izany i Joseph Smith.

Satria marina ny Bokin'i Môrmôna, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no Fiangonan'ny Tompo eto an-tany, ary tafaverina amin'ny laoniny ny



fisoronana masin' Andriamanitra ho tombontsoa sy fitahiana ho an'ireo zanany.

Raha toa ka tsy manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba ireo zavatra ireo ianao dia ataovy izay ilaina atao mba hahazoana izany. Zava-dehibe ho anareo ny fananana-reo manokana fijoroana ho vavolombelona amin'izao andro sarotra izao, satria ny fijoroana ho vavolombelona izay ananan'ny hafa dia tsy afaka ny hanampy anareo ho lasa lavitra. Na izany aza, rehefa azo ny fijoroana ho vavolombelona dia mila tazonina ho zava-dehibe sy velona foana izany amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny vavaka sy fandalinana ny soratra masina isan'andro.

Ry mpiara-manompo amiko ao anatin'ny asan'ny Tompo, miangavy ny tsirairay avy amintsika aho mba handalina sy hisaintsaina amim-bavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna. Raha manao izany isika, dia ho afaka handre ny feon'ny Fanahy, hanohitra ny fakam-panahy, handresy ny ahiahy sy ny tahotra, ary handray ny fanampian'ny lanitra eo amin'ny fiainantsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny foko manontolo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga maneran-tany

# Taranaka mahatohitra fahotana

*Rehefa mampianatra sy mitarika ary mitia ny ankizy ianareo dia afaka mandray fanambarana ho an'ny tena manokana izay hanampy anareo amin'ny famoronana ankizy maherifo sy mahatohitra fahotana sy amin'ny famatsiana fitaovam-piadiana azy ireo.*

Herintaona sy tapany lasa izay, ny Filoha Russell M. Nelson dia niresaka momba ny hoe ilaina "ny mampianatra sy manabe taranaka mahatohitra fahotana."[1] Nisy heviny ara-panahy lehibe tato anatiko izany andian-teny hoe "taranaka mahatohitra fahotana" izany.



Deraintsika ireo ankizy izay miezaka ny hanana fiainana madio sy feno fankatoavana. Nahita ny tanjaky ny ankizy maro manerana izao tontolo izao aho. Mijoro mafy tsara izy ireo, "miorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina"[2] ao anatin'ny karazana toe-javatra miseho sy tontolo sarotra iainana. Takatr'ireo ankizy ireo hoe masina ny maha-izy azy ireo, tsapany ny fitiavan'ny Ray any An-danitra azy ireo, ary katsahiny ny hankatò ny sitrapony.

Na izany aza anefa dia ao ireo ankizy izay sahirana amin'ny fijoroana mba "[h]iorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina" ary voaratra ny saina marefon'izy ireo.[3] Voatafiky ny "zana-tsipika mirehitry ny fahavalo"[4] amin'ny lafiny rehetra izy ireo ka mila fanamafisana sy fanohanana. Antony goavana mandrisika antsika hirotsaka sy handray anjara amin'ny ady manohitra ny fahotana eo amin'ny ezaka ataontsika mba hitondra ny zanatsika eo amin'i Kristy izy ireny.

Henoy ny tenin'ny Loholona Bruce R. McConkie efa ho 43 taona lasa izay:

"Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia tafiditra ao anatin' ny ady goavana isika. Miady isika izao. Voaisa ao anatin'ny tafik'i Kristy isika mba hiady amin'i Losifera. . . .

"Tsy zava-baobao ilay ady lehibe izay mandrava ny lafiny rehetra, ary indrisy fa olona maro be no voa mafy, ary maty mihitsy aza ny sasany vokatr'izany. . . .

"Izao dia tsy misy ary tsy afaka hisy sady tsy an'ny atsy no tsy an'ny aroa."[5]

Mitohy ilay ady ankehitriny sady mitombo ny heriny. Voakasik'ilay ady isika rehetra, ary eo amin'ny lohalaharana mifanatrika amin'ny hery manohitra ireo zanatsika. Noho izany dia mitombo ny filantsika mba hampatanjaka ireo paikady ara-panahintsika.

Asa sy fitahiana ho an'ny ray amandreny, ny raibe sy renibe, ny olona ao amin'ny fianakaviana, ny mpampianatra, ary ny mpitarika ny fanamafisana ny ankizy ho tonga mahatohitra fahotana. Samy miantsoroka ny andraikitra mba hanampy isika tsirairay. Ny Tompo anefa dia nanoro lalana ny *ray aman-dreny* mba hampianatra ny zanany "hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an' i Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina" ary "ny hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Tompo."[6]

Ny fomba "hitaiza[na] ny zana[tsika] ao amin' ny fahazavana sy ny fahamarinana"[7] dia mety ho fanontaniana manahosarotra satria samy manana ny azy izany ho an'ny fianakaviana tsirairay sy ny ankizy tsirairay, kanefa ny Ray any An-danitra dia nanome torolalana ho an'izao tontolo izao izay hanampy antsika. Hanome aingam-panahy antsika amin'ireo fomba mahomby indrindra ahafahantsika manomana ara-panahy ireo zanatsika ny Fanahy.

Hanombohana izany dia manandanja ny fahitana ny maha-manandanja ny andraikitsika. Tsy maintsy takatsika ny maha-izy azy antsika, sy ny maha-izy azy ireo, izay masina sy ny tanjontsika, sy ny azy ireo, mialoha ny ahafahantsika manampy ireo zanatsika mba hahita hoe *iza* izy ireo ary *nahoana* izy ireo no eto. Tsy maintsy ampiantsika izy ireo hahafantatra tsy am-pihambahambana fa zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra be fitiavana izy ireo ary miandrandra zavamasina amin'izy ireo Izy.

Faharoa dia manan-danja eo amin'ny fahatogavana ho mahatohitra fahotana ny fahatakarana ny fotopampianaran'ny fibebahana. Tsy midika hoe tsy manam-pahotana ny mahatohitra fahotana, fa midika ho mibebaka sy mitandrina ary mahery fo tsy tapaka izany. Ny hoe mahatohitra fahotana angamba dia tonga toy ny fitahiana avy amin'ny fanoherana tsy tapaka ny fahotana. Araka ny voalazan'i Jakôba hoe: "Manohera ny devoly, dia handositra anareo izy."[8]

Ireo zatovolahy mpiady dia "sahy fatratra tokoa raha ny herim-po . . . ; nefa indro, tsy izay ihany—. . . marina tamin' ny fotoan-drehetra izy ireo, na inona na inona zavatra nankinina taminy. Eny, . . . efa nampianarina azy ireo ny hitandrina ny didin' Andriamanitra sy handeha araka ny hitsiny eo anoloany."[9] Nandeha niady nitondra ireo toetran'i Kristy ho fiadiana hanoherana ireo fahavalony ireo zatovolahy ireo. Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampahatsiahy antsika fa "Mila manana herimpo tsy tapaka isika tsirairay. Ilaina isan'andro eo amin'ny fiainantsika ny herimpo, tsy hoe ao anatin'ny toe-javatra lehibe miseho fotsiny akory fa matetika kokoa rehefa mandray fanapahan-kevitra isika na mandray andraikitra eo anatrehan'ny toe-javatra miseho manodidina antsika."[10]

Mitafy fitaovam-piadiana ara-panahy ireo zanatsika rehefa manorina lamina ahitana fiainan'ny tena manokana ny maha-mpianatra isan'andro izy ireo. Angamba tsinontsinoavintsika ireo fahafahan'ny ankizy mandray ny hevitry ny maha-mpianatra isan'andro. Nanoro hevitra antsika ny Filoha Henry B. Eyring mba "hanomboka dieny mbola kely ka ho mafy orina."[11] Koa ny fanalahidy fahatelo hanampiana ny ankizy ho tonga mahatohitra fahotana dia ny manomboka mampiditra ao amin'izy ireo am-pitiavana dieny mbola kely ireo fotopampianarana sy fitsipika fototry ny filazantsara, avy ao amin'ny soratra masina, ireo fanekem-pinoana, ny kiboky *Ry tanora, mahereza,* ireo hiran'ny kilonga, fihirana ary fijoroana



ho vavolombelona ananantsika manokana, izay mitarika ny ankizy ho any amin'ny Mpamonjy.

Mitondra amin'ny fahafenoana sy tsy fiovaovan'ny ao anaty ary soatoavina ara-pitondrantena matanjaka, na raha lazaina amin'ny teny hafa hoe fahafenoana ara-panahy, ny famoronana fahazarana tsy tapaka hanao vavaka, fandalinana ny soratra masina, takarivan'ny mpianakavy, ary fitsaohana amin'ny Sabata. Ao amin'ny tontolo ankehitriny, izay tsy ahitana intsony ny fahamarinan-toetra, dia manana zo hahatakatra ny tena atao hoe fahamarinan-toetra sy ny antony mahatena manan-danja izany ny zanatsika, indrindra rehefa manomana azy ireo hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanana masina amin'ny batisa sy ao amin'ny tempoly isika. Araka ny ampianarin'ny *Torio ny filazantsarako* hoe: "Manomana ny olona [anisan'izany ireo ankizy kely] hanao sy hanaja ny fanekempihavanana masina ny fanajana ny fanoloran-tena."[12]

Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Rehefa miresaka momba ny fitandremana fanekempihavanana isika dia miresaka momba ny tanjona fototra ananantsika eto ambonin'ny tany."[13] Misy hery tsy mahazatra ao amin'ny fanaovana fanekempihavanana amin'ny Raintsika any An-danitra sy ny fitandremana izany. Fantatry ny fahavalo izany, koa dia nataony sarotra takarina ny hevitry ny fanaovana fanekempihavanana.[14] Fanalahidy iray hafa amin'ny famoronana taranaka mahatohitra fahotana ny fanampiana ny ankizy hahatakatra sy hanao ary hitandrina fanekempihavanana masina.

Ahoana no hanomanantsika ireo zanatsika hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina rehefa miditra sy miroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izy ireo? Hanome hery azy ireo mba hitandrina fanekempihavanana masina any aoriana eo amin'ny fiainana ny fampianarana ny ankizy hitandrina ireo fampanantenana tsotra dieny mbola kely izy ireo.

Avelao aho hizara ohatra tsotra: Nanontany ny raim-pianakaviana iray nandritra ny takarivan'ny mpianakavy hoe: "Manao ahoana ny fifandraisantsika ato amin'ny fianakaviana?" Nitaraina i Lizzie dimy taona fa i Kevin zokiny lahy dia nandrabiraby azy loatra ka nampalahelo azy. Niaiky tsy fidiny i Kevin fa marina ny an'i Lizzie. Nanontanian'ny renin'i Kevin azy ny zavatra azony atao mba hifandray tsara amin' ny anabaviny. Nieritreritra i Kevin ary nanapa-kevitra fa tsy handrabiraby an'i Lizzie mandritra ny iray andro manontolo izy.

Rehefa nifarana ny andro manaraka izay, raha nivondrona hanao vavaky ny mpianakavy ny rehetra dia nanontanian'i dadan'i Kevin azy ny zavatra izay nataony. Izao no navalin'i Kevin hoe: "Dada a! nihazona ny fampanantenako aho!" Nanaiky izany tamin-kafaliana i Lizzie, ary dia niarahaba an'i Kevin ny mpianakavy.

Dia nanome sosokevitra ny renin'i Kevin fa raha vitan'i Kevin ny nihazona ny teny nampanantenainy nandritra ny iray andro, dia nahoana izy no tsy hahavita izany mandritra ny roa andro? Nanaiky ny hanandrana izany indray i Kevin. Lasa ny roa andro, nahomby i Kevin tamin'ny fihazonana ny fampanantenany, ary feno fankasitrahana kokoa i Lizzie! Rehefa nanontanian'ny rainy ny antony nihazonany ny fampanantenany i Kevin dia nilaza izy hoe: "Nihazona ny fampanantenako aho satria nilaza aho fa hanao izany."

Mitarika amin'ny fahamarinan-toetra ny fisesin'ny fampanantenana kely nohazonina tamim-pahombiazana. Ny fizarana tsy tapaka mba hihazona nyfampanantenana dia fanomanana ara-panahy ny ankizy mba handray ny fanekempihavanana voalohany amin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina, izay hampanantenan'izy ireo ny hanompo an'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny.[15] Tsy afa-misaraka ny fampanantenana sy ny fanekempihavanana.

Ao amin'ny bokin'i Daniela dia mianatra momba an'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego izay nandà ny hitsaoka ny sampin'ny Mpanjaka Nebokadnezara isika.[16] Nampitandrina ny mpanjaka fa hatsipy ao anatin'ny lafaoro misy afo mirehitra izy ireo raha tsy nanaiky izany. Nandà izy ireo sady niteny hoe:

"Indro, Andriamanitra Izay tompoinay dia mahavonjy anay amin' ny lafaoro misy afo mirehitra. . . .

"Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô, fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay."[17]

"Ary na dia tsy izany aza." Saintsaino ny hevitr'ireo teny enina ireo sy ny fomba hifandraisany amin'ny fitandremana fanekempihavanana. Tsy nampifototra ny fankatoavan'izy ireo tamin'ny fanafahana azy ireo zatovolahy telo ireo. Na dia tsy nohafahana aza izy ireo dia ho nihazona ny fampanantenany tamin'ny Tompo satria nilaza izy ireo fa hanao izany. Tsy miankina mihitsy amin'ny toe-javatra iainantsika ny fitandremana ny fanekempihavanantsika. Ireo zatovolahy telo ireo, tahaka ireo zatovolahy mpiady roa arivo, dia ohatra mahafinaritra momba ny fanoherana ny fahotana ho an'ireo zanantsika.

Ahoana no ampiharana ireo ohatra ireo ao an-tokantranontsika sy amin' ny fianakaviantsika? "Andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, ary fitsipika anampy fitsipika,"[18] no hanampiantsika ireo ankizy hanandrana fahombiazana tsikelikely. Rehefa mihazona ny fampanantenany izy ireo dia mahatsapa ny Fanahy eo amin'ny fiainany. Nampianatra ny Loholona Joseph B. Wirthlin fa "ny valisoa faratampon'ny fahamarinantoetra dia ny fiarahan'ny Fanahy Masina ho namanao lalandava."[19] Enga anie ireo zanatsika ka "hihamahery fahatokian-tena eo anatrehan'Andriamanitra"[20] Avy ao amin'izany loharanon'ny fahamarinan-toetra izany no miboiboika ny taranaka nahazo hery sy mahatohitra fahotana.

Ranadahy sy rahavavy isany, tazony akaiky ireo madinikareo, akaiky tokoa ka ho hitany ny fitondrantenanareo ara-pivavahana isan'andro sy hijery anareo hihazona fampanantenana sy hitandrina fanekempihavanana izy ireo. "Mpaka tahaka be ny ankizy, koa omeo zavatra lehibe halaina tahaka izy ireo."[21] Marina tokoa fa manampy hampianatra sy hitaiza taranaka mahatohitra fahotana ho an'ny Tompo isika amin'ny alalan'ny fampanantenana miampy fampanantenana

sy fanekempihavanana miampy fanekempihavanana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa mitarika ity Fiangonana ity i Jesoa Kristy. Rehefa mampianatra sy mitarika ary mitia ny ankizy amin'ny fomban'ny Mpamonjy ianareo dia afaka mandray fanambarana ho an'ny tena manokana izay hanampy anareo amin'ny famoronana ankizy maherifo sy mahatohitra fahotana sy amin'ny famatsiana fitaovam-piadiana azy ireo. Ny vavaka ataoko dia ny hiarahan'ny zanatsika milaza ny tenin'i Nefia hoe: "Hanao izay hahatora-kovitra ahy amin' ny fisehoan' ny fahotana va Ianao?"[22] Mijoro ho vavolombelona aho fa nisolo vaika ny fahotan'izao tontolo izao ny Mpamonjy[23], satria nilaza Izy fa hanao izany, ary tia-ny mihoatra izay mety ho takatsika olombelona tsotra isika[24], satria nilaza Izy fa hanao izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an' ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 97.
2. Môsià 5:15.
3. Jereo ny Jakôba 2:9.
4. 1 Nefia 15:24; jereo ihany koa ny Helamàna 5:12.
5. Bruce R. McConkie, "Be Valiant in the Fight of Faith," *Ensign,* nôv. 1974, 33, 34.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25, 28.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40.
8. Jakoba 4:7; jereo ihany koa ny Almà 19:33.
9. Almà 53:20–21.
10. Thomas S. Monson, "Mahereza sy mahatanjaha," *Liahona,* mey 2014, 67.
11. Henry B. Eyring, "Spiritual Preparedness: Start Early and Be Steady," *Liahona,* nôv. 2005, 37.
12. *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 234.
13. Jeffrey R. Holland, "Keeping Covenants: A Message for Those Who Will Serve a Mission," *New Era,* Jan. 2012, 2.
14. Jereo ny 1 Nefia 13:26–28.
15. Jereo ny Môsià 18:10.
16. Jereo ny Daniela 3.
17. Daniela 3:17–18.
18. 2 Nefia 28:30.
19. Joseph B. Wirthlin, "Personal Integrity," *Ensign,* mey 1990, 33.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45.
21. Olona tsy mitonona anarana.
22. 2 Nefia 4:31.
23. Jereo ny 3 Nefia 27:14–15.
24. Jereo ny Jaona 15:13.





**Nataon'ny Loholona Yoon Hwan Choi**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Aza mijery ny manodidina anao, fa miandrandrà!

*Ny fanasana ny hafa hanatona an'i Kristy no tanjontsika, ary afaka manatanteraka io tanjona io isika amin'ny alalan'ny fiandrandrana any amin'i Jesoa Kristy.*

Ny tanjoko dia ny "[hanasa] ny hafa hanatona an'i Kristy."[1] Tanjonareo koa izany. Afaka manatanteraka io tanjona io isika amin'ny alalan'ny fiandrandrana any amin'i Jesoa Kristy.

Natao batisa niaraka tamin'ny ray aman-dreniko aho fony aho 16 taona. I Kyung-Hwan zandriko lahy izay 14 taona tamin'izany dia niditra ho mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny alalan'i Young Jik Lee dadatoako, ka nanasa anay ho any amin'ny fiangonany. Ny tsirairay amin'ireo olona 10 ao amin'ny fianakavianay dia samy nanana ny fiangonany avy, ka noho izany dia faly izahay nahita ny fahamarinana ary naniry ny hizara izany fifaliana hitanay tao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany taorian'ny batisanay.

Ny raiko no nientanentana indrindra taminay mba hianatra sy hizara ny fahamarinana. Fahazarany ny nifoha aloha ny maraina mba handalina ny soratra masina mandritra ny adiny roa mahery isan'andro. Taorian'ny firavany avy niasa dia nandeha niaraka tamin'ny misiônera izy mba hamangy ny fianakavianay, ny namanay, ary ny mpifanolobodirindrina aminay, efa mila ho isan'andro. Fito volana taorian'ny nanaovana batisa anay dia lasa mpikamban'ny Fiangonana ny 23 tamin'ny fianakaviako mivantana sy ny havako. Taorian'izay dia nisy ny fahagagana izay nahitana olona 130 vita batisa ny taona manaraka izay noho ny asa fitorian'ny mpikambana nataon'ny raiko.

Nanan-danja taminy ihany koa ny tantaram-pianakaviana, ary nahafeno taranaka mifandimby miisa valo tamin' ny razambenay izy. Nanomboka tamin'izay ka hatramin'izao, ny vokatra azo momba ny fiovampon'ny fianakavianay dia nanomboka tamin'ny zandriko lahy 14 taona, ary nitombo tamin'ny fomba tsy hay tanisaina, tsy teo anivon'ny velona ihany fa teo anivon'ny maty ihany koa. Rehefa nanohy ny asa nataon' ny raiko sy ny hafa izahay dia ahitana hatrany amin'ny taranaka 32 izao ny tetiaran'ny fianakavianay, ary amin'izao

fotoana izao izahay dia mamita asa atao any amin'ny tempoly ho an'ny razambe maro. Ankehitriny aho dia talanjona sy mahatsapa fifaliana lehibe amin'ny alalan'ny fampifandraisana ireo razambenay sy ireo taranakay.

Ny filoha Gordon B. Hinckley dia nirakitra an-tsoratra zavatra niainana mitovy amin'izany tao amin'ny tempolin'i Colombus Ohio:

"Rehefa nieritreritra ny fiainan'ny [rain'ny raibeko, ny raibeko, ary ny raiko] aho raha mbola nipetraka tao amin'ny tempoly, dia nampidina ny masoko nijery ny zanako vavy, ny zanany vavy, . . . ary ireo zanany, izay zafiafiko. Tonga saina tampoka teo aho fa hay aho nijoro teo afovoan'ireo taranaka fito ireo mihitsy, telo tany alohako ary telo aty aoriako.

"Tao anatin'izany trano masina sy mendri-piderana izany no nahatongavako saina ny amin'ny adidy goavana ananako mba hampita izay rehetra voaraiko ho lova avy amin'ireo razambeko amin'ireo taranaka izay tonga taty aoriako."[2]


Isan'ny ao anatin'ny fianakaviana mandrakizay iray isika rehetra. Ny anjara asantsika dia afaka ny ho kihon-dalana izay ahafahan'ny fiovana lehibe hitranga amin'ny fomba tsara na ratsy. Notohizan' ny Filoha Hinckley hoe: "Aza *mamela ny tenanareo* velively ho singa malemy ao anatin'ny fifampitohizan'ny taranakareo."[3] Ny fahatokianareo ao amin'ny filazantsara dia hampatanjaka ny fianakavianareo. Ahoana no hakantsika antoka fa ho singa matanjaka ao anatin'ny fianakaviantsika mandrakizay isika?

Indray andro, volana vitsivitsy taorian'ny batisako, dia nahare mpikambana vitsivitsy nifampitsikera tao am-piangonana aho. Tena diso fanantenana aho. Nandeha nody aho dia niteny tamin-draiko fa tsy tokony handeha any am-piangonana intsony angamba aho. Mafy tamiko ny nahita mpikambana nitsikera ny hafa toy izany. Rehefa avy nihaino ahy ny raiko dia nampianatra ahy izy fa efa naverina tamin'ny laoniny ny filazantsara ary tonga lafatra izany, saingy ny mpikambana dia tsy mbola tonga lafatra, na izy na izaho. Nilaza tamin'ny fomba hentitra izy hoe: "Aza manary ny finoanao noho ny olona manodidina anao, fa manorena fifandraisana mafy orina amin'i Jesoa Kristy. Aza mijery ny manodidina anao, fa miandrandrà!"

Ilay hoe miandrandra any amin'i Jesoa Kristy, ilay torohevitra feno fahendrena nomen'ny raiko, dia mampatanjaka ny finoako rehefa miatrika olana aho eo amin'ny fiainako. Nampianariny ahy ny fomba hampiharana ny fampianaran'i Kristy, araka izao teniny izao: "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra."[4]

Fony aho niahy ny misiônan'i Washington Seattle dia avy foana ny orana nandritra ny andro maro tao anatin'ny taona. Na izany aza dia nampianarina ireo misiôneranay mba handeha hitory ny filazantsara tao anatin'ny orana. Hoy foana aho tamin'izy ireo hoe: "Mandehana mivoaka any amin'ny orana, miandrandrà any amin'ny lanitra, sokafy ny vavanareo, dia sotroy izany! Rehefa miandrandra ianareo dia hahazo hery hanokatra ny vavanareo amin'ny olona rehetra tsy amin-tahotra." Lesona niharo tandindona ho azy ireo ny niandrandra rehefa niatrika olana izy ireo, na dia taorian'ny asa fitoriany aza. Aza manandrana izany any amin'ny faritra maloto rivotra.

Raha mbola nanompo tao amin' ny misiônan'i Seattle aho dia nahazo antso an-tariby avy amin'i Sunbeam zanako lahimatoa izay mpitendry



pianô. Nilaza izy fa hanana tombontsoa lehibe hitendry pianô ao amin'ny Carnegie Hall ao New York satria nandresy tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena iray. Tena faly sy ravo tokoa izahay noho ny aminy. Kanefa tamin'izay takariva izay, rehefa nivavaka tamim-pankasitrahana ny vadiko, dia fantany fa tsy afaka ho any aminy hamonjy ny fampisehoana hataony izahay, ka dia niteny zavatra toy izao tamin'ny Ray any An-danitra izy hoe: "Ray any An-danitra ô, feno fankasitrahana aho noho ny fitahiana nomenao an'i Sunbeam. Kanefa miala tsiny aho fa tsy afaka ny ho any. Afaka nandeha aho raha nomenao azy mialoha na taorian'ity asa fanompoana ity io fitahiana io. Tsy mitaraina aho akory, fa somary malahelo kely."

Raha vantany vao vitany io vavaka io dia nahare feo mazava tsara izy hoe: "Noho ny tsy fahafahanao mankany noho ny asa fanompoana dia nomena io tombontsoa lehibe io ny zanakao. Sa te hiady varotra ianao?

Gaga ny vadiko. Fantany fa ny zanaka dia hotahiana amin'ny alalan'ny asa ataon'ny ray aman-dreniny amim-pahatokiana ao amin'ny fanjakan'ny Tompo, saingy izay no fotoana voalohany nahatakarany mazava tsara ny anjara asany. Namaly ny Azy avy hatrany izy hoe: "Tsia, tsia, mety amiko ny tsy mankany. Avelao izy hahazo izany voninahitra izany."

Ry rahalahy sy ranabavy malala, tsy mora ho antsika ny mamantatra ny fitiavan'ny Ray any An-danitra rehefa mijery ny manodidina amin'ny masontsika ara-nofo isika satria ny lafiratsiny, na ny fahavoazana, na ny enta-mavesatra, na ny fanirery no hitantsika voalohany. Etsy an-kilan'izay dia afaka mahafantatra ny fomba nitahiana antsika isika rehefa miandrandra any amin' Andriamanitra. Nanambara ny Tompo hoe: "Rehefa mahazo fitahiana avy amin' Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany."[5] Ho an'ireo rehetra izay mirotsaka amin' *izay mety ho* fanompoana an' Andriamanitra dia fantaro fa ianareo no lalana hahafahana manome fitahiana lehibe tokoa ho an'ireo izay



niaina talohanareo sy ireo taranaka hiaina aorianareo.

Ankehitriny aho dia feno fankasitrahana noho ny fahitako fa maro amin'ireo olona ao amin'ny fianakavianay no mahatoky eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana saingy malahelo aho raha maka sary an-tsaina ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay tsy miaraka aminay intsony. Hoy ny Loholona M. Russell Ballard hoe: "Raha misafidy ny ho lasa malaindaina na hiala Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany ianareo dia ho aiza? Inona no hataonareo? Ilay fanapahan-kevitra hoe tsy [hiara-handeha] amin'ireo mpikambana sy mpitarika voafidin'ny Tompo ao amin'ny Fiangonana intsony dia hisy fiantraikany lavitra izay tsy voatery ho hita foana izao dia izao."[6] Ny Filoha Thomas S. Monson dia namporisika antsika hoe: "Enga anie isika hisafidy hatrany ny tsara izay mety ho sarotra atao kokoa toy izay ilay ratsy izay mety ho mora atao kokoa."[7]

Tsy misy mihitsy izany hoe tara loatra izany raha hiandrandra any amin'i Jesoa Kristy. Mivelatra ho anareo mandrakariva ny sandriny. Ao ireo taranaka niaina talohantsika sy aoriantsika izay miankina amintsika mba hanarahany an'i Kristy, mba hahafahantsika ho lasa fianakavian' Andriamanitra mandrakizay.


Rehefa nisaorana tamin'ny antsoko tamin'ny naha-filohan'ny tsatòka ahy aho dia nientanentana ery ireo zanako lahy fa hanana fotoana bebe kokoa hiarahana amiko. Telo herinandro taorian'izay dia nantsoina ho Fitopololahy aho. Tamin'ny voalohany dia noheveriko fa mety ho diso fanantenana izy ireo, kanefa ny valinteny feno fanetrentena avy amin'ny zanako faralahy dia hoe: "Dada a, aza manahy. Fianakaviana mandrakizay isika." Tena fahamarinana tsotra sy mazava tokoa izany! Niahiahy kely aho satria nijery ny manodidina ity fiainana an-tany ity aloha, kanefa faly ny zanako lahy satria tsy nijery ny manodidina izy fa niandrandra niaraka tamin'ny maso nibanjina ny mandrakizay sy ny tanjon'ny Tompo.

Tsy mora foana ny miandrandra rehefa manohitra ny filazantsara ny ray aman-dreninareo, rehefa mpikambana ao amin'ny rantsana kely iray an'ny Fiangonana ianareo, rehefa tsy mpikambana ny vadinareo, rehefa mbola mpitovo foana ianareo na dia nanao izay tsara indrindra azonareo natao aza mba hanambadiana, rehefa misy zanaka iray mania, rehefa lasa ray na reny tokan-tena ianareo, rehefa manana olana ara-batana sy ara-pihetseham-po ianareo, rehefa tra-boina ianareo, sy ny sisa. Mifikira amin'ny finoanareo ao anatin'ireny fotoan-tsarotra ireny. Miandrandrà any amin'i Kristy mba hahazo hery, sy tsy hihozongozona, ary hahazo fahasitranana. Amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, "ny zava-drehetra dia hiara-miasa hahasoa [anao]."[8]

Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy aho fa Izy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Rehefa manaraka ny mpaminanintsika velona, ny Filoha Thomas S. Monson, isika dia miandrandra any amin'i Jesoa Kristy. Rehefa mivavaka sy mandalina ny soratra masina isan'andro isika, ary mandray ny fanasan'ny Tompo amin-kitsim-po isan-kerinandro, dia mahazo hery hiandrandrana *mandrakariva* any Aminy. Faly aho noho ny maha-mpikambana ahy ato amin'ity Fiangonana ity sy ny maha-ao anatin'ny fianakaviana mandrakizay ahy. Tiako ny mizara ity filazantsara mahafinaritra ity amin'ny hafa. Ny fanasana ny hafa hanatona an'i Kristy no tanjontsika, ary afaka manatanteraka io tanjona io isika amin'ny alalan'ny fiandrandrana any amin'i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona amim-panetrentena ny amin'ireo zavatra ireo aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 1.
2. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 82.
3. Gordon B. Hinckley, "Keep the Chain Unbroken" (Brigham Young University devotional, 30 nôv. 1999), 3, speeches.byu.edu; nampiana fanamafisana.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:21.
6. M. Russell Ballard, "Hankany amin'iza moa isika?" *Liahona,* nôv. 2016, 91.
7. Thomas S. Monson, "Ireo safidy," *Liahona,* mey 2016, 86.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:15.



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Avelao hitarika anao ny Fanahy Masina

*Ny asa ampanaovin' Andriamanitra ny Fanahy Masina dia ny mitaona fanahy, mijoro ho vavolombelona, mampianatra ary mibitsika amintsika mba handeha ao amin'ny fahazavan'ny Tompo.*

Ry rahalahy sy ranabavy isany, izaho koa, tahaka anareo rehetra, dia miaiky fa mahita ny fanafainganana ny asan'ny Tompo amin'ny alalan'ny Filoha Thomas S. Monson sy ny hafany androany maraina. Filoha Monson, tianay ianao, manohana anao izahay ary mivavaka ho anao hatrany, ry "mpaminany malalanay."[1]

Nahatsapa be ny Fanahy isika tamin'ity faran'ny herinandro ity. Na eto amin'ity efitra lehibe ity ianareo na mijery avy any an-trano na mivondrona any amin'ireo toeram-pivoriana any lavitra any eto amin'izao tontolo izao dia nanana fahafahana ny hahatsapa ny Fanahin'ny Tompo ianareo. Manamafy ao am-ponareo sy ao an-tsainareo ireo fahamarinana nampianarina tamin'ity fihaonambe ity izany Fanahy izany.

Saintsaino ny tonon'ity hira mahavantana ity:

*Avelao hitarika anao ny Fanahy;*
*Avelao izy hampianatra izay marina.*
*Hijoro ho vavolombelona momba an'i*
*Kristy izy,*
*Hanazava ny saintsika amin'ny fijerin'*
*Andriamanitra.*[2]

Fantatsika avy tamin'ny fanambarana tamin'ny andro farany fa Ny Andriamanitra dia ahitana olona telo miavaka tsara: ny Raintsika any An-danitra, i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana ary ny Fanahy Masina. Fantatsika fa "ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina toy ny an'ny olona; ny Zanaka koa; fa ny Fanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy. Raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina."[3]

Ny hafatro anio dia mifantoka amin'ny maha-manan-danja ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Fantatry ny Raintsika any An-danitra fa hiatrika olana sy fahoriana ary disadisa isika eto ambonin'ny tany; fantany fa hitolona amin'ny fanontaniana, fahadisoampanantenana, fakam-panahy ary fahalemena isika. Mba hanomezana tanjaka sy fitarihana avy any an-danitra ho antsika eto ambonin'ny tany dia nomeny ny Fanahy Masina isika.

Mamatotra antsika amin'ny Tompo ny Fanahy Masina. Ny asa ampanaovin' Andriamanitra Azy dia ny mitaona fanahy, mijoro ho vavolombelona, mampianatra ary mibitsika amintsika mba handeha ao amin'ny fahazavan'ny Tompo. Andraikitra masina ananantsika ny hianatra hamantatra ny fitaomany eo amin'ny fiainantsika ary hamaly izany.

Tsarovy ilay fampanantenan'ny Tompo hoe: "Hanomezako amin'ny Fanahiko ianao, izay hanazava ny sainao sy hameno fifaliana ny fanahinao."[4] Tiako izany fanomezan-toky izany. Ny fifaliana izay mameno ny fanahintsika dia mitondra fomba fijery mandrakizay manoloana ny fiainana andavanandro. Tonga toy ny fiadanana eo anivon'ny fahasarotam-piainana sy ratram-po izany fifaliana izany. Mitondra fiadanana sy fankaherezana izany, manazava ireo fahamarinan'ny filazantsara, ary mampitombo ny fitavantsika ny Tompo sy ny zanak' Andriamanitra rehetra. Na dia tena ilaina tokoa aza ny fitahiana





toy izany dia nohadinoin'izao tontolo izao tamin'ny fomba maro izy ireo ary notsinontsinoaviny.

Rehefa mandray ny fanasana masina isika isan-kerinandro dia manao fanekempihavanana mba "hahatsiaro Azy mandrakariva," dia ny Tompo Jesoa Kristy, sy ny sorom-panavotana nataony. Rehefa mitandrina izany fanekempihavanana masina izany isika dia mahazo ny fampanantenana fa "hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika]."[5]

Ahoana no anaovantsika izany?

**Voalohany,** miezaka ny manana fiainana mendrika ny Fanahy isika.

Ny Fanahy Masina dia miaraka amin'ireo izay "sarotiny amin'ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny isan'andro."[6] Araka ny torohevitra nomen'ny Tompo, isika dia tsy maintsy "hahafoy ny zavatr'izao tontolo izao,"[7] satria "tsy mitoetra ao amin'ny tempoly izay tsy masina ny Fanahin'ny Tompo."[8] Tsy maintsy ezahantsika hatrany ny hankatò ireo lalàn' Andriamanitra, ny handalina ny soratra masina, ny hivavaka, ny handeha ho any amin'ny tempoly, ny hiaina amim-pahatokiana ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo hoe: "ho marina, ho mahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona, ho mendrika, ary . . . hanao soa amin' ny olon-drehetra."

**Faharoa,** tsy maintsy maniry ny handray ny Fanahy isika.

Nampanantena ny Tompo hoe: "Hiteny anao ao an-tsainao sy ao amponao Aho, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay ho tonga ao aminao sy hitoetra ao am-ponao."[9] Nanomboka takatro izany fony aho misiônera tanora tany Scotch Plains, New Jersey. Indray marainan'ny jolay mahamay dia nahatsapa ho notaomim-panahy hijery ireo olona natolotry ny Temple Square izaho sy ny mpiara-mitory tamiko. Nandondona ny varavaran'ny tranon'i Elwood Schaffer izahay. Nangataka anay mba hiverin-dalana tamimpanajana ramatoa Schaffer .

Raha nanomboka nanakatona ny varavarana izy dia nahatsapa aho fa tokony hanao zavatra izay tsy mbola nataoko mihitsy teo aloha ary tsy nataoko intsony hatrizay! Natsatoko teo amin'ilay varavarana ny tongotro dia nanontany aho hoe: "Misy olonkafa mety ho liana amin'ny hafatray ve?" Liana i Marti, zanany vavy, izay 16 taona, ary efa nangataka fitarihana mafy izy ny omalin'io mihitsy. Nihaona taminay i Marti, ary rehefa nandeha ny fotoana, dia nandray anjara tamin'ireo lesona ny reniny. Samy niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy roa.

Vokatry ny batisan'i Marti dia olona 136 no vita batisa sy nanao ireo fanekempihavanan'ny filazantsara, ka anisan'izany ny maro amin'ny fianakaviany. Tena feno fankasitrahana aho fa nihaino ny Fanahy ka nanatsatoka ny tongotro teo amin'ilay varavarana tamin'io andro mahamain'ny jolay io. Eto androany i Marti sy ny maro amin'ny fianakaviana malalany.

**Fahatelo,** tsy maintsy mahafantatra ny Fanahy isika rehefa tonga izany.

Ny zavatra niainako dia hoe matetika ny Fanahy no miresaka amintsika amin'ny alalan'ny fahatsapana. Tsapanareo amin'ny teny izay mahazatra anareo izany, izay mitombina aminareo, izay mibitsika aminareo. Saintsaino ny valintenin'ireo Nefita rehefa nihaino ny Tompo nivavaka ho azy izy ireo: "Ary ny valalabemandry dia nandre sy vavolombelona manambara; ary nisokatra ny fony ary dia nahatakatra tao am-pony ny teny izay nivavahany izy."[10] Tsapan'izy ireo tao am-pony ireo teny tao amin'ny vavaka nataony. Tony sy malefaka ny feon'ny Fanahy Masina.

Ao amin'ny Testamenta Taloha, i Elia dia nifaninana tamin'ireo mpisoron'i Bala. Nanantena ny "feon'" i Bala hidina toy ny kotro-baratra ka handrehitra ny sorona nataon'izy ireo amin'ny afo ireo mpisorona. Kanefa tsy nisy feo, ary tsy nisy afo.[11]

Taty aoriana dia nivavaka i Elia. "Ary, indro, nandalo Jehovah, ka nisy rivotra be sady mahery namakivaky ny tendrombohitra sy nanorotoro ny harambato teo alohan'i Jehovah; nefa Jehovah tsy tao amin'ny rivotra; ary manarakaraka ny rivotra nisy horohoron-tany; nefa Jehovah tsy tao amin'ny horohoron-tany:

"Ary manarakaraka ny horohorontany nisy afo; nefa Jehovah tsy tao amin'ny afo; ary manarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malefaka."[12]

Fantatrareo ve izany feo izany?

Nampianatra ny Filoha Monson hoe: "Eo am-panohizantsika ny dian'ny fiainana dia handeha isika hianatra ny fitenin'ny Fanahy."[13] Ny Fanahy dia miteny teny izay tsapantsika. Ireo fahatsapana ireo dia malefaka, fandrisihana malefaka mba hanao asa, mba hanao zavatra, mba hiteny zavatra, mba hamaly antso amin'ny fomba miavaka. Raha toa zatrazatra na mora afa-po amin'ny fitsaohantsika isika, voasarika sy donton'ny firehan'izao tontolo izao, dia hihena ny fahafahantsika mahatsapa zavatra. Hoy i Nefia tamin'i Lamana sy Lemoela hoe: "Efa nandre ny feony ombieny ombieny ianareo; ary niteny taminareo tamin'ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa donto ianareo, hany ka tsy nahatsapa ny teniny."[14]

Nanao asa nampanaovina ahy tany Amerika Atsimo aho tamin'ny jona lasa teo. Nanana fandaharam-potoana tery dia tery nandritra ny 10 andro hitsidihana an'i Colombie, Perou ary Equateur izahay. Nisy horohoron-tany lehibe iray namono olona an-jatony, nandratra olona an-arivony, nanimba sy nandrava trano sy fiarahamonina tany amin'ireo tanànan'i Portoviejo sy Manta any Equateur. Nahatsapa ho notaomim-panahy aho hanampy ao amin'ny fandaharam-potoanay ny fitsidihana ireo mpikambana mipetraka ao amin'ireo tanàna ireo. Tsy azonay antoka ny hahafahanay ho tonga tany noho ireo lalana izay feno fahasimbana. Raha ny marina dia nolazaina taminay fa tsy afaka ny ho tonga any izahay, kanefa tsy nety niala ilay bitsika. Vokatr'izany dia notahiana izahay ary afaka nitsidika ireo tanàna roa ireo.

Satria fotoana fohy talohan'izay fotsiny ilay fampandrenesana dia nanantena izahay fa mpitarika ao amin'ny fisoronana vitsivitsy ihany no hanatrika ireo fivoriana izay nomanina haingana. Tonga tao amin'ny ivontoeran'ny tsatòka tsirairay anefa izahay ary nahita ny trano fiangonana feno hatreny aoriana indrindra. Anisan'ny mpikambana matanjaka indrindra tao amin'ny faritra ny sasany tamin'ireo izay nanatrika teo, mpamaky lay izay nijanona ho mahatoky tao amin'ny Fiangonana, nankahery ny hafa hiaraka hitsaoka amin'izy ireo sy hahatsapa ny Fanahy eo amin'ny fiainan'izy ireo. Nipetraka teny amin'ireo laharana voalohany ireo mpikambana izay namoy olon-tiana sy mpiray vodirindrina nandritra ilay horohoron-tany. Nahatsapa ho notaomim-panahy aho hanolotra tsodranon'ny apôstôly tamin'ireo rehetra nanatrika, anisan'ny voalohany nomeko izany. Na dia nijoro teny anoloan'ny efitra aza aho dia toy ny nametraka ny tanako teo ambonin' ny lohan'izy ireo tsirairay ary tsapako nirotsaka tokoa ny tenin'ny Tompo.

Tsy tapitra teo izany. Nahatsapa ho notaomim-panahy aho hiresaka amin'izy ireo tahaka ny nataon'i Jesoa Kristy rehefa nitsidika ireo vahoaka tany Amerika. "Nalainy tsirairay ny ankizy madininy . . . ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo."[15] Tany Equateur izahay, nanao ny asan' ny Ray, ary zanany ireo.

**Fahefatra,** tsy maintsy manao asa avy hatrany isika rehefa mandre ny bitsika *voalohany*.

Tsarovy ireo tenin'i Nefia: "Notarihin'ny Fanahy aho, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataoko. Na dia teo aza izany," hoy izy, "dia nandroso aho."[16]

Ary tsy maintsy manao izany koa isika. Tsy maintsy matoky ireo bitsika voalohany azontsika isika. Indraindray isika manamarin-tena, manontany tena raha toa ka mahatsapa fitaomana ara-panahy na raha toa ka eritreritsika fotsiny ihany izany. Rehefa manomboka miahiahy isika hoe tsara sa ratsy ny zavatra tsapantsika, ary mbola miverina miahiahy ny amin'izany ihany avy eo, ary efa nanao izany isika rehetra, dia mandroaka ny Fanahy isika; miahiahy ny torohevitra avy amin' Andriamanitra isika. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa "raha toa ka mihaino ireo bitsika voalohany ianareo dia ho marina foana in-tsivy ao anatin'ny folo."[17]

Inty ary misy fampitandremana iray: aza manantena valisoa na fitahiana goavana satria namaly ny Fanahy Masina ianareo. Tsarovy hoe manaraka ny asan'ilay feo tony sy malefaka ianareo.

Raha filohan'ny misiona tany New York City aho dia niaraka tamin'ny sasany tamin'ireo misiôneranay tao amin'ny fisakafoam-bahiny iray tany





Bronx. Niditra ny fianakaviana kely iray ary nipetraka teo akaikinay. Toa vonona tsara handray ny filazantsara izy ireo. Nijery ireo misiôneranay aho raha nanohy niresadresaka tamiko izy ireo, dia tsikaritro ilay fianakaviana namarana ny sakafon'izy ireo ary nivoaka mora ny varavarana. Dia hoy aho: "Elders, nisy lesona iray teto androany. Nahita fianakaviana mahafinaritra niditra ity fisakafoam-bahiny ity ianareo. Inona no tokony ho nataontsika?"

Niteny haingana ny iray tamin'ireo elders: "Nieritreritra ny hitsangana sy handeha hiresaka tamin'izy ireo aho. Tsapako ilay fitaomana fa tsy namaly aho."

"Elders," hoy aho, "tsy maintsy manao asa avy hatrany isika raha vao mahare ilay bitsika voalohany. Ny Fanahy Masina ilay fitaomana tsapanao!"

Fitaomana tsy misy pentina avy any an-danitra ireo bitsika voalohany. Rehefa manamafy amintsika na mijoro ho vavolombelona amintsika izy ireny dia mila mamantatra azy ireny isika ary tsy mamela azy ireny hisosa handalo. Ny Fanahy foana izany matetika, izay mitaona antsika hanampy ny olona sahirana iray, na fianakaviana sy namana manokana. "Eny . . . ilay feo tony sy malefaka izay mibitsibitsika ary mandoaka ny zava-drehetra,"[18] dia manoro antsika ireo fahafahana hampianatra ny filazantsara, hijoro ho vavolombelona momba ny Famerenana amin'ny laoniny sy i Jesoa Kristy, hanolotra fanohanana sy fiahiana, ary hanavotra ny iray amin'ireo zanaka sarobidin' Andriamanitra.

Eritrereto ho ilay antsoina hoe mpamaly antso voalohany izany. Any amin'ny fiarahamonina maro, ireo mpamaly antso voalohany amin'ny loza na antambo dia ny mpamonjy voina, ny mpitandro filaminana, ary ny mpitsabo vonjy taitra. Tonga miaraka amin'ny jiro mirehidrehitra izy ireo, ary mamelà ahy hanampy fa tena mankasitraka azy ireo tokoa isika. Tsy dia mibaribary toy izany ny fomban'ny Tompo kanefa mitaky valiny eo no ho eo toy izany. Fantatry ny Tompo ny zavatra ilain'ny zanany rehetra, ary fantany hoe iza no vonona hanampy. Raha avelantsika ho fantatry ny Tompo ao anatin'ireo vavaka maraina ntsika fa vonona isika dia hiantso antsika mba hamaly antso Izy. Raha toa ka mamaly antso isika dia hiantso antsika hatrany Izy ary hahita ny tenantsika ao amin'ilay antsoin'ny Filoha Monson hoe "ny faritry ny Tompo"[19] isika. Ho lasa mpamaly antso voalohany hitondra fanampiana avy any ambony isika.

Raha toa ka henointsika tsara ireo bitsika izay tonga amintsika dia hitombo ny fanahin'ny fanambarana ao amintsika ary handray hevitra bebe kokoa hatrany sy fitarihana entanin' ny Fanahy isika. Hoy ny Tompo hoe: "Apetraho amin'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokianao."[20]

Enga anie isika handray amimpahamatorana ilay antson'ny Tompo hoe: "matokia fa hitari-dalana anareo Aho."[21] Mitarika antsika amin'ny alalan' ny Fanahy Masina Izy. Enga anie isika hiaina eo akaikin'ny Fanahy, hanao asa haingana araka ireo bitsika voalohany azontsika, noho ny fahafantarantsika fa avy amin' Andriamanitra izy ireny. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny herin'ny Fanahy Masina mba hitarika antsika, hiambina antsika, ary hiaraka amintsika mandrakariva, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Dieu, veuille nous garder," *Cantiques,* lah. 9.
2. "Que l'Esprit soit avec nous," *Cantiques,* lah. 78.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
6. Almà 58:40.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:10.
8. Helamàna 4:24.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2.
10. 3 Nefia 19:33.
11. Jereo ny 1 Mpanjaka 18:17–29.
12. 1 Mpanjaka 19:11–12.
13. Thomas S. Monson, "The Spirit Giveth Life," *Ensign,* mey 1985, 70.
14. 1 Nefia 17:45.
15. 3 Nefia 17:21.
16. 1 Nefia 4:6–7.
17. Jereo ny Truman G. Madsen, *Joseph Smith the Prophet* (1989), 103.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:6.
19. Thomas S. Monson, "Mianara, manaova, meteza," *Liahona,* nôv. 2008, 62.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:18.



**Nataon'ny Loholona L. Whitney Clayton**
Avy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ataovy izay asainy ataonareo

*Rehefa manapa-kevitra ny hanao "izay asain' [Andriamanitra ataontsika]" isika dia manolo-tena amin-kitsim-po ny hampifanaraka ny fomba fiainantsika andavanandro amin'ny sitrapon' Andriamanitra.*

Nandritra ny lanonana fampakaram-bady iray tao Kana any Galilia no nanaovan'ny Mpamonjy ny fahagagana voarakitra voalohany nataony. Nanatrika tao i Maria reniny sy ireo mpianany. Raha ny fahitana azy dia toa nahatsapa tena ho nanana adidy tamin'ny fahombiazan'ilay lanonana i Maria. Nandritra ilay fankalazana dia nisy olana iray nitranga, lany ny divain'ny tompondraharaha. Sahiran-tsaina i Maria ka nanatona an'i Jesoa. Niresaka fohy izy ireo ary avy eo dia nitodika tany amin'ireo mpanompo i Maria sady niteny hoe:

"Ataovy izay asainy ataonareo.

"Ary nisy siny vato enina nipetraka teo. . . . [Ireo siny ireo dia tsy nampiasaina mba hitehirizana rano fisotro fa nampiasaina kosa hanaovana ny fombafomban'ny fanadiovana araka ny lalàn'i Mosesy.]

"Dia hoy Jesoa tamin'[ireo mpanompo]: Fenoy rano ny siny. Dia nofenoiny hatramin'ny molony.

"Ary hoy Jesoa taminy: Tovozy amin'izao, ka ento ho eo amin'ny mpandahatra ny fanasana. Dia nentiny.

"[Avy eo dia] nanandrana ilay rano tonga divay ny mpandahatra ny fanasana . . ." ary gaga izy fa naroso tamin' ny faran'ny lanonana ny divay tsara indrindra.[1]

Matetika dia tsaroantsika io tranga io satria ny fanovana ny rano ho divay dia fampisehoana ny herin' Andriamanitra, fahagagana izany. Hafatra iray manandanja izany kanefa misy hafatra iray manan-danja hafa ao amin'io tantara noraketin'i Jaona io. I Maria no "fanaka iray sarobidy sy nofinidy,"[2] nantsoin' Andriamanitra mba hiteraka, sy hikolokolo, ary hanabe ilay tena Zanakalahin' Andriamanitra. Nahafantatra Azy bebe kokoa mihoatra ny olona hafa rehetra teto an-tany izy. Fantany ny fahamarinana'ny fahaterahany mahagaga. Fantany fa tsy mba nanota Izy ary Izy dia "tsy mba niteny toy ireo olona hafa sady tsy hay nampianarina; fa tsy nila olona nampianatra Azy."[3] Fantatr'i Maria ny fahafahana miavaka nananany mba hamahana olana; anisan'izay ny olana iray manokana toy ny famatsiana divay ho an'ny lanonana fampakarambady iray. Nanana fitokisana tsy voahozongozona taminy sy tamin'ny heriny masina izy. Ny toromarika tsotra sady mivantana nomeny ny mpanompo dia tsy misy arakaraka sy tsy misy hevitra ambadika: "Ataovy izay asainy ataonareo."



Mbola zatovovavy i Maria tamin'izy nisehoan'ny Anjely Gabriela. Tamin' ny voalohany izy dia "taitra" tamin'ny niantsoana azy ho "ilay nohasoavina" [sy nohasoavina . . . noho ny vehivavy rehetra] . . . "ka nieritreritra izay tokony ho hevitr'izany fiarahabana izany." Nanome toky azy i Gabriela fa tsy misy tokony hatahorany satria ny vaovao nentiny ho azy dia tsara. Fa izy dia "hitoe-jaza, . . . [ilay] Zanaky ny Avo Indrindra" ka "hiteraka zazalahy . . . [izay] hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay."

Nihoraka mafy i Maria hoe, "Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho?"

Nohazavain'ilay anjely vetivety monja taminy fa "tsy hisy tsy ho tanteraka ny teny rehetra ataon' Andriamanitra."

Tamim-panentrentena no nanekena'i Maria ny hanao izay nangatahin' Andriamanitra taminy sady tsy nangataka ny hahafantatra ny antsipiriany na dia tsy isalasalana aza fa nanana fanontaniana tsy hita isa momba ny ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiainany izy. Nanolo-tena izy kanefa tsy nahatakatra mazava tsara ny antony nangatahana izany taminy na koa hoe ahoana ny ho fizotran'ny zava-drehetra. Neken'i Maria tsy nisy fepetra sady mialoha ny tenin' Andriamanitra,[4] na dia kely monja aza ny fahatakarany ny amin'izay ho avy.



Tamin'ny fahatokina tsotra an' Andriamanitra no nilazan'i Maria hoe: "Inty ny ankizivavin'ny Tompo aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao."[5]

Rehefa manapa-kevitra ny hanao "izay asain' [Andriamanitra ataontsika]" isika dia manolo-tena amin-kitsim-po ny hampifanaraka ny fomba fiainantsika andavanandro amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Ny asa fanehoam-pinoana tahaka izany, toy ny fandalinana ny soratra masina isan'andro, sy ny fifadian-kanina matetika, ary ny vavaka atao amin'ny nahim-po dia hanome tanjaka ara-panahy bebe kokoa antsika mba hiatrehana ireo fitakian'ny fiainana an-tany. Rehefa mandeha ny fotoana dia hitondra vokany mahagaga ireo fahazarana tsotra momba ny finoana ireo. Ireo asa ireo dia manova ny finoantsika niainga tamin'ny kely ho lasa lehibe kokoa hitondra tsara eo amin'ny fiainantsika. Avy eo, rehefa sendra ny fahasarotana isika dia hanamafy orina ny fanahintsika ny fiorenantsika ao amin'i Kristy. Andriamanitra dia mampatanjaka ny fahalementsika, sy mampitombo ny fifaliantsika, ary manao ny "zava-drehetra [mba] hiaramiasa ho tombontsoan[tsika]."[6]

Taona vitsivitsy lasa izay, dia niresaka tamina eveka tanora iray aho izay nandany ora maro isan-kerinandro tamin'ny filan-kevitra miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny. Nanao fanamarihana manaitra iray izy. Ny olana atrehan'ny mpikambana ao amin'ity paroasiny ity, hoy izy, dia mitovy amin'ireo olana atrehan'ny mpikamban'ny Fiangonana na aiza na aiza: olana tahaka ny hoe ahoana no fomba hanorenana fanambadiana sambatra; ny tolona amin'ny fandanjalanjana ny asa sy ny fianakaviana ary ny adidy ao amin'ny Fiangonana, fahasahiranana amin'ny Tenin'ny Fahendrena, na amin'ny asa, na amin'ny pôrnôgrafia; na amin'ny fahazoana filaminan-tsaina momba ny fitsipi-pitantanana ny Fiangonana na fanontaniana ara-tantara izay tsy mazava amin'izy ireo.

Matetika ny toroheviny ho an'ny mpikamban'ny paroasy dia ny fifantohana amin'ireo asa tsotra fampiharana ny finoana tahaka ny fandalinana ny Bokin' i Môrmôna, araka ny natoron'ny Filoha Thomas S. Monson antsika mba hatao, ny fandoavana fahafolon-karena, ary ny fanompoana amim-pahazotoana ato amin'ny Fiangonana. Matetika anefa dia valin-teny feno tsy fahatokiana no avalin'izy ireo azy: "Tsy miombon-kevitra aminao aho, eveka. Fantatsika *rehetra* fa zavatra tsara tokony hatao ireny. Miresaka momba ireo zavatra ireo *foana* isika ato am-piangonana. Kanefa tsy azoko antoka hoe mahatakatra ny manjo ahy ianao. Inona no ifandraisan'ny iray amin' *ireo* zavatra ireo amin'ireo olana atreha*ko?*"

Fanontaniana tsy miangatra io. Rehefa nandeha ny fotoana dia nandinika izaho sy ilay eveka tanora fa ireo izay manao ireo "zava-madinika sy tsotra"[7], amin'ny nahim-pony sy manatanteraka toraka izany koa ireo asa madinika, no homena finoana sy tanjaka izay mihoatra lavitra ny asa maneho fankatoavana vitany ary raha ny marina dia mety ho tena tsy misy ifandraisany amin'ireny mihitsy. Mety ho toa sarotra ny hampifandray ireo asa maneho fankatoavana fototra fanao isan'andro amin'ireo vahaolana ho an'ireo olana saro-bahana mankadiry atrehantsika. Kanefa dia mifandray *izy ireo*. Avy amin'ny traikefako manokana, ny hany fomba tokana tsara indrindra mba hanatanjahana ny tenantsika hiatrika ireo olam-piainana na inona izany na inona dia ny fanaovana tsara ireo fahazarana madinika ara-pinoana fanao isan'andro. Ny asa fanehoam-pinoana madinika, na dia ireo izay heverina ho tsy misy dikany na tsy misy ifandraisany velively amin'ny olana manokana izay mampahory antsika aza dia mitahy antsika amin'ny zavatra *rehetra* ataontsika.

Eritrereto anie e, i Namàna dia "komandin'ny miaramilan'ny . . . Syria" sady "lehilahy mahery," kanefa boka. Mpanompo vavy iray no nilaza taminy momba ny mpaminany iray ao Isiraely izay afaka ny hanasitrana an'i Namàna. Noho izany dia nandeha i Namàna niaraka tamin'ny mpanompony, sy miaramila, ary fanomezana ho an'i Isiraely ka tonga tao an-tranon'i Elisa nony farany. Ny mpanompon'i Elisa fa tsy i Elisa izy tenany no nilaza tamin'i Namàna fa ny didy nomen'ny Tompo dia ny "mandeha mandro impito ao [amin'ny Renirano] Jordana." Zavatra tsora. Angamba nanaitra ilay mpianady mahery ity fanafody tsotra ity ary noraisiny ho toy ny tsy mitombina sy manamoramora zavatra na koa manambany azy ka dia noraisiny ho sosokevitra manafintohina fotsiny. Tsy nisy dikany tamin'i Namàna na dia kely aza ny torolalan'i Elisa, "Dia nihodina izy ka lasa an-katezerana."

Kanefa nanatona moramora an'i Namàna ireo mpanompony ka niteny taminy fa ho nanao "zavatra lehibe" izy raha toa ka izany no nasain'i Elisa nataony. Nohazavain'izy ireo hoe koa satria asa bitika fotsiny no nasaina nataony dia tsy tokony hataony ve izany na dia tsy fantany aza ny antony? Naverin'i Namàna nodinihina ny fihetsiny ary mety ho tamim-pisalasalana, kanefa tamim-pankatoavana dia "nidina izy ka nasitrika tao Jordana impito . . ." koa dia sitrana tamin'ny fomba mahagaga izy.[8]

Ny sasany amin'ireo valisoan'ny fankatoavana dia tonga vetivety; ny sasany dia tsy tonga raha tsy avy nosedraina isika. Hitantsika ao amin'ny Voahangy

Lafo Vidy ny momba ny zotom-pon'i Adama amin'ny fitandremana ilay didy mba hanaterana fanatitra. Rehefa nanontanian'ilay anjely an'i Adama ny antony nanaterany fanatitra dia namaly izy hoe "Tsy misy fantatro afa-tsy ny hoe ny Tompo no nandidy ahy." Nanazava ilay anjely fa ny fanatitra nataony dia "tandindon'ny fanaovan' ny Lahitokan'ny Ray sorona." Kanefa tsy tonga izany fanazavana izany raha tsy taorian'ny nanehoan'i Adama ny fanolorantenany hankatò ny Tompo nandritra ny "andro maro" kanefa tsy nahafantatra akory ny *antony* tokony nanaovany ireny fanatitra ireny.[9]

Hitahy antsika mandrakariva Andriamanitra noho ny fankatoavana tsy voahozongozona asehontsika ho an'ny filazantsarany sy ny tsy fivadihantsika amin'ny Fiangonany, kanefa dia mahalana ny hampisehoany amintsika ny fandaharam-potoany amin'ny fanaovana izany. Tsy mampiseho antsika ny zava-drehetra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany izy. Izany no ilàna ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitokiana amin'ny Tompo.

Mangataka ny mba hahatakarantsika Azy Andriamanitra, ny hitokiana Aminy sy ny hanarahana Azy. Miangavy antsika izy mba "[tsy hitohika], satria tsy mahita ianareo." Nampitandrina antsika Izy fa tsy tokony hanantena ny hahazo valiny mora foana na fanampiana vetivety avy any an-danitra isika. Mandeha tsara ny zavatra ataontsika rehefa mijoro ho mafy orina isika mandritra ny "fizahan-toetra ny finoan[tsika]," na dia sarotra toa inona aza ny sedra mety holalovana na mihisatra toa inona aza vao ho tonga ny valinteny andrasantsika.[10] Tsy fankatoavana "an-jambany" no resahiko eto[11] fa ny fankatoavana ombam-pahalalana ny fitiavana sy ny fandaminam-potoana tonga lafatry ny Tompo.


Ny fisedrana ny finoantsika dia ahitana *mandrakariva* ny fijanonana ho mahatoky amin'ireo fampiharana tsotra isan'andro ny finoantsika. Dia amin'izay ihany izy vao mampanantena antsika fa hahazo ilay valinteny avy any andanitra izay andrandraintsika. Rehefa maneho ny fahavononantsika hanao ny zavatra angatahiny isika, kanefa tsy mangataka ny fotoana sy ny antony ary ny fomba hanaovana izany, dia izay isika vao "[hioty] ny lokan'ny finoan [tsika] sy ny fahazotoan[tsika] sy ny faharipon [tsika]"[12] Ny tena fankatoavana dia manaiky tsy misy fepetra sady mialoha ny didin' Andriamanitra.[13]

Isan'andro isika rehetra na amimpahatongavan-tsaina na amin'ny fomba hafa, dia misafidy "izay hotompoin [tsika].[14] Maneho ny fahavononantsika hanompo ny Tompo isika amin'ny alalan'ny fanaovantsika amim-pahatokiana isan'andro asa feno fanolorantena. Ny Tompo dia nampanantena fa handamina ny lalantsika,[15] kanefa mba hahafahany manao izany dia mila mandroso isika, sady matoky fa mahafantatra ny làlana Izy satria Izy *no* "làlana."[16] Tsy maintsy fenointsika hatramin'ny molony ny sinintsika. Rehefa matoky sy manaraka Azy isika dia hiova ny fiainantsika, toy ny rano tonga divay. Tonga olona hafa mihoatra sy tsara kokoa noho izay mety ho nahatongavantsika isika. Matokia an' Andriamanitra, ary "Ataovy izay asainy ataonareo." Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jaona 2:5–9; jereo ihany koa ny Jaona 2:10.
2. Almà 7:10.
3. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 3:25 (ao amin'ny Fantina avy amin'ny Baiboly Dikantenin'i Joseph Smith)
4. See Jeffrey R. Holland, *Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* (1997), 18.
5. Jereo ny Lioka 1:26–38
6. Romana 8:28; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:24.
7. Almà 37:6.
8. Jereo ny 2 Mpanjaka 5:1–14.
9. Jereo ny Mosesy 5:5–11.
10. Jereo ny Etera 12:6.
11. Jereo ny Boyd K. Packer, "Agency and Control," *Ensign,* mey 1983, 66–68; Robert C. Oaks, "Believe All Things," *Ensign,* jolay 2005, 30–33.
12. Almà 32:43.
13. Jereo ny Jeffrey R. Holland, *Christ and the New Covenant,* 18.
14. Josoa 24:15.
15. Jereo ny Ohabolana 3:6.
16. Jaona 14:6.



**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjena

*Noho ny fananantsika ny fahamarinana momba Ny Andriamanitra sy ny fifandraisantsika amin' Izy Ireo dia manana ny sori-dalana tsara indrindra ho an'ny diantsika mandritra ny fiainana an-tany isika.*

I.

Ny fanekem-pinoantsika voalohany dia manambara hoe,"Mino an' Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay, isika ary mino an' i Jesoa Kristy Zanany sy ny Fanahy Masina." Miombon-kevitra amin'ny Kristianina hafa isika amin'io finoana ny fisian'ny Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina io, saingy ny zavatra inoantsika momba azy ireo dia tsy mitovy amin'izay inoan'ny hafa. Tsy mino ilay antsoin'ny tontolo Kristianina hoe fotopampianaran'ny Trinité Masina isika. Tao anatin'ny Fahitany Voalohany dia nahita olona roa samy hafa i Joseph Smith, olona roa, izay manazava fa ilay finoana nahazo vahana tamin'izany fotoana izany mikasika an' Andriamanitra sy Ny Andriamanitra dia diso.



Mifanohitra amin'ny finoana fa Andriamanitra dia zava-miafina toa tsy takatry ny saina sy tsy azo fantarina, ny fahamarinana fa ny toetran' Andriamanitra sy ny fifandraisantsika Aminy dia azo fantarina ary izany no fanalahidin'ny zavatra hafa rehetra ao amin'ny fotopampianarantsika. Ny Baiboly dia mirakitra ilay Vavaka Fanalalanana lehibe nataon'i Jesoa, izay hanambarany fa "izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahinao" (Jaona 17:3).

Ny ezaka atao hamantarana an' Andriamanitra sy ny asany dia nanomboka talohan'ny fiainana an-tany ary tsy hifarana eto. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Mbola hisy fotoana maharitra aorian'ny niampitanao ny voaly izay vao hahavita hianatra . . . ny fitsipika rehetra an'ny fisandratana ianao."[1] Ny fahalalana azontsika tany amin'ny tontolon'ny fanahy talohan'ny nahaterahana no fototra iaingantsika. Noho izany, araka izay voarakitra ao amin'ny Baiboly, rehefa niezaka nampianatra ireo vahoakan'i Isiraely momba ny toetran' Andriamanitra sy ny fifandraisany amin'ireo zanany ny mpaminany Isaia dia nanambara hoe:

"Koa ampitovinareo amin'iza moa Andriamanitra? Ary endrik'inona no ampanahafinareo Azy? . . .

"Tsy fantatrareo va? Tsy efa renareo va? Tsy efa nambara taminareo fony taloha va? Tsy efa azonareo an-tsaina va ny amin'ny fanorenan'ny tany?" (Isaia 40:18, 21).

Fantatsika fa ireo mpikambana telo ao amin' Ny Andriamanitra dia olona misaraka sy miavaka tsara. Izany dia fantatsika avy amin'ny fampianarana nomen'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina toy ny an'ny olona; ny Zanaka koa; fa ny Fanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy. Fa raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina" (F&F 130:22).

Mahakasika ny toerana ambony indrindra tanan' Andriamanitra Ray ao anatin' Ny Andriamanitra, sy ny anjara asa manokana sahanin'ny Olona tsirairay ao amin' Ny Andriamanitra, dia nanazava ny Mpaminany Joseph Smith hoe:

"Izay olona nahita ny lanitra nisokatra dia mahafantatra fa misy olona telo any an-danitra izany mihazona ny fanalahidin'ny hery, ary ny iray amin' Izy Ireo no mpiahy ny rehetra. . . .

". . . Ireo olona ireo . . . dia antsoina hoe Andriamanitra voalohany, ilay Mpahary; Andriamanitra faharoa, ilay Mpanavotra; ary Andriamanitra fahatelo, ilay Vavolombelona.

"Raharahan'ny Ray manokana ny miahy amin'ny anjara asa maha-Lehibe na Filoha, i Jesoa amin'ny

anjara asa maha-Mpanalalana, ary ny Fanahy Masina amin'ny anjara asa maha-Vavolombelona."[2]

**II. Ilay drafitra**

Takatsika avy amin'ny zavatra nambara mikasika ny drafitry ny famonjena ny fifandraisantsika amin'ireo mpikambana ao amin' Ny Andriamanitra.

Ireo fanontaniana toy ny hoe "Avy aiza isika?" "Maninona eto isika?" ary "Ho aiza isika?" dia voavaly ao amin'ilay antsoin'ny soratra masina hoe "drafitry ny famonjena," ilay "drafitra lehiben'ny fahasambarana," na ilay "drafitry ny fanavotana" (Almà 42:5, 8, 11). Ivon'io drafitra io ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Satria fanahy zanak' Andriamanitra isika tany amin'ny fisiana iray mialoha ny fiainana an-tany dia naniry hahazo anjara iray isika, dia ny fiainana mandrakizay izany, kanefa nivoatra araka izay azontsika natao, tsy niaina traikefa teto an-tany tao anaty vatana nofo sy taolana. Mba hanomezana izany fahafahana izany dia niahy ny Fahariana ity tontolo ity ny Ray any An-danitra. Toerana izay hanaisorana amintsika ny fahatsiarovana ny zavatra nitranga talohan'ny fahaterahantsika ka hahafahantsika manaporofo ny fahavononantsika hitandrina ny didiny sy haka traikefa ary hivoatra amin'ny alalan'ireo olana hafa eto amin'ny fiainana an-tany. Saingy mandritra izany zavatra iainana eto an-tany izany, ary vokatry ny Fahalavoan'ireo ray aman-drenintsika voalohany, dia hiaritra fahafatesana ara-panahy isika amin'ny alalan'ny fanesorana antsika tsy ho eo anatrehan' Andriamanitra intsony, ho voaloton'ny fahotana, ary hiharan'ny fahafatesana ara-batana. Ny drafitry ny Ray dia nanomana mialoha ary nanome fomba handresena ireo sakana rehetra ireo.

**III. Ny Andriamanitra**

Rehefa fantatsika ary ny tanjon'ny drafitra lehiben' Andriamanitra dia handeha isika izao hijery ireo anjara asan'ny tsirairay avy amin'ireo mpikambana telo ao amin' Ny Andriamanitra ireo ao anatin'izany drafitra izany.

Atombotsika amin'ny fampianarana iray avy ao amin'ny Baiboly izany.



Rehefa namarana ny taratasiny faharoa ho an'ny Korintiana ny Apôstôly Paoly dia nilaza tamin'ny fomba tsotra izao manaraka izao mba hiresahana momba Ny Andriamanitra izay ahitana ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina izy hoe: "Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo sy ny fitiavan' Andriamanitra ary ny firaisana amin'ny [na ny fiarahan'ny[3]] Fanahy Masina" (2 Korintiana 13:14).

Io soratra masina ao amin'ny Baiboly io dia maneho Ny Andriamanitra ary miresaka ny fitiavan' Andriamanitra tsy miova sy manome risi-po, sy miresaka ilay iraka famonjena sy feno famindram-pon'i Jesoa Kristy, ary miresaka ny fiarahan'ny Fanahy Masina ho namana.

***Andriamanitra Ray***

Manomboka amin'ny Ray any An-danitra ny zavatra rehetra. Na dia zara raha mahafantatra zavatra kely momba Azy aza isika, ny zavatra fantatsika dia manan-danja amin'ny fahatakarana ny fahambonian-toerany, ny fifandraisantsika Aminy, ary ny andraikiny amin'ny maha-mpiahy Azy ao anatin'ny drafitry ny famonjena, ny Fahariana, ary ireo zavatra hafa rehetra aorian'izay.

Araka ny nosoratan'ny Loholona Bruce R. McConkie mialoha indrindra ny nahafatesany manao hoe: "Raha lazaina amin'ny hevi-teny tena manandanja sy mahalaza azy dia tsy misy afa-tsy iray ihany ny Andriamanitra marina sy velona. Izy no Ray, ilay Elôhima Tsitoha, ilay Olona Avo indrindra, ilay Mpahary ary Mpanapaka an'izao tontolo izao."[4] Izy no Andriamanitra sy Rain'i Jesoa Kristy, ary Andriamanitra sy Raintsika rehetra koa. Ny Filoha David O. McKay dia nampianatra fa "ny fahamarinana fototra voalohany nohindrahindrain'i Jesoa Kristy dia izao: misy Andriamanitra Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany ao ambadika sy eo ambony ary manerana ny zavatra rehetra."[5]

Ny zavatra fantatsika momba ny toetran' Andriamanitra Ray no zavatra azontsika ianarana be indrindra avy amin'ny asa fanompoana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana. Araka ny nampianarin'ny Loholona Jeffrey R. Holland dia anisan'ireo tanjona manan-danja indrindra nanaovan'i Jesoa ny asa fanompoany ny hampahafantatra amin'ny olombelona ny hoe "Toy ny ahoana Andriamanitra ilay Raintsika Mandrakizay, . . . mba hampahafantatra sy hanao izay handraisantsika ho an'ny tenantsika manokana ny

tena toetran'ny Rainy, ilay Raintsika any An-danitra."[6] Ny Baiboly dia mirakitra tenivavolombelon'ny apôstôly fa i Jesoa dia "endriky ny [tenan'ny Rainy] indrindra" (Hebreo 1:3), izay tsy manao afa-tsy ny manome fahalalana bebe kokoa momba ny fampianaran'i Jesoa hoe "Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray" (Jaona 14:9).

Andriamanitra Ray no Rain'ny fanahintsika. Zanany isika. Tia antsika Izy ary ho an'ny tombontsoantsika mandrakizay izay rehetra ataony. Izy no mpamorona ny drafitry ny famonjena, ary amin'ny alalan'ny heriny no hanatanterahan'ny drafiny ny tanjony ho an'ny voninahitra mandrakizain'ireo zanany.

*Ny Zanaka*

Ho an'ny olombelona dia i Jesoa Kristy no mpikambana ao amin' Ny Andriamanitra izay hita maso be indrindra. Misy fanambarana ara-potopampianarana iray lehibe nataon' ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 1909 izay manambara Azy ho "ny lahimatoa teo anivon'ny zanakalahin' Andriamanitra rehetra, ny voalohan-teraka tao amin'ny fanahy, ary ny hany zanaka nateraka tao amin'ny nofo."[7] Ny Zanaka, ilay lehibe indrindra amin'ny rehetra, dia nofinidin'ny Ray hanatanteraka ny drafitry ny Ray, mba hampihatra ny herin'ny Ray hahariana tontolo tsy hita isa (jereo ny Mosesy 1:33) ary mba hamonjy ny zanak' Andriamanitra amin'ny fahafatesana amin'ny alalan'ny Fitsanganany amin'ny maty sy amin'ny fahotana amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Io sorona masina io dia antsoina araka izay tena sahaza azy hoe "ny asa lehibe indrindra teo amin'ny tantaran'olombelona."[8]

Tamin'ireo fotoana miavaka sy masina izay nampahafantaran' Andriamanitra Ray mivantana ny Zanaka, dia hoy Izy hoe: "Ity no Zanako malalako, Izy no henoy" (Marka 9:7; Lioka 9:35; jereo koa ny 3 Nefia 11:7; Joseph Smith—Tantara 1:17). Noho izany dia i Jesoa Kristy, i Jehovah, ny Tompo Andriamanitr'i Isiraely, no miresaka amin'ny mpaminany sy amin'ny alalan'izy ireo.[9] Izany no antony nampahafantaran'i Jesoa ny tenany ho ny "Andriamanitry ny tany manontolo" (3 Nefia 11:14) rehefa niseho tamin' ny Nefita Izy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty. Izany no antony niresahan'i Jesoa matetika tamin'ny mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy tamin'ny Olomasin'ny Andro Farany, amin'ny maha-"ny Ray sy ny Zanaka" Azy, izay anarana fiantsoana nohazavaina tamin'ny famelabelarana fotopampianarana nentanim-panahy nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo vao 100 taona lasa izay.[10]



*Ny Fanahy Masina*

Ny mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra dia ny Fanahy Masina, izay antsoina ihany koa hoe ny Fanahin'ny Tompo ary ny Mpananatra. Izy no mpikambana ao amin' Ny Andriamanitra izay fitaovana hahazoana fanambarana ho an'ny tena manokana. Amin'ny maha-olona fanahy Azy (jereo ny F&F 130:22) dia afaka mitoetra ao anatintsika Izy ary manatanteraka ilay anjara asa tena ilaina amin'ny maha-mpampita vaovao Azy eo amin'ny Ray sy ny Zanaka ary ny zanak' Andriamanitra eto an-tany. Soratra masina maro no mampianatra fa ny iraka nampanaovina Azy dia ny hijoro ho vavolombelona ny amin'ny Ray sy ny Zanaka (jereo ny Jaona 15:26; 3 Nefia 28:11; F&F 42:17). Nampanantena ny Mpamonjy fa ny Mpananatra dia hampianatra antsika ny zavatra rehetra, sy hampahatsiaro ny zavatra rehetra, ary hitari-dalana ho amin'ny fahamarinana rehetra (jereo ny Jaona 14:26; 16:13). Noho izany ny Fanahy Masina dia manampy antsika hanavaka ny marina sy ny sandoka, mitarika antsika ao amin'ireo fanapahan-kevitra lehibe raisintsika, ary manampy antsika ao anatin'ireo olan'ny fiainana an-tany.[11] Izy ihany koa no lalana ahafahana manamasina antsika, izany hoe, voadio amin'ny fahotantsika (jereo ny 2 Nefia 31:17; 3 Nefia 27:20; Môrônia 6:4).

IV.

Koa ahoana ary ny hanampian'ny fahatakarana io fotopampianarana nambaran' Andriamanitra momba Ny Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjena io antsika amin'ny olantsika amin'izao fotoana izao?

Noho ny fananantsika ny fahamarinana momba Ny Andriamanitra sy ny fifandraisantsika amin' Izy Ireo, momba ny tanjon'ny fiainana, ary ny endriky ny hiafarantsika mandrakizay, dia manana ny sori-dalana sy ny antoka tsara indrindra isika amin'ny diantsika mandritra ny fiainana an-tany. Fantatsika izay ivavahantsika sy ny antony

ivavahantsika. Fantatsika hoe iza isika ary fantatsika izay azontsika hahatongavana (jereo ny F&F 93:19). Fantatsika hoe iza no mahatonga ny zavatra rehetra ho azo tanterahina, ary fantatsika izay tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ny fitahiana tsara indrindra azo amin'ny alalan'ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra. Ahoana no hahalalantsika izany rehetra izany? Fantatsika amin'ny alalan'ny fanambarana nomen' Andriamanitra ireo mpaminaniny sy nomeny antsika tsirairay avy izany.

Ny fahatratrarana ilay nofaritan' ny Apôstôly Paoly hoe "ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy" (Efesiana 4:13) dia mitaky zavatra betsaka lavitra noho ny fahazoana fahalalana. Tsy ampy akory aza ny *faharesentsika lahatra* ny amin'ny filazantsara. Tsy maintsy manao asa sy mieritreritra isika mba hahatonga antsika *hiova fo* amin 'ny alalan'izany. Mifanohitra amin'ny an'ireo toeram-pianaran'izao tontolo izao, izay mampianatra antsika *hahalala* zavatra, ny drafitry ny famonjena sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mampanao fanamby antsika mba ho *tonga* amin'ny toetra iray izay tokony hahatongavana.

Araka ny nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson antsika tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonantsika farany hoe:

"Ampahany tena manan-danja ao ami[n'ny drafitry ny famonjena] i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika. Raha tsy nisy ny sorona fanavotana nataony dia ho very avokoa ny rehetra. Tsy ampy anefa ny mino fotsiny Azy sy ny asa nanirahana Azy. Mila miezaka sy mianatra isika, mikatsaka sy mivavaka, ary mibebaka sy mihatsara. Mila mahafantatra ireo lalàn' Andriamanitra isika ary miaina izany. Mila mandray ireo ôrdônansin'ny famonjeny isika. Ny fanaovantsika izany ihany no hahazoantsika fahasambarana marina sy mandrakizay. . . .

"Avy ato am-poko lalina, ary amimpanetrentena tanteraka" hoy ny nambaran'ny Filoha Moson, no "ijoroako ho vavolombelona mikasika ilay fanomezana lehibe dia ny drafitry ny Raintsika ho antsika. Io no lalana tokana tonga lafatra mankany amin'ny fiadanana sy




ny fahasambarana na eto na any amin' ny tontolo ho avy."[12]

Ampiako ny ahy ny fijoroana ho vavolombelon'ny mpaminany malalantsika, ny filoha Monson. Mijoro ho vavolombelona aho fa isika dia manana Ray any An-danitra izay tia antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa isika dia manana ny Fanahy Masina izay mitarika antsika. Ary mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kritsy, Mpanavotra antsika aho, izay amin'ny alalany no maha-tontosa ny zavadrehetra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 268.
2. *Teachings: Joseph Smith,* 42.
3. Izy io dia hevi-teny iombonana ho an'ny teny hoe *communion* tamin'ny fotoana nisafidianan'ny mpandika tenin'ny Roi Jacques an'io teny io (jereo ny *The Oxford Universal Dictionary,* ed. faha-3, rev. [1955], 352).
4. Bruce R. McConkie, *A New Witness for the Articles of Faith* (1985), 51.
5. David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1935, 100.
6. Jeffrey R. Holland, "The Grandeur of God," *Liahona,* nôv. 2003, 70.
7. Fiadidiana Voalohany, "The Origin of Man," *Ensign,* feb. 2002, 26, 29.
8. Jereo ohatra ny Russell M. Nelson, "Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin' ny fiainantsika," *Liahona,* Mey 2017, 40; "Ilay Kristy Velona: The Testimony of the Apostles," *Liahona,* Apr. 2000, 2.
9. Jereo ny Joseph Fielding Smith, *Doctrines of Salvation,* natambatr'i. Bruce R. McConkie (1954), 1:27.
10. Jereo ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Father and the Son," *Ensign,* apr. 2002, 13–18.
11. Jereo ny Robert D. Hales, "Ny Fanahy Masina," *Liahona,* mey 2016, 105–7.
12. Thomas S. Monson, "Ilay lalana tonga lafatra mankany amin'ny fahasambarana," *Liahona,* nôv. 2016, 80–81.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra

*Aoka isika hiala amin'ny tahotra ary hiaina kosa ao amin'ny fifaliana, ny fanetrentena, ny fanantenana, ary ny fahatokisana amim-pahasahiana fa ny Tompo dia miaraka amintsika.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala isany, ry namana isany, tena tombontsoa sy fifaliana ny fahafahantsika miara-mivory amin'ny maha-Fiangonana maneran-tany antsika izay miray ao anatin'ny finoantsika sy ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny zanany.

Mankasitraka indrindra indrindra ny maha-eto an'i Thomas S. Monson, mpaminany malalantsika, aho. Ry Filoha, horaisinay ao am-ponay hatrany ireo teninao feno fitarihana, torohevitra, ary fahendrena. Tia anao sy manohana anao izahay ry Filoha Monson, ary mivavaka ho anao mandrakariva.

Taona maro lasa izay, tamin'ny naha-filohan'ny tsatòka ahy tany Franckfort, Alemana, dia nanatona ahy ny anabavy malala nefa tsy faly iray rehefa nifarana ny fivorian'ny tsatòka iray nataonay.

"Tsy mahasosotra ve izany?" hoy izy. "Mety ho teo amin'ny olona efatra na dimy teo no resin-tory nandritra ny lahateninao!"

Nieritreritra kely aho dia namaly hoe: "Tena inoako mihitsy fa ny torimaso ao am-piangonana no anisan'ny torimaso mahasalama indrindra."

Nahare tsy nahy izany resadresaka izany i Harriet vadiko mahafinaritra ary nilaza izy taty aoriana fa izany no anisan'ny valin-teny tsara indrindra nomeko hatrizay.

#### Ny Fifohazana lehibe

Taonjato vitsy lasa izay tao Amerika Avaratra dia nieli-patrana nanerana ny ambanivohitra rehetra ny hetsika nantsoina hoe ny "Fifohazana lehibe." Anisan'ny tanjona lehibe tamin'izany ny hamohazana ireo olona izay toa hita fa matoritory raha ny amin'ny lafiny ara-panahy.

Raha mbola tanora i Joseph Smith dia nisy fiantraikany taminy ny zavatra henony nolazain'ireo mpitory izay tao anatin'ny fifohazana ara-pivavahana. Isan'ny antony nandrisika azy hikatsaka ny sitrapon'ny Tompo tamim-kitsimpo tamin'ny alalan'ny vavaka manokana izany.

Ny fitorian'ireo mpitory ireo dia nanana endrika manaitaitra sy feno fihetseham-po, ary ireo toriteny dia fantatra tamin'ny fanantitranterana mafy ny fampihorohoroan'ny helo mirehitr'afo izay miandry ny mpanota.[1] Ny lahatenin'izy ireo dia tsy nampatory ny olona, saingy mety niteraka nofy ratsy vitsivitsy. Ny tanjony sy ny endriny dia toa ny hampatahotra ny olona mba hankanesan'izy ireo any am-piangonana.

#### Ny fampiasana tahotra mba hanararaotana

Raha ny ara-tantara no jerena dia nampiasaina matetika ny tahotra ho fitaovana hahatonga ny olona hanao zavatra. Ireo ray aman-dreny dia nampiasa izany tamin'ny zanany, ny mpampiasa tamin'ny mpiasa, ary ny mpanao pôlitika tamin'ny mpifidy.

Ny manam-pahaizana amin'ny marketing dia mahatakatra ny herin'ny tahotra ary mampiasa izany matetika. Izany no antony toa ahitana ilay hafatra ankolaka ao anatin'ny dokam-barotra



sasany fa raha tsy manjifa ny sakafo maraina vokariny isika, na raha tsy mahavidy ny jeu vidéo na finday vao-vaony isika dia mety hanana fiainana fadiranovana, ho faty irery ary ho lavitry ny fifaliana.

Mitsiky isika rehefa mahare izany ary mihevitra fa tsy handaitra amintsika velively izany fanararaotana izany, kanefa indraindray dia mandaitra izany. Ary ny ratsy kokoa noho izany aza, indraindray dia isika no mampiasa fomba mitovy amin'izany mba hahatonga ny hafa hanao izay tiantsika.

Manana tanjona anankiroa ny hafatro anio: Ny voalohany dia ny hanairana antsika mba handinika sy hihevitra hoe hatraiza no hampiasan*tsika* ny tahotra amin'ny fandrisihana ny hafa, tafiditra amin'izany ny tenantsika. Ny faharoa dia fanolorana fomba tsaratsara kokoa.

#### Ny olana amin'ny tahotra

Voalohany dia 'ndeha horesahantsika ny olana amin'ny tahotra. Fa iza amintsika moa no tsy mbola natosiky ny tahotra mba hihinana sakafo mahasalama kokoa, hanao fehin-tseza, hampiasa vatana kokoa, hanao tahirimbola, na hibebaka amin'ny fahotana mihitsy aza?

Marina tokoa fa ny tahotra dia mety hanana fiantraikany mahery vaika amin'ny zavatra ataontsika sy ny fitondran-tenantsika. Kanefa izany fiantraikany izany dia matetika mandalo ihany ary tsy lalim-paka. Mahalana ihany ny tahotra no manana hery hanova ny fontsika, ary izany dia tsy hanova antsika velively ho lasa ilay olona izay tia ny tsara sy maniry ny hankatò ny Ray any An-danitra.

Ny olona izay feno tahotra dia mety *hiteny* sy hanao ny zavatra tokony hatao, kanefa tsy *mahatsapa* ny zavatra tokony ho tsapany. Matetika izy ireo no mahatsapa ho very hevitra sy mitàna lolom-po, ary tezitra mihitsy aza. Rehefa mandeha ny fotoana dia mitarika any amin'ny tsy fahatokisana, ny fanoherana, ary ny fikomiana mihitsy izany fahatsapana izany.

Mampalahelo anefa fa izany fomba fiatrehana ny fiainana sy ny fitarihana diso izany dia tsy voafetra ao amin'izao tontolo izao. Mampalahelo ahy ny mahare momba ireo mpikamban'ny Fiangonana izay mampihatra fitondrana tsy marina, na ao an-tokantranony, na eo amin'ny antsony ao am-piangonana, na any am-piasana, na amin'ny fifandraisany amin'ny hafa isan'andro.

Matetika dia mety hanameloka ny fampijaliana atao amin'ny hafa ny olona, nefa tsy afaka mahita ny fanaovan'izy ireo izany izy ireo. Mitaky ny fanoavana ny fitsipika nataotaony foana izy ireo, kanefa rehefa tsy manaraka izany fitsipika nataotao foana izany ny hafa dia faiziny am-bava sy ara-pihetsehampo ary indraindray aza ara-batana mihitsy izy ireo.

Ny Tompo dia nilaza fa "rehefa . . . [m]ampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin'ny fanahin'ny zanak'olombelona [isika], na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben'ny tsy fahamarinana amin'izany, . . . dia misintona ny lanitra [ary] malahelo ny Fanahin'ny Tompo."[2]

Mety hisy ny fotoana hahatonga antsika ho alaim-panahy hanamarina ny zavatra ataontsika amin'ny finoana fa ny zavatra rehetra dia azo ekena raha toa ka tsara ny tanjona tiana hotratrarina. Mety hieritreritra mihitsy aza isika fa ny fitiavana mifehy sy manararaotra ary maneho toetra henjana amin'ny hafa dia hitondra soa ho azy ireo. Diso izany, satria nolazain'ny Tompo mazava tsara fa "ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, [ary] fahononam-po."[3]

#### Fomba tsaratsara kokoa iray

Arakaraka ny hahafantarako ny Raiko any An-danitra no hahitako ny fomba hanentanany ny fanahin'ireo zanany sy hitarihany azy ireo. Tsy tezitra Izy, tsy manao valifaty, ary tsy mihazona lolom-po.[4] Ny tanjony, izany hoe ny asany sy ny voninahiny, dia ny hampianatra antsika sy ny hanandratra antsika ary ny hitarika antsika ho amin'ny fahafenoany.[5]

Namariparitra ny Tenany tamin'i Mosesy Andriamanitra, fa Izy dia



"mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana."[6]

Ny fitiavan'ny Raintsika any Andanitra ho antsika zanany dia mihoatra lavitra noho ny fahafahantsika mahataka-javatra.[7]

Midika ve izany fa Andriamanitra dia mamela ny fananana fitondran-tena mifanohitra amin'ny didiny amin'izao na tsy miraharaha izany? Tsia, azo antoka fa diso izany!

Saingy tiany ny hanova mihoatra noho ny fitondran-tenantsika fotsiny ihany. Ny toetoetrantsika mihitsy no tiany hovana. Tiany hovana ny fontsika.

Tiany isika haninjitra ny tanantsika sy hifikitra amin'ilay anjaby, hiatrika ny tahotsika, ary handroso sy hivoatra miaraka amin'ny herim-po eo amin'ilay lalana ety sy tery. Tiany hitranga amintsika izany satria tiany isika ary satria izany no lalana mankany amin'ny fahasambarana.

Koa amin'ny fomba ahoana ary no hamporisihan' Andriamanitra ny zanany hanaraka Azy amin'izao androntsika izao?

Naniraka ny Zanany Izy!

Naniraka an'i Jesoa Kristy Zanani lahy Tokana Andriamanitra hampisehoana antsika ny lalana tokony haleha.

Mandrisika antsika amin'ny alalan' ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny

hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy Andriamanitra.[8] Miandany amintsika Andriamanitra. Tia antsika Izy ary rehefa lavo isika dia tiany hiarina, hiezaka indray, ary ho lasa matanjaka kokoa.

Izy no mpampianatra antsika.

Izy no fanantenantsika lehibe sy sarobidy indrindra.

Maniry ny hanentana antsika amin' ny finoana Izy.

Matoky antsika Izy fa isika dia mianatra avy amin'ny ireo hadisoana nataontsika ary manao safidy tsara.

Izany no lalana tsaratsara kokoa![9]

#### Ahoana ny amin'ny ratsy eo amin'izao tontolo izao?

Anisan'ny fomba iray tian'i Satana hanararaotantsika ny hafa ny fifantohana amin'ny ratsy eo amin'izao tontolo izao ka manitatra izany mihitsy aza.

Marina tokoa fa ny tontolo misy antsika dia efa tsy tonga lafatra hatrizay, ary mbola ho toy izany hatrany. Betsaka loatra ny olona tsy manan-tsiny no mijaly noho ny toe-javatra misy sy noho ny haratsian'olombelona. Ny fahalotoana sy ny faharatsiana amin'ny vaninandrontsika dia miavaka tokoa ary mampiahiahy.

Kanefa na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy hatakalontsika amin'ny



fiainana mandritra ny fotoana hafa tamin'ny tantaran'izao tontolo izao ny fiainana amin'izao vaninandro izao. Fitahiana tsy hay refesina no azontsika afaka miaina amina fotoana feno firoboroboana sy fahalalana ary fahafahana tsy manam-paharoa. Ary indrindra indrindra, tahiana isika satria manana ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay manome antsika fomba fijery miavaka ny amin'ireo loza misy eo amin'izao tontolo izao ary mampiseho antsika ny fomba hisorohana ireo loza ireo na hiatrehana izany.

Rehefa mandinika ireo fitahiana ireo aho dia te handohalika ary hanolotra dera ho an'ny Raintsika any An-danitra noho ny fitiavany tsy manam-petra ho an'ny zanany rehetra.

Tsy mino aho fa tian' Andriamanitra ny hatahoran'ireo zanany sy ny hifantohan'izy ireo amin'ireo zava-dratsin'izao tontolo izao. "Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena."[10]

Nomeny antony maro mba hifaliana isika. Mila mitady sy mamantatra azy ireo fotsiny isika. Ny Tompo dia mampahatsiahy antsika matetika hoe "aza matahotra," "matokia,"[11] ary "aza matahotra ry ondry vitsy."[12]

#### Hiady ho antsika ny Tompo

Ry rahalahy sy ranabavy, isika no "ondry vitsi[n' ny]" Tompo. Isika no Olomasin'ny andro farany. Tafiditra ao anatin'ny anarana fiantsoana antsika ny fanolorantena hiandrandra ny fiverenan'ny Mpamonjy ary hanomana ny tenantsika sy izao tontolo izao mba handray Azy. Noho izany dia 'ndeha isika hanompo an'Andriamanitra sy hitia ny mpiara-belona amintsika. 'Ndeha isika hanao izany miaraka amin'ny fahatokiana voajanahary, miaraka amin'ny fanetrentena, ka tsy hanambany na oviana na ovina ny fivahahana na vondron'olona hafa. Rahalahy sy ranabavy isany, nangatahina isika handalina ny tenin' Andriamanitra sy hanaraka ny feon'ny Fanahy, mba hahafahantsika "[m]ahafantatra ireo famantarana ny fotoana sy ireo famantarana ny amin'ny fiavian'ny Zanak'olona."[13]

Noho izany isika dia mahafantatra ireo olana misy eo amin'izao tontolo izao ary mahalala ireo fahasarotana amin'ny vaninandro misy antsika. Saingy tsy midika anefa izany fa tokony hamesatra ny tenantsika na ny hafa amin'ny tahotra lalandava isika. Ho solon'ny fifantohana amin'ny hasarotry ny olana mianjady amintsika dia tsy tsaratsara kokoa ve ny mifantoka amin'ny halehibe sy hatsarana tsy manam-petra ary ny hery tanteraky ny Andriamanitsika, ny matoky Azy ary ny miomana amin'ny fo falifaly amin'ny fiverenan'i Jesoa Kristy?

Amin'ny maha-vahoakan'ny fanekempihavanany antsika dia tsy tokony ho raiki-tahotra isika noho ny mety ho fisian'ny zavatra ratsy mitranga. Afaka mandroso amim-pinoana sy amin'ny risi-po ary amim-pahavononana kosa isika, ary matoky an' Andriamanitra eo am-piatrehantsika ireo olana sy eo ampisokafan'ny lalana eo alohantsika.[14]

Tsy mizotra irery eo amin'ny lalan' ny maha-mpianatra isika. "[Fa] Jehovah Andriamanitrao no miara-mandeha aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy."[15]

"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina."[16]

Eo anoloan'ny tahotra dia aoka isika hahita herim-po, hamokatra finoana, ary hanana fahatokisan-tena ao amin'ilay fampanantenana fa "ny fiadiana rehetra izay voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina."[17]

Miaina ao anatin'ny fotoana feno loza sy korontana ve isika? Eny, mazava ho azy.

Andriamanitra mihitsy no nilaza hoe, "Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."[18]

Afaka mampihatra finoana mba hino sy hanao asa mifanaraka amin'izany ve isika? Afaka mitandrina ny fanolorantena sy ny fanekempihavanana masina nataontsika ve isika? Afaka mitandrina ny didin' Andriamanitra ve isika na dia ao anatin'ny toe-javatra manahirana aza? Eny, mazava ho azy fa afaka manao izany isika!

Afaka manao izany isika satria Andriamanitra dia efa nampanantena fa

“hiara-miasa ny zava-drehetra ho tombontsoanareo, raha mandeha araka ny hitsiny ianareo.”[19] Noho izany dia aoka isika hiala amin’ny tahotra ary hiaina kosa ao amin’ny fifaliana, ny fanetrentena, ny fanantenana, ary ny fahatokisana tsy amim-piambahambahana fa ny Tompo dia miaraka amintsika.

### Ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra

Ry namako malala, ry rahalahiko sy anabaviko malala ao amin’i Kristy, raha toa isika ka tafalatsaka ao amin’ny fiainana anatin’ny tahotra na ny fanahiana, na raha toa ka ny tenintsika, ny fitondran-tena, na ny zavatra nataontsika no nahatonga tahotra teo amin’ny hafa dia mivavaka amin’ny herin’ny fanahiko manontolo aho mba hahafahantsika amin’izany tahotra izany amin’ny alalan’ilay vahaolana handresena ny tahotra izay nomen’ Andriamanitra, dia ny fitiavana madion’i Kristy, fa ny “fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra.”[20]

Ny fitiavana tonga lafatr’i Kristy dia mandresy ireo fakam-panahy handratra, hanery, hampijaly, na hampahory.

Ny fitiavana tonga lafatr’i Kristy dia mamela antsika handroso amim-panetrentena, amim-pahamendrehana, ary amim-patokiana feno fahasahiana amin’ny maha-mpanara-dia ny Mpamonjy malalantsika antsika. Ny fitiavana tonga lafatr’i Kristy dia manome antsika fahatokisan-tena mba hiatrika ny tahotsika ary hametraka fitokisantsika tanteraka amin’ny hery sy ny fahatsaran’ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany.

Andeha isika hanolo ny tahotra ao an-tokantranontsika, ao amin’ireo toeram-piasantsika, ao amin’ny antsontsika ao am-piangonana, ary ao ampontsika amin’ny fitiavana tonga lafatr’i Kristy. Hosoloin’ny fitiavana tonga lafatr’i Kristy finoana ny tahotra!


Ny fitiavany dia hamela antsika hamantatra sy hatoky ary hanana finoana ny fahatsaran’ny Raintsika any An-danitra, ny drafiny masina, ny filazantsarany, ary ny didiny.[21] Ny fitiavantsika an’ Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika dia hahatonga ny fankatoavantsika ny didin’ Andriamanitra ho lasa fitahiana fa tsy entamavesatra kosa. Ny fitiavan’i Kristy dia hanampy antsika ho lasa tsara fanahy kokoa, hamela heloka kokoa, hikarakara kokoa, ary hanolo-tena bebe kokoa amin’ny asany.

Rehefa mameno ny fontsika amin’ny fitiavan’i Kristy isika dia hifoha miaraka amin’ny fahavitrihana ara-panahy nohavaozina indray ary handeha amim-pifaliana, sy amim-pahatokisan-tena, ary hifoha sy havitrika ao amin’ny fahazavana sy ny voninahitr’i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy malalantsika.

Mijoro ho vavolombelona miaraka amin’ny Apôstôly Jaona aho fa: “Tsy manan-tahotra ny fitiavan’[i Kristy].”[22] Ry rahalahy sy ranabavy isany, ry namana malala, mahafantatra tsara anareo Andriamanitra. Tiany tanteraka ianareo. Fantany ny hoavy miandry anareo. Tiany ianareo “tsy [hatahotra], fa [hino] fotsiny ihany”[23] ary “hitoetra ao amin’ny fitiava[ny tonga lafatra].”[24] Izany no vavaka ataoko sy tsodrano omeko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ohatra fanta-daza anankiroa amin’izany karazana mpitory izany i George Whitefield sy i Jonathan Edwards.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:37.
3. Galatiana 5:22–23.
4. Indray mandeha dia te hihiditra tao amin’ny tanàna iray an’ny Samaritana ny Mpamonjy, saingy nandà an’i Jesoa ny vahoaka ary tsy nanaiky ny handray Azy tao amin’ny tanànany. Tohina tanteraka tamin’izany ny roa tamin’ireo mpianany ka dia nanontany hoe: “Tompoko, tianao va raha hiteny izahay mba hisy afo milatsaka avy any an-danitra handevona azy?” Namaly tamin’ity fampitandremana ity i Jesoa: “Tsy fantatrareo hoe avy amin’ny fanahy manao ahoana moa ianareo. Fa ny Zanak’olona tsy tonga handrava ny fiainan’ny zanak’olomelona fa hamonjy azy” (jereo ny Lioka 9:51–56, dikanteny vaovao an’ny King James [1982]).
5. Jereo ny Mosesy 1:39; jereo koa ny Efesiana 3:19.
6. Eksodosy 34:6.
7. Jereo ny Efesiana 3:19.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41. Marina tokoa fa raha toa Andriamanitra manantena antsika zanany mety maty hifampitondra tahaka izany, dia Izy, izay manana ny toetra tsara rehetra no ho Ilay môdely alain-tahaka amin’izany toetra tsara izany.
9. Ny Filankevitra talohan’ny fiainana an-tany izay notontosaina tany An-danitra dia tranga iray tena tsara izay maneho ny toetran’ Andriamanitra. Tany no nandrosoan’ny Raintsika any An-danitra tamintsika ny drafiny ho an’ny fivoarantsika mandrakizay. Anisan’ireo singa fototra amin’izany drafitra izany ny fahafahana misafidy sy ny fankatoavana ary ny famonjena amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Kristy. I Losifera kosa anefa dia nandroso fomba fiasa hafa. Nanome antoka izy fa ny rehetra dia hankatò, ary tsy hisy ho very. Ny hany fomba hanatanterahana izany dia amin’ny alalan’ny jadona sy ny fanerena. Saingy tsy ho avelan’ny Raintsika any An-danitra be fitiavana hitranga izany drafitra izany. Nomeny lanja ny fahafahana misafidin’ireo zanany. Fantany fa tsy maintsy hanao fahadisoana isika eny an-dalana eny raha toa tena hianatra tokoa. Ary izany no antony nanomezany Mpamonjy iray, ary ny sorona mandrakizay nataon’ny Mpamonjy dia afaka manadio antsika amin’ny fahotana ary mamela antsika hiverina indray ao amin’ny fanjakan’ Andriamanitra.
   Rehefa hitan’ny Raintsika any An-danitra fa betsaka tamin’ireo zanany malala no voasarik’i Losifera, moa ve Izy nanery azy ireo mba hanaraka ny drafiny? Nampatahotra na nandrahona ireo izay nanao izany safidy ratsy dia ratsy izany ve Izy? Tsia. Ilay Andriamanitsika feno fahefana dia tena afaka nanakana izany fikomiana izany. Afaka nanery ny hanarahana ny sitrapony tamin’ireo mpanohitra sy nanao izay nanoavan’izy ireo Azy Izy. Saingy naleony namela ny zanany hisafidy ho an’ny tenan’izy ireo.
10. 2 Timoty 1:7.
11. Jereo, ohatra ny, Josoa 1:9; Isaia 41:13; Lioka 12:32; Jaona 16:33; 1 Petera 3:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36; 50:41; 61:36; 78:18.
12. Lioka 12:32.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:11.
14. Mbola mihatra ny torohevitra nomen’i Mosesy ny vahoaka tamin’ny androny: Aza matahotra hianareo. . . . Ho hitanareo ny famonjen’ny Tompo, izay hotanterahiny ho anareo anio” (jereo ny Eksodosy 14:13, dikanteny vaovao an’ny King James)
15. Deoteronomia 31:6.
16. Eksodosy 14:14, dikanteny vaovao an’ny King James.
17. Isaia 54:17.
18. Jaona 4:33.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:24; jereo koa ny 2 Korintiana 2:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:14.
20. 1 Jaona 4:18.
21. Aoka isika hahatsiaro fa ny Mpamonjy dia tsy tonga “ho amin’izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao” (Jaona 3:17). Raha ny marina, “Izy dia tsy manao na inona na inona afa-tsy izay ho tombontsoan’ izao tontolo izao; satria tia izao tontolo izao Izy ka nomeny na dia ny ainy aza mba hisarihany ny olona rehetra hanatona Azy” (2 Nefia 26:24).
22. 1 Jaona 4:18; jereo koa ny 1 Jaona 4:16.
23. Marka 5:36.
24. Jaona 3:10.



Fivoriana Alahady Tolakandro | 2 April 2017


**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo


# Ny feo fampitandremana

*Na dia ireo mpaminany aza no tena mahatsapa indrindra ny halehiben'ny andraikitra hampitandrina dia andraikitra ifampizarana amin'ny hafa ihany koa izany.*

Teraka teo ho eo amin'ny roapolo taona talohan'ny nandaozan'i Lehia sy ny fianakaviany an'i Jerosalema ny mpaminany Ezekiela. Tamin'ny 597 talohan'i J.K., fony i Ezekiela 25 taona dia anisan'ireo olona maro babon'i Nebokadnezara tany Babylona izy, ary ny zavatra fantatsika dia nonina tany mandra-pahafatiny izy.[1] Ny rohim-pirazanana nisy azy dia ny an'ireo mpisorona tahaka an'i Aharôna, ary fony izy 30 taona dia lasa mpaminany.[2]

Raha niantso an'i Ezekiela ho mpaminany i Jehovah dia nampiasa ny fanoharana momba ny mpitily Izy.

"Ary hitan['ny mpitily] fa, indro, avy ny sabatra, ka mitsoka ny anjomara hampitaitra ny olona izy;

"Nefa tsy mety taitra izay mandre ny feon'ny anjomara, dia tonga ny sabatra ka mandripaka azy, dia ho eo an-dohany ihany ny rany."[3]

Etsy ankilan'izay kosa, "raha hitan'ilay mpitily kosa fa, indro, avy ny sabatra, nefa tsy nitsoka ny anjomara izy, ka tsy notairina ny olona, ary tonga ny sabatra ka mandringana olona ao aminy, . . . ny ràny dia hadiniko amin' ny tànan'ilay mpitily."[4]

Avy eo, raha niresaka mivantana tamin'i Ezekiela i Jehovah dia nilaza hoe: "Koa hianao, ry zanak'olona, dia efa notendreko ho mpitily ho an'ny taranak' Isiraely, ka raha mandre ny teny aloaky ny vavako hianao, dia izany no ho entinao mananatra azy."[5] Ilay fampitandremana dia ny hiala amin'ny fahotana.

"Raha hoy Izaho amin'ny ratsy fanahy: He! ry ilay ratsy fanahy, ho faty tokoa hianao! nefa tsy mety mananatra azy hianao hiala amin'ny alehany, dia ho fatin'ny helony ihany izany ratsy fanahy izany, fa ny rány dia hadiniko amin'ny tananao.

"Fa raha mananatra ny ratsy fanahy ihany kosa hianao hiala amin'ny lalany ratsy; fa izy no tsy mety miala amin'izany, dia ho fatin'ny helony ihany izy, nefa voavonjinao ny ainao. . . .

"Ary koa, raha hoy Izaho kosa amin'ny ratsy fanahy: Ho faty tokoa hianao, nefa miala amin'ny fahotany izy sady manao izay marina sy mahitsy; . . .

"Ny fahotana rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana aminy intsony; manao izay marina sy mahitsy izy, ka dia ho velona tokoa."[6]

Mahaliana tokoa fa mihatra amin' ny olo-marina ihany koa io fampitandremana io. "Raha lazaiko amin'ny marina hoe: Ho velona tokoa hianao, nefa izy mitoky amin'ny fahamarinany ka manao meloka, dia tsy hotsarovana ny fahamarinana rehetra izay nataony, fa ny heloka nataony no hahafaty azy."[7]

Raha niangavy ny zanany Andriamanitra dia hoy Izy tamin'i Ezekiela hoe: "Lazao aminy hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan'ny ratsy fanahy, fa ny hialan'ny ratsy fanahy amin'ny lalany, mba ho velona izy. Mialà, mialà amin'ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no te-ho faty hianareo, ry taranak' Isiraely?[8]

Tsy sanatria akory hoe maika ny hanameloka antsika fotsiny ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy fa mikatsaka kosa ny fahasambarantsika sy miangavy antsika hibebaka Izy ireo, noho ny fahafantarana tsara fa "ny faharatsiana dia tsy fahasambarana [ary tsy ho fahasambarana] na oviana na oviana."[9] Noho izany i Ezekiela sy ireo mpaminany rehetra taloha sy nanomboka tamin'izay, rehefa miresaka momba ny tenin' Andriamanitra amim-kafanam-po dia mampitandrina ny rehetra hiala amin'i Satana, ilay fahavalon'ny fanahin'izy ireo, ary "hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay



amin'ny alalan' Ilay Mpanalalana lehiben'ny olon-drehetra."[10]

Na dia ireo mpaminany aza no tena mahatsapa indrindra ny halehiben'ny andraikitra hampitandrina dia andraikitra ifampizarana amin'ny hafa ihany koa izany. Raha ny marina, "ilaina ny olona nampitandremana mba hampitandrina ny namany."[11] Isika izay nandray ny fahalalana ny drafitra lehiben'ny fahasambarana, sy ireo didy ao anatin'izany, dia tokony hanana faniriana hizara izany fahalalana izany satria izany no hampiova tanteraka ny fiainana eto sy ny mandrakizay. Ary raha manontany isika hoe: "Iza ary no namako izay tokony hampitandremako?" dia azo antoka fa hita ao amin'ilay fanoharana manomboka amin'ny hoe: "Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon'ny jiolahy"[12] sy ny sisa ny valiny.

Ny fandinihana ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy amin'ity sahan-kevitra ity dia mampahatsiahy antsika fa ny fanontaniana hoe "Iza ary no namako?" dia mifamatotra amin'ireo didy roa lehibe indrindra: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra; ary, tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[13] Ny antony manosika antsika hanandratra feo fampitandremana dia fitiavana, fitiavana an' Andriamanitra sy fitiavana ny hafa. Ny mampitandrina dia maneho firaharahiana. Nampianatra ny Tompo fa izany dia tokony hatao "amin'ny fahamorana sy amin'ny halemem-panahy"[14] ary "amin'ny fandresen-dahatra, ny faharipo, ny hatsaram-panahy . . . , ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy."[15] Mety mila atao haingana izany, tahaka ny fampitandremantsika zaza iray mba tsy hikitika afo. Tsy maintsy mazava tsara ilay izy, ary hentitra mihitsy indraindray. Misy fotoana ny fampitandremana dia mety hanana endrika fanitsiana "rehefa entanin'ny Fanahy Masina,"[16] saingy mifototra hatrany amin'ny fitiavana izany. Hitanareo ohatra ilay fitiavana izay manosika ireo misiônerantsika hanompo sy hahafoy tena.



Tena marina fa ny fitiavana dia hanery ny ray aman-dreny hampitandrina ny "namany" akaiky indrindra, dia ny zanany izany. Midika hoe mampianatra sy mijoro ho vavolombelona mikasika ny fahamarinan'ny filazantsara izany. Midika hoe mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy amin'ny zanaka izany: finoana, fibebahana, batisa, ary ny fanomezana ny Fanahy Masina.[17] Nampahatsiahy ireo ray aman-dreny ny Tompo hoe: "Efa nodidiako ianareo hitaiza ny zanakareo ao amin'ny fahazavana sy ny fahamarinana."[18]

Ny zavatra fototra iray ao amin'ny andraikitra mba hampitandrina amin' ny maha-ray aman-dreny dia tsy ny filazalazana ny voka-dratsin'ny fahotana fotsiny ihany fa ny fanehoana ny fifaliana azo avy amin'ny fankatoavana ny didy ihany koa. Tsarovy ny tenin'i Enôsa momba ny zavatra nanosika azy hikatsaka an' Andriamanitra, hahazo famelan-keloka, ary hiova fo:

"Indro, nandeha nihaza bibidia tany an'ala aho; ary ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay *sy ny fifalian'ny olomasina,* dia tafalatsaka lalina tao am-poko.

"Dia mosarena ny fanahiko; ary nandohalika teo anoloan'ny Mpanao ahy aho ary nitalaho taminy sady nahery nivavaka no nitaraina."[19]

Noho ny fitiavany sy ny firaharahiany ny hafa sy ny firaharahiany ny fahasambaran'izy ireo izay tsy manampaharoa dia tsy niahotra ny hampitandrina i Jesoa. Tany am-piandohan'ny asa fanompoany dia "nanomboka nitori-teny Jesoa ka nanao hoe: Mibebaha hianareo, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra."[20] Koa satria fantany fa tsy izay lalana rehetra dia hitondra any an-danitra avokoa dia nandidy Izy hoe:

"Midira amin'ny vavahady èty hianareo; fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana izay mankany amin'ny fahaverezana, ka maro ny miditra any:

"Fa èty ny vavahady, ary tèry ny làlana izay mankany amin'ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy."[21]

Nandany fotoana tamin'ny mpanota Izy, ary nilaza hoe: "Tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka."[22]

Raha ny amin'ireo mpanora-dalana sy Fariseo ary Sadoseo kosa dia tsy nisalasala mihitsy i Jesoa nanameloka ny fihatsarambelatsihan'izy ireo. Nivantana ireo fampitandremana sy didy nomeny: "Lozanareo, mpanoradalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina hianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana; ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana."[23] Azo antoka fa tsisy hilaza hoe ny Mpamonjy dia tsy tia an'ireo mpanoradalana sy Fariseo ireo, rehefa dinihana

dia nijaly sy maty mba hamonjena azy ireo ihany koa Izy. Fa noho ny fitiavany azy ireo dia tsy afaka namela azy ireo hanohy hiaina ao anatin'ny fahotany izy ireo fa nanitsy azy ireo mazava tsara Izy. Ny mpandinika iray dia nilaza hoe: "Nampianatra ireo mpanara-dia Azy mba hanao izay nataony i Jesoa: ny handray tsara ny olon-drehetra, nefa koa ny hampianatra momba ny fahotana, satria ny fitiavana dia mitaky fampitandremana ny olona momba izay mety hanimba azy ireo."[24]

Indraindray ireo izay manandratra feo fampitandremana dia raisina ho mpitsaratsara. Toa mampihomehy anefa fa ireo izay mitompo teny fa ny fahamarinana dia afaka miovaova ary ireo fenitra ara-pitondran-tena dia miankina amin'ny zavatra tiana manokana, dia toa izy ireo ihany matetika no tena manakiana mafy ny olona tsy manaiky izay heverin'ny fiarahamonina fa "fisainana araka ny tokony ho izy" ankehitriny. Ny mpanoratra iray dia niantso an'izany hoe "kolontsaina mivoy ny fahatahorana fahafaham-baraka":

"Ao anatin'ny kolontsaina mivoy ny fahatahorana ho meloka dia mahafantatra ianao hoe nanao ny tsara na nanao ny ratsy avy amin'ny feon'ny fieritreretanao. Ao anatin'ny kolontsaina mivoy ny fahatahorana fahafaham-baraka dia mahafantatra ianao hoe nanao ny tsara na nanao ny ratsy avy amin'ny zavatra lazain'ny fiaraha-monina momba anao, ka na izany manome haja anao, na manilikilika anao. . . . [Ao anatin'ny kolontsaina mivoy ny fahatahorana fahafaham-baraka] dia tsy mifototra amin'ireo fitsipiky ny hoe tsara sy ratsy ny fiainana ara-pitondrantena fa mifototra kosa amin'ny hoe ekena sy ahilikilika. . . .

". . . Tsy mahatoky tena mihitsy ny olona rehetra miaina ao anatin'ny tontolo ara-pitondrantena mifototra amin'ny fanekena sy ny fanilikilihana. Tsy misy fenitra maharitra ela fa fivadibadihan'ny fitsaratsaran'ny hafa fotsiny. Izany dia kolontsaina mivoy ny fahatafintohinana tafahoatra sy ny fahatezerana tafahoatra ary ny fanahiana matetika momba ny hoe tsara sa ratsy rehefa



mahatsapa ho voatery hanaraka ny be sy ny maro ny olona tsirairay. . . .

"Mety ho tena sarotra ny ao anatin'ilay kolontsaina mivoy ny fahatahorana ho meloka, kanefa afaka mankahala ny fahotana sady mbola mitia ny mpanota anefa ianao. Ny kolontsaina mivoy ny fahatahorana fahafaham-baraka amin'izao fotoana izao dia toa mody manome lanja ny fanekena sy ny fandeferana kanefa mahavariana fa mety tsy hananan'izany antra mihitsy ireo izay tsy manaiky sy ireo izay tsy mitovy amin'ny rehetra."[25]

Mifanohitra amin'izany ny "vatolampin'ny Mpanavotra antsika,"[26] izay fototry ny fahamarinana sy fahatsarana azo antoka sy tsy miova. Tsara lavitra ny manana ny lalàn' Andriamanitra tsy miova izay hahafahantsika misafidy ny hoavintsika, toy izay ho eo ambanin'ny fangejan'ny lalàna tsy ampoizina sy ny hatezeran'ny mpihetraketra ao anatin'ny tambazotra ifaneraserana. Tsara lavitra ny mahafantatra ny fahamarinana, toy izay "ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra."[27] Tsra lavitra ny mibebaka sy miaina araka ny fitsipiky ny filazantsara toy izay mody milaza hoe tsy misy tsara sy ratsy izany dia mitanondrika ao anaty fahotana sy nenina.

Nanambara ny Tompo hoe: "Hiantefa amin'ny olon-drehetra ny feo fampitandremana amin'ny alalan' ny vavan'ny mpianatro izay efa nofidiko amin'izao andro farany izao."[28] Amin'ny maha-mpitily sy mpianatry ny Tompo antsika, dia tsy afaka ny hijanona ho tsy an'ny atsy tsy an'ny aroa amin'izany "làlana tsara indrindra" izany isika[29] Tahaka an'i Ezekiela dia tsy azontsika atao ny "tsy [m]itsoka ny anjomara" rehefa hitantsika ny fahatongavan'ilay sabatra.[30] Tsy midika akory izany fa tokony handondona ny varavaran'ny mpifanolo-bodirindrina amintsika isika na hijoro eny andalambe eny ka hiantsoantso hoe "Mibebaha!" Rehefa eritreretina izany dia marina tokoa fa ananantsika ao amin'ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny ny zavatra tena ilain'ny olona indrindra. Noho izany ilay feo fampitandremana amin'ny ankapobeny dia tsy atao amim-pahalalam-pomba fotsiny ihany fa atao ihany koa, araka ny voalazan'ny mpanao Salamo azy hoe "[amin'ny fihobiana]."[31]

I Hal Boyd, mpamoaka lahatsoratra ao amin'ny *Deseret News* dia nilaza ohatra iray momba ny voka-dratsy eo amin'ny hafa izay entin'ny tsy fanandratana feo rehefa ilaina izany. Nilaza izy fa na dia mbola "adihevitra ara-tsaina" eo anivon'ireo olona sangany ao amin'ny fiarahamonina Amerikanina aza ny fanambadiana dia tsy iadian-kevitra intsony ny fanambadiana eo amin'izy ireo rehefa ny fampiharana izany no jerena. "Ireo olona sangany dia manambady sy mitoetra ao amin'ny fanambadiana ary maka antoka fa mahazo ireo tombontsoa avy amin'ny fanambadiana milamina ny zanany. . . . Ny olana anefa dia toa tsy mitory ny zavatra ataony [izy ireo]." Tsy te "hanery" ireo izay tena mila ny fitarihan'izy ireo eo amin'ny lafiny ara-pitondran-tena izy ireo, saingy "efa tonga angamba ny fotoana tokony hialan'ireo izay nahita fianarana sy manana fianakaviana matanjaka amin' ny fijanonana ho tsy an'ny atsy sy tsy an'ny aroa ary ny hanombohan'izy ireo ny fitoriana izay zavatra ataony mahakasika ny fanambadiana sy ny

maha-ray aman-dreny . . . [ary] ny hanampian'izy ireo ireo Amerikanina toy azy mba hanao izay ataony."[32]

Matoky izahay fa ianareo taranaka vao misondrotra, zatovo sy tanora tokan-tena izay azonay antoka fa hianteheran'ny Tompo amin'ny fahombiazan'ny asany amin'ny hoavy, dia hanohana ireo fampianaran'ny filazantsara sy ireo fenitry ny Fiangonana na eny imasom-bahoaka izany na amin'ny sehatra na toe-javatra manokana. Aza avela ho sahiran-tsaina sy ho very ao anatin'ny tsy fahalalana ireo izay tena mila ny fahamarinana. Aza mety ho resin'ny fakam-panahy hanaiky ireo hevi-diso momba ny fandeferana sy ny tahotra (fahatahorana ny fahasarotana na ny fanakianana na ny fijaliana mihitsy aza.) Tsarovy ilay fampanantenan' ny Mpamonjy hoe:

"Sambatra hianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko.

"Mifalia sy miravoravoa hianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo."[33]

Amin'ny farany dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra noho ny safidy nataontsika sy ny fiainana niainantsika avokoa isika rehetra. Nanambarana ny Mpamonjy hoe: "Naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazofijaliana; ary taorian'ny efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazofijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko, ka toy ny efa nanandratan'ny olona Ahy, dia toy izany koa no hanandratan'ny Ray ny olona hijoro eo anoloako mba hotsaraina amin'ny asany, na tsara izany na ratsy."[34]

Noho ny fahafantarako ny halehiben'ny Tompo dia miangavy aho amin'ny alalan'ireo tenin'i Almà manao hoe:

"Ary ankehitriny, ry rahalahiko [sy anabaviko], dia iriako hatrany amin' ny aty foko indrindra, eny, amin'ny tebiteby lehibe, amin'ny fanaintainana aza . . . ny hanarianareo ny fahotanareo ary ny tsy hanemoranareo ny andron' ny fibebahanareo;

"Fa ny mba hanetrenareo tena kosa eo anoloan'ny Tompo sy ny hiantsoanareo ny anarany masina ary ny hiambenanareo sy ny hivavahanareo lalandava mba tsy hahazoana maka fanahy anareo mihoatra noho izay azonareo zakaina, ary dia hotarihin'ny Fanahy Masina . . . ;

"Manana finoana ny Tompo; manana fanantenana fa ho azonareo ny fiainana mandrakizay; manana ny fitiavana an' Andriamanitra mandrakariva ao am-ponareo mba ho azo hasandratra ianareo amin'ny andro farany ary hiditra ao amin'ny fitsaharany."[35]

Enga anie isika tsirairay ho afaka miara-miteny amin'i Davida amin' ny Tompo hoe: "Ny fahamarinanao tsy mba nafeniko tato am-poko; ny fahamarinanao sy ny famonjenao no nambarako; tsy nanafina ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao tamin'ny fiangonana lehibe aho. Hianao, Jehovah ô, aza miaro ny antranao tsy ho amiko."[36] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Richard Neitzel Holzapfel, Dana M. Pike, ary David Rolph Seely, *Jehovah and the World of the Old Testament* (2009), 344.
2. Jereo ny Ezekiela 1–3; Holzapfel, *Jehovah and the World of the Old Testament,* 344.
3. Ezekiela 33:3–4.
4. Ezekiela 33:6.
5. Ezekiela 33:7.
6. Ezekiela 33:8–9, 14, 16.
7. Ezekiela 33:13.
8. Ezekiela 33:11.
9. Almà 41:10.
10. 2 Nefia 2:27.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:81.
12. Lioka 10:30.
13. Lioka 10:27.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:41.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:43.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40.
19. Enôsa 1:3–4; nampiana fanamafisana. Araka ny voalazan'ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany enim-bolana lasa izay hoe: "Ry rahalahy sy anabaviko malala, tsy dia misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika loatra ilay fifaliana tsapantsika fa tena misy ifandraisany amin'izay zavatra ifantohan'ny fiainantsika mihitsy. . . . Tonga avy [amin'i Jesoa Kristy] sy ao [Aminy] ny fifaliana. Izy no loharanon'ny fifaliana rehetra" ("Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2016, 82).
20. Matio 4:17.
21. Matio 7:13–14.
22. Lioka 5:32.
23. Matio 23:23.
24. Chris Stefanick, *Absolute Relativism: The New Dictatorship and What to Do about It* (2011), 33.
25. David Brooks, "The Shame Culture," *New York Times,* 15 mar. 2016, A29.
26. Helamàna 5:12.
27. Efesiana 4:14. Tokony hotsaroantsika fa ny olona sasany izay katsahantsika homena fampitandremana dia mety tsy mahalala akory izay manjo azy. Miresaka momba ny olona maro amin'ny androntsika ny Tompo rehefa nilaza hoe:

    "Fa hoy hianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-javamahory; kanjo tsy fantatrao fa hianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka:

    "Dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena hianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba [tena] hahiratanao" (Apolakypsy 3:17–18).
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:4; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:5.
29. 1 Korintiana 12:31.
30. Ezekiela 33:6.
31. Salamo 66:1; 98:4.
32. Hal Boyd, "Hey Progressive Elites! It's Time to Preach What You Practice," *Deseret News,* 20 ôkt. 2016, deseretnews.com. Mampiasa ny tenin'i W. Bradford Wilcox, mpandalina momba ny fiaraha-monina, ihany koa izy.
33. Matio 5:11–12.
34. 3 Nefia 27:14.
35. Almà 13:27–29.
36. Salamo 40:10–11.



**Nataon'ny Loholona Joaquin E. Costa**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ho an'ireo naman'ny Fiangonana

*Raha manao izay zavatra takina hahazoana fanambarana ianareo, manetry tena, mamaky soratra masina, mivavaka, ary mibebaka dia hisokatra ny lanitra, dia ho fantatrareo fa i Jesoa no Kristy.*

Indray zoma tolakandro, ny 16 septambra 1988, no nanaovana batisa ahy ho mpikambana ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tao amin'ny trano fivorian'ny paroasin'i Vicente López ao Buenos Aires, Argentine. I Alin Spannaus izay namana tena tsara iray no nanao batisa ahy tamin'io andro io, ary nahatsapa ho faly sy maivamaivana aho ary dodona ny hianatra bebe kokoa.

Anio aho dia te hizara lesona vitsivitsy nianarako teo amin'ny lalako nankamin'ny batisa, lesona izay antenaiko fa mety hanampy anareo izay mihaino ary tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana. Mivavaka aho mba hikasihan'ny Fanahy ny fonareo tahaka ny nikasihany ny ahy.

### Voalohany, mihaona amin'ny misiônera

Inona no mety ho antony hahatonga ny olona iray tsy manana olana mavesatra, na filana goavana, na fanontaniana tena manitikitika ho liana hihaona amin'ny misiônera ka hihaino ny lesona zarain'izy ireo? Ho ahy dia fitiavana izany, fitiavana zazavavy, zazavavy iray antsoina hoe Renée. Raiki-pitia taminy aho, ka naniry ny hanambady azy. Niavaka tamin'ny hafa izy ary nanaraka fenitra hafa raha nampitahaina tamin'ireo zatovovavy fantatro. Kanefa raiki-pitia taminy aho ka nangataka azy ho vadiko, dia tsia hoy izy!

Tsy azoko ny zava-niseho. Nataoko fa mba mahatsiriritra ihany aho! Tsara tarehy aho, 24 taona, ary nahavita fianarana tany amin'ny oniversite sady nanana asa tsara. Niresaka momba ny tanjony izy, dia ny tsy hanambady afa-tsy olona afaka hitondra azy any amin'ny tempoly ary hanana fianakaviana mandrakizay, ka dia nolaviny ny fangatahako. Tiako hitohy ny fifandraisanay ka dia nanaiky ny hihaino ny misiônera aho. Antony tsara hihaonana amin'ny misiônera ve izany? Ho ahy aloha dia tsara e!

Rehefa nihaona voalohany tamin'ny misiônera aho dia tsy nahatakatra zavatra firy tamin'izay nolazain'izy ireo, ary raha ny tena marina no lazaina dia mety tsy dia niraharaha azy ireo loatra aho. Tsy liana tamin'ny fianarana momba ny fivavahana hafa aho. Te hanaporofo fotsiny aho fa diso ireo misiônera ary te hanana fotoana misimisy kokoa handresena lahatra an'i Renée hanambady ahy ihany na izany aza.

Amin'izao fotoana izao ireo zanako dia misy efa nahavita ary misy mbola manao asa fitoriana, ary azoko tsara ny fahafoizantena ataon'ireo tovolahy sy tovovavy tanora ireo mba hampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Tahaka izay aho mba nihaino tsara an'i Elder Richardson, Elder Farrell, ary Elder Hyland, ireo misiônera mahafinaritra nampianatra.

Ka avy amin'ny lesona voalohany azoko dia milaza aminareo aho ry naman'ny Fiangonana hoe: *raha vantany vao mihaona amin'ny misiônera ianareo dia aza ivazivaziana izy ireo. Mahafoy taona tena manandanja eo amin'ny fiainany ho anareo fotsiny izy ireo.*

### Faharoa, mankany am-piangonana

Tamin'ny fotoana voalohany nanatrehako fivoriam-piangonana dia nahare teny maro tsy azoko aho. Fa iza izany Toho-tantely izany? Inona izany Fisoronana Aharôna izany? Ny Fikambanana Ifanampiana?

Raha ity no fotoana voalohany nanatrehanareo fivoriam-piangonana ary mahatsapa ho mikorotan-tsaina amin'ny zavatra tsy azonareo ianareo, dia aza manahy! Izaho koa tsy nahalala na inona na inona. Saingy mbola tsaroako ny fahatsapana tato anatiko,



ireo fahatsapana fiadanana sy fifaliana vaovao izay niainako. Tsy fantatro tamin'izany, fa ny Fanahy Masina dia nibitsika tao an-tsofiko sy tao am-poko hoe: "Marina io."

Koa mamelà ahy hamintina io lesona io ao anatin'ny fehezan-teny iray: *Raha toa mikorontan-tsaina ianareo dia aza manahy; tadidio ny zavatra tsapanareo; avy amin'Andriamanitra izy ireo.*

#### Fahatelo, mamaky ny Bokin'i Môrmôna

Rehefa avy nihaona imbetsaka tamin'ny misiônera dia tsy nisy fivoarana firy. Tsapako fa tsy mbola nahazo fanamafisana momba ny fahamarinan' ny filazantsara aho.

Indray andro dia nanontany ahy i Renée hoe: "Mamaky ny Bokin'i Môrmôna ve ianao?"

Namaly aho hoe: "Tsia." Nihaino ireo misiônera aho, tsy efa ampy ve izay?

Nanome toky ahy tamin'ny masony manganohano i Renée fa fantany fa marina ny Bokin'i Môrmôna, ary nanazava izy fa raha tiako ny hahafantatra raha marina izany, ny hany fomba hahalalana izany dia, inona hoy ianareo? Ny mamaky izany. Ary avy eo dia manontany!

Mamaky, misaintsaina ao am-po, ary "[manontany] an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, . . . amin-kitsimpo . . . , omban' ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy" (Môrônia 10:4) raha marina ny Bokin'i Môrmôna, raha ity no Fiangonana marina.

Koa raha lazaina amin'ny fehezanteny iray izany ny lesona fahatelo dia toy izao: *Rehefa mandray ireo zavatra ireo ianareo, ny Bokin'i Môrmôna, ary amporisihina hamaky sy hanontany an'Andriamanitra ianareo raha marina izany, dia ataovy tsotra izao azafady!*

#### Farany, mibebaka

Ny traikefa farany tiako hozaraina dia momba ny fibebahana. Rehefa nahavita nianatra ny lesona rehetra avy amin'ny misiônera aho dia tsy mbola resy lahatra fa nila nanova zavatra teo amin'ny fiainako. I Elder Cutler, izay



misiônera tanora nahatoky tena tsy dia mahay miteny Espaniôla tsara, no nilaza izao indray andro hoe: "Joaquin a! andao hiara-hamaky ny Almà 42, dia ampidiritsika ao ny anaranao rehefa mamaky izany isika."

Noheveriko ho haladana izany, kanefa nanao izay nangatahan'i Elder Cutler aho ka namaky ny andininy 1 hoe: "Ary ankehitriny anaka [Joaquin], dia takatro fa somary misy ihany izay manahirana ny sainao, izay tsy mety azonao." Oadray! Niresaka tamiko ilay boky.

Dia namaky tao amin'ny andininy 2 izahay hoe: "Ankehitriny, indro, [ry Joaquin zanako], hohazavaiko anao izany zavatra izany," ary taorian'izay dia notantaraina ny Fahalavoan'i Adama.

Ary avy eo tao amin'ny andininy 4: "Ary dia toy izany no ahitantsika, fa nisy fotoana nomena [an'i Joaquin] hibebahana."

Nanohy namaky miadana ny andininy tsirairay izahay, mandrapahatonganay teo amin'ny andininy telo farany. Avy eo dia nisy hery mahery vaika nahakasika ahy. Niresaka *mivantana* tamiko ilay boky, ary nanomboka nitomany aho rehefa namaky hoe: "Ary ankehitriny [ry Joaquin zanako], dia maniry aho ny tsy hamelanao intsony ireo zavatra ireo hanahirana ny sainao, ary aoka ny fahotanao ihany no hanahirana anao, amin' ity fahasahiranana ity izay hitondra anao hidina any amin' ny fibebahana" (andininy 29).

Fantatro ankehitriny fa nanantena ny hahazo fanambarana aho kanefa tsy nanao izay ezaka notakian'izany. Tsy mbola tena niresaka tamin'Andriamanitra izany mihitsy aho raha tsy tamin'izay ary izany hoe hiresaka amin'ny olona tsy teo izany dia toa hadalana tamiko. Tsy maintsy nanetry tena aho ary nanao izay nasaina nataoko, na dia toa hadalana aza izany tao anatin'ny saiko izay nanana fiheverana toy ny an'izao tontolo izao.

Tamin'izay andro izay aho dia nanokatra ny foko ho an'ny Fanahy, naniry ny hibebaka, ary naniry ny hatao batisa! Talohan'izay fotoana izay dia noheveriko fa zavatra ratsy misy ifandraisany amin'ny fahotana sy ny fanaovana ny tsy mety fotsiny ihany ny fibebahana, saingy tampoka teo dia takatro tamin'ny fomba fijery hafa izany, ho toy ny zavatra tsara izay mandresy ny sakana ho amin'ny fandrosoana sy ny fahasambarana.

Eto ny Loholona Cutler androany, ary te hisaotra azy aho nanokatra ny masoko. Nisy fiantraikany tamin'ny fanapahan-kevitra rehetra noraisiko

teo amin'ny fiainako nanomboka tamin'izay ilay fotoana izay nanetreko tena sy nivavahako mba hangataka famelan-keloka, ary lasa tafiditra tao anatin'ny fiainako ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay nataony ho ahy.

Koa raha lazaina amin'ny fehezanteny iray izany ny lesona farany dia toy izao: *Mibebaha; tsy misy na inona na inona afaka mampanakaiky anao an'i Jesoa Kristy Tompo mihoatra ny faniriana hiova*.

Ry naman'ny Fiangonana malalako, raha mihaino ianareo androany dia efa tena kely sisa ianareo dia hahatratra ny fifaliana lehibe indrindra. Efa kely sisa!

Mamelà ahy hanasa anareo, amin'ny herin'ny foko manontolo, sy amin'ny fanahiko manontolo hoe: mandehana manao batisa! Izany no ho zavatra tsara indrindra ataonareo eo amin'ny fiainana. Tsy ny fiainanareo fotsiny ihany no hovain'izany fa ny fiainan'ireo zanakareo sy zafikelinareo ihany koa.

Nomen'Andriamanitra fianakaviana aho. Nanambady an'i Renée aho, ary manan-janaka efatra tsara tarehy izahay. Ary noho ny batisako dia afaka manasa azy ireo, tahaka ny mpaminany Lehia fahiny aho, mba hihinana amin'ny voan'ny hazon'aina, dia ny fitiavan'Andriamanitra (jereo ny 1 Nefia 8:15; 11:25). Afaka manampy azy ireo hanatona an'i Kristy aho.

Koa noho izany dia diniho ny zavatra niainako, ary (1) aza ivazivaziana ny misiônera, (2) mankanesa any am-piangonana dia tadidio ireo fahatsapana ara-panahy, (3) vakio ny Bokin'i Môrmôna dia anontanio ny Tompo raha marina izany, ary (4) mibebaha dia manaova batisa.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa raha manao izay zavatra takina hahazoana fanambarana ianareo, manetry tena, mamaky soratra masina, mivavaka, ary mibebaka dia hisokatra ny lanitra, ary ianareo dia hahafantatra, tahaka ny hahafantarako, fa i Jesoa no Kristy, ary Izy no Mpamonjy ahy sy Mpamonjy anareo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona S. Mark Palmer**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ary Jesoa nijery azy tsara, dia tia azy

*Isaky ny mahatsapa ianao fa asaina manao zavatra sarotra, dia eritrereto ny Tompo izay mijery tsara anao sy tia anao ary manasa anao hanaraka Azy.*

Taona vitsivitsy lasa izay dia nantsoina ho filohan'ny Misiônan'i Spokane Washington izaho sy i Jaqcui vadiko. Sady natahotra izahay no faly rehefa niditra teo amin'ny sahan'ny misiôna nanoloana ilay andraikitra mba hiara-hiasa amin'ireo misiônera tanora marobe izay tena miavaka. Maro samy hafa ny fiavian'izy ireo ary vetivety dia lasa toy ny tena zanakay izy ireo.

Na dia tao tsara aza ny ankamaroan'izy ireo, dia nisy vitsivitsy tamin'izy ireo no nanana olana tamin'ny zavatra lehibe nandrasana tamin'izy ireo amin'ny antsony. Tsaroako nisy misiônera iray niteny tamiko hoe:



"Filoha a! Tsy tia olona tsotra izao aho." Nisy sasantsasany nilaza tamiko fa tsy nanam-paniriana izy ireo hanaraka ireo fitsipika mifehy ny misiônera izay somary hentitra. Sahiran-tsaina aho ary nanontany tena hoe inona no azonay atao mba hanovana ny fon'ireo misiônera vitsy ireo, izay tsy mbola nianatra ny fifaliana azo avy amin'ny fankatoavana.

Indray andro raha nitondra fiara nidina namakivaky saham-barimbazaha tena kanto teo anelanelan'ny sisintanin'i Washington-Idaho ny tenako, dia nihaino ny horonam-peon'ny Testamenta Vaovao. Rehefa nihaino ilay tantara efa fantatro tsara aho momba ilay zatovolahy manan-karena, izay nanatona ny Mpamonjy mba hanontany hoe inona no tokony hataony mba hahazoany ny fiainana mandrakizay, dia nandray fanambarana ho an'ny tenako manokana aho izay tsy nampoizina kanefa tena lalim-paka ary lasa fahatsiarovana masina ho ahy izany ankehitriny.

Rehefa nandre an'i Jesoa nitanisa ireo didy aho sy nandre ilay zatovolahy namaly hoe efa narahiny avokoa



ireo zavatra rehetra ireo hatramin' ny nahakely azy, dia nohainoko ny fanitsiana nataon'ny Mpamonjy tamin'ny hatsaram-panahy hoe: "Diso zavatra iray loha hianao: . . . amidio izay rehetra anananao, . . . ary avia hanaraka Ahy."[1] Kanjo gaga aho, fa ny zavatra reko kosa dia teny anankivalo talohan'izany ampahany amin'ilay andininy izany izay toa tsy mbola reko na novakiko mihitsy hatrizay. Toy ny hoe nampiana ho ao amin'ny soratra masina izany izy ireo. Nahalanjona ahy ilay fahatakarana nentanim-panahy izay nipoitra avy eo.

Inona ary ireo teny anankivalo izay nisy akony lehibe ireo? Henoy ary dia ho hita raha vitanareo ny mamantatra ireo teny toa mahazatra ireo, izay tsy hita ao amin'ny fitantarana ny Filazantsara hafa raha tsy ao amin'ny Filazantsara araka an'i Marka irery ihany:

"Nisy olona anankiray nihazakazaka nanatona . . . ary nanontany Azy hoe: Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay?

"Ary hoy Jesoa taminy: . . .

"Fantatrao ny didy hoe: Aza mijangajanga, aza mamono olona, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Manajà ny rainao sy ny reninao.

"Ary hoy izy . . . : Mpampianatra ô, izany rehetra izany dia efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely.

*"Ary Jesoa nijery azy tsara, dia tia azy* ka nanao taminy hoe: Diso zavatra iray loha hianao; mandehana, amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy."[2]

*"Ary Jesoa nijery azy tsara, dia tia azy."*

Rehefa nandre ireo teny ireo aho, dia nisy sary mazava tsara tao an-tsaiko naneho ny Tompo nijanona sy *nijery tsara* io zatovolahy io. *Nijery tsara*, toy ny hoe nibanjina lalina sy niditra hatrany anaty fanahiny, ka nahafantatra ny hatsarany sy ny zavatra mety ho vitany, ary koa nahita izay tena nilainy indrindra.

Avy eo dia ireto teny tsotra ireto no tohiny: Jesoa dia *tia azy.* Nahatsapa fitiavana sy fitserana lehibe ho an'ity zatovolahy vanona ity Izy, ary *noho* ny fitiavany, sy *tamin'* io fitiavana io, dia mbola nangataka zavatra fanampiny taminy aza i Jesoa. Nataoko sary an-tsaina ny mety ho fahatsapan'io zatovolahy io hoe heniky ny fitiavana lehibe toy izany, eny fa na dia nangatahina hanao zavatra tena sarotra aza, dia ny mivarotra izay rehetra ananany sy hanome izany ho an'ny malahelo.

Tamin'io fotoana io, dia nahafantatra aho fa tsy ny fon'ireo misiôneranay sasantsasany fotsiny ihany no nila fiovana. Fa ny foko ihany koa. Tsy toy izao intsony ny fanontaniana mipetraka: "Inona no hataon'ny filohan'ny misiôna iray sahirana mba hanatsarana ny fitondrantenan'ny misiônera iray izay manana olana?" Fa ny fanontaniana mipetraka kosa dia hoe: "Ahoana no ahafahako ho lasa feno fitiavana tahaka ny an'i Kristy, mba ahafahan'ny misiônera iray mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra amin'ny alalako ka hananany faniriana hiova?" Ahoana no ahafahako *mijery* azy tsara tahaka ny nijeren'ny Tompo ilay zatovolahy, sy mahita azy ireo amin'ny maha tena izy azy ireo sy amin'izay mety hahatongavan'izy ireo, fa tsy amin'izay zavatra ataony na tsy ataony fotsiny ihany? Ahoana no ahafahako ho tonga tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa?

*"Ary Jesoa nijery azy tsara, dia tia azy."*

Nanomboka teo, rehefa nanoloana misiônera iray izay nanana olana amin'ny fankatoavana aho, dia nahita tao am-poko zatovolahy na zatovovavy mahatoky izay nanatanteraka ny faniriany hanao asa fitoriana. Avy eo aho dia afaka nilaza tamin'ny fahatsapana rehetra izay mety hananan'ny ray aman-dreny feno fitiavana manao hoe:[3] "Ry Elder na Soeur, raha tsy tia anao aho, dia tsy ho niraharaha izay zavatra mitranga amin'ny asa fitoriana ataonao. Kanefa aho tena tia anao, ary satria tiako ianao, dia miahy ny amin'izay ahatongavanao aho. Noho izany dia manasa anao aho hanova ireo zavatra izay sarotra aminao ka ho lasa ilay olona izay tian'ny Tompo hahatongavanao."

Isak'izay hanao dinidika amin'ny misiônera aho, dia mivavaka aloha mba hananako fiantrana sy mba hahafahako

mahita ny elder sy ny rahavavy tsirairay tahaka ny fahitan'ny Tompo azy.

Mialoha ireo fihaonambem-paritra, rehefa miarahaba ny misiônera tsirairay izaho sy ny Rahavavy Palmer, dia mijanona kely aho ary mijery lalina azy ireo amin'ny masony, *mijery tsara* azy ireo, ka manadihady ny ao am-pony, ary avy eo dia azo antoka tanteraka fa heniky ny *fitiavana* lehibe ho an'ireo zanaka sarobidin' Andriamanitra ireo aho.

Nianatra lesona maro izay nanova ny fiainako aho tamin'izany zavatra niainako manokana avy amin'ny Marka toko faha-10 izany. Ireto ny lesona efatra amin'izany izay inoako fa hanampy antsika tsirairay:

1. **Rehefa mianatra ny mijery ny hafa tahaka ny fahitan'ny Tompo azy ireo isika fa tsy amin' ny fijerintsika manokana, dia hitombo ny fitiavantsika azy ireo ary toy izany koa ny faniriantsika hanampy azy ireo.** Hahita ny fahafahan'ny hafa ho lasa lavitra isika, izay mety tsy ho hitan'izy ireo akory. Rehefa manana fitiavana araka an'i Kristy isika dia tsy hatahotra ny hiteny amim-pahasahiana, satria "ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra."[4] Ary tsy hilavo lefona mihitsy isika, rehefa mahatsiaro fa ireo izay tena sarotra tiavina no tena mila fitiavana indrindra.
2. **Tsy misy fampianarana na fianarana tena izy ho vita ao anatin'ny fahasorenana sy fahatezerana, ary tsy hiova ny fo rehefa tsy eo ny fitiavana.** Rehefa manatanteraka ny andraikitsika isika, na amin'ny maharay aman-dreny izany, na amin'ny maha-mpampianatra, na amin'ny maha-mpitarika, dia tsy hisy mihitsy ny tena fampianarana, raha tsy ao anatin'ny tontolo feno fahatokisana ihany fa tsy tontolo feno fanamelohana. Ny tokantranontsika dia tokony ho toeram-pialofana azo antoka hatrany ho an'ireo zanatsika, fa tsy toerana tsy mahatamàna tsy akory.
3. **Tsy tokony hoesorina mihitsy ny fitiavana rehefa misy zanaka na namana na fianakaviana izay tsy miaina araka izay andrandraintsika aminy.** Tsy fantatsika ny zava-nitranga tamin'ilay zatovolahy taorian'ny nandehanany tamin'alahelo, kanefa izaho mahatoky fa mbola tia azy tanteraka i Jesoa na dia nisafidy ny lalana tsotra kokoa aza izy. Angamba amin'ny fiainany ao aoriana, rehefa hitany fa zava-poana ny harem-beny, dia mety nahatsiaro izy ka nanao araka ilay traikefa miavaka izay niainany rehefa nijery tsara azy ny Tompo, ka nitia azy, ary nanasa azy hanaraka Azy.
4. **Satria tia antsika Izy, dia miandrandra zavatra maro avy amintsika.** Raha manetry tena isika, dia horaisintsika ho porofon'ny fitiavany tanteraka antsika ny fanasan'ny Tompo antsika mba hibebaka sy hahafoy tena ary hanompo. Rehefa dinihina, ny fanasana mba hibebaka dia fanasana ihany koa handray ny famelan-keloka sy fiadanana izay fanomezana mahagaga. Noho izany: "aza atao ho zavatra kely ny famaizana ataon'i Jehovah, Ary aza reraka, raha resi-lahatry ny anatra ataony hianao; Fa izay tian'i Jehovah no faizany."[5]




Ry rahalahy sy anabaviko malala isany, ankehitriny isaky ny mahatsapa ianao fa asaina manao zavatra sarotra: miala amin'ny fahazaran-dratsy na fiankinan-doha, mamela ny fanarahana ny zavatr'izao tontolo izao, mamoy ny fanaovana zavatra iray mahafinaritra satria Sabata ny andro, mamela olona iray izay nanao ratsy taminao, dia eritrereto ny Tompo izay *mijery tsara* anao sy *mitia* anao ary manasa anao hamela ny zavatra hafa rehetra ka *hanaraka Azy.* Ary misaora Azy noho ny fitiavany anao izay ampy hanasany anao hanao misimisy kokoa.

Mijoro vavolombelona aho ny amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, ary miandrandra ilay andro izay hamihinany antsika tsirairay amin'ny sandriny, *mijery tsara* antsika ary mandrakotra antsika amin'ny *fitiavany* izay tanteraka. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Marka 10:21.
2. Marka 10:17–21; nampiana fanamafisana.
3. Jereo ny 1 Nefia 8:37.
4. 1 Jaona 4:18.
5. Hebreo 12:5–6.



**Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?

*Mampitandrina, mampionona, ary mijoro ho vavolombelona ny Fanahy Masina.*

Indray alatsinainy hariva vao tsy ela izay dia namangy fianakaviana tanora iray teo amin'ny manodidina anay izaho sy i Lesa vadiko. Rehefa tao izahay dia nanasa anay ilay fianakaviana mba hijanona hanao takarivan'ny mpianakavy, sady nilaza taminay fa efa nanomana ny lesona ny zanak'izy ireo lahy sivy taona. Mazava ho azy fa nijanona izahay!

Taorian'ny hira sy ny vavaka fanokafana ary ny raharahan'ny mpianakavy dia nanomboka namaky fanontaniana mampisaintsaina iray tao amin'ilay lesona nosoratany ilay zazalahy sivy taona: "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?" Nitarika fifanakalozan-kevitra io fanontaniana manan-danja io rehefa nizara ny heviny sy ny fahafantarany ny tsirairay. Nahavariana ahy ny fanomanana lesona sy ny hatsaran'ny fanontaniana nataon'io mpampianatra anay io, izay nitamberina tato an-tsaiko foana.

Taorian'izay dia nanontany tena foana aho hoe: "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?"—fanontaniana iray tena mety tsara ho an'ireo zaza handray valo taona sy miomana hatao batisa ao amin'ny Kilonga ary ho an'ireo ankizy vao vita batisa sy nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Mibaribary ihany koa izany ho an'ireo mpikambana vaovao an'arivony.

Manasa antsika tsirairay aho, indrindra fa ireo ankizy ao amin'ny Kilonga mba hieritreritra hoe: "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?" Rehefa nisaintsaina io fanontaniana io aho, dia nahatsiaro avy hatrany zavatra iray izay niainako tamin'ny fahatanorako. Tantara iray izay notantaraiko tamin'ny Loholona Robert D. Hales izy ity, fotoana fohy taorian'ny niantsoana ahy ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary nampidiriny tao amin'ny lahatsoratra iray izay nosoratany tao amin'ny Gazetibokin'ny Fiangonana miresaka momba ny fiainako.[1] Ny sasany aminareo dia mety efa nahare ity tantara ity, saingy maro no mety mbola tsy nahare.

Fony aho tokony ho 11 taona dia nandeha nitsangatsangana tamin'ny andro mafana be tao amin'ireo tendrombohitra manodidina ny tranonay izaho sy ny dadako. Raha niakatra ilay lalana nideza ny dadako dia izaho kosa nitsambikimbikina tamin'ireo vato teo amin'ny sisin'ilay lalana. Nikasa hihanika ny iray tamin'ireo vato lehibe aho ka nanomboka niakatra ho eny an-tampon'izany. Teo am-panaovako izany dia gaga aho rehefa nosamborin'ny dadako tamin'ny fehikiboko ka napetrany haingana ary nolazainy hoe: "Aza mihanika io vato io. Aleo isika tsy miala amin'ny lalana."

Minitra vitsy taorin'izay rehefa nijery avy teo amin'ny toerana avo tamin'ilay lalana izahay dia taitra rehefa nahita bibilava maneno lehibe iray mitanina andro eo an-tampon'ilay vato saika nihanihako.

Taorian'izay rehefa teny an-dalana hody izahay dia fantatro fa niandry ahy hanontany i Dada hoe: "Ahoana no nahafantaranao fa teo ilay bibilava?" Koa nanontany aho, ary nitarika resadresaka momba ny Fanahy Masina sy ny fomba ahafahan'ny Fanahy Masina manampy antsika ilay fanontaniako. Tsy hadinoko na oviana na oviana ny zavatra nianarako tamin'izay andro izay.

Hitanareo ve ny fomba nanampian' ny Fanahy Masina ahy? Feno fankasitrahana mandrakizay aho fa nihaino ilay feo tony sy malefaky ny Fanahy Masina ny raiko, satria nanavotra ny aiko izany.

#### Ny zavatra fantatsika momba ny Fanahy Masina

Mialoha ny hidirantsika lalina amin'ilay fanontaniana hoe: "Ahoana no



fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?" dia andeha hojerentsika ny sasany amin'ireo zavatra nambaran'ny Tompo mikasika ny Fanahy Masina. Misy fahamarinana mandrakizay maro izay azontsika dinihina saingy androany aho dia hanasongadina telo amin'izany fotsiny.

Voalohany, ny Fanahy Masina no mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra. Mianatra io fahamarinana io isika ao amin'ny fanekempinoana voalohany: "Mino an' Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay isika, ary mino an'i Jesoa Kristy Zanany sy ny Fanahy Masina."[2]

Faharoa, olona fanahy ny Fanahy Masina, araka ny voasoritra ao amin' ny soratra masina maoderina: "Ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina toy ny an'ny olona; ny Zanaka koa; fa ny Fanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy. Raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina."[3] Midika izany fa manana vatana fanahy ny Fanahy Masina, tsy tahaka an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanaka, izay manana vatana nofo sy taolana. Io fahamarinana io dia manazava kokoa ireo anarana hafa nomena ny Fanahy Masina sy mahazatra antsika, tafiditra amin'izany ny hoe Fanahy Masina, Fanahin' Andriamanitra, Fanahin'ny Tompo, Fanahy Masin'ny fampanantenana, ary Mpampionona.[4]

Fahatelo, ny fanomezana ny Fanahy Masina dia tonga amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana. Io ôrdônansy io, izay manaraka ny batisa, no manome fahafahana antsika hanana ny Fanahy Masina ho namana lalandava.[5] Rehefa manatanteraka io ôrdônansy io dia mametraka ny tanany eo ambonin'ny lohan'ilay olona ny mpihazona ny fisoronana mendrika[6] miantso azy amin'ny anarany, milaza ny fahefan' ny fisoronana hazoniny, ary amin'ny anaran'i Jesoa Kristy dia manamafy azy ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ary manonona ilay fehezan-teny manan-danja hoe "Raiso ny Fanahy Masina."

**Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?**

Rehefa avy nijery izany fahamarinana telo manan-danja momba ny Fanahy Masina izany dia hiverina amin'ilay fanontaniantsika voalohany teo isika hoe: "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?"

***Mampitandrina ny Fanahy Masina***

Araka ny nohazavaiko tamin'ilay zavatra niainako tamin'ny fahazazako dia afaka manampy anao amin' ny alalan'ny fampitandremana anao mialoha momba ny loza ara-batana sy ara-panahy ny Fanahy Masina. Nianatra indray ilay andraikitra manan-danja hampitandrina izay sahanin'ny Fanahy Masina aho rehefa nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra tany Japana.

Nandritra izany fotoana izany dia niara-niasa akaiky tamin'i Filoha Reid Tateoka aho, izay tao amin'ny Misiônan'i Sendai Japana. Toy ny mahazatra azy dia nikasa hanao fivorian'ny mpitarika ny misiônera ny Filoha Tateoka tany amin'ny faritra atsimon'ny misiônany. Andro vitsivitsy talohan'ilay fivoriana dia nanana fahatsapana ny Filoha Tateoka, fahatsapana tao am-pony, mba hanasa ireo misiônera *rehetra* tao amin'izany faritra izany hanatrika ilay fivoriana ho an'ny mpitarika, fa tsy ireo misiônera vitsy izay tokony ho tonga.

Rehefa nilaza ny zavatra nokasainy hatao izy dia nampahatsiahivina fa io fivoriana io dia tsy natokana ho an'ny misiônera rehetra fa ho an'ireo mpitarika ao amin'ny misiôna fotsiny. Kanefa dia navelany ny zavatra fanao fa nanaraka ilay bitsika azony izy ka nanasa ireo misiônera rehetra nanompo tamin'ireo tanàna maro teo amin'ny moron-tsiraka izy, tafiditra tamin'izany ny tanànan'i Fukushima, mba hanatrika ilay fivoriana. Tamin'ilay andro voatondro, tamin'ny 11 martsa 2011, dia niara-tafavory tao Koriyama, tanàna afovoan-tany, ireo misiônera mba hanatrika ilay fivorian'ny misiôna nitarina.

Nandritra io fivoriana io dia nisy horohorontany mirefy 9.0 sy tsunami namely ilay faritra tao Japana izay nisy ny Misiônan'i Sendai Japana. Nampalahelo fa tanàna maro teo amin'ny moron-tsiraka, anisan'izany ireo tanàna nisy ireo misiônera izay nivory, no rava sy nahafoizana ain'olona betsaka. Ary ny tanànan'i Fukushima dia nitranganjavatra nokleary taorian'izay.

Na dia simban'ilay horohorontany aza tamin'izay andro izay ilay trano nivorian'ireo misiônera, dia niangona



tamin'ny toerana voaro ny Filoha sy ny Rahavavy Tateoka ary ireo misiônera noho ny fanarahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Lavitry ny loza izy ireo, kilaometatra maro lavitry ny fandravaravana naterak'ilay tsunami sy ny fiparitahan'ny loto nokleary.

Rehefa manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao, izay fahatsapana matetika malefaka sy tony, dia tsy ho fantatrao akory fa hiala lavitry ny loza ara-panahy sy ara-nofo.

Rahalahy sy ranabavy, hanampy anareo ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fampitandremana anareo, tahaka ny nataony tamin'ny raiko sy ny Filoha Tateoka.

*Mampiononana ny Fanahy Masina*

Mba hanohizana ny famaliana ilay fanontaniana hoe "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?" dia andeha hofakafakaintsika ny andraikiny amin'ny maha-Mpampiononana Azy. Miteraka alahelo sy fanaintainana ary fahadisoampanantenana ireo tranga tsy nampoizina miseho amin'ny fiainantsika. Nefa ao anatin'ireo fitsapana ireo ny Fanahy Masina dia manompo antsika amin' ny iray amin'ireo andraikiny lehibe, amin'ny maha-Mpampiononana azy, izay raha ny marina dia iray amin'ireo anarana fiantsoana Azy. Manazava izany andraikitra izany ireto teny mifono fiadanana sy mankahery nolazain'i Jesoa Kristy ireto: "Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay."[7]

Mba hanazavana izany bebe kokoa dia hizara tantara iray tena nisy aho mikasika ny fianakaviana iray izay nanana zanaka lahy dimy nifindra monina avy tany Los Angeles, Californie, Etazonia, nankany any amina tanàna kely iray taona vitsivitsy lasa izay. Nanomboka nanao fanatanjahantena tany amin'ny Lycée ireo zanaka roa zokiny indrindra ary niharo tamin'ireo namana, mpitarika ary mpanazatra, izay mpikamban'ny Fiangonana mahatoky ny ankamaroany. Nitarika an'i Fernando, ilay zokiny indrindra, sy ilay zandriny manarakaraka azy ho amin'ny batisa izany fifandraisana izany.

Niala ny tokantranony avy eo i Fernando nanohy ny fianarany ary nilalao baolina kitra tany amin'ny oniversite. Nanambady an'i Bayley, ilay mamin'ny fony tany amin'ny Lycée, izy tao amin' ny tempoly. Rehefa vita ny fianaran'i Fernando sy i Bayley dia tsy andrin'izy ireo ny hahaterahan'ny zanak'izy ireo voalohany, zazavavy kely. Saingy nandritra ny fotoana nanampian'ny fianakavian'i Fernando sy i Bayley azy ireo hiverina hody dia niharan'ny lozam-piarakodia nampalahelo be teny amin'ny lalambe marozotra i Bayley sy ny anabaviny. Nahafaty an'i Bayley sy ilay zanany mbola tsy teraka izany.

Nefa dia toy ny halalin'ny alahelon'i Fernando sy ny an'ny ray amandrenin'i Bayley ary ny an'ireo mpiray tampo aminy ny haben'ny fiadanana sy ny fampiononana tsapan'izy ireo avy hatrany. Tena nanohana an'i Fernando nandritra ny fahoriana tsy hay takarina niainany marina ny Fanahy Masina amin'ny maha-Mpampiononana Azy. Nitondra fiadanana maharitra ny Fanahy ka nahatonga an'i Fernando ho naneho famelana sy fitiavana an'ireo rehetra izay tompon'andraikitra tamin'ilay loza nampalahelo.

Niantso ny anadahin'i Bayley, izay nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana nitrangan'ilay loza, ny ray amandreniny. Nohazavainy tao amin'ny taratasy iray ny fahatsapany tamin'ny nahenoany ilay vaovao mafy momba ny anabaviny malala: "Tena nahafinaritra ny nahare ny feonareo tony tao anatin'ny loza. Tsy hitako izay nolazaina. . . . Ny zavatra tao an-tsaiko fotsiny dia hoe tsy ho eo ny anabaviko rehefa mody aho. . . . Nankahery ahy ny fijoroana ho vavolombelona lavorary nanananareo momba ny Mpamonjy sy ny drafiny. Nanenika ny foko ilay fanahy mamy mahatonga ahy hila hilatsa-dranomaso rehefa mandalina sy mampianatra. Nahazo fankaherezana aho tamin'izay ary nampahatsihivina ny zavatra izay efa fantatro."[8]

Hanampy anareo ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fampiononana anareo, tahaka ny nataony tamin'i Fernando sy ny fianakavian'i Bayley.



*Mijoro ho vavolombelona ny Fanahy Masina*

Ny Fanahy Masina ihany koa dia mijoro ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka ary ny fahamarinana rehetra.[9] Raha niresaka tamin'ireo mpianany i Jesoa dia nilaza hoe: "Fa raha tonga ny Mpananatra, Izay hirahiko ho aminareo avy amin'ny Ray, . . . dia Izy no ho vavolombelona hanambara Ahy."[10]

Mba hanazavana ny andraikitra manan-danja sahanin'ny Fanahy Masina amin'ny maha-vavolombelona Azy dia hotohizako ilay tantaran'i Fernando sy i Bayley. Raha tadidinareo dia nolazaiko fa natao batisa i Fernando sy ny rahalahiny, saingy ny ray aman-dreniny sy ireo zandriny kely anankitelo dia mbola tsy vita batisa. Ary na dia teo aza ireo fanasana maro hihaona amin'ny misiônera nandritra ireo taona maro dia nandà foana ilay fianakaviana.

Taorian'ny nahafatesan'i Bayley sy ny zazakeliny dia nalahelo mafy ny fianakavian'i Fernando. Tsy tahaka an'i Fernando sy ny fianakavian'i Bayley fa tsy nahita fampiononana na fiadanana kosa izy ireo. Tsy takatr'izy ireo ny fomba nahafahan'ny zanany sy ny fianakavian'i Bayley afaka nahazaka ny enta-mavesany.

Nahatakatra izy ireo nony farany fa ny zavatra nananan'ny zanak'izy



ireo izay tsy nananany dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ary izany no loharanon'ny fiadanana sy fampiononana izay nananany. Taorian'ny nahatsapan'izy ireo izany dia nanasa ny misiônera hampianatra ny filazantsara amin'ny fianakaviany izy ireo. Vokatr'izany dia nahazo fijoroana ho vavolombelona izy ireo momba ilay drafitra lehiben' ny fahasambarana, izay nanome azy ireo ilay fiadanana mamy sy fampiononana malefaka notadiavin'izy ireo fatratra.

Roa volana taorian'ny nahafatesan'i Bayley sy ny zafikelin'izy ireo mbola tsy teraka dia natao batisa sy noraisina ho mpikambana ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ihany koa ny ray aman-drenin'i Fernando sy ny zandriny roa lahy. Tsy andrin'ny zandrin'ny Fernando faralahy ny hanaovana batisa azy rehefa feno valo taona izy. Mijoro ho vavolombelona avokoa izy ireo fa ny Fanahy, ny Fanahy Masina, dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara, ka nahatonga azy ireo ho nanana faniriana hatao batisa sy handray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Rahalahy sy ranabavy, hanampy anareo ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fijoroany ho vavolombelona aminareo, tahaka ny nataony tamin'ny fianakavian'i Fernando.

**Famintinana**

Andeha hofintinintsika izao. Nahita fahamarinana nambara anankitelo izay nampahafantatra antsika ny Fanahy Masina isika. Dia ny hoe, ny Fanahy Masina dia mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra, olona fanahy ny Fanahy Masina, ary ny fanomezana ny Fanahy Masina dia azo amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana. Nahita valiny anankitelo ihany koa isika amin'ilay fanontaniana hoe: "Ahoana no fomba hanampian'ny Fanahy Masina anao?" Mampitandrina, mampionona, ary mijoro ho vavolombelona ny Fanahy Masina.

**Fahamendrehana mba hihazona ilay fanomezana**

Ho anareo izay miomana ny hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana, ireo izay vao vita batisa ary na dia ireo izay efa vita batisa efa ela aza dia tena ilaina amin'ny fiarovana antsika arabatana sy ara-panahy ny fihazonantsika ny fanomezana ny Fanahy Masina. Manomboka manao izany isika amin'ny alalan'ny fiezahana mitandrina ireo didy, ny fanaovana vavaka manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana, ny famakiana ny soratra masina, ary ny fikatsahana fifandraisana feno fitiavana sy famelana amin'ny fianakaviana sy ireo olona tiana. Tokony hitazona ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika ary ny fitenintsika ho tsara foana isika. Tokony hitsaoka ny Raintsika any An-danitra isika any an-tokantrano sy aty am-piangonana ary isaky ny afaka manao izany dia any amin'ny tempoly masina. Mijanona akaiky ny Fanahy dia hijanona akaiky anao ny Fanahy.

**Fijoroana ho vavolombelona**

Hofaranako amin'ny fanasana sy ny fijoroana ho vavolombelona azo antoka izao ny lahateniko. Manasa anareo aho mba hiaina bebe kokoa ireo teny hirain'ireo ankizintsika ao amin'ny Kilonga matetika, teny zay azoko antoka fa fantatr'izy ireo: "Henoy, henoy. Mibitsibitsika ny Fanahy Masina. Henoy, henoy ilay feo malefaka sy tony."[11]

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, na antitra na tanora, atolotro ho anareo ny fijoroako ho vavolombelona momba ny fisiana be voninahitr'ireo olon'ny lanitra ao anatin' Ny Andriamanitra: Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina. Mijoro ho vavolombelona aho fa iray amin'ireo tombontsoa izay ananantsika Olomasin'ny Andro Farany miaina amin'ny fotoampahafenoana dia ny fanomezana ny Fanahy Masina. Fantatro fa *manampy ary hanampy* anareo ny Fanahy Masina. Ampiako ihany koa ny fijoroako ho vavolombelona manokana momba an'i Jesoa Kristy sy ny andraikiny amin' ny maha-Mamponjy sy Mpanavotra antsika Azy ary ny an' Andriamanitra amin'ny maha-Raintsika any An-danitra Azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Robert D. Hales, "Elder Gary E. Stevenson: An Understanding Heart," *Liahona,* jona 2015, 14.
2. Fanekem-pinoana 1:1.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
4. Jereo ny Môsià 18:13; Almà 5:46; 9:21; Fotopampianarana sy Fenekempihavanana 88:3.
5. Jereo ny 1 Nefia 13:37; 2 Nefia 31:12; Fotopampianarana sy Fenekempihavanana 121:46.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:33.
7. Jaona 2:16.
8. Fifandraisana manokana, 18 des. 2016.
9. Jereo ny Hebreo 10:15; 2 Nefia 31:18; Jakôba 4:13.
10. Jaona 3:26.
11. "The Still Small Voice," *Children's Songbook,* 107.



**Nataon'ny Loholona C. Scott Grow**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ary izao no fiainana mandrakizay

*Fantatr' Andriamanitra ianareo ary manasa anareo Izy mba hahafantatra Azy.*

Miresaka aminareo aho ry taranaka vao misondrotra, zatovo sy tanora, na manambady na tsia, ianareo izay ho mpitarika ato amin'ity Fiangonan'ny Tompo ity. Eo anatrehan'ny faharatsiana, korontana, tahotra, ary fifandirana misy eo amin'izao tontolo izao, dia miresaka aminareo mazava tsara aho mikasika ny maha-lehibe sy ny maha-fitahiana ny fahafantarana an' Andriamanitra.

I Jesoa Kristy dia nampianatra fahamarinana maro izay manazava ny drafitry ny fahasambarana an'ny Ray any An-danitra sy ny toerana misy anao ao anatin'izany. Hifantoka amin'ny anankiroa amin'izany aho mba hanampiana anareo hahatakatra ny *maha-ianareo anareo* izay zanak' Andriamanitra sy hahafantatra ny *tanjonareo* amin'ny fiainana.

Voalohany: "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."[1]


Faharoa: "Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahinao."[2]

Tsarovy foana ireo fahamarinana ireo fa mampianatra ny *antony izy ireo* eo am-panazavako ny *fomba* ahafahanareo sy isika rehetra lasa mahafantatra an' Andriamanitra.

### Mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny vavaka

Ry tanora namako, afaka manomboka mahafantatra Azy isika amin'ny alalan'ny vavaka.

Tamin'ny 7 aprily 1829 dia nanomboka niasa ho mpitantsoratr'i Joseph



Smith izay 23 taona i Oliver Cowdery 22 taona. Tanora izy ireo tamin'izany, tahaka anareo ihany. Nangataka fanamafisana avy tamin' Andriamanitra i Oliver mikasika ny Famerenana amin' ny laoniny sy ny asany ao anatin'izany. Ho valin'izany dia nahazo izao fanambarana manaraka izao izy:

"Indro, fantatrao fa efa nanontany Ahy ianao ary nanazava ny sainao Aho. . . .

"Eny, lazaiko aminao mba hahafantaranao fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra ihany no mahalala ny eritreritrao sy ny fisaintsainan'ny fonao. . . .

". . . Raha maniry vavolombelona fanampiny ianao, dia avereno ao an-tsainao ilay alina izay nitalahoanao Tamiko tao am-ponao. . . .

"Tsy nilaza fiadanana tamin'ny sainao va Aho . . . ? Inona no vavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao noho izay avy amin' Andriamanitra?"[3]

Rehefa mivavaka amim-pinoana *ianao* dia hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra rehefa miresaka amin'ny fanahi*nao* ny Fanahiny. Na irery toy ny ahoana na tsy matoky tena toy ny ahoana aza ianareo, dia tsy irery ianareo eto amin'izao tontolo izao. Fantantr' Andriamanitra manokana *ianareo*. Rehefa mivavaka ianareo dia ho lasa mahafantatra *Azy*.

### Mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina

Rehefa mandalina ny soratra masina ianao dia tsy mianatra *momba* ny Mpamonjy fotsiny fa tena afaka *mahafantatra* ny Mpamonjy amin'ny farany.

Tamin'ny aprily 1985 ny Loholona Bruce R. McConkie dia nandray fitenenana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana, 13 andro talohan'ny nahafatesany. Izao fijoroana ho vavolombelona izao no namaranany izany:

"Izaho dia iray amin'ireo vavolombelony, ary ho avy ny andro hahatsapako ny diam-pantsika amin'ny tanany sy amin'ny tongony ary hanamandoako ny tongony amin'ny ranomasoko.

"Saingy tsy *hahafantatra* tsaratsara kokoa noho izay *fantatro* ankehitriny aho amin'izany fotoana izany fa Izy no Zanak'Andriamanittra Tsitoha, fa Izy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika

ary ny famonjena dia tonga avy ary amin'ny alalan'ny rany manavotra ary tsy misy lalana hafa."[4]

Ireo izay naheno ny Loholona McConkie niteny tamin'io andro io dia tsy nanadino mihitsy ny zavatra tsapanay. Rehefa nanomboka ny lahateniny izy dia nambarany ny *antony* mahatonga ny tenivavolombelony ho mahery vaika. Hoy Izy:

"Eo am-piresahana ireo zavatra mahafinaritra ireo dia hampiasa ny teniko manokana aho na dia mety hieritreritra aza ianareo fa tenin'ny soratra masina izany. . . .

"Marina fa ny hafa no nanambara azy ireo voalohany kanefa *ankehitriny dia ahy izy ireo*, fa ny Fanahy Masin' Andriamanitra dia nijoro ho vavolombelona tamiko fa marina izy ireo, ary ankehitriny dia toy ny hoe izaho no nanambaran'ny Tompo azy ireo voalohany. Tamin'ny alalan'izany dia *nandre* ny feony aho sy *nahafantatra* ny teniny."[5]

Rehefa mandalina sy misaintsaina ny soratra masina ianareo dia handre ihany koa ny feon' Andriamanitra sy hahafantatra ny teniny ary ho lasa mahafantatra Azy. Hambaran' Andriamanitra aminao manokana ireo fahamarinany mandrakizay. Ho lasa ampahan-javatra handrafitra ny mahaizy azy anao ireo fotopampianarana sy fitsipika ireo ary hipoitra avy any amin'ny fanahinao lalina any.

Ankoatra ny fandalinana ataon'ny tsirairay dia manan-danja ny fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina.

Tao an-tokantranonay izahay dia naniry ny mba hianaran'ireo zanakay hahafantatra ny feon'ny Fanahy. Mino izahay fa nitranga izany rehefa niaraka nandalina isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ny fianakavianay. Lasa mafy orina ny fijoroana ho vavolombelona nananana rehefa niresaka momba ireo fahamarinana masina izahay.

Lasa fantsona entin'ny Fanahy hanomezana fampianarana voavolavola ho an'ny tsirairay amintsika ny fandalinana ny soratra masina. Rehefa mandalina irery ny soratra masina isan'andro sy miaraka amin'ny fianakaviana *ianao* dia hianatra hamantatra ny feon'ny Fanahy ary ho lasa mahafantatra an' Andriamanitra.



### Mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny fanaovana ny sitrapony

Ankoatra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia mila manao ny sitrapon' Andriamanitra isika.

Ny Mpamonjy no ohatra tonga lafatra ho antsika. Hoy Izy hoe: "Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy"[6]

Rehefa niseho tamin'ny Nefita ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty dia nilaza hoe: "Indro, Izaho no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao; ary nisotro tamin'ilay kapoaka mangidy izay efa nomen'ny Ray Ahy Aho ary efa nankalaza ny Ray tamin'ny nitondrako teo Amiko ny fahotan'izao tontolo izao, izay efa niaretako ny *sitrapon*' ny Ray *tamin'ny zava-drehetra* hatrany am-piandohana."[7]

Manao ny sitrapon'ny Ray *izaho sy ianao* amin'ny alalan'ny fanajana ireo fanekempihavanantsika sy ny fitandremana ireo didy, ary ny fanompoana an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona amintsika.

Olona tsotra ny ray aman-dreniko sy ny an'i Rhonda vadiko, mety tena mitovy amin'ny ray aman-dreninareo. Saingy ny zavatra iray tiako amin'ireo ray aman-dreninay dia ny fanokanan'izy ireo ny fiainany tamin'ny fanompoana an' Andriamanitra, ary nampianariny izahay mba hanao izany koa.

Vao nivady tao anatin'ny taona vitsivitsy monja ny ray aman-drenin'i Rhonda dia voantso hanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno ny rainy izay 23 taona. Nandao ilay vadiny mbola tanora sy ny zanany vavy 2 taona izy. Avy eo dia voantso hanompo niaraka tamin'ny vadiny nandritra ny fito volana farany, ka namela ny zanakavavin'izy ireo mba hokarakarain'ny havana.

Taona vitsy taty aoriana, *efatra* ny zanany tamin'izany, dia nifindra tany Missoula Montana izy ireo, mba hahafahan'ny rainy nianatra tany amin'ny oniversite. Kanefa vao volana vitsy monja izy ireo no tao dia niantso ny rafozan-dahiko ho filoha voalohan'ilay tsatoka vao niforona tao Missoula ny filoha Spencer W. Kimball sy ny Loholona Mark E. Petersen. 34 taona monja izy tamin'izany. Nafoy ireo eritreritra hianatra tany amin'ny oniversite rehefa nikatsaka ny hanao ny sitrapon'ny *Tompo*, fa tsy ny an'ny tenany izy.

Nanompo nandritra ny 30 taona mahery tao amin'ny tempoly ny ray aman-dreni*ko*, i Dada dia mpamehy ny fianakaviana ary i Neny dia mpanatanteraka ôrdônansy. Niara-nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno in-dimy ihany koa izy ireo, tany Riverside, Californie; Ulaanbaatar, Mongolie; Nairobi, Kenya; tao amin'ny Tempolin'i Nauvoo Illinois ary ny Tempolin'i Monterrey Meksika.

Niasa mafy izy ireo tany Meksika mba hianatra fiteny vaovao, izay tsy mora rehefa 80 taona ianao. Saingy nikatsaka ny hanao ny sitrapon'ny Tompo izy ireo fa tsy nanaraka ny fanirian'izy ireo manokana amin'ny fiainana.

Ho azy ireo sy ireo Olomasin'ny andro farany rehetra izay feno fanolorantena toy izany manerana izao tontolo izao dia averiko ny teny nolazain'ny Tompo tamin'i Nefia, ilay zanak'i Helamàna hoe: "Hotahiana ianao, . . . noho ireo zavatra izay efa nataonao ireo, . . . endrey tsy sasatra ianao . . . , [fa] tsy nikatsaka ny ainao samirery [ianao] fa efa nikatsaka kosa ny sitrapoko sy ny hitandrina ny didiko."[8]

Rehefa mikatsaka ny sitrapon' Andriamanitra *isika* amin'ny fanompoana amim-pahatokiana Azy sy ny mpiara-belona amintsika dia mahatsapa ny fankasitrahany sy lasa tena mahafantatra Azy isika.

#### Mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny fahatongavana tahaka Azy

Milaza amintsika ny Mpamonjy fa ny fomba tena tsara indrindra hahafantarana an' Andriamanitra dia fahatongavantsika *tahaka* Azy. Hoy ny nampianariny: "Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa Ahy."[9]

Ny fahamendrehana dia tena ilaina amin'ny fahatongavana tahaka Azy. Nandidy Izy hoe: "Hamasino ny tenanareo; eny, diovy ny fonareo ary sasao . . . ny tananareo, mba hahazoako manadio anareo."[10] Rehefa manomboka mandeha amin'ilay lalana mankany amin'ny fahatongavana tahaka Azy isika dia mibebaka, ary mandray ny famelany dia dioviny ny fanahintsika.

Mba hanampiana antsika hivoatra mankany amin'ny Ray dia nanome antsika izao fampanantenana izao ny Tompo: "Ny olona tsirairay, izay mahafoy ny fahotany ka manatona Ahy ary miantso ny anarako sy mankatò ny feoko ary mitandrina ny didiko, dia hahita ny tavako ary *hahafantatra* fa Izy Aho."[11]

Amin'ny alalan'ny finoantsika ilay sorona fanavotana nataony dia manadio antsika sy manasitrana antsika ary mamela antsika *hahafantatra* Azy amin'ny alalan'ny fanampiana antsika ho tonga *tahaka* Azy ny Mpamonjy. Nampianatra i Môrmôna hoe: "Mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin'ny fo manontolo, . . . mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho *tahaka* Azy isika."[12] Rehefa miezaka ny ho tahaka an' Andriamanitra isika dia afaka ny hahatonga antsika ho tsara kokoa noho izay vitantsika amin'ny tenantsika Izy.

#### Mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny fanarahana ireo mpampianatra

Mba hanampiana antsika amin'ny ezaka ataontsika, Andriamanitra dia nanome antsika maodely sy mpampianatra. Te hizara ny fahatsapako mikasika ny iray amin'ireo maodeliko sy mpampianatro aho, dia ny Loholona Neal A. Maxwell. Nikatsaka tsy tapaka ny hampifanaraka ny sitrapony amin'ny sitrapon'ny Ray izy tamin'ny ezaka nataony ho tonga tahaka an' Andriamanitra.

20 taona mahery lasa izay dia nizara ny fahatsapany tamiko izy raha vantany vao hita fa voan'ny homamiadana izy. Hoy izy tamiko: "Te ho ao amin'ny ekipa aho, na eto amin'ity faritra ilan'ny [ voaly] ity na any amin'ilay faritra ilany arỳ. Tsy te ho mpijery fotsiny aho. Fa te handray anjara ao anatin'ny lalao."[13]

Nandritra ny herinandro vitsivitsy taorian'izay dia nisalasala izy hoe hangataka an' Andriamanitra mba hanasitrana azy fa ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra fotsiny no tiany. Nohamafisin'i Colleen vadiny fa ny fitalahoana voalohany nataon'i Jesoa tao amin'ny Sahan'i Getsemane dia hoe: "Raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity." Izay ny Mpamonjy vao niteny hoe "Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa *ny Anao.*"[14] Namporisika ny Loholona Maxwell izy mba hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy, mangataka fanampiana dia *avy eo* mampifanaraka ny sitrapony amin'ny sitrapon' Andriamanitra, izay nataony tokoa.[15]

Rehefa avy nijaly tamin'ny alalan' ny fandalovana fitsaboana goavana sy nandreraka efa ho herintaona izy dia tafaverina tanteraka "tao anatin'ny lalao" ihany. Mbola nanompo nandritra ny fito taona indray izy.

Nanana andraikitra maro niarahana taminy aho nandritra ireo taona manaraka ireo. Nahatsapa ny hatsarampanahiny sy ny fangorahany ary ny fitiavany aho. Nahita ny fitombon'ny fihatsarany ara-panahy nandritra ny fijaliany sy ny fanohizany ny fanompoany aho, teo am-piezahany ho tonga tahaka ny Mpamonjy.

Ny maodely sy mpampianatra *lehibe indrindra* ananantsika rehetra dia i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjintsika, izay nilaza hoe: "Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin' ny alalako."[16] "Avia hanaraka Ahy."[17]



Ry rahalahy sy rahavavy zandriko, ny fahafantarana an' Andriamanitra no zavatra katsahina mandritra ny fiainana. "Ary izao *no* fiainana mandrakizay, dia ny [hahafatara*ntsika* an'ilay] Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahin['ny Ray]."[18]

"Tsy hitozo ao amin'ity tanjona lehibe tokoa ity va isika? . . . Mahereza ry [zandry namako]; dia mandrosoa, mandrosoa mankamin'ny fandresena!"[19]

Fantatr' Andriamanitra *ianareo* ary manasa *anareo* Izy mba hahafantatra *Azy.* Mivavaha amin'ny Ray, halalino ny soratra masina, katsaho ny sitrapon' Andriamanitra, miezaha ny ho tonga tahaka ny Mpamonjy, ary manaraha ireo mpampianatra marina. Raha manao izany *ianareo* dia ho lasa *mahafantara* an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy, ary handova ny fiainana mandrakizay. Izany no fanasana omeko anareo amin'ny maha-vavolombelon'Izy Ireo voatendry manokana ahy. Velona Izy Ireo. Tiany ianareo. Izany no hijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 3:16.
2. Jaona 17:3.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:15–16, 22–23.
4. Bruce R. McConkie, "The Purifying Power of Gethsemane," *Ensign,* mey 1985, 11; nampiana fanamafisana.
5. Bruce R. McConkie, "The Purifying Power of Gethsemane," 9; nampiana fanamafisana.
6. Jaona 6:38.
7. 3 Nefia 11:11; nampiana fanamafisana.
8. Helamàna 10:4.
9. 3 Nefia 27:27.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:74.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:1; nampiana fanamafisana.
12. Môrônia 7:48; nampiana soramandry.
13. Mijereva filazana mitovy amin'izany ao amin'ny Bruce C. Hafen, *A Disciple's Life: The Biography of Neal A. Maxwell* (2002), 19.
14. Matio 26:39; nampiana soramandry.
15. Jereo ny Bruce C. Hafen, *A Disciple's Life,* 15.
16. Jaona 14:6.
17. Matio 19:21.
18. Jaona 17:3; nampiana sora-mandry.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22.



**Nataon'ny Loholona Benjamín De Hoyos**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mba hahatonga ny fahazavantsika ho faneva ho an'ireo firenena

*Ny filazantsaran'ny Mpamonjy sy ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny dia manome antsika fahafahana maro mba hahatonga ny fahazavantsika ho anisan'ny faneva lehibe ho an'ireo firenena.*

Taona maro lasa izay fony aho mpampianatra seminera dia naheno ny iray tamin'ireo mpiaramiasa tamiko nangataka ny mpianany mba hieritreritra an'ity fanontaniana manaraka ity: Raha niaina tamin'ny andron'ny Mpamonjy ianao dia nahoana araka ny eritreritrao no ho nanaraka Azy toy ny iray tamin'ireo mpianany ianao? Namoaka fehin-kevitra izy ireo fa izay manaraka ny Mpamonjy amin'izao fotoana izao sy miezaka ny ho mpianany dia ho tena nanaraka ny Mpamonjy raha niaina tamin'izany fotoana izany.

Nanomboka tamin'izay dia nisaintsaina izany fanontaniana izany sy ny fehin-kevitr'izy ireo aho. Manontany tena aho matetika hoe inona no ho zavatra tsapako raha mba nandre ny Mpamonjy Izy tenany mihitsy nilaza izao manaraka izao aho nandritra ny Toriteny teo an-tendrombohitra:

"Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra.

"Ary koa tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany.

"Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra" (Matio 5:14–16).

Azonareo alaina sary an-tsaina ve ny zavatra mety ho tsapanareo raha nahare ny feon'ny Mpamonjy ianareo?



Raha ny marina dia tsy mila maka sary an-tsaina isika. Efa lasa zavatra iainana tsy tapaka ho antsika ny mandre ny feon'ny Tompo satria rehefa mandre ny feon'ireo mpanompony isika dia iray ihany izany.

Tamin'ny 1838, dia nanambara izao manaraka izao tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ny Tompo, izay hafatra nitovy tamin'ilay nomena nandritra ny Toriteny teo an-tendrombohitra:

"Satria toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin'ny andro farany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

"Lazaiko marina tokoa aminareo rehetra: Mitsangàna ary mamirapirata mba hahatonga ny fahazavanao ho faneva ho an'ireo firenena" (F&F 115:4–5).

Tena miavaka izao andro iainantsika izao ka dia naseho tamin'ny mpaminany Isaia mihitsy izany tao anatin'ny fahitana. Izy koa dia nahita sy naminany izao andron'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy izao sy ny tanjony ka nilaza hoe: "Dia hanangana faneva ho an'ny jentilisa Izy, ka hamory ny Isiraely izay voaroaka sy hanangona ny Joda izay voaely avy any amin'ny vazan-tany efatra" (Isaia 11:12).

Ao anatin'ny sahan-kevitra aratsoratra masina ny atao hoe faneva dia saina iray izay ivondronan'ny olona ao anatin'ny tanjona iray ny manodidina azy. Fahiny ny faneva dia nampiasaina hamoriana ireo miaramila any an'ady ho eo amin'ny toerana iray. Raha resahina an'ohatra dia ny Bokin'i Môrmôna sy ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny no faneva ho an'ny firenena rehetra. (Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Ensign," scriptures.lds.org.)

Tsy isalasalana fa iray amin'ireo faneva lehibe amin'izao andro farany izao ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tena tsara dia tsara ity, izay hanambarana tsy tapaka ilay asa sy drafitra lehiben'ny Raintsika any An-danitra mba "hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39).



Ny fitohizan'ny fanatanterahana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia iray amin'ireo fijoroana ho vavolombelona tena lehibe momba ny hoe, isika Olomasin'ny Andro Farany dia "mino ny zava-drehetra izay efa nambaran' Andriamanitra, izay ambarany ankehitriny, ary mino isika fa Izy dia mbola hanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny Fanjakan' Andriamanitra" (Fanekempinoana 1:9).

Inona ary ny zavatra nambaran'ny Tompo tamin'ny Filoha Thomas S. Monson izay ilaintsika tohizina ny fanaovana azy mba hahatonga ny fahazavantsika ho faneva ho an'ireo firenena? Inona avy ny sasany amin'ireo zavatra manan-danja tokony hatao ao anatin'izao fotoana mamirapiratra hanorenana an'i Ziona sy hanangonana an'i Isiraely izao?

Nambaran'ny Tompo antsika foana "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra . . . , ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely" (2 Nefia 28:30) ny sitrapony. Noho izany dia tsy tokony ho taitra amin'izay mety ho toy ny zavatra kely isika noho ny endriny tsotra sy miverimberina, satria ny Tompo dia efa nanoro hevitra antsika rehefa niteny tamintsika hoe: "sambatra ireo izay mihaino ny fitsipiko, sy mampandry sofina amin'ny torohevitro, fa hianatra fahendrena izy; fa izay mandray no homeko bebe kokoa" (2 Nefia 28:30).

Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny fianarana "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely" sy amin'ny alalan'ny fanarahantsika ny torohevitr'ireo mpitarika antsika dia hanana solika ampy ho an'ireo fanalantsika isika izay hahafahantsika hanome fahazavana ho an'ny hafa araka ny nandidian'ny Tompo antsika.

Raha maro ireo zavatra azontsika atao mba ho fahazavana sy faneva ho an'ny hafa dia te hifantoka amin'ireto telo manaraka ireto aho: manaja ny andro Sabata, manafaingana ny asa famonjena eo amin'ny lafy roan'ny voaly, ary mampianatra araka ny fomban' ny Mpamonjy.

Ny fahazavana izay resahintsika eto dia avy amin'ny fitsaohana asehontsika amin'ny fanajana ny andro Sabata any am-piangonana ary koa any an-trano. Io ilay fahazavana izay mitombo rehefa miaro ny tenantsika tsy ho voapentimpetin'izao tontolo izao isika. Io ilay fahazavana avy amin'ny fanaterana ny fanati-pisaorantsika amin'ny androny



masina sy avy amin'ny fanatanterahana ny fanompoana ny Avo Indrindra. Ireo zavatra rehetra ireo dia hanome fahafahana antsika mba hanana ny Fanahiny mandrakariva miaraka amintsika. Io fahazavana io no ilay mitombo sy lasa hita rehefa mody indray isika miaraka amin'ny fahatsapana ho voavela heloka izay noresahin'ny Filoha Henry B. Eyring nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny volana ôktôbra lasa teo hoe: "Amin'ireo fitahiana rehetra azontsika isaina, ny lehibe indrindra dia ny fahatsapana ho voavela heloka izay tonga rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo. Hahatsapa fitiavana sy fankasitrahana lehibe kokoa ho an'ny Mpamonjy isika, izay ny sorompanavotany lehibe no hahafahantsika ho voadio amin'ny fahotana" ("Ny fankasitrahana amin'ny andro Sabata," *Liahona,* nôv. 2016, 100).

Rehefa mihazona ny andro Sabata ho masina isika sy mandray ny fanasan'ny Tompo dia tsy hoe madio fotsiny isika fa mihamazava koa ny fahazavantsika.

Mitombo koa ny fahazavantsika rehefa manokana fotoana hitadiavana ny anaran'ireo razambentsika sy hitondrana ny anaran'izy ireo any amin'ny tempoly ary hampianarana ny fianakaviantsika sy ny hafa mba hanao izany koa isika.

Ity fanaovana asa any amin'ny tempoly masina sy tantaram-pianakaviana ity izay iarahantsika manatanteraka amin'ireo Olomasina eo amin'ny lafy roan'ny voaly dia mandroso bebe kokoa noho ny hatramin'izay noho ny fanorenana ireo tempolin'ny Tompo. Amin'izao fotoana izao, noho ny fananan'ny tempoly fandaharam-potoana manokana ho an'ny vondrom-pianakaviana izay tonga miaraka amin'ny karatra azy ireo manokana misy ny anaran'ny fianakaviany, dia niaina zavatra tena nahafinaritra izahay mivady rehefa niaraka nanao asa fanompoana tany amin'ny tempoly niaraka tamin'ny zanakay sy ny zafikelinay.

Rehefa mahita sy mitondra anarana any amin'ny tempoly isika ary mampianatra ny hafa ny fomba fanaovana izany koa dia miaraka mamiratra toy ny faneva isika.

Ny mianatra mampianatra araka ny nampianaran'ny Mpamonjy dia fomba iray hafa ahafahantsika mitsangana sy mamirapiratra. Miara-paly amin'ireo rehetra izay mianatra ny fomba fampianarana araka ny fomban'ny Mpamonjy aho. Mamelà ahy ianareo hamaky ny voasoratra eo amin'ny fonon'ilay boky fampianarana vaovao: "Ny tanjon'ny mpampianatra filazantsara rehetra, ny ray na reny rehetra, ny mpampianatra voantso manokana rehetra, ny mpampianatra isan-tokantrano sy mpamangy isan-tokantrano rehetra ary ny mpanara-dia an'i Kristy rehetra, dia natao hampianatra ny fotopampianarana madion'ny filazantsara amin'ny alalan'ny Fanahy mba hahafahana manampy ny zanak' Andriamanitra hanorina finoana ao amin'ny Mpamonjy sy hitovy bebe kokoa Aminy." (*Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* [2016]).

Amin'izao fotoana izao dia an'arivony amin'ireo mpampianatsika mahatoky no mihazona fahazavana rehefa mianatra ny fomba hampianarana araka ny Mpamonjy izy ireo. Ao anatin'izany toe-javatra izany, ny fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra vaovao dia fomba iray hitsanganana sy hamirapiratana rehefa mianatra mikasika ny fitsipiky ny fotopampianaran'i Kristy ny mpianatra satria "ny fanalahidin'ny hoe mampianatra tahaka ny nampianaran' ny Mpamonjy dia ny fiainana tahaka ny niainan'ny Mpamonjy" (*Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy,* 4).

Rehefa mampianatra sy mianatra araka ny fombany isika ary lasa mitovy bebe kokoa Aminy, dia mihamazava ny fahazavantsika sy tsy azo afenina ary lasa faneva ho an'ireo izay mitady ny fahazavan'ny Mpamonjy.

Ry rahalahy sy ranabavy malala isany, tsy tokony hanafina ny fahazavantsika isika. Nandidy antsika ny Mpamponjy antsika mba hamela ny fahazavantsika hamiratra toy ny tanàna eo amin'ny havoana iray na toy ny jiro eo amin'ny fitoeran-dabozia iray. Rehefa manao izany isika dia hanome voninahitra ny Raintsika any An-danitra. Ny filazantsaran'ny Mpamonjy sy ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny dia manome antsika fahafahana maro mba hahatonga ny fahazavantsika ho anisan'ny faneva lehibe ho an'ireo firenena.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no fahazavana izay tokony ho hita taratra ety amintsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ireo fototra iorenan'ny finoana

*Ny fiangaviako dia ny mba hanaovantsika fahafoizan-tena sy hananantsika ny fanetrentena ilaina amin'ny fanamafisana orina ireo fototra iorenan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy Tompo.*

Tena mahafinaritra ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity. Tena nahazo hery isika. Raha misy ny tanjona tena manan-danja irain'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia ny hanorina finoana an' Andriamanitra Ray sy ny Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy Tompo.

Ny lahateniko dia hiompana amin'ireo fototra iorenan'izany finoana izany.

Ireo fototra iorenan'ny tena manokana, tahaka ireo zava-katsahina maro izay mahasoa, dia matetika no miorina tsikelikely amin'ny alalan'ny sosona iray, dia traikefa iray, dia fanamby iray, dia faharesena iray ary fahombiazana iray isaky ny mandeha. Ny zavatra iray iainana ara-batana izay tena manan-danja dia ny fanombohan'ny zazakely mamindra. Tena mahafinaritra ny mijery izany. Ilay fijery tena lalaina eo amin'ilay endrika, izay fitambaran'ny fahavononana, fifaliana sy fahatairana ary fahatontosan-javatra, dia toe-javatra tena manan-danja tokoa.

Nisy toe-javatra niavaka iray nitovitovy tamin'izany tao amin'ny fianakavianay. Tamin'ny zanakay faralahy feno efa-taona teo ho eo dia niditra tao an-trano izy ary nanambara tamin'ny fianakaviana tamim-pifaliana sy tamim-pireharehana lehibe hoe: "Afaka manao ny zavatra rehetra aho izao. Afaka mamatotra sy afaka mitaingina ary afaka manidy aho." Raha ny fahatakaranay azy dia niteny taminay izy hoe afaka mamatotra ny kirarony, afaka mitaingina ilay bisikiletany telo kodiarana, ary afaka manidy ny akanjo mafanany izy. Nihomehy daholo izahay rehetra saingy nahatsapa fa fahatontosan-javatra lehibe ireo ho azy. Nihevitra izy fa efa nivelatra tanteraka tokoa ary efa lehibe.

Misy zavatra maro iraisan'ny fivelarana ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy. Mora hita ihany ny fivelarana ara-batana. Manomboka mianatra mamindra isika rehefa zazakely, dia mivoatra isan'andro, isan-taona ary mitombo sy mivelatra mba hanatratra ilay endriky ny vatantsika farany. Tsy mitovy ny fivelarana ara-batana ho an'ny olona tsirairay.

Rehefa mijery mpanao fanatanjahantena lehibe iray na fampisehoana ara-mozika isika dia matetika no miteny fa tena manan-talenta ilay olona, izay marina raha ny mahazatra. Saingy ilay zava-bita dia mifototra amin'ny taona maro nanaovana fiomanana sy fampiharana. I Malcolm Gladwell izay mpanoratra fanta-daza iray dia niantso izany hoe, fitsipika arahina mandritra ny 10.000 ora. Namaritra ireo mpikaroka fa io habetsahan'ny fotoana fanazaran-tena io dia tena ilaina amin'ny fanatanjahan-tena, fampisehoana ara-mozika, fahombiazana ara-akademika, fahaiza-manao





manokana arak'asa, fahaizana ambony amin'ny fitsaboana na lalàna, sy ny sisa sy ny sisa. Ny iray amin'ireo manampahaizana mpikaroka ireo dia nanambara mazava tsara mihitsy "fa ny folo alina ora ho an'ny fanazaran-tena dia takina mba hahatratrarana ny fenitra matianina mifandray amin'ny mahamanam-pahaizana ambony eo amin'ny sehatra maneran-tany ny olona iray amin'ny lafin-javatra rehetra."[1]

Fantatry ny ankamaroan'ny olona fa mba hahazoana fahombiazana tsara indrindra ara-batana sy ara-tsaina dia tena ilaina ny fiomanana sy ny fampiharana toy izany.

Indrisy anefa fa ao anatin'ity izao tontolo izao izay mihamirona any amin'ny tsy finoana ity, dia kely ny fanantitranterana atao mikasika ny fari-pivoarana ara-panahy izay ilaina mba hitoviana bebe kokoa amin'i Kristy ary mba hanorenana ireo fototra izay mitondra any amin'ny finoana maharitra. Mitady hirona any amin'ny fanomezana lanja an'ireo fotoana tena tsara nahazoana fahatakarana arapanahy isika. Fotoana manan-danja ireny rehefa fantatsika fa nijoro ho vavolombelona tao am-pontsika sy tao an-tsaintsika momba ireo zava-baovao manokana ara-panahy ny Fanahy Masina. Faly isika noho ireo toe-javatra ireo ary tsy tokony hatao latsa-danja mihitsy izy ireo. Kanefa mba hananana finoana maharitra sy hananana ny Fanahy ho namana lalandava, dia tsy misy mahasolo ny fanajan'ny tena manokana ireo fitsipika ara-panahy izay azo oharina amin'ny fivelarana ara-batana sy aratsaina. Tokony hiorina eo amin'ireo zavatra iainana ireo isika izay matetika no mitovy amin'ny fanombohan'ny zazakely mamindra. Ataontsika izany amin'ny alalan'ny fanolorantena masina hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo, hamaky soratra masina, hivavaka ary hanompo rehefa antsoina. Tao anatin'ny fitantarana amim-panajana momba ny maty iray izay raim-pianakaviana nanan-janaka 13, dia nambara fa "ny fanaovany tsy tapaka vavaka isan'andro sy fandalinana soratra masina dia nisy fiantraikany lalina teo amin'ny zanany ka nanome azy ireo fototra tsy voahozongozona izay iorenan'ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo."[2]

Nisy zavatra iray niainako fony aho 15 taona izay nanome ahy fototra iorenana. Niezaka tamin-kerim-po nanampy ahy hanorina fototra iorenan'ny finoana teo amin'ny fiainako ilay reniko mahatoky. Nanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo, ny kilasin'ny Kilonga ary avy ireo ny kilasin'ny Zatovolahy sy ny seminera aho. Namaky ny Bokin'i Môrmôna aho ary nivavaka manokana foana. Tamin'izay fotoana izay dia nisy toe-javatra lehibe nitranga teo amin'ny fianakavianay rehefa teo am-pieritreretana ny mety hirotsahany hanao asa fitoriana ilay zokiko lahy malala. Ilay raiko mahafinaritra izay mpikambana malaindaina dia naniry ny hanohizany ny fianarany fa tsy handeha hanao asa fitoriana. Lasa zavatra niteraka fifandirana izany.

Tao anatin'ny fifampiresahana miavaka niarahana tamin'ilay rahalahiko izay zokiko dimy taona ary nitarika ilay fifampiresahana dia nanatsoaka fehinkevitra izahay fa niankina tamin'ny zavatra anankitelo ny fanapahan-keviny hanao asa fitoriana na tsia: (1) Moa ve manana ireo toetoetra ananan' Andriamanitra i Jesoa Kristy? (2) Marina ve ny Bokin'i Môrmôna? (3) Moa ve mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny i Joseph Smith?

Rehefa nivavaka tamin-kitsim-po aho tamin'izay alina izay dia nanamafy tamiko ny fahamarinan'ireo fanontaniana telo ireo ny Fanahy. Lasa takatro koa fa ny ankamaroan'ny fanapahankevitra rehetra horaisiko mandritra ny androm-piainako dia hifototra amin'ny valin'ireo fanontaniana anankitelo ireo. Tsapako manokana fa tena ilaina ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Rehefa manao jery todika aho dia fantatro fa voalohany indrindra noho ilay reniko, dia efa nipetrapetraka ireo fototra iorenana mba hahazoako mandray fanamafisana ara-panahy tamin'izany alina izany. Nanapa-kevitra ny handeha hanao asa fitoriana ilay rahalahiko izay efa nanana fijoroana ho vavolombelona ary nahazo ny fanohanan'ny raiko ihany tamin'ny farany.

Azo ny fitarihana ara-panahy rehefa ilaina fa amin'ny fotoan'ny Tompo sy araka ny sitrapony.[3] Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy dia ohatra tena tsara anankiray. Vao haingana aho no nijery ilay edisiôna voalohan'ny Bokin'i Môrmôna. Nahavita ny fandikana izany i Joseph Smith tamin'izy 23 taona. Fantatsika ny mikasika ny dingana nataony sy ireo fitaovana nampiasainy tao anatin'izany fandikana izany. Tao anatin'izany boky natonta voalohany tamin'ny 1830 izany dia nampiditra sasinteny fohy i Joseph ary nanambara tamin'ny fomba tsotra sy mazava fa nadika "tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny"[4] izany. Ahoana indray ny amin'ireo fitaovana nanampy tamin'ny fandikana, dia ny Orima sy Tomina ary ireo vato mpahita? Moa ve tena nilaina izy ireo sa mitovy amin'ireo kodiarana bisikileta natokana hianarana mitondra bisikileta mandra-pahafahan'i Joseph nampihatra finoana izay ilaina mba hahazoana fanambarana mivantana bebe kokoa?[5]

Raha mitaky ezaka averimberina sy tsy tapaka ny fahazoana fahafahana mahavita zavatra ara-batana sy aratsaina dia mitombina koa izany ho an'ireo zavatra mahakasika ny ara-panahy.

Tsarovy fa ny Mpaminany Joseph dia nandray in'efatra mpamangy tsy niova mihitsy, dia i Mrônia izany, niaraka tamin'ny hafatra izay nitovy foana mba hanomanana ny fandraisana ireo takelaka. Mino aho fa ny fandraisana anjara amin'ireo fivoriana masin'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro dia misy fiantraikany ara-panahy izay tsy takatsika tanteraka. Ny fisaintsainana tsy tapaka ny soratra masina, fa tsy ny famakiana izany indraindray fotsiny, dia afaka manolo ilay fahatakarana ankosotra ihany amin'ny fisian'ny fivoarana tena tsara sy manova fiainana eo amin'ny finoantsika.

Ny finoana dia fitsipika mifono hery. Ndeha asehoko amin'ny alalan'ny ohatra izany: Tamin'izaho misiônera tanora, dia nampahafantarin'ny filohan'ny misiôna[6] tena nahafinaritra iray ahy tamin'ny fomba lalina ilay tantara ao amin'ny soratra masina hita ao amin'ny Lioka 8 mikasika ilay vehivavy nandeha ra nandritra ny 12 taona ary efa nandany ny fananany rehetra tamin'ny mpitsabo izay tsy nahasitrana azy. Mbola iray amin'ireo soratra masina tena tiako izany hatramin'izao.

Hotsaroanao fa nanana finoana izy hoe, raha afaka mikasika ny somotraviavin-damban'ny Mpamonjy izy dia ho sitrana. Rehefa nanao izany izy dia tonga dia sitrana. Hoy ny Mpamonjy izay teny am-pandehanana niaraka tamin'ny mpianany hoe: "Iza moa no nanendry ahy?"

Namaly i Petera fa ny olona rehetra izay niaraka nandeha an-tongotra no nanizina Azy.

"Fa hoy [i Jesoa]: Nisy olona nanendry Ahy; fa fantatro fa nisy hery nivoaka avy tamiko."

Ny teny hoe *virtue* no nampiasaina ao amin'ny soratra masina amin' ny teny anglisy izay azo hazavaina tsotra hoe "power" na hoe "hery." Fa tonga dia nadika hoe "power" izany na hoe "hery" ao amin'ny soratra masina amin'ny teny Espaniôla sy Pôrtogey. Saingy na dia tsy nahita azy aza ny Mpamonjy dia tsy nifantoka tamin'ny zavatra nilainy Izy. Fa tena lehibe ny finoany ka ny fanendreny ilay somotraviavin-damba fotsiny dia nahatonga ilay hery manasitran'ny Zanak' Andriamanitra hiasa taminy.




Hoy ny Mpamonjy taminy hoe: "Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana soa aman-tsara."[7]

Nandinika io tantara io aho tao anatin'ny fiainako manontolo rehefa lasa olon-dehibe. Tsapako fa ny vavaka sy ny fitalahoana manokana ataontsika amin'ilay Ray any An-danitra be fitiavana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy dia afaka mitondra fitahiana eo amin'ny fiainantsika mihoatra izay azontsika takarina. Ireo fototra iorenan'ny finoana, ilay karazana finoana izay nasehon'io vehivavy io no tokony ho zavatra lehibe irian'ny fontsika.

Kanefa ny fananana ireo fototra voalohany iorenan'ny finoana, na miaraka amin'ny fanamafisana ara-panahy mihitsy aza dia tsy midika hoe tsy hiatrika olana isika. Ny fiovam-po ao amin'ny filazantsara dia tsy midika hoe hivaha ny olana rehetra ananantsika.

Ny tantara tany am-piandohan'ny Fiangonana sy ireo fanambarana voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia ahitana ohatra tena tsara mikasika ny fanorenana ireo fototra iorenan'ny finoana sy ny fiatrehana ny fivadibadiky ny zava-miseho ary ireo olana izay andalovan'ny olona tsirairay.

Tena zava-dehibe ny fahavitan'ny Tempolin'i Kirtland ho an'ny Fiangonana iray manontolo. Niaraka tamin'izany ireo fisehoan-javatra maro ara-panahy sy ireo fanambarana fotopampianarana ary ny famerenana ireo fanalahidy ilaina amin'ny fitohizan'ny fiorenan'ny Fiangonana. Tahaka ireo Apôstôly fahiny tamin'ny andro Pentekosta, dia maro ireo mpikambana izay niaina toe-javatra mahatalanjona ara-panahy izay nifandray tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Kirtland.[8] Saingy toy ny eo amin'ny fiainantsika tsirairay avy, dia tsy nidika akory izany fa tsy hiatrika olana na fitsapana izy ireo any aoriana. Tsy nieritreritra mihitsy ireo mpikambana tany am-piandohana ireo fa hiatrika ilay olana ara-toe-karena tany Etazonia izy ireo, ilay fihotakotahana tamin'ny 1837, izay hisedra ny fanahin'izy ireo mihitsy.[9]

Ny ohatra iray maneho ireo olana nifandray tamin'izany olana ara-toe-karena izany dia niainan'ny Loholona Parley P. Pratt, izay iray tamin'ireo mpitariky ny Famerenana amin'ny laoniny. Mpikambana tany am-piandohana tao amin'ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo izy. Tany am-piandohan'ny taona 1837, dia maty i Thankful vady malalany rehefa avy niteraka ny zanak'izy ireo voalohany. Efa nivady nandritra ny 10 taona latsaka i Parley sy i Thankful ary nahakivy azy ny fahafatesan'ny vadiny.

Volana vitsivitsy taty aoriana dia tafiditra tao anatin'ny iray tamin'ireo fotoana sarotra indrindra niainan'ny Fiangonana ny Loholona Pratt. Tao anatin'ilay olana ara-toe-karena nahazo ny firenena dia nisy olana ara-toe-karena niseho kosa teo an-toerana izay niteraka fifandirana tany Kirtland, tao anatin'izany ny fividianan-tany mora mba hakana tombony sy ny fahasahiranana nianjady teo amin'ny rafitra ara-bola naorin'i Joseph Smith sy ireo mpikamban'ny Fiangonana hafa. Tsy hoe hendry foana ny fanapahankevitra mahakasika ny zavatra ara-nofo izay noraisin'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana. Nianjadian'ny fahaverezam-bola lehibe i Parley ary nisy fotoana lasa tezitra tamin'ny Mpaminany Joseph.[10] Nanoratra fanakianana henjana tany amin'i Joseph izy ary nilaza ny fanoherany azy teny amin'ny polipitra. Tamin'izany fotoana izany ihany dia nilaza i Parley fa nanohy nino ny Bokin'i Môrmôna ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izy.[11]

Namoy ny vadiny sy ny taniny ary ny tranony ny Loholona Pratt. Nandeha nankany Missouri i Parley saingy tsy nilaza izany tamin'i Joseph. Teny an-dalana ho any dia nihaona tampoka tamin'ireo Apôstôly namana dia i Thomas B. Marsh sy i David Patten izy izay niverina ho any Kirtland. Nahatsapa filana goavana ny hamerenana ny filaminana teo anivon'ny Kôlejy izy ireo ka nandresy lahatra an'i Parley mba hiverina hiaraka amin'izy ireo. Nahatsapa izy fa tsy nisy na iza na iza namoy zavatra bebe kokoa noho i Joseph Smith sy ny fianakaviany.

Nitady mafy ny Mpaminany i Parley, dia nitomany sy nibaboka fa tsy nety ny zavatra nataony. Teo "ambanin'ny rahona maizina" i Parley, amam-bolana maro taorian'ny nahafatesan'i Thankful vadiny ary resin'ny tahotra sy ny fahadisoam-panantenana.[12] Noho i Joseph nahafantatra hoe manao ahoana izany mitolona amin'ny fanoherana sy ny fakam-panahy izany, dia "namela tanteraka" an'i Parley izy ary nivavaka sy nitsodrano azy.[13] Nahazo tombontsoa avy tamin'ireo olana natrehana tany Kirtland i Parley sy ireo olona hafa izay nitoetra ho mahatoky. Nitombo fahendrena izy ireo ary lasa mendrika sy tsara toetra kokoa. Lasa anisan'ny nandrafitra ireo fototra iorenan'ny finoan'izy ireo ny zavatra niainan'izy ireo.

Ny fahoriana dia tsy tokony horaisina ho toy ny tsy fankasitrahana avy amin'ny Tompo na fisintahan'ireo fitahiana. Ny fifanoherana amin'ny zavatra rehetra dia anisan'ny ao anatin'ny afon'ny mpandrendrika mba hanomanana antsika amin'ilay hoavy selestialy mandrakizay.[14] Tamin'ny Mpaminany Joseph tao amin'ny Fonjan'i Liberty, ny tenin'ny Tompo taminy dia namaritra ireo karazana olana rehetra, ka tafiditra tao anatin'izany ny fahoriana, sy ny fanendrikendrehana, ka nifarana tamin'ny hoe:

"Raha ireo valanoranon'ny helo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany.

"Efa nidina tambanin'izany rehetra izany ny Zanak' Olombelona. Moa ve ianao lehibe kokoa noho Izy?"[15]

Ny Tompo, tao anatin'io torolalana nomeny an'i Joseph Smith io, dia nilaza mazava tsara fa fantatra ny andro hahavelomany ary tsy hahena. Nofaranan'ny Tompo hoe: "Aza matahotra izay mety hataon'ny olona, fa homba anao mandrakizay mandrakizay Andriamanitra."[16]

Inona ary izany ireo fitahiana avy amin'ny finoana? Inona no zavatra tanterahin'ny finoana? Mila tsy ho tapitra ny lisitra:

Afaka ny ho voavela ny fahotantsika noho ny finoantsika an'i Kristy.[17]

Izay rehetra manam-pinoana no manana firaisana amin'ny Fanahy Masina.[18]



Ny famonjena dia tonga amin'ny alalan'ny finoana ny anaran'i Kristy.[19]

Mahazo hery araka ny finoantsika an'i Kristy isika.[20]

Tsy misy na iza na iza miditra ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo afa-tsy ireo izay efa nanasa ny fitafiany tamin' ny ran'i Kristy noho ny finoany.[21]

Voavaly ny vavaka araka ny finoana.[22]

Raha tsy misy finoana eo anivon'ny olona dia tsy afaka manao fahagagana eo anivony Andriamanitra.[23]

Farany, ny finoantsika an'i Jesoa Kristy no fototra tena ilaina ho an' ny famonjena sy ny fisandratantsika mandrakizay. Tahaka ny nampianarin'i Helamàna ireo zanakalahiny dia: "Tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo . . . , izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."[24]

Feno fankasitrahana aho noho ny fanamafisana orina ireo fototra iorenan'ny finoana izay azo tamin'ity fihaonambe ity. Ny fiangaviako dia ny mba hanaovantsika fahafoizan-tena sy hananantsika ny fanetrentena ilaina amin'ny fanamafisana orina ireo fototra iorenan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy Tompo. Mijoro ho vavolombelona azo antoka ny Aminy aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Malcolm Gladwell, *Outliers: The Story of Success* (2008), 40. Nindrana ny teny nolazain'ilay neurologue Daniel Levitin izy.
2. Fitantarana an-tsoratra momba an'i Bryant Hinckley Wadsworth tamin'ny fahafatesany, *Deseret News,* 15 jan. 2017, legacy.com/obituaries/deseretnews.
3. Jereo ny 2 Nefia 28:30. Tsy mandray fahalalana iray manontolo mikasika ilay zavatra iray na ireo fitsipika rehetra mifandray amin'izany isika. Tonga izany rehefa ilaina: andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika.
4. Ao amin'ny edisiôna voalohan'ny Bokin'i Môrmôna, izay natonta tamin'ny 1830, dia nanoratra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Tiako ny mampahafantatra anareo fa nandika teny tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny aho" (jereo ny preface to the Book of Mormon [1830]). Ireo edisiônan'ny Bokin'i Môrmôna nivoaka taty aoriana dia ahitana fanambarana mitovy amin'izany koa: "Natolotra an'i Joseph Smith ny takelaka ka izy no nandika izany tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny" (jereo ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna [2013]).
5. Nitantara i Orson Pratt fa im-betsaka izy no nanatrika teo rehefa nandika ny Testamenta Vaovao i Joseph Smith ka nanontany tena ny amin'ny antony tsy nampiasany fitaovana nandritra ny fanaovana izany. "Nitraka i Joseph, toy ireny nahita ny tao an-tsain'ny Loholona Pratt ireny ka nanazava fa nomen'ny Tompo azy ny Orima sy Tomima tamin'ny fotoana tsy mbola nananany traikefa eo amin'ny fanahin'ny fanentanam-panahy. Saingy tamin'izay dia efa tena nivoatra izy ka takany ireo fomba fiasan'ny Fanahy, ary tsy nila ny fanampian'izany fitaovana izany" ("Two Days' Meeting at Brigham City, 27 sy 28 jona 1874," *Millennial Star,* 11 aog. 1874, 499; jereo koa ny Richard E. Turley Jr., Robin S. Jensen, sy ny Mark Ashurst-McGee, "Joseph the Seer," *Liahona,* ôkt. 2015, 10–17).
6. Ilay filohan'ny misiôna dia i Elder Marion D. Hanks, izay efa Manampahefana Ambony koa.
7. Jereo ny Lioka 8:43–48.
8. Jereo ny Asan'ny Apostoly 2.
9. Jereo ny Môsià 2:36–37; jereo koa ny Henry B. Eyring, "Spiritual Preparedness: Start Early and Be Steady," *Liahona,* nôv. 2005, 38: "Noho izany ny fisedrana lehibe eto amin'ny fiainana dia ny mijery raha toa isika ka hanaraka sy hankatò ny didin' Andriamanitra ao anatin'ny oram-baratry ny fiainana. Tsy hoe miaritra ny oram-baratra no zava-dehibe fa ny misafidy ny tsara rehefa mitroatra izany. Ary ny zavatra ratsy eo amin'ny fiainana dia ny fahasena teo anatrehan'izany fisedrana izany ary ny tsy fahafahana noho izany hiverina amimboninahitra any amin'ilay fonenantsika any an-danitra."
10. Jereo ny Terryl L. Givens q Matthew J. Grow, *Parley P. Pratt: The Apostle Paul of Mormonism* (2011), 91–98; volume introduction and introduction to part 5, *The Joseph Smith Papers, Documents, Volume 5: October 1835–January 1838,* navoakan'i Brent M. Rogers and others (2017), xxviii–xxxi, 285–93.
11. Jereo ny "Letter from Parley P. Pratt, 23 May 1837," ao amin'ny *The Joseph Smith Papers, Documents, Volume 5: October 1835–January 1838,* 386–91.
12. Jereo ny "History of John Taylor by Himself," 15, in Histories of the Twelve, 1856–1858, 1861, Church History Library; Givens and Grow, *Parley P. Pratt,* 101–2.
13. Jereo ny *The Autobiography of Parley P. Pratt,* navoakan'i Parley P. Pratt Jr. (1874), 183–84.
14. Jereo ny 2 Nefia 2:11.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7–8.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9.
17. Jereo ny Enôsa 1:5–8.
18. Jereo ny Jarôma 1:4.
19. Jereo ny Môrônia 7:26, 38.
20. Jereo ny Almà 14:26.
21. Jereo ny 3 Nefia 27:19.
22. Jereo ny Môrônia 7:26.
23. Jereo ny Etera 12:12.
24. Helamàna 5:12.



# Manome anjara toerana ny Fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika

*Ampiasao ny sasany amin'ireto asa atao sy fanontaniana ireto ho fanombohana ny fandalinana ataon'ny tena manokana na ataon'ny mpianakavy.*

**Ho an'ny ankizy**

- Pejy 86: Nanasa antsika hamaky isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ny Filoha Thomas S. Monson sady nampanantena hoe: "haneho ny fahamarinan'izany aminao ny Fanahy Masina." Fanampin'ny fandalinana ataonao manokana dia afaka manao fahazarana ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro miaraka amin'ny fianakavianao ianao. Afaka milalao an-tsehatra na manao kilalao ianareo hahatsiarovana ireo andininy sy tantara manan-danja. Mandehana ao amin'ny friend.lds.org ary jereo ny gazetiboky *Liahona* 2016 hahitana ireo tantara sy fandaharampamakiana ny Bokin'i Môrmôna ary ny maro hafa.
- Pejy 117: Nolazain'ny Loholona Gary E. Stevenson ny fomba nihainoan'ny rainy ny Fanahy Masina ka nanavotany azy tamin'ny bibilava. Anontanio ny ray amandreninao raha toa ka afaka manao fifanakalozan-kevitra ny fianakaviana momba ny hoe: Ahoana no hanampian'ny Fanahy Masina anareo? Zarao ireo fotoana izay nampitandreman'ny Fanahy Masina anao na nankaherezany anao na nijoroany ho vavolombelona taminao. Afaka mirakitra izany an-tsoratra mihitsy aza ianao ka manoratra boky iray.
- Pejy 87: Nampianatra ny Rahavavy Joy D. Jones fa afaka miomana hanao fanekempihavanana masina ianao any aoriana any amin'ny fiainana mitandrina fampanantenana ankehitriny. Mametraha tanjona ianao ary manaova fampanantenana ny hanaraka izany. Angataho ny namana iray hanontany anao mateti-ka sy hanao izay hitandremanao ny fampanantenana nataonao.
- Pejy 90: Nizara sosokevitra vitsivitsy avy tamin'ny rainy ny Loholona Yoon Hwan Choi: "Aza mijery ny manodidina anao, fa miandrandrà!" Variana isika indraindray ka manadino ny mifantoka amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Koa ampahatsiahivo ny tenanao mba hiandrandra! Azonao atao ny manantona sarin'i Jesoa iray ao an'efitranonao. Mivoaha any ivelany dia jereo ny lanitra. Makà fotoana mangina isan'andro mba hieritreretana momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa sy hahatsapana ny Fanahy.

**Ho an'ny tanora**

- Pejy 93 sy 117: Efa nanontany tena ve ianao hoe: Ahoana no hahafahako manana ny Fanahy Masina miaraka amiko? Ahoana no hamantarako ny Fanahy Masina? Ahoana no hanampian'ny Fanahy Masina ahy? Namaly ireo sy ny fanontaniana maro hafa ny Loholona Ronald A. Rasband sy Gary E. Stevenson. "Andraikitra masina ananantsika ny hianatra hamantatra ny fitaomany eo amin'ny fiainantsika ary hamaly izany," hoy ny Loholona Rasband. Ahoana no hanatontosanao izany andraikitra izany?
- Pejy 33: Nitanisa ny ampahany amin'ny soratra masina filamatry ny Mutuel ny Loholona Ulisses Soares: "Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana. Fa izay miahanahana dia toy ny alondranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany" (Jakoba 1:6 ao amin'ny baiboly). Ahoana no hitandremanao ny tenanao tsy hiahanahana? Atombohy amin'ny fampatanjahana ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Mandalina bebe kokoa momba Azy. Tsarovy ireo fotoana nahatsapanao ny fitiavany sy ny fiadanany.

- Pejy 86 sy 9: Nanasa antsika ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Raha tsy mamaky isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ianao dia ataovy izany." Ary ny Rahavavy Carol F. McConkie dia nanontany hoe: "Moa ve isika mamela ny finday sy ny lisitra lava be ahitana ireo zavatra mila atao ary ny fieritreretana ireo zavatr'izao tontolo izao? Ny vavaka, ny fandalinana ary ny fanarahana ny tenin' Andriamanitra dia manasa ilay fitiavany manadio sy manasitrana ho ao amin'ny fanahintsika." Mametraha fotoana iray isan'andro hamakiana ny Bokin'i Môrmôna ary asio fampahatsiahivana ao amin'ny bokin'ny fandaharampotoanao na amin'ny findainao.

**Ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony**

- Pejy 62: Inona ireo tanjonao ho an'ny fiainanao? Tsara ireo tanjona ho an'ny asa, fianakaviana ary na ny fanatanjahantena sy fialamboly aza, saingy "ny tanjontsika lehibe sy ambony indrindra dia tokony hifanaraka amin'ny drafitra mandrakizain'ny Ray any An-danitra," hoy ny nampianaran'ny Loholona M. Russell Ballard. Mifanaraka amin'ny drafitry ny Ray any Andanitra ve ireo tanjonareo? Ahoana no ahafahanareo mifantoka bebe kokoa amin'ny tanjona mba hiaina mandrakizay miaraka amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Pejy 39: Tany amin'ny fiandohan'ity taona ity, ny Filoha Russell M. Nelson dia nanasa ireo tanora tokantena sy mpivady vao herotrerony mba "hanokana ampahany amin'ny fotoan'izy ireo isan-kerinandro mba handalina *ny zavatra rehetra* nolazan'i Jesoa sy nataony izay voarakitra ao amin'ny [soratra masina eken'ny Fiangonana]" ("Prophets, Leadership, and Divine Law" [fampaherezam-panahy ho an'ny tanora tokantena sy mpivady vao herotrerony, 8 jan. 2017], broadcasts.lds.org). Naverina izany fanasana izany tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany mba ho isan'ireo singa manan-danja efatra amin'ny fisintonana ny herin'ny Mpamonjy ho eo amin'ny fiainantsika. Halalino ny lahatenin'ny Filoha Nelson hianarana ny fomba hahafahanareo mahazo "hery ampy hizakana ireo enta-mavesatra sy sakantsakana ary fakam-panahy misy amin'izao androntsika izao."
- Pejy 100 sy 26: Te hahazo fanoroandalana ho an'ny fiainanareo ve ianareo? Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks hoe: "Noho ny fanantsika ny fahamarinana momba Ny Andriamanitra sy ny fifandraisantsika amin'Izy ireo, momba ny tanjon'ny fiainana, ary ny endriky ny hiafarantsika mandrakizay, dia manana ny sori-dalana sy antoka tsara indrindra isika amin'ny diantsika amin'ny fiainana an-tany." Izy sy ny Loholona Weatherford T. Clayton dia samy nampianatra fa afaka manampy antsika amin'ireo olana ananantsika ankehitriny ny fahalalana momba ny drafitry ny famonjena. Halalino ny hafatr'izy ireo ary anontanio ny Ray any An-danitra ny fomba hanoloran'ireo fahamarinana mandrakizay fanoroan-dalana eo amin'ny fiainanareo.
- Pejy 104: Afaka manentana hanao zavatra ny tahotra, kanefa ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia nampianatra fa ny tahotra dia "tsy hanova antsika velively ho lasa ilay olona izay tia ny tsara sy maniry ny hankatò ny Ray any An-danitra." Ahoana ny fitiavana madion'i Kristy no afaka ny ho "ilay vahaolana notendren' Andriamanitra" ho an'ny tahotra ananantsika?

**Ho an'ny Olon-dehibe**

- Pejy 86: Rehefa mandalina sy misaintsaina ombam-bavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna isika, hoy ny Filoha Thomas S. Monson dia "ho afaka handre ny feon'ny Fanahy, hanohitra ny fakam-panahy, handresy ny ahiahy sy ny tahotra, ary handray ny fanampian'ny lanitra eo amin'ny fiainantsika." Mametraha tanjona hamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro, an'ny tena manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana.
- Pejy 39: Mandraisa anjara amin'ilay fanamby nomen'ny Filoha Russell M. Nelson ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony (jereo etsy ambony ny "Ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony"). Amin'ny fomba ahoana no hampifanarahanareo io fanamby io amin'ny tenanareo sy amin'ny fianakavianareo? Ifampiresaho ireo fitahiana izay tonga avy amin'ny fianarana bebe kokoa momba ny Mpamonjy.
- Pejy 93 sy 117: Rehefa mamaky ireo lahateny nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband sy ny Loholona Gary E. Stevenson ianareo dia tadiavo ireo fomba hananana mandrakariva ny Fanahy sy ny fomba hanampian'ny Fanahy anareo. Milazà fomba hampitomboana ny fitaomany eo amin'ny fiainanareo.
- Pejy 39 sy 62: Ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Loholona M. Russell Ballard dia namporisika ireo mpikambana mba handalina ny "Ilay Kristy Velona: ny tenivavolombelon'ireo apôstôly" (jereo ao anatiny amin'ny fonony eo aloha). Nilaza ny Loholona Ballard hoe: "Mametraha tahadika iray amin'ny toerana izay ahafahanao mahita izany, ary makà fotoana hijerena ny filazana tsirairay hita ao amin'io tenivavolombelona nentanim-panahy momba an'i Kristy." Vakio miaraka amin'ny fianakaviana ny "Ilay Kristy Velona" ary ifanakalozy hevitra ny zavatra nianaranao.
- Pejy 127 sy 97: Nampianatra ny Loholona Quentin L. Cook fa ny fototry ny finoantsika dia miorina "tsikelikely, amin'ny alalan'ny sosona iray, traikefa iray, fanamby iray, faharesena iray, ary fahombiazana iray isaky ny mandeha." Nilaza ny Loholona L. Whitney Clayton hoe: "Ny fanaovana fahazarana amin'ny finoana kely isan'andro no hany fomba tsara indrindra hampatanjahana ny tenantsika hanohitra ireo olan'ny fiainana, na inona na inona izany." Inona no azonao atao isan'andro mba hanatanjahana fototry ny finoanao? ■


*Ireto zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ireto dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

| Mpandahateny | Tantara |
|---|---|
| **Neil L. Andersen** | (58) Nahita ny Mpamonjy sy ireo izay "nandresy izao tontolo izao" ny Filoha David O. McKay. Narary voa ny Loholona Bruce D. Porter kanefa nandresy izao tontolo izao izy tamin'ny alalan'ny fitiavany ny Mpamonjy. |
| **David A. Bednar** | (67) Nanampy misiônera niverina izay diso fanantenana i David A. Bednar. |
| **Mark A. Bragg** | (36) Nanavotra ireo sary hosodoko misy an'i Jesoa Kristy tao amin'ny ivontoeran'ny tsatòka iray main'ny afo ireo mpamono afo. |
| **M. Joseph Brough** | (23) Nandre fitarihana feno fahendrena avy tamin'ny reniny ny rain'i M. Joseph Brough. Fony zatovolahy i M. Joseph Brough dia nikatsaka ny sitrapon'ny Ray any An-danitra rehefa niomana ny hamoy ny alikany. Tao amin'ny tempoly no nianaranan'i M. Joseph Brough fa miahiahy momba azy ny Ray any An-danitra. |
| **Linda K. Burton** | (12) Namelona ny fianakaviany i Drusilla Hendricks rehefa nanjary nalemy ny vadiny. Nanompo ny hafa sady nitolona tamin'ny homamiadana ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana iray. |
| **Gérald Caussé** | (75) Noho ny seminera dia nahazo toerana ambony kokoa i Gérald Caussé, fony 30 taona. (86) Nahita fomba hanompoan'ny zatovolahy iray ny mpikambana tao amin'ny paroasy iray. |
| **Yoon Hwan Choi** | (90) Nampianatra an'i Yoon Hwan Choi ny rainy hoe: "Aza mijery ny manodidina anao, fa miandrandrà." Voatahy i Choi kely raha nanao asa fitoriana ny ray aman-dreniny. Ny fiantsoana an'i Yoon Hwan Choi ho ao amin'ny Fitopololahy dia midika hoe hihena ny fotoana hiarahany amin'y fianakaviany kanefa faly ny zanany lahy satria "fianakaviana mandrakizay" izy ireo. |
| **L. Whitney Clayton** | (97) Nanoro hevitra ireo mpikambana sahiran-tsaina tao amin'ny paroasiny ny eveka tanora iray mba hazoto amin'ireo fampiharana finoana fototra. |
| **Weatherford T. Clayton** | (26) Hitan'i Weatherford T. Clayton ny fifaliana entin'ny zaza vao teraka ho an'ny reniny. Taorian'ny nahafatesan'ny renin'ny zanakavavy roa dia nahita fankaherezana tamin'ny alalan'ny finoany ny Mpamonjy izy ireo. |
| **Quentin L. Cook** | (127) Ny zanakalahin'i Quentin L. Cook, izay efa-taona, dia "afaka manao ny zavatra rehetra ankehitriny." Fony mbola zatovolahy i Quentin L. Cook, dia nahazo fanamafisana avy tamin'ny Fanahy momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy. Nitombo fahendrena sy hasina i Parley P. Pratt tamin'ny fijanonana ho mahatoky na dia teo aza ny fahoriana. |
| **Bonnie H. Cordon** | (6) Nangataka ny hamaky soratra masina bebe kokoa ny zafikelilahin'i Bonnie H. Cordon. Ny fiadanana tsapany avy tamin'ny vavaka nataon'ny reniny dia nanome risi-po an'i Bonnie H. Cordon mba hankatò ny Tompo. Ny olona iray mararin'ny homamiadana dia nahazo tanjaka sy herim-po hiatrika ny aretiny tamin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa. |
| **Valeri V. Cordón** | (55) Fony zatovolahy i Valeri V. Cordón dia nahita ny fianakaviany voatahy noho ny fandoavana fahafolonkarena. |
| **Joaquin E. Costa** | (112) Raha nandray ireo lesona avy tamin'ny misiônera i Joaquin E. Costa dia nanetry tena izy ary nandray ny fibebahana ho ilay lalana mankany amin'ny fitomboana sy fahasambarana. |
| **Henry B. Eyring** | (15) Namela ny Fanahy Masina hanazava ny tranokely vy nanaovana ny fivoriana fanasan'ny Tompo ireo mpikambana feno fanetrentena tany Autriche  Namela an'i Henry B. Eyring hahita ny zanany lahy kely pelika araka ny ahitan' Andriamanitra azy ny Fanahy Masina.<br>(19) Na ny teknôlôjia tsara indrindra aza dia tsy mahasolo ny fanambarana ho an'ny tena manokana.<br>(82) Niantehitra tamin'ilay fampanantenana fa ho ao am-pony ny Fanahy Masina ary hanohana azy ny anjely i Henry B. Eyring rehefa nanao asa fanompoana ao amin'ny fisoronana. |
| **C. Scott Grow** | (121) Nanao asa fitoriana ny ray aman-dreny sy rafozan'i C. Scott Grow. Nanatri-maso ny fivoarana ara-panahin'ny Loholona Neal A. Maxwell i C. Scott Grow. |
| **Joy D. Jones** | (87) Nitandrina ny fampanantenany tamin'ny ray aman-dreniny tsy handrabiraby ny zandriny vavy dimy taona ny zokilahy iray. |
| **Carol F. McConkie** | (9) Ny filohan'ny kilasin'ny toho-tantely iray izay 13 taona monina any Ghana dia nanampy ireo namany hanao ny raharaha ao an-trano mba hahafahan'izy ireo mandeha any am-piangonana. |
| **Russell M. Nelson** | (39) Nitandrina ny fanolorantenany handray anjara amin'ny fivorian'ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòka ny ravintsara iray na dia voaroaka tamin'ny fifaninana iray teo amin'ny faritra aza. |
| **S. Mark Palmer** | (114) Fony filohan'ny misiôna i S. Mark Palmer dia nianatra "nijery" ireo misiônera sy nitia azy ireo araka ny itiavan'ny Ray sy ny Zanaka azy ireo. |
| **Ronald A. Rasband** | (93) Nampiasa ny tongony hanakanana ny varavarana iray tsy hikatona i Ronald A. Rasband fony izy misiônera. Nahatsapa ho notaomim-panahy hitsidika sy hanome tsodrano ireo mpikambana tany Equateur taorian'ny horohoron-tany tany ny Loholona Ronald A. Rasband. Namporisika ireo misiônera mba hanao asa araka ny bitsika voalohany voaray i Ronald A. Rasband fony izy filohan'ny misiôna. |
| **Dale G. Renlund** | (29) Ao amin'ny *Les Misérables,* nandrisika an'i Jean Valjean hanova ny fiainany ny famindrampon'ny eveka iray. Norabiarabiana sy nenjehina i Dale G. Renlund raha mbola zatovo tany Eorôpa izy. |
| **Gary B. Sabin** | (52) Niaritra hatsiaka nandritra ny alina manontolo ny zazalahy skoto iray. Nitsamboatra niverina foana ny sac de boxe azo abontsika satria "nijoro ao anatiny izy." Nampianatra tantsambo namana roa izay talanjona tamin'ny ohatra tsara nasehony ny rain'i Gary B. Sabin. |
| **Joseph W. Sitati** | (33) Nanavao ny fanoloratenany hanompo an' Andriamanitra amim-pahazotoana ny misiônera amin'ny fotoana feno iray rehefa fantany fa nody mandry ny anabaviny. |
| **Gary E. Stevenson** | (117) Talanjona tamin'ny lesona ho an'ny takarivan'ny mpianakavy nataon'ny zazalahy sivy taona iray i Gary E. Stevenson. Niaro an'i Gary E. Stevenson mbola kely tamin'ny bibilava iray ny bitsika iray. Niaro ireo misiônera nandritra ny horohoron-tany iray tany Japana ny bitsika azon'ny filohan'ny misiôna iray. Nahazo fankaherezana avy tamin'ny Fanahy Masina ireo olona tao amin'ny fianakaviana iray taorian'ny lozam-piarakodia mahatsiravina iray. |
| **Dieter F. Uchtdorf** | (104) Faly amin'ny fahavitan'ny Tempolin'i Madrid Espagne i Dieter F. Uchtdorf na dia tsy voasa tamin'ny fanokanana aza. Ny Filoha James E. Faust dia nilaza tamin'i Dieter F. Uchtdorf mba tsy "hankafy loatra" ny dera avy amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Nampianatra ireo mpitarika vaovao ny Filoha J. Reuben Clark Jr. mba hanaraka ny lalàna fahenina. Ny filohan'ny tsatòka teo aloha iray dia nilatsaka an-tsitrapo mba hanadio rehefa avy mandalo ny soavaly nandritra ny filaharana tao an-tanàna. |



## Loholona Taylor G. Godoy

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*



## Loholona Joni L. Koch

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Rehefa avy nanao ny asany nandritra ny taona maro ny Loholona Taylor G. Godoy dia tsy maintsy nandray fanapahan-kevitra manan-danja izay hitondra fiovana lehibe teo amin'ny fiainany izy.

Mpitsabo nify no asany teo aloha. Nanangana trano fitsaboana nify izy ary naminavina ny hampianatra momba ny fandidiana amin'ny fitsaboana nify. Kanefa nisy mpitarika lalaina sy azo itokisana iray tao amin'ny fisoronana nanasa azy hiasa ho an'ny Seminera sy Institiota.

Ny fialana tamin'ny asa fivelomana tena niroborobo tahaka izany dia safidy mahaliana ho an'ilay mpitsabo nify vao herotrerony, izay notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 1 aprily 2017. Maro tamin'ireo mpiara-miasa taminy no nanontany tena hoe ahoana no ahafahany hiala amin'ilay asany.

"Saingy fantatro fa izay no safidy tsara," hoy izy. Ny fahatokian-tena tsy am-pihambahambana toy izany no mamariparitra ny olona niova fo ao amin'ny Fiangonana. Ny fanampiana ny hafa hahafantatra sy ho lasa tia ny filazantsara dia nanjary lasa fahafahana manao zavatra sy fitahiana nanoritsoritra ny fiainana.

Nandritra ny asa nataony tao amin'ny fampianaran'ny Fiangonana dia efa mpampianatra, mpandrindra, tale, ary tale nasionaly tamin'ny institiota ny Loholona Godoy. Vao tsy ela mihitsy izy dia talen'ny Seminera sy Institiota tao amin'ny vondrom-paritra avaratra andrefan'i Amerika Atsimo.

I Taylor Guillermo Godoy Atanacio dia teraka tao Lima, Pérou, tamin'ny 1968, ary zanak'i Taylor Godoy sy Adalzahinda Atanacio. Nodimandry ny rainy fony izy zazalahikely, ary i Elias Rebaza, raikely malalany, no nitaiza azy. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny Loholona Godoy rehefa feno 17 taona.

Rehefa avy nanompo tao amin'ny Misiônan'i Pérou Lima avaratra izy dia niverina tany amin'ny tanàn-dehibe niaviany ao Arequipa. Tao izy no nikolokolo finamanana tamin'ny tovovavy iray antsoina hoe Carol Pacheco. Nivady tamin'ny 31 mey 1994 tao amin'ny Tempolin'i Lima Pérou izy roa izay samy mpikambana niova fo. Manan-janaka roa izy ireo.

Nahazo mari-pahazaina maîtrise tamin'ny lalam-piofanana fitsaboana nify avy tao amin'ny Catholic University of Santa Maria izy tamin'ny 1993 ary nahazo mari-pahaizana master en administration avy tao amin'ny Technical University of Madrid tamin'ny 2006.

Efa eveka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, filohan'ny tsatòka, talen'ny affaires publiques tao amin'ny vondrom-paritra, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. ■

Ny Loholona Joni Luiz Koch dia mpikambana avy amin'ny taranaka faharoa ao amin'ny Fiangonana avy ao Brésil. I Luiz sy Etelca Gascho Koch ray aman-dreniny dia nitsidika karazam-piangonana teo an-toerana tao anatin'ireo taona voalohany nivadian'izy ireo mba hitady fahamarinana ara-panahy.

Ora maromaro taorian'ny nanaovan'ny reniny vavaka tena avy amin'ny fo sy nampanantenany hanaraka an' Andriamanitra dia tonga teo am-baravaran'ny ray aman-dreniny ny misiônera. Vita batisa tao anatin'ny enim-bolana latsaka izy ireo.

Ny Loholona Koch dia teraka tamin'ny 1962 ary lehibe tao Joinville Santa Catarina, ao Brésil. Nanampy azy hanolo-tena hiaina ny filazantsara ny fitarihan'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, toy ny mpampianatra iray feno fanoloran-tena tao amin'ny Kilonga, ny eveka iray izay nampiseho fitiavan-dray, ary ny filohan'ny tsatòka be herim-po iray.

Rehefa nahavita asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tao amin'ny Misiônan'i Brésil São Paulo avaratra ny Loholona Koch dia nianatra momba ny antontan'isa tao Brigham Young University tao Provo Utah, Etazonia izy. Hoy ny Loholona Koch hoe: "Teny an-dalana hiverina any Brésil dia nitsidika ny paroasin'ny namana iray aho, ary tao no nihaonako tamin'ilay ho vadiko." "Nanatona ahy izy dia nanontany ahy raha toa aho ka manam-bady." Taorian'ny fiezahana hifankafantatra nandritra ny valo volana na dia nifanalavitra aza, ary 15 andro ihany no tena niarahana mivantana, dia nanambady an'i Liliane Michele Ludwig izy tamin'ny 26 aprily 1988 tao amin'ny Tempolin'i São Paulo Brésil. Manan-janaka roa izy ireo.

Rehefa nahavita fianarana tao BYU ny Loholona Koch ka nahazo mari-pahaizana executive MBA dia niasa tao amin'ny logistiques iraisam-pirenena izy. Tao anatin'ny 25 taona dia niasa ho an'ny orinasa isan-karazany izy mandra-piantsoana azy hanompo amin'ny fotoana feno ho an'ny Fiangonana.

Efa eveka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ny Loholona Koch. Filohan'ny Misiônan'i Mozambique Maputo izy tamin'ny niantsoana azy ho Fitopololahy Manampahefana Ambony.

"Rehefa nandeha ny fotoana dia niorina tsikelikely tamin'ny alalan'ny zavatra niainana ara-panahy noraisina avy amin'ny fiainana ny filazantsara ny fijoroana ho vavolombelona ananako," hoy ny loholona Koch. "Anisan'ireo singa fototra mampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny Fiangonany ary ny Mpaminany Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna." ■



## Loholona Adilson de Paula Parrella

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*



## Loholona John C. Pingree Zanany

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

Fony valo taona ny Loholona Adilson de Paula Parrella dia nanomboka nampianatra ny fianakaviany momba ny Mpaminany Joseph Smith sy ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara ny misiônera.

"Na tamin'izaho mbola kely aza dia tsy nanana ahiahy aho fa tena nahita an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy i Joseph Smith," hoy ny Loholona Parrella, izay notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 1 aprily 2017. "Tsy niahiahy velively ny amin'izany mihitsy aho nanomboka tamin'izany ka hatramin'izao."

Ny Loholona Parrella dia teraka tamin'ny 1962 tao Guarujá brésil, tao amin'ny morontsirak'i Atlantika ao akaikin'i São Paulo, ary zanak'i Fioravante sy Vany de Paula Parrella

Samy nanao asa fitoriana ireo zokiny lahy anankiroa. Ny ohatra nasehon'izy ireo sy nasehon'ny eveka be fitiavana iray, dia i Angelino Borges de Freitas, izay nampianatra azy ny fomba hahatongavana ho mpihazona ny Fisoronana Aharôna, dia niteraka faniriana tao anatiny mba hanao asa fitoriana ny filazantsara amin'ny fotoana feno. Ny asa fitoriana ny filazantsara dia nanamafy taminy "ny tena fisian' Andriamanitra sy ny Zanany sy ny hoe zanak' Andriamanitra avokoa isika rehetra."

Rehefa avy nanompo tao amin'ny misiônan'i Porto Alegre Brésil ny Loholona Parrella dia nianatra tao amin'ny Brigham Young University ao Provo Utah Etazonia izy, ary tao no nahazoany ny mari-pahaizana maîtrise en communication sy ny mari-pahaizana maîtrise en administration des affaires. Efa tale jeneralin'ny Kodak Polychrome Graphics izy ary mpiara-miombon'antoka tao amin'ny Korn Ferry International. Vao haingana mihitsy izy dia mpiara-miombon'antoka tao amin'ny Caldwell Partners izy.

Nanambady an'i Elaine Finholdt tao amin'ny Tempolin'i São Paulo Brésil izy tamin'ny desambra 1988. Manan-janaka dimy lahy izy ireo.

Ny Loholona Parrella dia efa filohan'ny sampana, eveka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary filohan'ny Misiônan'i Belo Horizonte Brésil nanomboka tamin'ny 2009 ka hatramin'ny 212.

Hatramin'ilay fotoana nihaonany tamin'ny misiônera dia toy ny dia hahatakarana ny fahatsapana izay tsapany fony izy valo taona ny fiainany. Ny fandehanana any am-piangonana, ny fanohizana mianatra avy amin'ny tenin' Andriamanitra ary ny fiezahana miaina ny didy dia nanampy azy hanitatra ny fomba fijeriny avy tamin'ilay fahamarinana kely nomena azy fony izy mbola kely. Hoy izy hoe: "Inty marina no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany." ■

"Ny fijoroana ho vavolombelona ananako dia niorina tsikelikely, rehefa nandeha ny fotoana, tamin'ny alalan' ny fahazoana valim-bavaka, ny fahatsapana ny Fanahy rehefa mamaky soratra masina, ny fibebahana, ary ny fanompoana ny Tompo," hoy ny Loholona John C. Pingree Zanany, izay notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 1 aprily 2017.

Izy izay naterak'i Carmen sy John C. Pingree Rainy, tamin' ny 1966 tao Salt Lake City, Utah, Etazonia dia nanome voninahitra ny finiavan'ireo ray aman-dreniny mba hanefena ny fiainany.

"Ny ampitson'ny nahaterahako dia nanoratra taratasy ho ahy ny raiko," hoy ny Loholona Pingree. "Notehiriziny izany taratasy izany, ary taty aoriana, rehefa nandeha nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno aho dia nalefany taty amiko izany. Nahitana pejy maromaro mirakitra ny fijoroana ho vavolombelona ananany sy ny lesona tiany ianarako mandritra ny fiainako ao anatin'ilay taratasy. Rehefa namaky izany aho dia nijoro ho vavolombelona tamiko ny Fanahy fa ny zavatra nampianarin'ny ray aman-dreniko ahy momba ny famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia fahamarinana."

Nanompo tao amin'ny Misiônan'i Massachusetts Boston, izay mampiasa ny teny espaniôla ny Loholona Pingree.

Nahazo mari-pahaizana amin'ny lalam-piofanana tamin' ny teny anglisy sy ny science pôlitique avy tao amin'ny Oniversiten'i Utah izy ary maîtrise en administration des affaires avy tao amin'ny Harvard Business School. Nanambady an'i Anne Pugsley izy tamin'ny Martsa 1990, ary manan-janaka dimy izy ireo.

Nifantoka tamin'ny fanampiana ny hafa ny ankabeazan'ny asa fivelomana nataony. Filohan'ny fikambanana mpanampy olona eo amin'ny lafin'ny fitsaboana izy ary filoha lefitra tao amin'ny orinasa roa mikarakara momba ny fahasalamana.

Filohan'ny Misiônan'i Texas Houston izy nanomboka tamin'ny 211 ka hatramin'ny 214 ary efa Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, filohan'ny tsatòka, eveka, filohan'ny kôlejin' ny loholona, ary mpampianatra institiota sy seminera.

"Hoy ny Tompo hoe -raha irinareo, dia ianareo no ho fitaovana amin' ny fanaovan-tsoa be amin' ity taranaka ity- (F&F 11:8)," hoy ny Loholona Pingree. "Amiko, ny Tompo dia milaza hoe -Afaka mampiasa anao Aho hanao soa eo amin'ny fiainan'ny olona hafa, raha avelanao hanao izany Aho.- Raha mitady fotoana ahafahana hanao zavatra isika dia hampiasa antsika hitahy olona hafa ny Ray any An-danitra." ■



## Loholona Brian K. Taylor

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*



## Loholona Taniela B. Wakolo

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*

I Brian King Taylor dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 1 aprily 2017.

Ny Loholona Taylor dia teraka tamin'ny 1964 tao Ogden, Utah, Etazonia, zanak'i Lowell Moon sy i Marie King Taylor. Lehibe tany akaikikaikin'i Kaysville izy, zaza fahefatra tao amin'ny fianakaviana iray nisy zanaka dimy izay tia nanjono sy nanao fanatanjahan-tena.

Nahazo vatsim-pianarana hilalaovana basketball tao amin' ny Utah State University tao Logan Utah i Craig zokiny lahy, ary niezaka nanapa-kevitra raha toa ka handeha hanao asa fitoriana na hanohy ny asany tao amin'ny oniversite.

"Indray alina rehefa nisakafo dia hoy aho [taminy] hoe -E! raha mandeha manao asa fitoriana ianao dia handeha hanao asa fitoriana aho-" hoy ny Loholona Taylor nitantara. Samy nanompo avokoa izy mirahalahy, ary ny Loholona Taylor dia nandeha tany amin'ny Misiônan'i Seville Espagne.

Talohan'ny asa fitoriany dia nilalao tao amin'ny ekipa mpilalao basketball an'ny Brigham Young University ny Loholona Taylor nanomboka tamin'ny 1982 ka hatramin'ny 1984 niaraka tamin'i Devin G. Durrant, izay mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany amin'izao fotoana izao.

Nihaona tamin'i Jill Featherstone, ilay ho vadiny ihany koa izy tao BYU. Nampianatra ny kilasin'ny fotopampianaran'ny filazantsara tao amin'ny paroasin'ny mpianatra nisy azy izy. Rehefa nasain'ny anadahiny ny Filoha Taylor dia nitsidika ny kilasiny ka nihaona taminy. Lasa nisy tantaram-pitiavana nandrobona teo amin'izy ireo, ka nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 30 aprily 1987. Manan-janaka fito izy ireo.

Rahavavy Taylor no vavitokana tamin'ireo zanaka fiton' ny Loholona Vaughn J. Featherstone, izay Manampahefana Ambony nisaorana tamim-boninahitra, sy Rahavavy Merlene Featherstone. "Olona tena nahay nandray tsara sy tsara fanahy tsotra izao izy ireo," hoy ny Loholona Taylor raha niresaka ireo havam-badiny. "Nahatsapa ho tiana avy hatrany aho."

Noho ny fananany mari-pahaizana maîtrise avy tao BYU dia nanangana orinasa maromaro ny Loholona Taylor, ka tafiditra ao anatin'izany ny orinasa iray izay nanamboatra logiciel handrindrana ireo antso vonjimaika teo amin'ireo orinasa misahana ny fitandroana ny filaminam-bahoaka.

Efa mpampianatra institiota, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, filohan'ny Zatovolahin'ny paroasy, filohan'ny tsatòka izy, ary tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Fitopololahy dia filohan'ny Misiônan'i Texas Dallas izy. ■

Ny Loholona Taniela Biu Wakolo dia nanokana ny andro rehetra teo amin'ny fiainany hanompoana ny Tompo nanomboka tamin'ny nanaovana batisa azy tamin'ny martsa 1994.

Ny Loholona Wakolo, izay teraka tamin'ny 1967 tao amin' ny nosy kelin'i Lomaloma, lau Fidji, zanak'i Taniela Vosa sy i Temalesi Buadromo Wakolo, no zandriny indrindra tamin'ny zaza enina. "Notezaina tao amin'ny tokantrano iray tena sahirana aho, saingy nanan-karena izahay raha ny fifankatiavana nisy teo aminay no resahina" hoy izy.

Teo amin'ny faha-12 taonany dia nandao ny tokantranon' ny ray aman-dreniny ny Loholona Wakolo mba hianatra tany amin'ny sekoly kilasimandry izay nahitana tovolahy mahery ny 500, izay 12 taona ka hatramin'ny 19 taona. "Toerana tena tsara nahafahako nianatra izany," hoy izy. "Tao no nianarako ny fitsipi-pifehezana ho an'ny tena manokana."

Nampiaraka nandritra ny herintaona mahery tamin'i Anita Herberta Moimoi izay mpikambana niova fo izy. Nivady tany Suva Fidji izy ireo tamin'ny 22 aogositra 1987.


Tsy nitranga vetivety ny fiovam-po ho an'ny Loholona Wakolo, ary nandritra ireo valo taona voalohany tao anatin'ny fanambadian'izy ireo dia nihaona tamin'ny misiônera maro izy. "Inefatra aho no nahavita nianatra hatramin'ny farany ny lesona nentin'ireo misiônera tao anatin'ny valo taona," hoy izy. "Misiônera 24 no nampianatra ahy."

Fanontaniana tsotra avy tamin'ny iray tamin'ireo misiônera ireo mikasika ny anaran'ny Fiangonana no nampiova hevitra azy mikasika ny batisa. "Mila antsoina amin'ny anaran'ny tompony ny Fiangonana," hoy izy. "Dia izay dia ampy ahy."

Ny Loholona Wakolo sy ny vadiny dia nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Nuku'alofa Tonga tamin'ny 1995. Manan-janaka roa izy ireo.


Nomena fahafahana hanompo avy hatrany izy taorian'ny batisany. Roa herinandro taorian'ny batisany dia nantsoina ho ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahin'ny paroasy izy ary nantsoina hiara-mampianatra seminera tamin'ny vadiny. Rehefa afaka herintaona latsaka dia nanaiky ny antso mba ho filohan'ny sampana izy. Taty aoriana izy dia mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho Fitopololahy Manampahefana Ambony dia niahy ny Misiônan'i Arkansas Little Rock izy.

Nianatra gestion sy administration publique ny Loholona Wakolo ary nahazo mari-pahaizana maîtrise tamin'ny gestion. Ny asany vao haingana indrindra dia talen'ny ivontoeran'ny asa fanompoan'ny Fiangonana tao Fidji. ■



## Jean B. Bingham

*Filohan' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany*



## Sharon Eubank

*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany*

Noho Rahavavy Jean B. Bingham efa nipetraka tamin'ny toerana maro tao Etazonia dia mankasitraka ny fomba hanomezan'ny filazantsara fitaomana tsy miovaova mandritra ireo fiovana eo amin'ny tontolo iainana izy.

Teraka tamin'ny 1952, tany Provo, Utah, Etazonia izy ary zanak'i Robert sy Edith Joy Barrus. Lehibe niaraka tamin'ny rahavavy enina sy anadahy roa izy. Tany Texas sy Minnesota Etazonia izy no nianatra tany amin'ny sekoly fanabeazana fototra, ary namarana ny fianarana tany amin'ny lycée tany New Jersey. Izy sy ireo mpiray tampo aminy no hany mpianatra Olomasin'ny Andro Farany tao amin'ny sekoly nisy azy mandra-pifindran'izy ireo tany New Jersey, ary dibo-kafaliana izy tany raha nahita zazavavy iray avy tao amin'ny paroasiny vaovao tao amin'ny kilasy nisy azy.

Taorian'ny nivadian'izy sy i Bruce Bingham tao amin'ny Tempolin'i Provo Utah tamin'ny 22 desambra 1972, dia nifindra tany Illinois izy ireo mba hanohizan'i Bruce Bingham ny fianarany.

Niteraka roa Rahalahy sy Rahavavy Bingham, ary noraisin'izy ireo ho toy ny zanany ireo zaza hafa notezainy tao an-trano. Nahazo diplôme d'associé momba ny fiainam-pianakaviana izy, ary rehefa nianatra tany amin'ny lycée ny zanak'izy ireo farany dia niverina nianatra izy ka nahazo mari-pahaizana maîtrise momba ny fampianarana.

Ny antson'ny rahavavy Bingham voalohany tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia tonga fotoana fohy taorian'ny nahaterahan'ny zanany voalohany. "Nantsoina hampianatra ireo lesona fanabeazana ny reny aho. Fahafahana lehibe ny nianatra avy tamin'ny ohatra nasehon'ireo rahavavy hafa sy avy tamin'ilay boky."

Betsaka tokoa ny dia nataon-drahavavy Bingham nandritra ny naha-mpikambana azy tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany sy naha-mpanolotsaina Voalohany azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany. Hitany ireo olana miseho sy fitahiana azo amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana any amin'ireo faritra manerana izao tontolo izao.

Manantena izy ny mba hahitan'ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ny hatsarana eo amin'izy samy izy. "Mety ho alaim-panahy isika ny hampitaha ny tenantsika amin'ny hafa, fa tsy mitondra voka-tsoa izany ary mifanohitra amin'izay zavatra irian'ny Ray any An-danitra ho antsika." Milaza izy fa ny Fikambanana Ifanampiana dia manampy ny rahavavy tsirairay hampitombo ny fahatakarany hoe iza izy ao anatin'ny sehatry ny mandrakizay. "Rehefa mampifantoka ny fiainantsika amin'i Jesoa Kristy isika dia fantatsika marina hoe iza isika," hoy izy. ■

Fony mpiasa vaovao tao amin'ny Sampan-draharaha fanampiana olona an'ny Olomasin'ny Andro Farany i Sharon Eubank dia nahita maso ny fijaliana, ny alahelo ary ny fahoriana izay nahatonga azy tsy afaka niasa tsara araka ny tokony ho izy. Tamin'ny alalan'ny vavaka no nahatonga azy hahatakatra fa na dia afaka manampy ny Tompo hikarakara ireo zanany aza izy dia tsy andraikiny ny manaisotra izany alahelo izany. "I Jesoa Kristy no tompon'andraikitra ny amin'izany. Izy no hitondra io enta-mavesatra io. Vahoakany ireo, ary mahare sy mamaly ny vavak'izy ireo Izy." Izany valim-bavaka izany dia nanova ny fahafahany nanampy sy nanompo.

Taona vitsy taty aoriana, rehefa tale mpitantana ny Asa fiantrana an'ny Olomasin'ny Andro Farany (LDS Charities), ilay fikambanana misahana ny fanampiana olona an'ny Fiangonana, Rahavavy Eubank dia nandefa fanampiana sy nampitombo ny fizakan-tena ho an'ireo sahirana manerana izao tontolo izao.


Notohanana ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany izy tamin'ny 1 aprily 2017, ary mbola hanohy hitana ny anjara andrakiny amin'ny maha-tale mpitantana ny Asa fiantrana an'ny Olomasin'ny Andro Farany azy. Nanazava izy hoe misy "rohy lehibe" mampifandray ny Asa fiantrana an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ny Fikambanana Ifanampiana, ka izany no mahatonga ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany mitana ny anjara asan'ny talen'ny Asa fiantrana an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

I Sharon dia teraka tamin'ny 1963 tao Redding Californie Etazonia, ary izy no vavimatoa amin'i zanaka fiton'i Mark sy Jean Eubank.

Nahazo ny mari-pahaizana maîtrise tamin'ny fianarana teny anglisy sy tantara avy tao amin'ny Brigham Young University ao Provo Utah Rahavavy Eubank ary nanompo tao amin'ny Misiônan'i  Helsinki Finlande.

Ankoatra ny asany tao amin'ny Departemantan'ny Asa fanasoavan'ny Fiangonana dia niasa tao amin'ny Capitol Hill tao Washington, D.C Etazonia rahavavy Eubank, sy nanana orinasa kely iray nitambarana tamin'olon-kafa, ary nipetraka tany ivelany tany Japana sy Frantsa.

Ny fahafahana tsirairay nananany dia "asa natao tamim-pinoana" izay nanampy azy hianatra ny fahaiza-manao ampiasainy amin'izao fotoana izao. Izany dia namela azy hihaona tamin'ny olona mahafinaritra tsy mpikambana sy mpikamban'ny Fiangonana, ary nahatonga azy ho tia sy hankafy ny maro amin'ireo kolontsaina sy fiteny ary sakafo eto amin'izao tontolo izao. ■



## Reyna I. Aburto

*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany*

Rahavavy Reyna I. Aburto dia teraka tao Managua Nicaragua tamin'ny 1963, ary zanak'i Noel Blanco sy Delbi Cardoza. "Niasa mafy hatrany ireo ray aman-dreniko mba hahafahan'izy ireo nanome izay nilainay," hoy rahavavy Aburto. "Tena faly aho tamin'ny fahazazako."


Raha vao dila mihitsy ny misasak'alina tamin'ny 23 desambra 1972 dia nisy horohoron-tany namely an'i Managua, fony izy sivy taona. "Avotra aho satria nisy fanaka kely tao aoriako, saingy raikitra tao ny tongotro roa." Rehefa nahare ny kiakiakan'izy sy ny reniny ny mpifanolo-bodirindrina dia tonga nisintona azy ireo avy tao amin'ilay trano biriky rava. Hitan'izy ireo tao ambanin'ireo korontana ny vata-mangatsiakan'ny zokiny lahy teo ambonin'ilay fandriana teo akaikin'ny azy. "Zavatra mandalo fotsiny ihany ny fananana, fa ny zavatra manan-danja dia ny fianakavianay," hoy izy.

Fony izy 21 taona dia nifindra monina tany Etazonia niaraka tamin'ny fianakaviany rahavavy Aburto. Tamin'izy nipetraka tao San Francisco Californie dia nampihaonina tamin'ny misiônera izy ka nanapa-kevitra ny ho avy any am-piangonana. "Raha vao niditra tao amin'izany trano izany aho dia afaka nahatsapa ny Fanahy. Fihaonamben'ny tsatòka tamin'izay, ary tsapako fa ny hafatra tsirairay avy dia natao ho ahy," hoy izy. Natao batisa izy tamin'ny 1989.

Nandritra izany fotoana izany no nihaonany tamin'i Carlos Aburto, dia lasa mpinamana izy ireo. Nanohy nifanoratra izy ireo na dia tamin'ny fotoana nifindran-drahavavy Aburto tany Orem Utah aza. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Jordan River Utah izy ireo tamin'ny 08 mey 1993. Manan-janaka telo izy.

Rahavavy Aburto, izay notohanana ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany tamin'ny 1 aprily 2017 dia niasa tao anatin'ny orinasan'ny fandikan-teny nandritra ny 25 taona mahery, anisan'izany ny tao amin'ny Novell Inc. sy Lemoine International. Manana orinasa kely mpandika teny izy mivady amin'izao fotoana izao. Nianatra momba ny génie industriel tao amin'ny Central American University tao Managua Nicaragua izy nandritra ny efa-taona ary nahazo diplôme d'associé tamin'ny informatique avy tao amin'ny Utah Valley State College tamin'ny 1997.

Efa nanompo tamin'ny antso maro karazana tato amin'ny Fiangonana Rahavavy Aburto, ka anisan'izany ny naha-mpikambana azy tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany nanomboka tamin'ny 212 ka hatramin'ny 216. ■



## Cristina B. Franco

*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany*

Fony mbola kely rahavavy Cristina B. Franco dia nianatra fa raha manana fanontaniana izy dia afaka mivavaka amin'ny Ray any An-danitra mba hahazo valiny.

"Tadidiko ny nanatonako ny reniko tamin'izaho 11 taona teo ho eo ka nametraka fanontaniana iray momba ny foto-pampianarana taminy," hoy izy. "Namaly ny fanontaniako izy saingy nilaza tamiko hoe -aza mino be ny teniko ianao.- Noho izany dia nivavaka aho ary nanontany ny Raiko any An-danitra raha marina ilay izy."

Voavaly ny vavaka nataony ary nanomboka tamin'izay ka hatramin'izao dia fantany fa manana Ray any An-danitra izay tia azy sy hamaly ny vavaka ataony izy.

I Cristina Beatriz Fragas, izay notohanana tamin'ny 1 aprily 2017 ho ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany dia teraka tamin'ny 1958 tao Buenos Aires Argentine, ary zanak'i Hugo R. sy Maria A. Godoy Fraga.

Tamin'izy telo taona dia nandondona ny varavaran'ny ray aman-dreniny ny misiônera. Rehefa avy nianatra sy nandeha tany am-piangonana tao anatin'ny valo volana teo ho eo dia niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny ray aman-dreniny ka nanomboka nitaiza ny fianakaviany tao anatin'ny filazantsara. Tao amin'ny Kilonga izy no nihaona tamin'i Rodolfo C. Franco; ankizy iray izay lasa namany akaiky taty aoriana.

Teo amin'ny faha-18 taonany dia nifindra tany Utah Etazonia ny fianakavian-drahavavy Franco. Tamin'izany fotoana izany dia nahafantatra izy sy i Rodolfo fa te hivady izy ireo, saingy voantso hanompo tao amin'ny tafik'i Argentine tao anatin'ny fotoana fohy izy. Nifanoratra izy ireo, ary rehefa vita ny fanompoana ara-miaramila nataony dia nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 15 desambra 1978. Manan-janaka telo lahy izy.

Nanara-dia ny rain'i rahavavy Franco izay mpanamboatra famantaranandro izy mivady ka dia niasa tao amin'ny trano fivarotana famantaranandro iray tao Salt Lake City efa ho telopolo taona.

Efa nanompo tamin'ny antso maro tao amin'ny Fiangonana rahavavy Franco. Nanompo tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany izy nanomboka tamin'ny 2005 ka hatramin'ny 210 ary, tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany dia nanompo niaraka tamin'ny vadiny izy rehefa niahy ny Misiônan'i Resistencia Argentine. ■



# Fanambarana antso vaovao

Nandritra ny fihaonambe dia nisy ny fanambarana momba ny fiantsoana Fitopololahy Manampahefana Ambony enina vaovao, Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany vaovao, ary ny fandaminana indray ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Nantsoina ho Fitopololahy Manampahefana Ambony ny Loholona Taylor G. Godoy, ny Loholona Joni L. Koch, ny Loholona Adilson de Paula Parrella, ny Loholona John C. Pingree Zanany, ny Loholona Brian K. Taylor, ary ny Loholona Taniela B. Wakolo.

I Jean B. Bingham no ho Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, miaraka amin'i Sharon Eubank ho Mpanolotsaina Voalohany ary i Reyna I. Aburto ho mpanolotsaina Faharoa. Talohan'ny niantsoana azy dia Mpanolotsaina Valohany tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany Rahavavy Bingham. I Bonnie H. Cordon, izay Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany no nambara fa ho Mpanolotsaina Voalohany vaovao, miaraka amin'i Cristina B. Franco ho Mpanolotsaina Faharoa.

Azo jerena manomboka ao amin' ny pejy 135 ny tantaram-piainan'izy ireo. Nisy ihany koa ny fanambarana mikasika ny fiantsoana Fitopololahin' ny Vondrom-paritra miisa 36 (jereo ny pejy 44). ■

# Tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana

Novain'ny Fikambanana Ifanampiana ny teny ao anatin'ny fehezan-teny milaza ny tanjon'izy ireo. Ankehitriny izany dia mivaky hoe: "Manomana ny vehivavy handray ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay ny Fikambanana Ifanampiana amin'ny fanampiana azy ireo hampitombo ny finoany ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, hanamafy orina ny isam-batan'olona, ny fianakaviana ary ny tokantrano amin'ny alalan'ny ôrdônansy sy fanekempihavanana, ary hiasa amim-piraisan-kina hanampy ireo sahirana."

Ilay fehezan-teny dia ahitana taratra ireo hevi-baovao fanampiny izay hanampy ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany hahatakatra ny maha-zanak' Andriamanitra azy ireo sy ny asa mandrakizay ary ny tanjon'ny rahavavy tsirairay ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. ■

# Tempoly vaovao dimy

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanambara mikasika ny fisian'ny drafitra hanorina tempoly dimy fanampiny, izay hita any amin'ireto tanàna manaraka ireto:

**Brasília, Brésil** Ny Tempolin'i Brasília Brésil no ho tempoly fahafolo ao Brésil, ka tafiditra ao anatin'izany ny tempoly enina izay am-perinasa ary telo hafa izay nambara na mbola eo an-dalam-panorenana. Ankoatra an'i Etazonia sy i Mexique dia Olomasin' ny Andro Farany betsaka kokoa (1,3 tapitrisa mahery) noho ny any amin'ny firenen-kafa no mipetraka any Brésil. I Brésil dia manana mponina miisa 211 tapitrisa eo ho eo.

**Grand Manille, Philippines.** Io tempoly io no ho faharoa ao Manille ary fahefatra ao Philippines. Misy Olomasin'ny Andro Farany miisa 750.000 eo ho eo ao Philippines, ary ahitana mponina miisa 104 tapitrisa.

**Nairobi, Kenya.** Ilay tempoly dia handray mpikambana 30.000 mahery ao Afrika atsinanana, ka anisan'izany ny mpikambana miisa 13.000 ao Kenya, izay ahitana mponina miisa 48 tapitrisa. Izy io dia hahatonga ny isan'ny tempoly am-perinasa na eo an-dalam-panorenana na nambara ho valo ao Afrika.

**Pocatello, Idaho, Etazonia.** Ny Tempolin'i Pocatello Idaho no ho tempoly fahenina ao Idaho, izay firenena ahitana Olomasin'ny Andro farany eo ho eo amin'ny 450.000 sy mponina miisa 1,7 tapitrisa.

**Saratoga Springs, Utah, Etazonia.** Io tempoly io dia ho hita ao amin'ny iray amin'ireo faritra misy mpikambana mitombo isa haingana indrindra ao Utah ary ho lasa tempoly faha-18 ao amin'ilay faritra. I Utah izay misy ny foiben'ny Fiangonana dia manana mpikambana 2,1 tapitrisa, ary manana mponin'ny faritra eo ho eo amin'ny 3,1 tapitrisa.

Ireo tempoly dimy nambara dia mahatonga ny fitambaran'isan'ireo tempoly am-perinasa (155) sy ireo tempoly nambara na eo an-dalam-panorenana/an-dalam-panavaozana (27) ho 182 manerana izao tontolo izao.

Hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 216 dia vita ny fanokanana ny Tempolin'i Fort Collins Colorado, ny Tempolin'i Star Valley Wyoming, ary ny Tempolin'i Hartford Connecticut ao Etazonia, ary naverina notokanana ny Tempolin'i Suva Fidji.

Ireo fanokanana amin'ny ho avy dia voalamina araka ny voalaza eto ambany:

| TEMPOLY | DATY HANAOVANA NY FANOKANANA |
|---|---|
| Paris, Frantsa | 21 mey 2017 |
| Idaho Falls Idaho (Etazonia) | 4 jona 2017 (famerenana fanokanana) |
| Tucson Arizona (Etazonia) | 13 aogositra 2017 |
| Meridian, Idaho (Etazonia) | 19 novambra 2017 |
| Cedar City Utah (Etazonia) | 10 desambra 2017 |

Nisy ny fangadiana fototra ho an'ny Tempolin'i Winnipeg Manitoba (Kanada), ny Tempolin'i Kinshasa Republique Démocratique du Congo, ny tempolin'i Barranquilla Colombie, ny Tempolin'i Arequipa Pérou, ary ny Tempolin'i Rio de Janeiro Brésil.

Ankoatra izay, eo am-pitohizan'ny fanorenana ny Tempolin'i Rome Italie dia napetraka ao amin'ny ivontoerana natao ho an'ny mpitsidika ny sarivongan'i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôly Roambinifolo tany am-piandohana, ary napetraka eo amin'ny tendron' ny tilikambo ny sarivongan'ny anjely Môrônia. ■

*Mba hahitana ireo fanovana nentina na ireo fampahalalana dia jereo ao amin'ny* **temples.lds.org.**

# Lalam-panovozana fahalalana-Pathway

Ny Fiadidiana Voalohany dia nanambara ny famoronana rafitra vaovao momba ny fianarana ambaratonga ambony ho an'ny rehetra ao amin'ny Fiangonana, izay antsoina hoe BYU–Pathway Worldwide. Io rafitra vaovao io dia hanomboka hiasa amin'ny 1 mey 2017. Io rafitra io dia hanome fahafahana hianatra ho an'ireo izay tsy afaka ny hahazo izany amin'ny fomba hafa.

"Ny lalam-panovozana fahalalana-Pathway dia tetezana iampitana any amin'ny tontolon'ny fampianarana ambaratonga ambony ao amin'ny Internet ary lalana hahazoana ireo fahafahana hahazoana loharanom-bola hivelomana mahomby," hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. ■

*Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa dia jereo ao amin'ny* **pathway.lds.org.**







# Mitohy ny asa fanompoana atao-n'ireo Apôstôly maneran-tany










*Manaraka ny tondrom-pamantaranandro, avy eo amin'ny farany ambony havia: Miresaka amin' ny mpikambana any Philippines ny Loholona Bednar. Mihaona amin'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny Filoha Russell M. Nelson mba hiresaka mikasika ny fahalalahana ara-pivavahana. Mitsidika ny praiminisitra Isiraeliana Benjamin Netanyahu ny vondron'olo-manan-kaja ahitana mpitarika Môrmôna sy Jiosy avy ao Etazonia. Miarahaba tanora tokan-tena iray izay mpanoro hevitra tamin'ny fivoriambe ho an'ny Ry tanora mahereza tao Uruguay ny Loholona Stevenson. Zatovo manatrika fampitana mivantana miaraka amin'ny Loholona Holland sy ny Filoha Eyring tao Palmyra, New York, Etazonia. Miarahaba ireo rahavavy tany amin'ny fivoriana iray tany Tonga ny Loholona sy Rahavavy Renlund. Mitsidika hôpitaly mitsabo homamiadan'ny ankizy ao Guatemala City Guatemala ny Loholona Rasband.*

Manohy ny fanaovana asa fanompoana manerana izao tontolo izao ireo mpaminany sy apôstôly (jereo ny F&F 107:23). Nandritra ireo enim-bolana farany:

Namporisika ny tanoran'ny Fiangonana hanao izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana tao anatin'ny fampitana mivantana nifanatrehan-tava iray niainga avy tao **Palmyra, New York, Etazonia,** ny Filoha Henry B. Eyring sy ny Loholona Jeffrey R. Holland.

Tao **Mexique,** dia nampahafantarina tao amin'ny Antenimieram-pirenena ny Filoha Russell M. Nelson, ary noderaina ny Fiangonana noho ny soa nataony tamin'ny fiarovana ny fahalalahana ara-pivavahana sy ny fanamafisana orina ny fianakaviana. Ny Filoha Nelson ihany koa dia nihaona tamin'ny mpikambana sy misiônera ary nilaza fa ny mpikambana "dia hery miasa hanao ny tsara ao amin'ny fiarahamonina misy azy ireo."

Tany **Arizona, Etazonia,** dia namporisika ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana ny Loholona Dallin H. Oaks mba hiaro ny fahalalahana ara-pivavahana. (Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa dia jereo ao amin'ny **religiousfreedom.lds.org.**)

Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia niresaka tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Sampana Parleys Creek (Swahili) ao **Salt Lake City, Utah, Etazonia.** Maro amin'ireo mpikambana ao amin'ilay sampana no mpitsoa-ponenana avy any amin'ireo firenena Afrikana, ary ny Filoha Uchtdorf dia efa mpitsoa-ponenana indroa. "Tadidio mandrakariva fa na aiza na aiza no misy antsika dia ao an-tokantrano ny filazantsara," hoy izy.

Ny Loholona M. Russell Ballard sy D. Todd Christofferson dia nanatrika ny lanonana fametrahana ny eveka vaovaon'ny Diosezin'ny fiangonana Katôlika Rômana ao Salt Lake City ary nandray azy tsara teo anivon'ny fiarahamonina.

Tany amin'ny **Tany Masina,** ny Loholona Holland sy ny Loholona Quentin L. Cook dia niaraka tamin'ny solontenan'ireo mpitarika Olomasin'ny Andro farany sy ireo manampahefana Jiosy avy ao Etazonia izay nivory tao amin'ny toerana manan-tantara ao **Jerosalema** mba hanamarika ny tsingerin-taona faha-175 ny nanokanan'ny Loholona Orson Hyde (1805–78) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ilay tany ho toeram-pivoriana ho an'ny vahoaka Jiosy.

Ny Loholona Holland dia niresaka ihany koa tamin'ireo mpikambana sy

misiônera tao **Japana sy Corée,** ary **Guam,** ary hoy izy hoe "afaka nanome toky azy ireo ny amin'ny hoavy [mamiratra] izahay" tany. Nilaza izy fa ireo fampaherezam-panahy ampitaina mivantana maneran-tany "dia manome anay ny fahafahana lehibe indrindra hampita ny hafatray" rehefa mifandray amin'ny mpikambana analinaliny.

Tao **New York, Etazonia,** ny Loholona David A. Bednar dia nandray anjara tamin'ny fivoriana iadian-kevitra momba ny fanambadiana, ary nilaza fa ny iray amin'ireo asa lehibe indrindra amin'izao androntsika izao, asa iray izay tokony hiraisan'ny fiarahamonina ara-pinoana isan-karazany hina, dia ny hanampy ny olona hahatakatra ny tena dikan'ny tanjon'ny fanambadiana marina.

Rehefa nitsidika ny Olomasin'ny Andro Farany tany **Japana** sy **Corée** ny Loholona Bednar dia nilaza fa mitombo miadana kanefa tsy tapaka ny Fiangonana ao Azia. "Tsy hay sakanana fa dia tsy maintsy talanjona ianao amin'ny fahazotoana, ny fahaizana mandray olona, ary ny fahatokian'ireo Olomasin'ny Andro Farany ireo," hoy izy. Ny Loholona Bednar koa dia nandaha-teny tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana an'arivony ary nampianatra ireo misiônera tao amin'ny 7 amin'ireo misiônan'ny Fiangonana miisa 21 ao **Philippines.**

Tao **Mexique,** Ny Loholona Neil L. Andersen dia nanoro hevitra ny mpikamban'ny Fiangonana mba handresy ireo sakana izay manakana azy ireo tsy ho any amin'ny tempoly, hitandrina ny andro Sabata, ary hampatanjaka ny fifandraisan'ny fianakaviana. Nasainy izy ireo mba hampiditra feno kokoa ny Mpamonjy eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Ny Loholona Quentin L. Cook dia nitsidika an'i **Philippines,** 20 taona taorian'ny nanompoany tany tamin'izy vao nantsoina ho Manampahefana Ambony. Nilaza izy fa ny Fiangonana ao Philippines dia nitombo avy roa heny hatramin'izay fotoana izay. "Ireo toerana nisy sampana," hoy izy, "dia lasa tsatòka amin'izao fotoana izao. . . . Tsy mampino ny fahitana ny fitombon'ny Fiangonana."

Tany **Bolivie** sy **Pérou,** ny Loholona Cook dia nanoro hevitra ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hifantoka amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Nilaza izy fa ny zatovo sy ny tanora tokan-tena any dia miavaka ary maneho fitiavana ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty.

Tany amin'ny **Vondrom-paritra Afrika andrefana,** Ny Loholona Gary E. Stevenson dia nilaza fa ny fitsidihana nataony dia nanome fahafahana mba hisaintsaina ny fitiavana sy ny fifaliana izay hitan'ny Olomasin'ny Andro Farany ao amin'ny filazantsara, na dia eo aza "ireo olana sy fahoriana" atrehan'izy ireo.

Taoriana kelin'izay, tany **Uruguay, Chili,** sy **Argentine,** ny Loholona Stevenson dia nandray fitenenana tamin' ny fivoriambe ho an'ny fandaharana Ry tanora mahereza. Nilaza izy fa maro amin'ireo zatovo "no mandray fanapahan-kevitra ny handeha hanao asa fitoriana sy hijanona ho mahatoky amin'ny tanjon'izy ireo mba hanambady any amin'ny tempoly sy . . . [handranto] fianarana any amin'ny ambaratonga ambony."

Ny Loholona Ronald A. Rasband dia nanoro hevitra ny mpikambana sy ny misiônera tao amin'ny **Vondrom-paritra Amerika afovoany** mba hijanona ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo sy hitodika any amin'ny Tompo ao anatin'ny fotoan-tsarotra. Nitsidika hôpitaly mpitsabo homamiadan'ny ankizy tany **Guatemala,** izy, nanao ny kabary fanokafana tany amin'ny fivoriambe iray momba ny fahalalahana ara-pivavahana izay notohanan'ny Fiangonana tany **El Salvador,** ary nihaona tamin'ny filohampirenen'i **Nicaragua.**

Tany **Tonga,** ny Loholona Dale G. Renlund dia nihaona tamin'ny mpanjakavavy sy ireo olona hafa ao amin'ny fianakavian'ny mpanjaka. Nitsidika ihany koa an'i **Australie** sy **Nouvelle-Zélande** izy, ary nangataka azy hampita ny fitiavan'izy ireo ny Filoha Thomas S. Monson ireo mpikambana tany. ■


*Ireo fampahalalana faramparany momba ny asa fanompoana ataon'ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana ireo dia hita ao amin'ny pejy Facebook ananan'izy ireo tsirairay avy ary ao amin'ny* **prophets.lds.org.**


## Misiônera tsaratsara kokoa, mpampianatra tsaratsara kokoa

Nandray fiofanana mikasika ny fomba hahatongavana ho misiônera tsaratsara kokoa sy mpampianatra tsaratsara kokoa nandritra ny fampitana mivantana maneran-tany iray ny elder sy soeur miisa 71.000 eo ho eo izay manompo ao amin'ny misiôna miisa 422. Nisy fanovana nankatoavin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nambara nandritra ilay fampiofanana. Misy fandaharampotoana vaovao iray izay arahana isan'andro hanome fahalalahana bebe kokoa an'ireo misiônera hanovaova ny fomba hampiasany ny fotoany ary hanome azy ireo fahafahana bebe kokoa hampifanaraka ny toe-javatra iainany amin'ilay faritra izay hanompoany.

Ny tanjon'ilay fandaharampotoana malalaka kokoa dia ny hanampy ireo misiônera hampitombo ny vokatra azo isan'andro, hametraka tanjona nentanimpanahy kokoa, hanao drafitra mahomby kokoa, ho salama kokoa, ary hampiasa ny fahafahana misafidin'izy ireo mba handraisany fanapahan-kevitra tsara ny amin'ny fomba tsara indrindra hampiasany ny fotoany. Izany ihany koa dia hamela azy ireo hiasa elaela kokoa any ivelan'ny tranony.

Ny fiovana hafa nambara dia ny fampihenana ny isan'ireo "indicateurs clés" izay ampiasain'ny misiônera mba hanaovany tatitra momba ny fivoarana eo amin'ny asany. Nampahatsiahivina an'ireo misiônera fa ny fitsipika rehetra ao amin'ny *Torio ny filazantsarako* dia manandanja ka tokony hampiharina. ■





## Vokatra sy loharanom-pitaovana vaovao

Inty misy famintinana ireo vokatra sy loharanom-pitaovana vaovao navoakan'ny Fiangonana vao haingana mba ho azo ampiasaina.

*Tantara ao amin'ny soratra masina sy boky azo lokoina.* Mba hamporisihana ny fandalinan'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ny soratra masina dia mamoaka boky vaovao misy tantara ao amin'ny soratra masina ny Fiangonana, ka izany dia manomboka amin'ny andiana boky azo lokoina natao ho an'ny ankizy 2 ka hatramin'ny 8 taona. Misy amin'ny endriny PDF azo alaina maimaim-poana ao amin'ny **scripturestories.lds.org,** ary ireo boky vita printy dia azo vidina ao amin'ny **store.lds.org** sy amin'ireo Ivontoerana mpaninjara.

Ireo boky azo lokoina ireo dia hadika amin'ireo fiteny izay manana soratra masina amin'ny edisiônan'ny Olomasin'ny Andro farany. Ireo boky voadika dia ho lasa azo ampiasaina mandritra ny taona 2017, manomboka amin'ny fiteny Espaniôla, Pôrtogey, Frantsay, Japoney, Kôreana, Sinoa (nentin-drazana), Alemana, Rosiana, ary Italiana.

*Soratra masina.* Ny Fiadidiana Voalohany dia nanambara ny fisian' ny dikanteny vaovao ho an'ny triptikan'ny soratra masina amin'ny teny Frantsay, izay azo jerena ao amin'ny **écritures.lds.org** sy ao amin'ny application ho an'ny finday ao amin'ny Bibliothèque de l' Évangile. Ilay fandikan-teny dia ahitana fanovana teny kely monja ao amin'ny iray amin'ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo. Izy ireo ihany koa dia nanambara fa efa azo jerena en ligne ny triptika voadika amin'ny fiteny Krôaty. Ireo triptika natonta printy amin'ny fiteny Krôaty, Rosiana ary Islandika dia navoaka vao haingana ihany koa ary efa azo ampiasaina.

*Ny application Bibliothèque de l' Évangile nasiam-panovana* Ny application ampiasain'ny mpikambana manerana izao tontolo izao mba handalinana ny soratra masina, ny lahateny tamin'ny fihaonambe, ary ireo fitaovana hafa dia namoaka fanovana lehibe vao haingana na ho an'ny iOS na ho an'ny Android. Ao amin'ny version 4 dia tsy sarotra fantarina ireo fitaovana hoenti-mandalina, miaraka kokoa ny caractéristiques sy ny fonctionnalité, ary misy horonantsary vaovao fampianarana izay azo ampiasaina. Koa satria efa azo asiana fanamarihana daholo ireo zavatra voarakitra ao amin'izao fotoana dia afaka manisy loko miavaka, manisy fanamarihana, mampifandray, manisy tag, ary mandamina ny votoatin-javatra rehetra ao anatin'ny fandraisana naoty ianao. Ianao dia afaka manisy marika ireo horonantsary, ireo sasin-tenin'ny toko ao amin'ny soratra masina sy ireo fanampiana amin'ny fandalinana, ireo lisitra ao amin'ny boky fampianarandesona isan-karazany, ireo fihirana sy hiran'ny Kilonga, sy ny maro hafa.

*Ny application Outils SDJ nasiampanovana.* Manamora ny fankanesana any amin'ny tempoly ny version 3.2.0 an'ny application Outils SDJ ho an'ny finday na tablettes. Misy caractéristiques fanampiny nampidirina izay mamela ireo mpikambana hahita ny tempoly asaina alehan'izy ireo, hahita ireo tempoly dimy akaiky azy ireo indrindra, hifandray amin'ny tempoly iray na hamantatra ny fotoana hikatonan'izany, ary hahazo fampahatsiahivana mialoha ny maha-lany daty ny fahazoan-dalan'izy ireo. ■

## Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy

"Te hampianatra tahaka ny nampianaran'i Jesoa daholo isika," hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny fampitana mivantana maneran-tany ho an'ny mpampianatra tamin'ny 5 nôvambra 216. "Tsotra sy mivantana ary mahery vaika ny fampianarany."

Nilaza ny Loholona Holland fa ny boky *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* dia manampy amin'ny fanatsarana ny fampianarana ao am-piangonana. Torak'izany koa ny fivoriana filankevitra ho an'ny mpampianatra sy ny fampianarana ireo mpampianatra vaovao, izay noresahina nandritra ilay fampitana mivantana. Ilay fampitana dia misy amin'ny fiteny 10 ao amin'ny **teach.lds.org,** miaraka amin'ny horonantsary isan-karazany sy fitaovana hafa hanatsarana ny fampianarana. ■



# NY FIANAKAVIANA

## FANAMBARANA HO AN'IZAO TONTOLO IZAO

### Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Izahay, fiadidiana voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

Ny olombelona rehetra—ny lahy sy ny vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an'Andriamanitra. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay.

Tany amin'ny fanjakana talohan'ny nahaterahana, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an'Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany any amin'ny farany ny anjarany tahakan'Andriamanitra amin'ny maha mpandova ny fiainana mandrakizay azy. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay.

Ny didy voalohany izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny mahampivady azy. Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

Ambaranay fa ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra.

Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. "Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro" (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amimpitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olompirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia raisina ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany.

Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy voatahiry araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy. Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny mahampiara-miasa mitovy lenta azy ireo. Ny kilema, ny fahafatesana, na ny toe-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina.

Mampitandrina izahay fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahatanteraka ny andraikiny ao amin' ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any. Ankoatr'izany, dia mampitandrina koa izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena ireo loza izay efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny.

Manainga ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina.

*Ity fanambarana ity dia novakian'ny Filoha Gordon B. Hinckley ho anisan'ny hafatra tamin'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana izay natao tamin'ny 23 Septambra 1995, tany Salt Lake City, Utah.*



"Miaina ao anatin'ny fotoana tena sarotra sy feno haratsiana lehibe isika. Inona no hiaro antsika amin'ny fahotana sy ny faharatsiana izay tena miparitaka eto an-tany ankehitriny?" hoy ny Filoha Thomas S. Monson nanontany nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-187. "Manambara aho fa ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny Filazantsarany dia hitarika antsika amin'ny toerana azo antoka. . . . Miangavy antsika tsirairay aho mba handalina sy hisaintsaina amim-bavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna. Raha manao izany isika, dia ho afaka mandre ny feon'ny Fanahy, manohitra ny fakam-panahy, mandresy ny ahiahy sy ny tahotra, ary mandray ny fanampian' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika."

MALAGASY
4 02144 45654 3

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY